*Ny votoatiny sy ny fomba fampiasana izany*

## Teny fampidirana :
## Inona ny antony amoahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny Asa boky mikasika ny tsimok'aretina SIDA?

Anisan'ny fanamby goavana sy maika indrindra ho an'izao tontolo izao amin'ny taonjato faha 21 ny tsimok'aretina SIDA, ary tsy mbola nisy toa izany hatramin'izay.

Tao anatin'ny folo taona farany dia tsapa fa anisan'ny sehatra ahafahana miady sy mandresy an'izany ny tontolon'ny asa. Manana andraikitra manokana amin'izany ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa noho ny haitao sy traikefa azony tao anatin'ny 80 taona, ary koa noho ny rafitra misy eo anivon'ny Fikambanana izay mampifanatona ny Fanjakana, ny mpampiasa sy ny mpiasa. Ity boky ity dia manazava ny maha zava-dehibe ny tontolon'ny asa, ary mampiseho ny fomba tokony hiatrehana izany.

Natao ity boky ity mba hanampiana ny mpiara mifarimbona amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa hahafantatra bebe kokoa ny olana mipetraka sy hampihatra ny fitsipi-pifampifehezaan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny tsimok'aretina SIDA, izay nankatoavina tamin'ny volana May 2001. Izany fitsipi-pifampifehezana izany dia anisan'ny fitaovana fototra amin'ny fandaharan'asan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA, izay manome tari-dàlana ho an'ny Fanjakana, ny mpampiasa sy ny mpiasa, ary koa ho an'ny mpandray anjara hafa, amin'ny tetika fanatanterahana asa eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo amin'ny toeram-piasana., ary koa ho an'ny tetik'asa iadiana amin'ny SIDA.

Sehatra midadasika no ampiharana ny fitsipi-pifampifehezana , ary matetika dia ampiharina izany na dia tsy misy aza ny tombon-dahiny azo avy amin'ny fampiofanana sy fanampiana ataon'ny Biraon'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa. Noho izany, ity boky ity dia natao ho fitaizana sy tahirin-kevitra, ary koa fitaovana fampiofanana ho an'ireo mpanelanelana, ary entina manampy ireo izay mikendry hampiroborobo ny asa atao hamefena ny fihanaky ny tsimok'aretina sy ny fiantraikany eo amin'ny tontolon'ny asa.

*Ny votoatiny sy ny fomba fampiasana izany*

## Firafitry ny boky

Ahitana fizarana telo ity boky ity, ary misy lohahevitra valo:

- **Tari-dalana mikasika ny fampiasana ny boky**

- **Lohahevitra voalohany**
  **Ny valan'aretina sy ny fiantraikany eo amin'ny tontolon'ny asa**

Ity lohahevitra ity dia manazava ny fihanaky valan'aretina.; ahoana ny fomba ifindran'ny aretina; inona ny antony mahatonga ny SIDA ho olana eo amin'ny toeram-piasana, ary inona ny antony mahatonga ny asa ho voasingotr'izany; inona ny hery manokana ananan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiatrehana izany.

- **Lohahevitra faharoa**
  **Ny SIDA sy ny zon'olombelona**

Ny fizarana faha efatra ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana dia mitanisa ny fepetra fototra folo izay iankinan'ny politika mikasika ny Sida eo anivon'ny toeram-piasana. Izany dia mitarika ny fomba fijerin'ny Fikambanana izay mifantoka amin'ny zo, ary izay antritranterina amin'ity boky ity. Efatra amin'izy ireo no anaovana adihevitra lalina amin'ity lohahevitra ity: ny tsy fanavakavahana, ny tsy fanaovana sivana ny mpiasa, ny fanajana ny tsiambaratelo, ary ny fanohizana ny fifanekena amin'ny asa.

- **Lohahevitra fahatelo**
  **Hetsika atao eo amin'ny sehatry ny asa amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy: ny andraikitry ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny fikambanana misy an'izy ireo**

Ity lohahevitra ity dia mifantoka amin'ny fampiroboroboana sy ny fampiharana politika eo amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy. Voafaritra amin'izany ny andraikitry ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, ary izany dia manampy ny mpifarimbona eo amin'ny lafiny ara sosialy amin'ny fanatanterahana izay voalaza ao amin'ny fizarana faha 5.2 sy 5.3 ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana

- **Fizarana faha 4**
  **Lalàna sy politika mikasika ny SIDA eo amin'ny tontolon'ny asa: ny andraikitry ny fanjakana**

Ity lohahevitra ity dia mikendry ny fametrahana politika sy lalàna izay manohana sy mampiroborobo ny asa atao hanoherana ny fihanaky ny SIDA sy hampihena ny fiantraikan'izany eo amin'ny sehatry ny firenena sy any ifotony, araka izay voalaza ao

amin'ny fizarana faha 5.1. Natao ho an'ny tompon'andraiki-panjakana, ny mpanara-maso ny asa sy ny tompon'andrakitra amin'ny fifehezana ny mpiasa, ary ny fikambanan'ny mpiasa izay mifandray amin'ny fanjakana izany, ohatra ny sehatra iarahan'ny sendika, ny mpampiasa sy ny fanjakana.

- **Lohahevitra faha 5**
  **Ny lafiny fitovian'ny lahy sy ny vavy mikasika ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana**

Ny fitsipi-pifampifehezana dia manaiky ny maha zava-dehibe ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny ady atao amin'ny fihanaky ny valan'aretina SIDA. Na dia voaresaka ao amin'ny votoatin'ny boky aza izany, dia ilaina ny fandinihana izany ao amin'ny lohahevitra manokana. Tsara ny mampahatsiahy fa ity lohahevitra ity dia mikasika ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, fa tsy mikasika ny vehivavy fotsiny ihany, ary natao ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy.

- **Lohahevitra faha 6**
  **Programa mikasika ny fisorohana ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana**

Ny fitsipi-pifampifehezana dia manome lanja manokana ny fisorohana ny SIDA Vakisiny ara soasialy. Ity lohahevitra ity dia manampy ny mpiasa sy ny mpampiasa sy ny fikambanan'izy ireo ary koa ny mpifarimbona hafa amin'ny fanatanterahana tetik'asa fisorohana ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana.

- **Lohahevitra faha 7**
  **Fanohanana sy fiahiana**

Mitombo hatrany ny fahatsapana ny maha zava-dehibe ny fanohanana izay tafiditra amin'ny tetik'ady ankapobeny amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Ity lohahevitra ity dia manampy ny mpiasa sy ny mpampiasa, ny fikambanan'izy ireo sy ny mpifarimbona hafa amin'ny fanatanterahana tetik'asa fanohanana sy fiahiana eo amin'ny toeram-piasana. Mahafaoka bebe kokoa ny votoatiny ny atao hoe fiahiana, ary tsy voafetra ho fitsaboana fotsiny ihany izany, fa tafiditra ao ihany koa ny adihevitra mikasika ny fiarovana ara sosialy.

- **Lohahevitra faha 8**
  **Ny SIDA sy ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalana**

Moramora kokoa ny mampihatra ny fenitry ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa amin'ny orinasa lehibe sy amin'ny sehtary ny fihariana tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, kanefa dia natao hampiasaina amin'ny karazan'asa rehetra ny fitsipi-pifampifehezana, na ara-dalana na tsia. Ity lohahevitra ity dia ahitana adihevitra mikasika ny fanamafisana ny fifandraisana amin'ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, ary koa mikasika ny filan'izy ireo sy ny toe-javatra iainany.

- **Fanovozan-kevitra**

Loharanom-baovao, ary tafiditra amin'izany ny boky nofantenana, ny fikambanana, sy ny tranonkala.

*Tsy natao hovakiana sahala amin'ny tantara ity boky ity. Azonao tsongaina izay fizarana tena mahasarika anao, fa tsy voatery hamaky ny boky manontolo ianao.*

## Firafitry ny lohahevitra

Ahitana fitaovana isan-karazany ny lohahevitra tsirairay, ary tafiditra amin'izany:

- Ny fampisehoana ny olana misy, izay mifantoka bebe kokoa amin'ny tontolon'ny asa, sy ny fitsipi-pifampifehezana amin'ny asan'ny Fikambanana
- Ny fomba fampianarana sy fampitan-kevitra (fivorian'ny tarika, sarisarin'anjara andraikitra )  Tsy mihoatry ny roa ny asa atao ao amin'ny pejy iray mba hahafahana mandika azy ireo (Ny fanamarihana dia atao ho an'ny mpampiofana fa tsy ho an'ny mpandray anjara, )
- Fandinihana toe-javatra iainan'ny olona
- Sombiny na modely alaina amin'ny Lalàna misy, politika ampiharina na fifanarahana faobe
- Loharanon-kevitra

*Ny votoatiny sy ny fomba fampiasana izany*

## AHOANA NY FOMBA FAMPIASANA NY BOKY

Loharanom-baovao mikasika SIDA sy ny tontolon'ny asa ity boky ity, ary fitarihana mikasika ny fitsipi-pifampifehazan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny fampiharana izany amin'ny politikam-pandrosoana, ary koa fitaovana amin'ny fampiofanana.

Tsara ny fampiasana azy hanovozan-kevitra amin'ny fandrafetana tetika sy politika. Afaka miasa amin'ny boky manontolo na amin'ny fizarana ao anatiny ianao, amin'ny fivoriana iray na amin'ny fanazarana ataon'ny tarika amin'ny fiofanana. Hitanao ao ny zavatra nataon'ny olona hafa, ary jereo raha toa ka azo ampifanarahana amin'ny toe-javatra iainanao, ary araho ny torohevitra.

Fitaizana sy fampiofanana no tena ampiasana ity boky ity, ary manome torolalana amin'ny fanaovana fampiofanana ao amin'ny toeram-piasana ho an'ireo izay maniry hanatanteraka asa amin'ny ady amin'ny SIDA. Misy vondron'olona maromaro voatilin'ny fitsipi-pifehezana amin'ny fampiofanana, izay ahitana ny mpitantana, ny tompon'andraikitra amin'ny fitantanana mpiasa, ny mpampiofana, ny solontenan'ny mpiasa, ny tompon'andraikitra amin'ny fahasalamana sy ny fisorohana ny loza, ary ny mpanara-maso ny asa. Tokony hahatsapa izy ireo fa ilaina ny fampianarana amin'ity boky ity.

### Fomba fampianarana andraisan'ny mpiofana anjara: Asa atao

Voalaza ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana fa tokony hisy fifanakalozana araka izay azo atao amin'ny  fomba fampianarana. Niezahanay ny nanaraka izay voalaza ao amin'ity boky ity. Inona no atao hoe fomba fampianarana mavitrika sy andraisan'ny mpiofana anjara?
Amin'izany, ny mpandray anjara amin'ny fiofanana dia tsy tokony ho mpandray fotsiny izay zavatra ampitaina amin'ny fampianarana. Ny traikefa sy ny hevitra ananany dia tokony horaisina toy ny fitaovana manan-danja. Mitaky fomba fifandraisana sy fifanakalozan-kevitra vaovao amin'ny mpampiofana sy ny mpandray anjara izany .

Izany fomba fampianarana izany dia mifantoka bebe kokoa amin'ny mpiofana, fa tsy amin'ny mpampiofana. Ifanarahana ny fampianarana, ary vokatra azo tsapain-tanana no tadiavina

Manan-danja manokana izany amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Ilaina ny fanovan'ny tsirairay ny fitondran-tenany. Tsy ampy ny fahafantarana ny fomba fifindran'ny aretina, ary ilaina ny fanaovana asa fanampiny miainga amin'izany fahalalana izany. Mamporisika izany fiovana izany ity fomba fampianarana ity.
Maro ny fomba atao amin'ny fiofanana aroso amin'ity boky ity, izay natao mba hanomezana aina ny fomba fampianarana mavitrika. Tafiditra amin'izany ny sarisarin'anjara andraikitra, ny adihevitra, ny asa ataon'ny tarika isan-tsokajiny, izay tokony haharitra 40 na 90 minitra. Tsy tokony hihoatra ny efatra na dimy ny isan'ny olona ao amin'ny tarika iray

amin'ny tarika iray, ary mety ho latsak'izany aza indraindray. Ny asa fiofanana sasany dia azo ataon'olona roa.

Ny hamaroan'ny asa atao amin'ny fiofanana dia mamela anao hisafidy. Ny fiofanana sasany dia mifantoka bebe kokoa amin'ny lafiny ankapobeny ary mangataka amin'ny mpiofana ny hamelabelarany politika. Ny asa fiofanana sasany koa anefa dia mivantana kokoa, ary mety mikasika ny fiainan'ny tsirairay aza indraindray, ary mitaky amin'ny mpiofana ny handraisany anjara amin'ny tantara niainan'ny tsirairay mba hamantarana ny fitondran-tenany sy ny fihetsiny. Tsara kokoa raha samy ampiasaina ireo fomba fampianarana roa ireo.

Azo ampiasaina amin'ny fivoriam-be itambarana sy ho an'ny tarika lehibe kokoa ny fomba fampianarana mavitrika. Tokony hialana ny fandriky ny fifandraisana sy ny serasera mandeha ila. Omano ny fanontaniana izay tokony elanelanina ny fametrahana izany, tokony hisy fiantoana indraindray ary hamarino raha toa ka maharaka ny fomba fisainanao ny mpandray anjara, ary ataovy izay hilazan'ny mpandray anjara ny heviny. Azo atao ny manapaka ny fivoriam-be, mba hahafahana manao fivoriana isan-tarika. Ny fizarana ny mpandray anjara tsiroaroa mandritry ny minitra vitsivitsy dia mety ho fomba mahomby mba hampandraisana anjara ny mpiofana rehetra.

## Tarika manao fandinihana

Ny tarika manao fandinihana dia mandinika lohahevitra iray amin'ny alalan'ny adihevitra malalaka sy tsy voafehy.. Azo ampiasaina ao amin'ny toeram-piasana, ao amin'ny vondron'olona ao an-tanàna na koa ao amin'ny biraon'ny sendika izany.

Ny mpitarika ny fandinihana ataon'ny tarika dia tsy voatery ho manam-pahaizana manokana, na koa hanome lesona mikasika ny lohahevitra anaovana fandinihana. Ny fanamorana ny fizotran'ny adihevitra no anjara asany. Mety ho mpitarika iray hatrany no hotazonin'ny tarika tsirairay mandritry ny fivoriana, na koa mety miova araka ny asa atao. Mety ho voatery hanao famakiam-boky manokana ny mpitarika, na koa hamantatra bebe kokoa ny zava-misy eo an-toerana, na koa hikaroka vaovao. Ambonin'ny zava-drehetra ny famporisihany ny tsirairay handray anjara sy hampisy fifandraisana malalaka.

## Atrik'asa

Maharitra eo amin'ny roa andro eo fara fahakeliny ny fivoriana na atrik'asa mikasika ny SIDA, ary mitaky fitaovana maromaro kokoa ankoatry ny fandinihana isan-tarika. .Ny asa atao izay anomezana soso-kevitra dia voafaritra amin'ity lohahevitra ity, ary ataovy izay hampifanaraka an'izany amin'ny zava-misy eo amin'ny toerana misy anao.

- **Fandinihana toe-javatra iainan'ny olona**

Misy famelaberana atao mikasika ny toe-javatra iainan'ny olona, sy izay mety ho zavatra azo atao eo anatrehan'izany, izay anaovan'ny mpandray anjara adihevitra. Ohatra amin'izany ny fandinihana olana iray sy ny fanaovana adihevitra mikasika izay mety hampiasana ny Lalàna misy sy ny politika eo amin'ny toeram-piasana mba hiatrehana izany. Ny fandinihana ny toe-javatra iainan'ny olona dia azo alaina amin'ny toe-javatra iainan'ny mpandray anjara, amin'ny gazety, radio na koa video, na izay zavatra manokana hitan'ny toeram-piasana iray. Ilaina ihany koa ny Lalàna manan-kery eo amin'ny firenena , na ny fifanarahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

Tokony avela handinika akaiky ny zava-misy fantatra, hanome ny heviny mikasika ny laharam-pahamehana , ary hanome vaha olana ny mpandray anjara. Afaka mandinika olana iray itovizana ny tarika tsirairay, ary afaka miady hevitra amin'ny soso-kevitra ataon'ny tarika tsirairay ny fivoriam-be. Afaka misafidy handinika olana samihafa koa anefa ny tarika tsirairay, ary manao tatitra amin'ny fivoriam-be.

- **Sarisarin'anjara andraikitra**

Mitaky ny fanaovana fihetsika mifanaraka amin'ny toe-javatra anankiray izany, ary misy andraikitra manokana omena ny mpandray anjara tsirairay. Indraindray dia atao ny famelabelarana mikasika ny toe-javatra iainan'ny tarika iray, ohatra ny fifampiraharahana ifanaovan'ny sendika amin'ny mpampiasa (na ny Fanjakana). Misy ny olona omena andraikitra hanara-maso ny fihetsika ary hanao tatitra mikasika izay zavatra hitany. Tokony tsy ho lava ny sarisarin'anjara andraikitra, ary mandray anjara sy manana anjara asa voafaritra mazava ny mpandray anjara rehetra. .Manao tatitra amin'ny fivoriam-be ny tarika tsirairay mikasika izay hevitra arovana amin'ny famahana ny olana na tsia ).

- **Asa atao eo anivon'ny tarika**.

Zaraina ho tarika ahitana olona vitsivitsy ny mpandray anjara rehetra amin'ny atrik'asa (misy olona efatra na dimy). Misy fanontaniana na asa maromaro apetrak amin'ny tarika, izay anaovany tatitra amin'ny mpandray anjara rehetra amin'ny alalan'ny fampiasana tabilao, tatitra an-tsoratra, sary na koa fampiasana ny fanaovana famelabelarana ao amin'ny solon-tsaina. Azo atao ny mampiasa bebe kokoa ny fitaovana isarihana ny maso. Ohatra amin'izany ny fanaovana sarisary ampisehoana ny fifandraisan'ny olana. Azo atao ihany koa ny mamporisika ny tarika tsirairay hanao tatitra amin'ny alalan'ny fanaovana tantara, hira na tononkalo.

- **Komity manokana**

Asaina ny olona notsongaina manokana avy any ivelany hiditra ao anatin'ny komity iray. Maneho ny heviny mikasika ny lohahevitra ny mpikambana tsirairay ao amin'ny komity. Azo atao ny manao adihevitra fohy eo anivon'ny komity, kanefa tokony hisy mpitarika izany adihevitra izany. Afaka mametraka fanontaniana, maneho ny heviny, ary miady hevitra mikasika ny olana ny mpandray anjara.

- **Fidinana any an-toerana**

Mety ho famangiana orin'asa, fikambanana na tanàna izany mba hamantarana ny tena fiantraikan'ny SIDA sy ny vahaolana entina eo anatrehan'ny valan'aretina. Mila fanomanana mirindra tsara izany fidinana any an-toerana izany. Tokony hisy olona mahafantatra tsara ny zava-misy any an-toerana hanaraka ny mpandray anjara ary hanome fanazavana ho azy ireo. Anisan'ny fanomanana ny fanaovana ny lisitra anaraha-maso ny zavatra atao, izay azo ampiasaina amin'ny fanaovan'ny tarika tatitra amin'ny fivoriam-be.

## Fanombohana sy famaranana ny atrik'asa

Misy karazan'asa fanaon'ny rehetra amin'ny fanombohana sy famaranana atrik'asa, ary ireto avy izy ireo:

- Fampidirana – eo am-panombohana mba hamakiana ny efitra mety manasaraka ny mpandray anjara, ary mba hifankahalalan'ny rehetra
- Fandaminana ny asa hatao (ahoana ny manaraka) – hatramin'ny farany
- Tombana amin'ny faran'ny atrik'asa

Azonao atao ny manao fanovana kely amin'izany, araka ny sokajin'ny mpandray anjara, ny lohahevitra amin'ny atrik'asa sy ny faharetany

**Asa atao : Fampidirana sy tanjon'ny atrik'asa**

**TANJONA** manampy ny rehetra hifankahalala bebe kokoa ary miady hevitra mikasika ny tanjona kendrena amin'ny atrik'asa

**ASA ATAO** Mipetraha eo akaikin'ny olona iray izay tsy fantatrao. Miresaha aminy mandritry ny dimy minitra alohan'ny fampahafantarana ataonao mikasika azy sy ataony mikasika anao ho an'ny mpandray anjara rehetra

Ataovy izay hahafantaranao ireto zavatra manaraka ireto mikasika azy :

- Anarana
- Asa atao sy toerana iasana
- Traikefa, na toe-javatra niainana mikasika ny SIDA
- Inona no eritreretiny hatao aorian'ny fanatrehana ny atrik'asa

**Asa atao : Ahoana ny manaraka**

**TANJONA** Mandrafitra vinavin'asa mba hampiasana ny zavatra azo amin'ny atrik'asa

**ASA ATAO** Jereo ny adihevitra natao tamin'ny atrik'asa. Eritrereto izay dingana hataonao rehefa miverina any amin'ny toeram-piasana ianao. Ataovy ny fandrafetana vinavinan'asa amin'ny alalan'ny fampiasana ity modely ity.

## Vinavinan'asa manokana mikasika ny SIDA

Inona no hataoko?

Ahoana ny fandaharam-potoana? (Rahoviana no hanaovako an'izany?)

Iza ny olona hafa tokony handray anjara ?

**Asa atao: Jery todika mikasika ny atrik'asa**

**TANJONA** Manampy antsika hanao tombana mikasika ny atrik'asa

**ASA ATAO** Amin'ny tarika tsirairay, manomana tatitra mikasika izay hevitrao mikasika ny atrik'asa

Tratra ve ny tanjona voafaritra ary mifanaraka amin'ny zavatra nandrasanao ve izany?

Inona no tena zavatra ilaina azo tamin'ny atrik'asa ?

Inona no tena tsy ilaina tamin'ny atrik'asa ?

Inona ny fanatsarana heverinao fa azo atao amin'ny atrik'asa manaraka mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa?

# Karazana fandaharana asa

Asehonay eto ny fomba azo ampiasana ny fampianarana amin'ny lohahevitra tsirairay ho an'ny fandaharan'asa samihafa ho an'ny sokajin'olona maro. Soso-kevitra ihany anefa izany – ho tsapanao fa manao fampianarana ho an'ny sokajin'olona samihafa izay miaina zavatra tsy mitovy ianao. Amporisihana ianao hampifanaraka ny fandaharan'asa amin'ny zava-misy sy ny zavatra ilainao. Ohatra, mety manana faniriana hanolo ny asa fampianarana sasany ianao, ary hampiasa ny famelabelarana ataon'olona asaina manokana, na koa ny adihevitra ataon'ny komity atsangana manokana.

## Atrik'asa atao mba hampitomboana ny fahafantarana sy fahatsapana ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

**Sokajin'olona kendrena manokana**: solontenan'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa na tompon'andraiki-panjakana - izay tsy dia nanana fahalalana firy na traikefa mikasika ny olana

**Tanjon'ny atrik'asa**: Manampy ny mpandray anjara hahatsapa fa tena olana lehibe ny SIDA sy ny fiantraikany manokana amin'ny tontolon'ny asa, ary koa hahatsapa fa sehatra azo iadiana amin'ny SIDA ny toeram-piasana.

Mampiasa ireto fitaovana sy asa ireto ny atrik'asa.

| Fandaharam-potoana | Andro 1 | Andro 2 | Andro 3 |
|---|---|---|---|
| 09:30-10 | Fiarahabana | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 5 : Misedra ny fisalasalana sy ny henatra | Fampianarana faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Fandrafetana fifanarahana eo amin'ny toeram-piasana |
| 10-10:30 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa | | |
| 10:45-12 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny toeram-piasana: Ny tena zava-misy sy ny tsaho | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy mikasika ny SIDA | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 8: Fanampiana ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalana |
| Fisakafoanana | | | |
| 13:15-14:30 | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny fiantraikany amin'ny asa | Fampianarana faha 12 alaina amin'ny lohahevitra faha 6: Mianatra sy misintona lesona amin'ny traikefa | Ahoana ny manaraka? Fandrafetana vinavinan'asa |
| 14:30-16 | Fampianarana faha 6 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: tantaran'i Ravi | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: Fanatsarana ny asa atao amin'izao fotoana izao | Tombana |

## Atrik'asa ho an'ny tompon'andrakitry ny Sendika sy ny solontenan'ny mpiasa

**Sokajin'olona tiliana manokana**: Mpikambana na matianina amin'ny biraon'ny fikambanan'ny mpiasa

**Tanjona kendrena amin'ny atrik'asa**: Fandrafetana politikan'ny sendika mikasika ny SIDA sy vinavinan'asa amin'ny fanatanterahana izany

## Atrik'asa ho an'ny tompon'andraikitry ny Sendika

| Fandaharam-potoana | Andro 1 | Andro 2 | Andro 3 |
|---|---|---|---|
| 09:30-10 | Fiarahabana | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 5 : Misedra ny fisalasalana sy ny henatra | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Fifanarahana/politika eo amin'ny toeram-piasana |
| 10-10:30 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa | | |
| 10:45-12 | Fampianarana faha 2 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny toeram-piasana: Mandresy ny tahotra mikasika ny SIDA eo amin'ny asa | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy mikasika ny SIDA | Fampianarana Faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Fandrafetana fifanarahana eo amin'ny toeram-piasana |
| Fisakafoanana | | | |
| 13:15-14:30 | Fampianarana faha 3 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Ny asa ataon'ny sendika amin'ny ady atao amin'ny SIDA | Fampianarana faha 3 alaina amin'ny lohahevitra faha 6: Atao izay hampitana ny hevitra | Ahoana ny manaraka? Fandrafetana vinavinan'asa |
| 14:30-16 | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Fandrafetana ny politikan'ny sendika | Fampianarana faha 3 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: Inona no tokony hataon'ny sendika? | Tombana |

## Atrik'asa ho an'ny mpampiasa

**Sokajin'olona kendrena manokana**: mpitantana fikambanan'ny mpampiasa, mpampiasa, mpitantana orin'asa sy tompon'andraikitra ao amin'ny orin'asa

**Tanjona kendrena**: Fampiroboroboana sy fanitarana ny politika mikasika ny SIDA ataon'ny fikambanan'ny mpampiasa ary fanampiana ny orin'asa hahafantatra sy hampihatra ny fitsipi-pifampifehezana

## Atrik'asa ho an'ny mpampiasa sy ny fikambanany

| Fandaharam-potoana | Andro 1 | Andro 2 | Andro 3 |
|---|---|---|---|
| 09:30-10 | Fiarahabana | Fampianarana faha 9 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Fampiharana ny fitsipi-pifmpifehezana ao amin'ny toeram-piasana | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Asa ataon'ny mpampiasa amin'ny ady atao amin'ny SIDA |
| 10-10:30 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa | | |
| 10:45-12 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny toeram-piasana: Ny tena zava-misy sy ny tsaho | Fampianarana faha 8 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Fitaizana ny mpiasa | Fampianarana faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Fandrafetana fifanarahana eo amin'ny toeram-piasana |
| Fisakafoanana | | | |
| 13:15-14:30 | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny fiantraikany amin'ny asa, na Fampianarana faha 3 alaina amin'ny lohahevitra 1: Vinavinan'asa mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana | Fampianarana faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 6: Adihevitra mikasika ny loza amin'ny mety hifindran'ny aretina | Ahoana ny manaraka? Fandrafetana vinavinan'asa |
| 14:30-16 | Fampianarana faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 2 : Mila fanampiana i Mary | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: Atao izay hisian'ny fiahiana eo anivon'ny toeram-piasana | Tombana |

## Atrik'asa mikasika ny fampiasana ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy mba hahafahana mifampiraharaha mikasika ny politika mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana sy manatanteraka izany

**Sokajin'olona kendrena manokana**: solontenan'ny mpiasa sy ny mpampiasa izay manana andraikitra amin'ny fifampiraharahana eo anivon'ny toeram-piasana

**Tanjona kendrena**: Fampiroboroboana ny famolavolana politika mikasika ny SIDA eo anivon'ny orinasa sy fanatanterahana izany

**Fanamarihana**: Manomboka amin'ny fametrahana fitsipika fototra sasantsasany ity programa ity, ary tafiditra amin'izany ny fanokanana fotoana handinihana ny Lalàna misy eo amin'ny firenena, satria tsy maintsy mifanaraka amin'ny Lalàna misy ny fifanarahana atao.

### Atrik'asa ho an'ny mpampiasa sy ny mpiasa

| Fandaharam-potoana | Andro 1 | Andro 2 | Andro 3 |
|---|---|---|---|
| 09:30-10 | Fiarahabana | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Ny zon'olombelona sy ny Lalàna | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Ny asa ataon'ny mpampiasa hiadiana amin'ny SIDA na Fampianarana faha 3 alaina amin'ny lohahevitra faha 3 : Ny asa ataon'ny sendika hiadiana amin'ny SIDA |
| 10-10:30 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa | | |
| 10:45-12 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny toeram-piasana: Ny tena zava-misy sy ny tsaho | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 7 : Inona no tsy maintsy atao? | Fampianarana faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 3: Fandrafetana fifanarahana eo amin'ny toeram-piasana |
| Fisakafoanana | | | |
| 13:15-14:30 | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny fiantraikany amin'ny asa, na Fampianarana faha 3 alaina amin'ny lohahevitra 1: fandrafetana Vinavinan'asa mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: Fametrahana fiahiana ao amin'ny toeram-piasana | Ahoana ny manaraka? Fandrafetana vinavinan'asa |
| 14:30-16 | Fampianarana faha 9 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Fampiharana ny fitsipi-pifehezana ao amin'ny toeram-piasana | Fampianarana faha 8 alaina amin'ny lohahevitra faha 5 Fitaizana ny mpiasa | Tombana |

## Atrik'asa mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny SIDA

**Sokajin'olona kendrena manokana**: tompon'andrakim-panjakana avy amin'ny sampan-draharaha miandraikitra ny asa, mpampiasa sy mpitantana sendika

**Tanjona kendrena**: hampidirana ny olana mikasika ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy vavy amin'ny politika mikasika ny SIDA

### Atrik'asa mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny SIDA

| Fandaharam-potoana | Andro 1 | Andro 2 | Andro 3 |
|---|---|---|---|
| 09:30-10 | Fiarahabana | Fampianarana faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Mitady fanampiana i Mary | Fampianarana faha 8 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: fanampiana ny fianakaviana voan'ny SIDA |
| 10-10:30 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa | | |
| 10:45-12 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Manala ny tahotra sy ny fisalasalana | Fampianarana faha 7 alaina amin'ny lohahevitra faha 4 : Ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy vavy sy ny Lalàna misy eo amin'ny firenena mikasika ny SIDA? | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: Fanohanana ny olona miasa amin'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna |
| Fisakafoanana | | | |
| 13:15-14:30 | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny SIDA | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra faha 6: Tahotra, hatezerana sy fampitam-baovao | Ahoana ny manaraka? Fandrafetana vinavinan'asa |
| 14:30-16 | Fampianarana faha 2 alaina amin'ny Ny zo ao amin'ny fifanarahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa | Fampianarana faha 8 alaina amin'ny lohahevitra faha 5 Fitaizana ny mpiasa | Tombana |

## Atrik'asa ho an'ny mpanara-maso ny asa

**Sokajin'olona kendrena**: mpanara-maso ny asa izay tsy dia manam-pahalalana ampy mikasika ny SIDA

**Tanjona** : fampidirana sy fampiharana ny fepetra mikasika ny SIDA amin'ny asan'ny mpanara-maso ny asa

## Atrik'asa ho an'ny mpanara-maso ny asa

| Fandaharam-potoana | Andro 1 | Andro 2 | Andro 3 |
|---|---|---|---|
| 09:30-10 | Fiarahabana | Fampianarana faha 6 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Ny tantaran'I Ravi | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 4: Ny mapanara-maso ny asa sy ny SIDA<br>Tsara raha toa ka maharitra iray maraina ity fampianarana ity mba hahafahan'ny mpanara-maso ny asa mahazo tsara ny ifandraisan'ny olana mikasika ny SIDA amin'ny asany |
| 10-10:30 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa | | |
| 10:45-12 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny toeram-piasana : ny tena zava-misy sy ny tsaho | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 4: Fandrafetana ny tetik'adin'ny Fanjakana mikasika ny SIDA | |
| Fisakafoanana | | | |
| 13:15-14:30 | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny SIDA | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra faha 6: Tahotra, hatezerana sy fampitam-baovao | Ahoana ny manaraka? Fandrafetana vinavinan'asa |
| 14:30-16 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Ny zon'olombelona sy ny Lalàna | Fampianarana faha 8 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Fitaizana ny mpiasa | Tombana |

## Atrik'asa ho an'ny Mpitsara miasa ao amin'ny Tribonaly mikasika ny asa

**Sokajin'olona tiliana**: Mpitsara, mpisolovava, mpiasa amin'ny fitsarana izay tsy dia manam-pahalalana ampy mikasika ny SIDA

**Tanjona kendrena**: Manome fahalalana izay ilaina ny tompon'andraikitra ao amin'ny fitsarana mikasika ny SIDA mba hahafahany mamaha ny raharaham-pitsarana izay mikasika ny SIDA, na koa mandray anjara amin'ny fanavaozana ny Lalàna mikasika ny asa amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

## Atrik'asa ho an'ny Mpitsara miasa ao amin'ny Tribonaly mikasika ny asa

| Fandaharam-potoana | Andro 1 | Andro 2 |
|---|---|---|
| 09:30-10 | Fiarahabana | Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra faha 4: Mampitaha ny Lalàna |
| 10-10:30 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa | |
| 10:45-12 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny SIDA sy ny toeram-piasana: ny tena zava-misy sy ny tsaho | Fampianarana faha 6 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Ny tantaran'i Ravi |
| Fisakafoanana | | |
| 13:15-14:30 | Fampianarana faha 2 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: ny zo ao amin'ny fifanarahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Ny fifandraisana sy fitovian'ny Lahy sy ny vavy sy ny SIDA |
| 14:30-16 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 2 Ny zon'olombelona sy ny Lalàna | Tombana |

## Fiaraha-midinika ataon'ny mpiasa

**Sokajin'olona kendrena**: Mpiasa avy amin'ny toeram-piasana iray na avy amin'ny toeram-piasana maromaro

**Tanjona amin'ny fiaraha-midinika**: Hampitombo ny fahafantarana ny SIDA sy ny ifandraisany amin'ny toeram-piasana, ary mba hanitarana ny politikan'ny Sendika na ny toeram-piasana mikasika ny SIDA. Mety hahazo fanampiana avy amin'ny sendika na ny mpampiasa ny tarika manao fiaraha-midinika. Azo atao ao amin'ny toeram-piasana na ao an-tanàna izany.

**Ahoana ny fomba fiasa amin'ny fiaraha-midinika**

Fampiharana ny demokrasia ny fiaraha-midinika. Mitovy ny mpandray anjara rehetra. Misy ny mpitarika ny fiaraha-midinika izay avy ao amin'ny tarika ihany, izay ohatra iray amin'ny fifampitaizana. Tokony nahazo fiofanana mikasika ny fitarihana fivoriana fiaraha-midinika izy.

Tokony mandray anjara amin'ny adihevitra ny rehetra. Mizara tarika misy olona vitsivitsy ny mpandray anjara, izay samy manao tatitra amin'ny mpandray anjara rehetra. Tsy misy valim-panontaniana diso na marina. Mihaona indray mandeha isan-kerinandro ny mpandray anjara mandritry ny folo herinandro fara fahakeliny. Manao teny fampidirana ny mpitarika, ary rehefa avy eo dia angatahina ny mpandray anjara mba hamosaka ny heviny sy ny zavatra niainany. Ny fandraisana anjara no tena zava-dehibe indrindra.

Misy fitsipika vitsivitsy tokony arahina:

- Mihaino ny mpandray anjara hafa
- Fifanajan'ny mpandray anjara
- Tsy fanapahana fitenenana
- Tsy fanaovana resaka an-jorony
- Fifantohana amin'ny lohahevitra iadian-kevitra
- Tsy fivoahana amin'ny fivoriana anelanelam-potoana

## Fandaharam-potoana aroso ho an'ny fiaraha-midinika

| Fiaraha-midinika | Lohahevitra | Famelabelarana |
|---|---|---|
| 1 | Fampahafantarana ifanaovan'ny olona roa<br>Ny tena zava-misy sy ny tsaho mikasika ny Sida<br>Ahoana ny fihanaky ny Sida sy ny famefena ny fihanaky ny Sida | Ilaina ny fametrahana izay efa fantatry ny olona mikasika ny SIDA. Voalaza eto ambany ny asa hatao |
| 2 | Fampianarana faha 6 alaina amin'ny lohahevitra 1: ny SIDA sy ny firaisana | Raha mahazo fanampiana avy amin'ny sendika ny tarika manao fiaraha-midinika, dia soloy amin'ny fampianarana faha 2 – lohahevitra 1: mandresy ny tahotra mikasika ny SIDA |
| 3 | Fampianarana faha 6 avy amin'ny lohahevitra faha 2: ny tantaran'I Ravi | Tokony hamporisihina ny mpandray anjara hipetraka eo amin'ny toeran'I Ravi. Anontanio azy ireo ny fotoana nanaovana zavatra tsy ara-drariny taminy |
| 4 | Fampianarana faha 11 avy amin'ny lohahevitra faha 6: ny fiarovana eo anivon'ny fiaraha-monina | |
| 5 | Fampianarana faha 8 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: Fanampiana ny fianakaviana voan'ny SIDA | Tsara raha toa ka anaovana jery todika ny fivoriana dimy voalohany. Ataovy izay hampifanarahana ny fanaovana tombana amin'izany |
| 6 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 7: Fiahiana ao amin'ny toeram-piasana | |
| 7 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Miady amin'ny henatra sy ny fisalasalana | Eto dia tokony efa matoky tena hiatrika ity fampianarana ity ny mpandray anjara |
| 8 | Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 5 : ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy vavy mikasika ny SIDA | |
| 9 | Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra 1: ny SIDA sy ny toeram-piasana: ny tena zava-misy sy ny tsaho | Tokony ho eo am-piandohan'ny fampinarana no andinihana ity lohahevitra ity. Ny antony anaovana izany amin'ny farany dia mba hahafahana mamaritra hoe hatraiza no niova ny fomba fijerin'ny mpandray anjara mikasika ity olana ity |
| 10 | Vinavinan'asa<br>Tombana | Zava-dehibe ny hiresahan'ny tsirairay ny fomba handraisany anjara manokana amin'ny asa manaraka ohatra : fiovan'ny fitondran-tena, fandraisana anjara amin'ny fifampitaizana, fidirana amin'ny komity ao amin'ny toeram-piasana, fanohanana asa atao eo anivon'ny fiaraha-monina |

## Ahoana ny fomba fihanaky ny tsimok'aretina SIDA?

**TANJONA**: Manazava ny fomba fihanaky ny SIDA

**ASA ATAO**: Miaraha miasa amin'ny mpandray anjara eo akaikinao; Manaova adihevitra mikasika ny fomba fihanaky ny aretina. Ampifanakalozy amin'ny lisitry ny olona roa eo akaikinao izany. Asio marika raha toa ka hitanao fa marina ny heviny, ary asio lakroa raha tao ka hitanao fa diso ny heviny, apetaho amin'ny tabilao rehefa avy eo mba ho hitan'ny rehetra

# Fampidirana ny SIDA amin'ny programa hafa

Tsy ilaina ny fandraisana ny SIDA ho toy ny lohahevitra mitokana amin'ny programa fampianarana. Ny tena kendren'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny mpiara-dia aminy dia ny fampidirana ny lohahevitra mikasika ny SIDA amin'ny fampiofanana sy fivoriana lehibe rehetra. Mety tafiditra amin'izany :

- Ny fampahalalana fototra mikasika ny SIDA, ny maha olana ara-pampandrosoana sy olana amin'ny asa ny SIDA
- Ny Lalàna mifehy ny asa sy ny SIDA
- Ny fiarovana amin'ny loza sy ny fahasalamana eo amin'ny toeram-piasana
- Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny Lahy sy ny vavy mikasika ny SIDA

Soso-kevitra ihany ireo voalaza ireo.

## Lohahevitra ankapobeny mikasika ny SIDA

Sarotra ny hiresahana ny lafiny rehetra mikasika ny SIDA amin'ny maha olana eo amin'ny toeram-piasana izany ao anatin'ny ora vitsivitsy. Mety hisy hirika sy fotoana kely omena anao amin'ny fiofanana andinihana olana hafa. Raha toa ka afaka manararaotra izany ianao, dia arosonay ireto voalaza manaraka ireto

| Fampianarana aroso | Fanamarihana |
|---|---|
| Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra 1 : Ny SIDA sy ny toeram-piasana : Ny tena zava-misy sy ny tsaho | Ataovy izay hanafohezana izany . Azo atao koa ny manova izany ho fifanakalozana sy fifanovozan-kevitra. Tsy zaraina tarika misy olona vitsivitsy ny mpandray anjara, fa ao amin'ny Fivoriam-be no anaovana adihevitra. Ataovy izay handraisan'ny rehetra anjara |
| Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra 1: Ny Sida sy ny fiantraikany amin'ny asa | Mety ilaina ny fanomezanao ohatra, na toe-javatra niainan'ny olona hafa, na antontan'isa mikasika ny sida eo amin'ny firenenao |
| Raha toa ka fampianarana ho an'ny sendika<br>Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra 1 ny SIDA sy ny politikan'ny sendika | Amin'ny fampianarana iarahana, ny mpampiasa sy ny sendika dia afaka mizara amin'ny tarika samihafa amin'ny adihevitra ary avy eo dia manao tatitra amin'ny fivoriambe. Ataovy izay hisian'ny fifankahazoana amin'ireo sokajy roa ireo |
| Raha toa ka fampiofanana ho an'ny mpampiasa<br>Fampianarana faha 3 alaina amin'ny lohahevitra 1<br>Famolavolana vinavinan'asa mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana | |
| Ahoana ny manaraka : fandrafetana vinavinan'asa | Ataovy izay handraisan'ny mpiofana anjara amin'ny asa manaraka mikasika ny SIDA |

## Lalàna mifehy ny asa

Misy fampianarana mikasika ny Lalàna mifehy ny asa izay azo alaina amin'ny boky izay mitondra ny lohateny hoe: ny Lalàna iraisam-pirenenan mifehy ny asa, fampiofanana natao ho an'ny Sendika, 1998. Na dia natao ho an'ny mpikambana amin'ny sendika aza izany tany am-piandohana, dia miresaka mikasika ny lafiny rehetra mikasika ny Lalàna mifehy ny asa.

Amin'ny fampiofanana izay maharitra fotoana lava mikasika ny Lalàna iraisam-pirenena mikasika ny asa, dia azonao atao ny mampiasa ny fampianarana ao amin'ny lohahevitra faha 2 amin'ity boky ity, izay mikasika ny SIDA sy ny zon'olombelona.

| Fandaharam-pampianarana aroso | Fanamarihana |
|---|---|
| Fampianarana faha 2: Ny zo ao amin'ny Fifanarahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa | Natao ity fizarana ity mba hahafahan'ny mpiofana mandinika akaiky ny Lalàna fototra. Voaresaka amin'ity boky ity ny fifanarahana faha 111, kanefa azonao atao ny mandinika ny mampitombina ny fifanarahana fototra 8 eo anatrehan'ny SIDA |
| Fampianarana faha 6: Ny tantaran'I Ravi | Amin'ity fampianarana ity, dia azo atao ny manazava bebe kokoa ny fifandraisan'ny foto-kevitry ny Fikambanana iraisam-pirenenana misahana ny asa mikasika ny zon'olombelona sy ny fitsipi-pifampifehezana . Azo avadika toa izao ny fanontaniana: inona amin'ny zo voalaza ao amin'ny fifanarahana fototra sy ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikamabanana iraisam-pirenana misahana ny asa no tsy voahaja, raha ny mikasika an'I Ravi no jerena? |

## Fisorohana ny loza sy fahasalamana eo amin'ny toeram-piasana

Mety misy azo ampidirana ny SIDA amin'ny filaminana sy ny fahasalamana, idrindra ho an'ny mpanara-maso ny asa, ny mpampiasa sy ny mpiasa.

| Fandaharam-pampianarana aroso | Fanamarihana |
|---|---|
| Fampianarana faha 2 alaina amin'ny lohahevitra 1: mandresy ny tahotra mikasika ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana | Ny tahotra voaresaka amin'ity fampianarana ity dia ny hevi-diso amin'ny fifindran'ny aretina. Amin'ny toeram-piasana sasany, ny tompon'adraikitra amin'ny fisorohana ny loza sy ny fahasalamana dia mety ho lohalaharana amin'ny ezaka atao hiadiana amin'ny tsaho sy ny hevi-diso mikasika ny otrik'aretina. |
| Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 6: Fomba fiarovana amin'ny aretina manerana izao tontolo izao | Amin'ny atrik'asa na fampianarana mikasika ny fisorohana ny loza sy ny fahasalamana eo amin'ny toeram-piasana ho an'ny sampan-draharaha mikasika ny fahasalamana dia ilaina firesahana lalindalina kokoa ny fiarovana amin'ny aretina manerana izao tontolo izao . Azo atao ny mangataka amin'ny mpandray anjara ny hiadiany hevitra amin'ny fiarovana sy ny fampiharana izany, sy ny fepetra hafa tokony horaisina amin'ny toeram-piasana sy amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Misy boky iray navoakan'ny Fikambanana iraisam-pirenenan'ny mpampivelona mikasika ny fampihenanan ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny fiahiana ny zaza sy ny asan'ny mpampivelona. |
| Ahoana ny manaraka? Famolavolana tetik'asa | Ataovy izay handraisan'ny mpiofana rehetra anjara amin'ny asa atao amin'ny manaraka. |

## Ny fifandraisana sy Fitovian'ny Lahy sy ny vavy

Ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, sy ny fikambanana hafa miankina amin'ny fanjakana, dia mety hanome fampiofanana isan-karazany mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny Lahy sy ny vavy sy ny zon'ny vehivavy. Ilaina ny fampiofanana navoakan'ny Fikambanana iraisam-pirenana misahana ny asa tamin'ny taona 1994 mikasika ny zon'ny vehivavy miasa.
Misy ihany koa ny fitaovana hafa ampiasan'ny Tetik'asa mikasika ny fampiroboroboana ny fifandraisana sy ny fitovian'ny Lahy sy ny vavy.

Ny fampianarana fohifohy mikasika izany amin'ny atrik'asa lehibe dia azo ampidirana ireto lohahevitra manaraka ireto

| Fandaharam-pianarana aroso | Fanamarihana |
|---|---|
| Fampianarana faha 5 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny Lahy sy ny vavy sy ny SIDA | Manampy izany amin'ny fametrahana tsindrim-peo amin'ny maha mora voadona ny vehivavy sy ny antony ilana fepetra manokana mba hiarovana sy hanamafisana ny fahafahan'izy ireo miatrika izany |
| Fampianarana faha 4 alaina amin'ny lohahevitra faha 6: tahotra, hatezerana sy fampitam-baovao | Tsy dia mikasika ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy manokana, fa ahafahana miresaka olana maro |
| Fampianarana 1 alaina amin'ny lohahevitra faha 5: Miatrika ny henatra sy ny fisalasalana | Tsy tokony hatao ity fampianarana ity raha tsy efa niasa tsara mandritry andro vitsivitsy ny tarika.. Ny tompon'andraikitra amin'ny fampiofanana no tokony afaka hanome torohevitra, ary tokony efa nisy fampianarana iray fara fahakeliny nataonao miaraka aminy mba hampisy fifampitokisana |
| Fampianarana faha 10 alaina amin'ny lohahevitra faha 2: Tsy mijanona eo am-baravaran'ny orin'asa ny zo ananana | Mila fitandremana ity lohahevitra ity. Mety kokoa ho an'ny vondron'ny sendika ity fampianarana ity |

## Famolavolana ny atrik'asa karakarainao

Na inona na inona fampianarana ertitreretinao hatao, dia azonao ampiasaina ity modely ity. Azo atao ny manalava na manafohy izany. Hitanao tamin'ireo soso-kevitra naroso mikasika ny programa fampiofanana fa azonao atao ny mampiasa ny fampianarana hita ao amin'ny boky manontolo.
Azonao atao ihany koa ny manao fanovana na mandrafitra ny anao manokana.

| Sokajn'olona tiliana: | | Tanjona: | |
|---|---|---|---|
| Fandaharam-potoana | Andro voalohany | Andro faharoa | Andro fahatelo |
| 09:30-10:00 | Fiarahabana | | |
| 10:00-10:30 | Fampidirana | | |
| 10:45-12:00 | | | |
| Fisakafoanana | | | |
| 13:15-14:30 | | | Vinavinan'asa |
| 14:30-16:00 | | | Tombana |

*Ny votoatiny sy ny fomba fampiasana izany*

## Anjaranao ny manaraka

Natao ho anao ity boky ity. Tsy voatery hanaraka azy manontolo ianao, fa azonao atao ny mampifanaraka azy amin'izay zavatra ilainao. Ampiasao ity hahafahanao manitatra ny fomba fampianarana vaovao. Aza hadino ireto voalaza manaraka ireto:

Hitarika fiovana no antony nanaovana ny fitsipi-pifampifehezana sy ny boky. Raha mandray anjara amin'ny atrik'asa, na mamaky ny boky fotsiny ny olona, dia tsy misy zavatra hitranga


Raha te hiady amin'ny SIDA isika, dia tsy maintsy manova ny fomba fisainan'ny tsirairay sy ny fomba fahatsapany ny olana, miresaka lafiny saro-pady toy ny fifandraisan'ny Lahy sy ny vavy sy ny firaisana ara-nofo.

Tsy maintsy ovana ihany koa izay ataontsika sy resahintsika ao amin'ny toeram-piasana- izay midika fa ahitana fiovana ihany koa ny mpampiasa sy ny sendika.

Sarotra ny mandrefy izany fiovana izany amin'ny atrik'asa. Noho izany, na dia misy tombana atao aza amin'ny fiafaran'ny atrik'asa, dia volana vitsivitsy aty aoriana vao tena azo atao ny tombana. Amin'ny fanarahana ny vokatry ny atrik'asa, enim-bolana na iray taona aty aoriana, dia tokony hipetraka ireto fanontaniana ireto: misy politika na fifanarahana natao ve tao amin'ny toeram-piasana? Misy toerana fizarana kapaoty ve ao? Manantona an-tsitrapo mangataka torohevitra na managataka hanaovana fitiliana ve ny mpiasa? Mahatsapa ve ny vehivavy fa afaka miresaka na mitory mikasika ny faneriterena amin'ny firahan'ny lehilahy sy ny vehivavy

Raha toa ka nisy ireo fiovana ireo noho ny fampiasana ity boky ity, dia nisy dingana kely vita amin'ny ady atao amin'ny fanamby iray lehibe amn'ity taonjato ity

# TSY MORA



Tantara mikasika ny faneriterena amin'ny Firaisana ara-nofo sy ny fanavakavahana ao amin'ny toerampiasana

# Votoatiny

| | |
|---|---|
| Fampidirana | **1** |
| Toe-javatra misy mikasika ny SIDA | **2** |
| Ny fironana amin'ny ankapobeny sy isam-paritra | **5** |
| Ny SIDA, ny fahantrana sy ny fampandrosoana | **7** |
| Ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny tontolon'ny asa | **9** |
| Ny ady atao amin'ny SIDA eo amin'ny tontolon'nyasa | **15** |
| Ny andraikitry ny Fikambanana iraisam-pirenena Misahana ny asa | **16** |
| Asa fampianarana | **20** |
| Fanovozan-kevitra | **24** |

## **Fampidirana**:

## Ny dikan'ny SIDA

Lasa loza sy atambo manambana ny ho avintsika ny SIDA.

Tao anatin'ny roapolo taona nisehoany, dia namono olona maro kokoa izany, raha oharina amin'ny valan'aretina hafa toy ny pesta tamin'ny taonjato faha 14, ny tazo mahery taorian'ny ady lehibe voalohany 1914-1918.

Tsy olana ara-pahasalamana fotsiny ny SIDA, fa mampihemotra ny dingana efa tratra amin'ny fampandrosoana tamin'ny folo taona farany. Raha toa ka tsy vitantsika ny mamongotra ny valan'aretina, dia hihena ny isan'ny mponina amin'ny firenena maromaro, ho vitsy kokoa ny olona afaka mamokatra, ary harefo ny toe-karena.

Maro ny zaza kamboty avelany, izay voatery tsy maintsy miasa mba hahafahany miahy ny zandriny lahy sy ny anabaviny, ary mampitombo ny isan'ny ankizy miasa izany.

Anisan'ny antony mahatonga ny fahantrana sy ny fanavakavahana izany, ary manampy trotraka ny olana ateraky ny tsy fahampian'ny fiarovana ara sosialy sy ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy.

Tsy misy fanafodiny io aretina io. Lafo ny fitsaboana misy ary tsy takatry ankamaroan'ny olona voan'ny aretina. An-tapitrisany ny isan'ny maty.

Na dia izany aza, dia misy toerana ahitana fihenan'ny fihanaky ny aretina ary maro ny ohatra mikasika ny olona afaka miaina taona maro aorian'ny fotoana nahitana fa mitondra ny otrik'aretina izy. Mianatra ny fomba hampihenana ny fiantraikan'ny valan'aretina isika, sy ny fomba hahafahana miaina na dia voan'ny aretina aza. Tsy midika ho fanamelohana ho faty avy hatrany ny SIDA.

Hatrany am-boalohany dia efa tsikaritra ny fisian'ny hevi-diso, tahotra mihoampapana, ary politika manavakavaka mikasika ny SIDA. Nitatra miandalana ny fandresena ny tsy fahampian'ny fahalalana sy ny hevi-diso, ary ny fomba fijery mifantoka amin'ny zo. Mbola maro anefa ny tsaho izay tsy ahafahana miatrika ny aretina araka ny tokony ho izy.

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina **SIDA** sy ny tontolon'ny asa*

## Zava-misy mikasika ny SIDA

### Famaritana

Ny HIV dia ny tsy fiasan'ny hery fanefitra amin'ny otrik'aretina misy amin'ny vatan'olombelona.
Manalefaka ny hery fanefitra misy amin'ny vatana ny tsimok'aretina.

Satria manalefaka ny hery fanefitra misy amin'ny vatana ny HIV, dia mety ho voan'ny fifindran'ny otrik'aretina isan-karazany ny olona iray, izay tokony ho voatosiky ny hery miaro amin'ny vatana. Otrik'aretina iray na maromaro amin'izany no mitarika fahafatesana, taona maromaro aorian'ny fifindran'ny otrik'aretina.

Mifindra amin'ny alalan'ny ranoka, indrindra ny rà, ny tsirinaina ary ny nono ny otrik'aretina. Amin'ny alalan'ireto lalana voalaza manaraka ireto no ifindran'ny otrik'aretina :

- Fanaovana firaisana ara-nofo tsy misy fiarovana, na ho an'ny lehilahy samy lehilahy na vehivavy samy vehivavy, na lehilahy sy vehivavy (Io no fomba fifindrany hita matetika).
- Amin'ny alalan'ny rà, ohatra fanomezan-drà na famindrana taova, na tsindrona. Tafiditra amin'izany ny fanaovana tsindrona.
- Famindrana avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza, na amin'ny fotoana ahaterahana na amin'ny alalan'ny fampinonoana.

Aorian'ny fifindran'ny aretina, dia mamorona zavatra ny taova hiarovana amin'ny otrik'aretina. Raha toa ka anaovana fitiliana ny olona iray, ka raha hita ao amin'ny vatana io zavatra foronon'ny taova io, dia antsoina hoe "HIV +" izy.

Mampitombo ny mety hifindran'ny aretina ny aretina vokatry ny Firaisana.

### Isan-jaton'ny fomba fifindran'ny otrik'aretina

| | |
|---|---|
| Fanomezan-drà | 3-5 |
| Famindrana avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza | 5-10 |
| Firaisana ara-nofo | 70-80 |
| Tsindrona | 5-10 |
| Ratra avy amin'ny fanjaitra | <0.01 |

# *Ny Valan'aretina* ***SIDA*** *sy ny tontolon'ny asa*

Mety ho afaka miaina taona maromaro aorian'ny fifindran'ny otrik'aretina ny olona iray, ary amin'izany dia mety tsy hahitana fambara fa marary izy, na dia izany aza dia afaka mamindra ny otrik'aretina amin'ny hafa ihany izy. Raha toa ka tsy mahatsapa ny olona fa nifindran'ny aretina izy, dia mety tsy handray fepetra, ary hamindra ny aretina amin'ny hafa.

Mety hisy fotoana ahitana fihatsarana amin'ny fotoana mampararary. Raha toa ka voatsabo tsara, afaka miala sasatra ary mihinan-kanina ny olona iray, dia afaka miaina tsara mandritry ny taona maromaro. Afaka miasa izy ireo. Voina lehibe anefa ny SIDA.

## Fifindran'ny otrik'aretina

Tsy mifindra amin'ny alalan'ny :

- Oroka sy fifandraisan-tanana
- Kaikitry ny moka na ny bibikely
- Kohaka sy mievona
- Fampiasana toerana fidiovana sy fivoahana itambarana
- Fihinanana  sakafo karakarain'ny olona voan'ny Sida na koa ny fampiasana fitaovana fihinana  sakafo ny SIDA

Ny otrik'aretina
Tsy mbola nisy ihany koa fifindran'ny aretina amin'ny alalan'ny fikarakarana ny olona voan'ny SIDA

Misy fikarohana atao amin'izao fotoana izao amin'ny fanamboarana vaksiny, kanefa toa tsy ho vita ao anatin'ny taona vitsivitsy izany. Misy fikarohana ihany koa atao mba hanamboarana fanafody fiarovana amin'ny fifindran'ny aretina amin'ny fotoana anaovana firaisana

Tsy misy ny fanafodin'ny SIDA. Misy fanafody ahafahana mampihena ny fihombon'ny aretina, fa tena lafo ny vidiny. Mahomby anefa izany fanafody izany amin'ny fiarovana ny  fifindran'ny aretina avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza.

Na dia nampidina ny vidin'ny fanafody aza ny orin'asa mpanamboatra fanafody, dia mbola mipetraka ihany ny olana. Mitaky fitaovam-pitsaboana avo lenta ny fampiasana ny fanafody, ary tafiditra amin'izany ny manam-pahaizana mikarakara izany manokana, izay tsy ananan'ny tany mahantra Noho izany, dia aroson'ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny fanatanterahana izany amin'ny toeram-piasana sasany. Mamporisika ny fandraisan'ny orinasa an-tanana ny vidin'ny fitsaboana ihany koa ny fikambanana, raha toa ka azo atao izany. Tokony hatao ny fitsaboana ny aretina hafa izay ateraky ny fisian'ny otrik'aretina SIDA, na dia tsy takatry ny orinasa iray aza ny fitsaboana ny fihombon'ny aretina SIDA.

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina **SIDA** sy ny tontolon'ny asa*

Ny orin'asa Anglo-American, izay anisan'ny orin'asa mpitrandraka vato goavana indrindra any Afrika Atsimo, dia nanapa-kevitra fa hanome maimaimpoana ny fanafody ho an'ny mpiasa ao aminy. Tombanana ho eo anelanelan'ny 2,5 ka hatramin'ny 5 tapitrisa dolara eo izany, ary 23 isan-jaton'ny mpiasa miisa 134,000 dia mitondra ny otrik'aretina SIDA.

Otrik'aretina malemy ny HIV, izay tsy afaka miaina raha tsy miaraka amin'ny fepetra vitsivitsy. Afaka mitsofoka amin'ny vatana izy amin'ny toerana mando, ary tsy afaka miditra amin'ny hoditra tsy misy vaky. Tafiditra amin'ny fiarovana ny fanasiana sakana ho an'ny otrik'aretina, ohatra ny kapaoty, sy ny fitaovana fiarovana toy ny saron-tava sy ny fonon-tanana (raha ilaina izany), ary tsy tokony hamindra ny aretina ihany koa ny fitaovana fandavahana ny nofo.

Matin'ny fanafody mahery fandiovana sy ny rano mafana be ny otrik'aretina. Raha toa ka misy loza amin'ny toeram-piasana, dia zava-dehibe ny fanarahana ny fepetra sy ny fitandremana mikasika ny rà sy ny ranoka (izay fantatra amin'ny anarana hoe fitandremana arahin'izao tontolo izao) izay navoakan'ny Foibe Amerikanina misahana ny fanaraha-maso sy ny fitandremana ny aretina tamin'ny taona 1985. Izany fepetra fitandremana izany dia hazavaina ao amin'ny tovana faha II ao amin'ny fitsipi-pifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA.

# Ny fivoaran'ny aretina eran-tany sy isam-paritra

Samihafa ny fomba fivoaran'ny aretina amin'ny faritra samihafa eran-tany, sy ny hafainganany. Vao manomboka izany amin'ny faritra sasany. Tamin'ny faran'ny taona 2001, dia eo amin'ny 40 tapitrisa eo ho eo ny isan'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA; vehivavy ny antsasak'izy ireo, ary 8 isan-jatony ny ankizy. Niteraka fahafatesan'olona 3 tapitrisa ny SIDA tamin'ny taona 2001, ary na dia eo aza ny fanitarana ny fepetra fiarovana, dia 5 tapitrisa ny isan'ny olona vaovao voan'ny SIDA.

## Ny Sida tamin'ny taona 2001

| Faritra | Isan'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA tamin'ny taona 2001 | Olona vaovao voan'ny otrik'aretina tamin'ny taona 2001 | Fahafatesana ateraky ny SIDA tamin'ny taona 2001 |
|---|---|---|---|
| Faritra Atsimon'i Afrika | 28.500.000 | 3.500.000 | 2.200.000 |
| Azia | 6.600.000 | 1.070.000 | 435.000 |
| Amerika sy Karaiba | 2.870.000 | 235.000 | 115.000 |
| Eoropa sy Azia afovoany | 1.550.000 | 280.000 | 31.000 |
| Afrika avaratra sy Afovoany atsinanana | 500.000 | 80.000 | 30.000 |
| Aostralia sy Nouvelle- Zelande | 15.000 | 500 | <100 |

***Loharanom-baovao*** *: Tatitra ankapobeny mikasika ny fironana misy mikasika ny Valan'aretina SIDA*

## Amerika Atsimo sy Karaiba

Ao Karaiba no faritra faharoa ahitana salan'isa ambony amin'ny fihanaky ny aretina; 2 isan-jato ny salam-piharan'ny aretina amin'ny olon-dehibe. Amin'ny tany sasany toa an'i Haiti sy Bahamas dia nahatratra 4 isan-jatony izany. 50 isan-jaton'ny fihanaky ny aretina dia hita eo amin'ny vehivavy any Karaiba, ary 30 isan-jato any Amerika Atsimo. Nampihena ny salan'isan'ny olona maty sy ny isan'ny olona vaovao voan'ny aretina ny tetik'asa fitsaboana sy fiarovana any Bresil, ary anisan'ny antony nahatonga izany ny fanafody manalefaka ny fihombon'ny aretina.

### Eoropa Atsinana sy Azia Afovoany

Ahitana ny fitombon'ny salan'isan'ny olona vaovao voan'ny otrik'aretina iny faritra iny, indrindra any Rosia sy Ukraine. Ahiana hitombo izany noho ny salan'isa avo amin'ny aretina vokatry ny firaisana ara-nofo sy ny fampiasana tsindrona amin'ny zava-mahadomelina. 20 isan-jatony ny vehivavy miaina miaraka amin'ny SIDA.

### Afrika Atsimon'ny Sahara

Ao no ahitana salan'isa ambony indrindra eran-tany, ary 8,4 isan-jatony ny salan'isan'ny mponina voan'ny aretina. Ity faritra ity no ahitana olona miaina miaraka amin'ny SIDA betsaka indrindra, izay miisa 28,1 tapitrisa raha oharina amin'ny fitambaran'ny olona rehetra amin'ny faritra hafa; vehivavy ny 55 isan-jaton'izy ireo.

Ny salan'isa ananana avy amin'ny hopitaly dia ahitana fa 30 isan-jato ny salan'isan'ny aretina eo amin'ny olon-dehibe. Misy tsirim-panantenana anefa, satria mihena hatrany izany salan'isa izany any Ouganda, ary tsy dia tafakatra ambony loatra izany amin'ny firenena sasany any Afrika andrefana.

### Afrika Avaratra sy ny Faritra Afovoany atsinanana

Ny fanadihadiana maivana natao dia mampiseho fa miadana, kanefa atahorana ihany ny fihanaky ny aretina amin'iny faritra iny.

### Azia sy Pasifika

Mahakivy ihany ny mijery ny salan'isa izay toa ambany amin'iny faritra iny, kanefa ahitana salan'isa ambony, indrindra amin'ny tanan-dehibe. Eo amin'ny 7 tapitrisa eo ny isan'ny olona voan'ny aretina.

Vinavinain'ny Ministeran'ny Fahasalamana any China fa eo amin'ny 600.000 eo ho eo ny isan'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA tamin'ny taona 2000, ary misy faritra ahitana ny fitombon'ny fihanaky ny valan'aretina.

Na dia tsy dia ambony loatra aza ny salan'isan'ny voan'ny aretina any Inde (0.8 isan-jato tamin'ny taona 2001), dia betsaka ihany ny isan'ny olona voa. Voafaritra amin'ny tanàna vitsivitsy ny valan'aretina.

Nihena ho 30,000 tamin'ny taona 2001 ny isan'ny olona vaovao voan'ny aretina tany Tahilande, raha toa ka 100.000 izany tamin'ny taona 1990. Tamin'ny taona 1993, dia nisy tatitra iray naminavina fa mety hahatratra 500.000 isan-taona ny fihanaky ny aretina amin'ny fiafaran'ny folo taona manaraka. Vinavinaina ho 700,000 ny isan'ny olona miaina miaraka amin'ny aretina any Thailande amin'izao fotoana izao, ary mbola mijanona ho olana ara-pahasalamana sy ara sosialy izany.
Any Azia atsinanana sy Pasifika, dia vehivavy ny 20 isan-jaton'ireo miaina miaraka amin'ny SIDA, ary 35 isan-jatony izany any Azia Atsimo sy Atsimo Atsinanana.

### Eoropa Andrefana, Amerika avaratra, Aostalia sy Nouvelle Zelande

Ahitana ny firongatry ny aretina amin'ny tany manan-karena, ary mahatratra 75,000 ny isan'ny olona vaovao voan'ny SIDA tamin'ny taona 2001. Vehivavy ny 10 ka hatramin'ny 25 isan-jaton'ny olona miaina miaraka amin'ny aretina.

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina **SIDA** sy ny tontolon'ny asa*

## Ny SIDA, ny fahantrana sy ny fampandrosoana

Noheverina ho toy ny olana ara-pahasalamana ny SIDA mandritry ny taona maro, fa tsy amin'ny maha fanamby ara sosialy sy ara toe-karena azy. Tao anatin'ny taona vitsivitsy, dia nekena ny voka-dratsiny amin'ny fanimbana ny dingana efa tratra amin'ny fampandrosoana sy amin'ny asam-pampandrosoana amin'ny ho avy.

Manampy trotraka ny olana efa misy amin'ny lafiny ara sosialy sy ara-toekarena amin'ny tany andalam-pandrosoana ny SIDA.

- Anisan'ny anton-javatra mapifindra ny otrik'aretina ny fahantrana ary manamafy ny fiantraikan'ny aretina.
- Ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny tsirairay, ny tokantrano sy ny fiaraha-monina dia mampitombo ny fahantrana ary mahatonga ireo izay tsy nahantra teo aloha hiaina fahantrana

Vao maika miaina ao anatin'ny habadoana ny olona, ary tsy afaka mahazo fitsaboana sy fiahiana ara sosialy. Mampihena ny mety hahafantarany ny mikasika ny SIDA sy ny fomba tokony hisorohana ny aretina izany. Ny tsy fahampian'ny sakafo sy ny trano fonenana tsy zarizary dia mahatonga ireo izay voan'ny otrik'aretina ho mora tratran'ny aretina hafa. Ireo mahantra izay voan'ny otrik'aretina dia matetika marary sy maty malakilaky kokoa noho ireo izay tsy mahantra, satria tsy ampy sakafo, ary tsy mahazo fitsaboana sy fanafody ampy izy ireo.

Loza ihany koa ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny tokantrano Noho ny tsy fisian'ny haraton'aina ara sosialy , ny fiarovana ara sosialy sy antoka amin'ny fahasalamana, dia mitarika fandaniana bebe kokoa amin'ny fividianana fanafody sy fihenan'ny vola miditra amin'ny tokantrano izany, izay matetika mampihitsoka ny olona ao amin'ny lavaky ny fahantrana.

Mitarika vesatra ho an'ny firenena maro ny valan'aretina:

- Amin'ny taona 2005, dia 60 isan-jaton'ny volam-panjakana no tsy maintsy holanian'i Kenya amin'ny fitsaboana ny SIDA.
- Tany Zambia tamin'ny taona 1998, dia nahatratra roa ampahatelon'ny mpampianatra mivoaka amin'ny sekoly fampianarana ny isan'ny mpampianatra matin'ny SIDA.
- Ny ampahatelon'ny tokantrano any ambanivohitra any Thailande no voan'ny SIDA, izay nahatonga ny fihenan'ny vokatra 50 isan-jato.
- Mety hihena 17 isan-jato ny harin-karena faobe any Afrika Atsimo amin'ny taona 2010 noho ny SIDA, izay mitentina 22 lavitrisa dolara amin'ny toe-karena.

# *Ny Valan'aretina **SIDA** sy ny tontolon'ny asa*

## LOHAHEVITRA 1

Amin'ny firenena mahantra indrindra izay ivangongoan'ny valan'aretina, dia mety tsy ahitana fihenan'ny salan'isan'ny fifindran'ny aretina amin'ireo sokajy izay mahazo fanabeazana sy vola bebe kokoa. Anisan'ny antony mampifindra ny aretina ihany koa ny toerana misy eo amin'ny fiaraha-monina, ny vola ananana, sy ny fisondrotana amin'ny asa. Midika izany fa misy fiantraikany amin'ny tolotra eo amin'ny asa ny aretina.

Ny fahaverezana  goavana eo amin'ny mpiasa manam-pahaizana manokana, ny dokotera, ny mpampianatra, ny tantsaha sy ny manam-pahaizana momba ny milina dia misy fiantraikany lehibe tokoa amin'ny fahafahan'ny firenena mamokatra sy miantoka ny fanatanterahana ny asa fototra amin'ny lafiny ara sosialy. Vao maika mampivarahontsana ny fiantraikan'ny valan'aretina amin'ny hery mpamokatra amin'ny ho avy. Etsy ankilany, dia esorina any an-tsekoly ny mpianatra mba hanampy ny fianakaviana amin'ny fitadiavam-bola sy ny fanaovana ny asa ao an-tokantrano. Etsy an-daniny, dia voatohina ny asa fanabeazana sy fampiofanana. Tsy dia hita anefa ny fampifanarahana ny tetika fampandrosoana lavitr'ezaka amin'ny zava-misy ateraky ny SIDA, sy hahafahana manolo izany haverezana olona amin'ny maha loharanon-karena azy izany.

> *"Anisan'ny sakana tsy ahafahan'ny firenena afrikanina mandroso ny fihanaky ny areti-mifindra indrindra fa ny SIDA, ny raboka sy ny tazo mahery. Raha tsy voafehy izany, dia tsy hisy fanantenana ny amin'ny fandrosoan'ny olona."*
> *Stephen Lewis, Iraka manokan'ny firenena mikambana mikasika ny SIDA any Afrika.*

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina **SIDA** sy ny tontolon'ny asa*

## Ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny tontolon'ny asa

Vinainain'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ho 25 tapitrisa fara fahakeliny ny mpiasa 15 ka hatramin'ny 49 taona, izay hery afaka mamokatra indrindra no voan'ny otrik'aretina SIDA.

**Olana eo amin'ny toeram-piasana ny SIDA**

*Tokony ho ekena ho olana eo amin'ny toeram-piasana ny SIDA , ary tokony horaisina amin'ny maha aretina atahorana azy eo amin'ny toeram-piasana. Ilaina izany satria tsy maningotra ny hery mpamokatra fotsiny ihany ny aretina, fa manohina ny toeram-piasana manontolo mihitsy, izay manana andraikitra amin'ny ady ankapobeny atao amin'ny SIDAeo anivon'ny fiaraha-monina .*

☐ Fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Manohina ny tontolon'ny asa amin'ny fomba maro ny SIDA. Amin'ny firenena tena voadonan'ny aretina, dia mampihena ny isan'ny mpiasa afaka mamokatra sy ny vola miditra amin'izy ireo izany. Mampitombo ny vola lanin'ny mpampiasa ny fanapahana asa matetika; tsy voatrandraka ny fahaizana asa sy ny traikefa efa misy. Matetika, dia tsy mifandanja ny filana eo amin;ny asa tokony hatao sy ny mpamokatra amin'ny maha loharanon-karena azy. Mihena miaraka amin'ny fahafahana mamokatra sy fahazoana tombom-barotra ny fahafahana mandoa hetra, kanefa mitombo ny asa tokony hataon'ny sampan-draharaham-panjakana ho an'ny vahoaka. Malemy ny toe-karen'ny firenena maro amin'ny vanim-potoana iatrehan'izy ireo ny fanambin'ny fanantotoloana.

Ireto avy ny fiantraikan'ny SIDA:

- Fihenan'ny herin-tsandry afaka mamokatra
- Tsy fahafahan'ny mpiasa manana haitao sy traikefa manao ny asany
- Fanapahana sy fitsaharana mialoha amin'ny asa
- Fanavakavahana sy fanenjehana ny mpiasa voan'ny SIDA
- Fitombon'ny vola lanin'ny mpampiasa amin'ny antoka aina sy ny fampiofanana ny mpiasa vaovao
- Fihenan'ny fahafahana mamokatra, ny hetra aloa sy fiantraikany ratsy eo amin'ny firoboroboan'ny toe-karena
- Fihenan'ny fahavitan-tena ara-tsakafo noho ny fitombon'ny tambanivohitra voan'ny aretina
- Fihenan'ny tinady, tsy fisian'ny faharisihana amin'ny fampiasam-bola sy fisian'ny sakana amin'ny fivelaran'ny orinasa

- Vesatra ho an'ny rafitra fiarovana ara sosialy sy ny sampan-draharaha misahana ny fahasalamana
- Vesatra amin'ny asan'ny vehivavy ao an-tokantrano sy amin'ny famokarana
- Fihenan'ny fahafahan'ny fianakaviana mamokatra sy ny fidiram-bolany, izay mampitombo ny fahantrana
- Zaza kamboty sy sokajin'ankizy hafa voatery mijanona amin'ny fianarana sy miasa
- Vehivavy sy tanora voatery mivaro-tena mba hahafahana mivelona

## Fiantraikany eo amin'ny asa sy eo amin'ny tsenan'ny asa

Misy fiantraikany mivantana amin'ny fitombon'ny mponina ny valan'aretina SIDA. Ny sampan-draharaha amerikanina misahana ny fanisana ny mponina dia naminavina fa hihena ho 30 taona ny fotoana iainan'ny olona iray any amin'ny firenena tena ihanahan'ny valan'aretina any amin'ny faritra Afrika Atsimo. Mety hihena 20 isan-jato ny isan'ny mponina any Zimbabwe amin'ny taona 2020, raha toa ka oharina amin'ny vinavina tsy isian'ny SIDA.


Amin'ny firenena maro, dia mihena ny isan'ny olona afaka miasa miahy ankizy sy beantitra maro

Misy fiantraikany goavana amin'ny firafitry ny herin-tsandry mpamokatra ny SIDA. Olon-dehibe amin'ny taona tena ahafahany mamokatra ny ankamaroan'ny olona matin'ny SIDA. Tamin'ny taona 1999, ohatra, dia 20 ka hatramin'ny 40 taona ny olona vaovao voan'ny otrik'aretina SIDA tany Rwanda, Tanzania, Uganda sy Zambia.

Ny vinavina ataon'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa amin'ny firenena Afrikanina valo dia nahitana fa mety hihena 32 isan-jato ny herin-tsandry mpamokatra amin'ireo tany tena mampihanaka ny aretina aty Afrika. Mpiasa manana haitao sy traikefa toy ny mpiasa birao, ny mpitantana, sy mpamokatra no tena voan'ny SIDA.

# LOHAHEVITRA 1

## *Ny Valan'aretina **SIDA** sy ny tontolon'ny asa*



## Ny fiantraikany amin'ny vola lany amin'ny mpiasa sy ny fahafahana mamokatra

Eo amin'ny sehatry ny toeram-piasana, dia mampihena ny fahafahana mamokatra ary mampitombo ny vola lany amin'ny mpiasa ny aretina sy ny fahafatesana ateraky ny SIDA. Hita amin'ny orinasa amin'ny sehatra rehetra amin'ireo firenena tena ihanahan'ny aretina fa mitombo ny isan'ny fanapahana amin'ny asa (noho ny aretina, ny vesatra ateraky ny fitsaboana, sy ny famoizana ny havana), ny mpiasa miala amin'ny asany (noho ny aretina sy ny fahafatesana), ny vola lany amin'ny fandraisana mpiasa, ny fampiofanana azy ireo sy ny fiahiana azy amin'ny lafiny ara sosialy (tafiditra amin'izany ny fitsaboana sy ny vola lany amin'ny fandevenana). Mampikorontana ny asam-pamokarana ny fanapahana amin'ny asa. Sarotra ny fanoloana ny mpiasa manana haitao sy traikefa, na dia betsaka aza ny olona tsy manana asa. Mitambesatra amin'ny mpiasa tsy voan'ny aretina ny asa, ary mitarika hakiviana amin'izy ireo izany.

Mitombo ny vola aloa amin'ny orinasa misahana ny antoka aina sy ny aro loza. Toa izany koa ny ny vola lany amin'ny fitsaboana, indrindra ho an'ny orinasa mandray an-tanana ny fitsaboana ny fianakavian'ny mpiasa. Mivantana sy ankolaka ny vidin'ny SIDA ho an'ny orinasa. Anisan'izany ny fahasahiranana ara-tsaina mianjady amin'ny mpitantana ny fandraisana fanapahan-kevitra iankinan'ny aina.

Ny fikarohana natao tao amin'ny Oniversiten'i Boston dia mampiseho fa mahatratra 3 ka hatramin'ny 11 isan-jaton'ny vola atokana amin'ny karama ny vola lany amin'ny SIDA. Miankina amin'ny firafitry ny toeram-piasana sy ny politika arahiny amin'ny fampiasana olona no maha samihafa ny orinasa tsirairay

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina **SIDA** sy ny tontolon'ny asa*

Aseho eto ambany ny fomba fifandraisan'ny voka-dratsin'ny SIDA:

## Toe-java-misy sy antontan'isa mikasika ny vidin'ny SIDA

- Nitombo 15 avo heny ny fanapahana amin'ny asa noho ny fanatrehana fandevenana amin'ny orianasa mpamokatra simenitra lehibe indrindra any Zambia mandritry ny vanim-potoana 1992-1995.
- Ny lalamby any Uganda dia nanamarika fa nitombo 15 % isan-taona ny fanapahana amin'ny asa sy ny fialana, ary ny 10 isan-jaton'ny mpiasa dia matin'ny SIDA.
- Any Kenya, dia 43 amin'ny mpiasa 50 amin'ny Sampan-draharaha misahana ny hetra no matin'ny SIDA. Ny Fikambanan'ny mpampiasa any Kenya dia manambara fa mitentina 50 dolara isaky ny mpiasa iray isan-taona ny vola lanin'ny orinasa amin'ny SIDA.
- Mihevitra ny orinasa mpitrandraka vato sasany any Afrika Atsimo fa mety ho voan'ny SIDA ny 40 isan-jaton'ny mpiasa, ary mety hampitombo ny salan'isan'ny fialana amin'ny asa 3 ka hatramin'ny 6 isan-jato, ary ny orinasa Goldsfields Mining company dia mihevitra fa mitombo 4 ka hatramin'ny 6 dolara ny vidin'ny famokarana volamena 30 g.
- Araka ny hevitry ny Fikambanan'ny tantsaha any Zimbabwe, dia nahatonga ny fihenan'ny famokarana katsaka 61 %, landy 47%, anana 49 % ary voanjo 37 % ny SIDA.
- Nahatsikaritra ny orinasa lehibe iray misahana ny fitanterana any Zimbabwe fa amin'ny mpiasa miisa 11500 ao aminy, dia 3400 amin'izy ireo no mitondra ny otrik'aretina SIDA
- tamin'ny taona 1996. Mitentina 1tapitrisa dolara na 20 isan-jaton'ny tombom-barotra azon'ny orianasa ny vola lany amin'ny SIDA
- Any Chennai , any Inde, ny fanadihadiana natao amin'ny orinasa lehibe dia nahitana fa mety hitombo avo roa heny ny fanapahana amin'ny asa amin'ny roa taona manaraka, noho ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo sy ny aretina ateraky ny SIDA.
- Ny fanadihadiana nataon'ny fanjakana any Tahilande dia nahitana fa mitentina 1.2 lavitrisa dolara ny vola lanin'ny firenena amin'ny SIDA
- Vinavinani'ny orinasa amerikanina maromaro ho 3500 ka hatramin'ny 6000 dolara isan-taona isaky ny mpiasa ny Vola lany amin'ny SIDA.

## Ny vola lany amin'ny SIDA ho an'ny orinasa enina any Afrika ( amin'ny vola dolara)

| Anaran'ny orinasa mpiasa iray | vola lany totaliny ) | Vola lany ho an'ny |
|---|---|---|
| Botswana Diamond Valuing | 125,941 | 237 |
| Botswana Meat Commission | 379,200 | 268 |
| Cote d'Ivoire food-processing firm | 33,207 | 120 |
| Cote d'Ivoire packaging firm | 10,398 | 125 |
| Muhoroni Sugar, Kenya | 5,830 | 349 |
| Uganda Sugar Corporation | 77,000 | 300 |

## Ny SIDA sy ny zon'olombelona fototra

Manohina sy manimba ny ezaka atao mba hanomezana asa mendrika sy mamokatra ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ao anatin'ny fahalalahana, fitoviana, filaminana sy fahamendrehana ny SIDA. Maro ny olona voan'ny SIDA no tsy manana fiarovana ara sosialy sy fanampiana ara-pahasalamana. Mijaly bebe kokoa noho izany ny mahantra.

Manampy trotraka ny tsy fitoviana eo anivon'ny fiaraha-monina ny fanavakavahana atao amin'ny olona mitondra ny otrik'aretina (ary na dia ahiahiana ho mitondra ny otrik'aretina fotsiny ihany aza). Ny fitiliana ny olona mitondra ny otrik'aretina mba handroahana azy amin'ny asa, tsy hanomezana azy ireo ny fisondrotana amin'ny asa, fiarovana ara sosialy sy tombontsoa dia anisan'ny fanavakavahana. Anisan'izany koa ny tsy fanajana ny tsiambaratelo, na koa ny tsy fanekena hanao fanamboarana amin'ny asa ho an'ny n'ny olona voan'ny SIDA . Misy adihevitra lalina kokoa mikasika izany ao amin'ny lohahevitra mikasika ny SIDA sy ny zon'olombelona.

## Ny SIDA sy ny fampiasana ny ankizy

Anisan'ny antony fototra tena manohina ny fitaizana ny ankizy ny Sida , ary misy fiantraikany amin'ny fizotran'ny fampiasana ny ankizy maneran-tany. Maro ny zaza lasa kamboty vokatry ny SIDA. Noho ny fampiasana azy amin'ny firaisana ara nofo, dia atahorana ny hifindran'ny otrik'aretina amin'izy ireo.

Eo amin'ny 14 tapitrisa eo ho eo ny isan'ny ankizy latsaky ny dimy taona maty reny na ray aman-dreny, ary any Afrika ny 95 isan-jaton'izy ireo. Mety ho 35 tapitrisa ny isan'izy ireo amin'ny taona 2010. Mahatonga ny ankizy hiala amin'ny fianarana sy hiasa ny valan'aretina, ary izany dia ahitana fanararaotana mihoampampana, sady tsy misy fiarovana. Matetika dia atahorana hiharanan'ny fampiasana azy ireo amin'ny firaisana ara-nofo ny ankizy vavy.

Rehefa misy voan'ny aretina vokatry ny SIDA ny ao amin'ny fianakaviana, dia voatery manao asa an-tokantrano na asa fampidiram-bola bebe kokoa ny ankizy vavy mba hamenoana ny vola banga, na hanampiana ny fividianana fanafody. Amin'izany dia mety ho voatery tsy hianatra izy ireo.

Mampitombo ny haitao sy ny fahaizana asa ny sala'isan'ny miala ao an-tsekoly amin'ny ambaratonga faharoa. Misy vokany ratsy amin'ny fahafahana mamokatra anefa izany raha ao anatin'ny vanim-potoana fohy.

Voasintona amin'ny fivarotan-tena ny ankizy vavy mbola kely taona, ary mety vokatry ny tsaho izany, satria inoana fa mety manasitrana ny olona voan'ny otrik'aretina ny firaisana amin'ny tovovavy mbola virijiny, na koa misy olona mino fa mety kely kokoa ny hirijiky mety haha voan'ny otrik'aretina azy raha miaraka amin'ny olona tanora kokoa izy.

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina* ***SIDA*** *sy ny tontolon'ny asa*

## Ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, ny asa sy ny SIDA

Ny tsy fitoviana misy eo amin'ny lahy sy vavy izay mifamatotra amin'ny tsy fitoviana eo amin'ny rafi-piaraha-monina, ny rafitra ara toe-karena sy ara kolon-tsaina dia mahatonga ny vehivavy ho mora voan'ny otrik'aretina kokoa. Izany dia vao maika hamafisin'ny tsy fitovian'ny vatan'ny lehilahy sy ny vehivavy. Rehefa mihanaka ny valan'aretina, dia voatery mandray andraikitra amin'ny asa fivelomana sy ny fikarakarana ny ankohonana izay voan'ny aretina ny vehivavy.

Mbola voafetra ny fahafahan'ny vehivavy manana antom-pivelomana. Manamafy ny fiankinany amin'ny lehilahy miaraka aminy izany, indrindra amin'ny fotoana izay maha betsaka ny fifindran'ny aretina.

Misy ihany koa ny faneriterena mihantra amin'ny lehilahy izay mahatonga azy ireo ho sarontsarontiny sy mety hamindrany ny otrik'aretina. Ny firaisana ara-nofo amin'ny olona maro dia ekena eo anivon'ny fiaraha-monina sasany, raha toa ka lehilahy no manao izany. Misy ihany koa ny asa atao sy ny toerana misy eo amin'asa izay mitarika amin'ny fitondran-tena izay mety hanamora ny fifindran'ny aretina, indrindra ho an'ny lehilahy izay voatery mipetraka mandritry ny fotoana maharitra lavitry ny fianakaviany. Mampitombo ny mety hifindran'ny otrik'aretina izany rehefa miverina any amin'ny fianakaviany izy.

## Ny fiantraikany eo amin'ny sendika

Misy ny sendika amin'ny firenena maro izay namoy mpikambana mavitrika eo amin'ny sehatry ny firenena sy ny sampana isan-tokony.

Tsy dia ampy olona sy fitaovana ny sendika amin'ny tany an-dalampandrosoana. Voatery laniany amin'ny fampiofanana sy ny fanaramana ny solontenany ny fananany. Misy fiantraikany amin'ny fandaminan'ny sendika sy ny fahafahany manohana ny mpikambana ao aminy ny faheverezana olona.

Ny 90 isan-jaton'ny mpiandrakitra ny sendikan'ny mpiasa mpitrandraka vato tany Zimbabwe dia voan'izany tamin'ny taona 1990.

Torak'izany koa ny fahaverezana mpitarika nianjady tamin'ny sendika ivondronan'ny mpiasa amin'ny hotely sy ny mpamboly.

Ny sendika izay ahitana salan'isa ambony amin'ny olona voan'ny aretina dia tokony hijery akaiky izay fomba ahafahany manohana ny tetik'asa fiarovana sy fitsaboana mba tsy hahatonga ny mpiasa ho voan'ny fanavakavahana. Tokony hojereny akaiky ihany koa ny fiantraikan'ny valan'aretina amin'ny fikambanany.

## Hetsika ifarimbonan'ny firenena rehetra amnin'ny ady atao amin'ny SIDA

Nandray anjara mavitrika amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny firenena mikambana hatramin'ny fotoana nampisy ny valan'aretina . Tamin'ny taona 1987, dia nandray andraikitra tamin'ny fitarihana sy fametrahana programa manokana mikasika ny SIDA ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana, izay lasa programa iraisam-pirenena mikasika ny SIDA taty aoriana.

Tamin'ny taona 1996, dia nanova rafitra ny firenena mikambana amin'ny ady atao amin'ny SIDA ary nametraka programa iaraha-miasa: ny programan'ny firenena mikambana mikasika ny SIDA, izay arindran'ny Biraon'ny UNAIDS any Geneva. Tamin'ny taona 2001, dia tafiditra anisan'ny fikambanana valo mpanome fanampiana ny UNAIDS ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

Ny fanaovana ezaka eo anivon'ny sehatra sy mpiara-mifarimbona isan-tokony no anjara asan'ny UNAIDS, ary ny fanohanana ara-teknika, fampitam-baovao sy fanampiana ny rafitra najoro isan-tokony izay ilaina amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

Ny fivoriamben'ny firenena mikambana manokana tamin'ny volana Jiona 2001 dia nankatoa ny fanambarana amin'ny firosoana amin'ny ady amin'ny SIDA. Izany dia ahitana laharam-pahamehana dimy, na dia mahafaoka be aza.

*Voalohany, dia ny hahafahan'ny rehetra mahafantatra, indrindra fa ny tanora, ny fomba isorohana ny fifindran'ny otrik'aretina*
*Faharoa, dia ny fomba hahafahana misakana ny fomba fifindran'ny aretina izay mamohehatra indrindra, dia ny fifindran'ny aretina avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza*
*Fahatelo, dia ny fitsaboana ireo izay voan'ny otrik'aretina rehetra*
*Fahaefatra, dia ny fanamafisana ny fikarohana vaksiny sy fanafody*
*Fahadimy, dia ny fiahiana ireo izay naripaky ny SIDA ny fiainany, indrindra ireo zaza kamboty miisa 13 tapitrisa.*

Anisan'ny fepetra ahafahana manatratra ireo tanjona ireo: ny fitarihana sy ny firosoana amin'ny ady amin'ny ambaratonga rehetra; ny firosoan'ny fikambanana any ifotony; ny fanatsarana ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny fitsaboana; ny fanokanana vola fanampiny. Ny maha zava-dehibe ny fanitarana ny fiarovana sy ny fiarovana ny zo ao amin'ny toeram-piasana dia voaresaka mazava ao amin'ny andininy faha 49 sy faha 69.

Miasa amin'ny maha fikambanana mpitarika amin'ny tetik'ady rehetra hiadiana amin'ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina* ***SIDA*** *sy ny tontolon'ny asa*

## Ny fiatrehana ny Sida eo amin'ny sehatry ny orinasa

Misy antony telo tsy maintsy iatrehana ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana.

Voalohany, misy fiantraikany goavana eo amin'ny tontolon'ny asa ny SIDA- mampihena ny tolotra eo amin'ny asa sy ny mpiasa manana haitao, mampitombo ny vola lany amin'ny fanakaramana, mampihena ny fahafahana mamokatra, loza mitatao amin'ny fiainan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, ary manohintohina ny zo.

Faharoa, toerana ahafahana miady amin'ny SIDA ny orinasa. Misy fenitra mipetraka amin'ny fomba iasana sy amin'ny fifandraisana amin'ny asa. Ny toeram-piasana dia fivondronan'olona izay afaka miady hevitra, mifampianatra. Ahafahana manao fanentanana, manatanteraka tetik'asa fitaizana, ary miaro ny zo.

Fahatelo, mpitarika ao amin'ny fiaraha-monina sy ny firenena misy azy ny mpampiasa sy ny sendika. Zava-dehibe ny fisian'ny mpitarika amin'ny ady atao amin'ny SIDA:

Nisy ny fitarihana natao tamin'ny dingana rehetra nirosoana amin'ny ady amin'ny SIDA. Niankina tamin'ny herim-pon'ny olona mahay mijery lavitra ny fahombiazana azo. Mpitarika mahery amin'ny sehatry ny fiangonana sy ny sehatra politika, ary amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny sasany amin'izy ireny. Ny sasany kosa, izay tsy dia miseho mivantana loatra, dia nahita fahombiazana mitovy amin'izany amin'ny asa nataony amin'ny maha mpiasa, mpianatra, mpandraharaha azy ireo.

Misy mpandraharaha manatanteraka tetik'asa fiarovana ny mpiasa amin'ny SIDA sy ny fiantraikany any amin'ny toeram-piasana. Mametraka rafi-pifandraisana miaraka amin'ny sendika izy ireo ary manambatra ny fitaovana amin'ny hetsika lehibe iadiana amin'ny SIDA. Na dia izany aza, dia misy ihany ny maningana. Mbola mitaky ezaka goavana ny firosoana amin'ny asa amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana.

Afaka manao hetsika miaraka isika: Ny fitarihana ao amin'ny tontolon'ny SIDA 2001

Ao amin'ny lohahevitra fahatelo, dia hojerentsika ny hetsika ataon'ny mpampiasa sy ny sendika amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Anisan'ny zava-dehibe amin'izany ny fomba fijery mitovy, indrindra amin'ny famolavolana politika mikasika izany eo anivon'ny toeram-piasana

## Ny anjara asan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa

Mandray anajara atao amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, satria tokony hiatrika izany ny olon-drehetra. Tsy andraikitry ny sampan-draharaha misahana ny fahasalamana ihany izany, fa fanamby mipetraka amin'ny fandrosoana ara toe-karena amin'ny ankapobeny. Ny hery rehetra misy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena mihitsy no mihetsika amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Ny Fivoriambe tsy ara-potoana nataon'ny firenena mikambana tamin'ny volana Jiona 2001 dia mampiseho izany firotsahana amin'ny ady izany .

Loza mitatao ho an'ny mpiara-dia amin'ny Fikambanana ary misakana ny fahatratrarana ny tanjona amin'ny fananana asa mendrika ny SIDA. Mba hiatrehana izany, dia mitondra hery manokana amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny Fikambanana.amin'ny alalan'ny :

- Ny rafitra ifarimbonan'ny telo tonta (Sendika-mpampiasa-mpiasa), izay ahafahana manetsika ny mpiasa sy ny mpampiasa sy ny fanjakana amin'ny ady atao amin'ny SIDA.
- Ny fananany toerana mavesa-danja eo anivon'ny toeram-piasana, izay lalana ahafahana manatanteraka ny fitaizana amin'ny fisorohana.
- Ny traikefa ananany izay vokatry ny asa nataony mandritry zato taona amin'ny fanoritana Lalàna sy fenitra amin'ny fiarovana ny zon'ny mpiasa sy ny fanatsarana ny tontolo iasana.
- Ny fananany Birao mielim-patrana maneran-tany sy amin'ny firenena maro.
- Manam-pahaizana manokana amin'ny sehatra maro; fiarovana ara-sosialy, fahasalamana, filaminana.
- Ny fananany ny tahirin-kevitra rehetra mikasika ny fikarohana, ny fanaparitaham-baovao sy ny fiaraha-miasa ara-teknika, izay mifantoka bebe kokoa amin'ny fampiofanana sy ny fanabeazana.

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina* ***SIDA*** *sy ny tontolon'ny asa*

## Inona no atao hoe  Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ?

Ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa dia sampana iray manokana ao amin'ny Firenena mikambana izay misahana ny tontolon'ny asa. Tompon'andraikitra amin'ny sehatra iray manokana ny sampana rehetra ao amin'ny firenena mikambana. Ny anjara asa tanterahin'ny fikambanana dia ny fampiroboroboana ny fitoviana sy ny tsy fitanilana ara sosialy, ny fametrahana fenitra amin'ny fampiasana olona. Anisan'ny olana atrehin'ny Fikambanana ihany koa ny fampiofanana, ny famoronana asa, ny fampiasana ny ankizy, ny zon'ny mpiasa, ny fiarovana ara sosialy, ny aro loza sy ny fahasalamana ao amin'ny toeram-piasana.
Toy ny fikambanan'ny firenena mikambana rehetra, dia ny firenena mpikambana no mamatsy vola azy. Milatsaka ho mpikambana manokana izy, ankoatry ny maha mpikambana azy ao amin'ny firenena mikambana. 175 ny isan'ny firenena mpikambana ao aminy amin'izao fotoana izao.

Ela kokoa noho ny fotoana nijoroan'ny firenena mikambana ny fotoana nijoron'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa amin'izao fotoana izao. Ny fifanarahana tany Versailles izay nanamarika ny fifaranan'ny ady lehibe voalohany no fotoana nitsanganany. Izy no sampana manokan'ny firenena mikambana voalohany tamin'ny taona 1946.

Ny Lalàm-panorenan'ny fikambanana dia manoritra fa ny fandriampahalemana maharitra manerana izao tontolo izao dia tsy ho azo raha tsy mifototra amin'ny tsy fitanilana ara sosialy.

Ny rafitra ifarimbonan'ny telo tonta no mampiavaka ny fikambanana, izay ahitana ny fikambanan'ny mpiasa sy mpampiasa sy ny fanjakana.

Mandefa solontena efatra amin'ny fivorian'ny fikambanana izay atao isan-taona ny firenena tsirairay. Roa amin'izy ireo dia solontenan'ny fanjakana, ny iray solontenan'ny mpampiasa ary ny iray solontenan'ny sendika. Toa izany koa ny firafitry ny birao mpitantana ny fikambanana.

## Asa mendrika

Mazava fa miandry ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa handray andraikitra lehibe amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny fiaraha-monina iraisam-pirenena. Voafintina ao amin'izay voalaza ao *amin'ny fampiroboroboana ny fomba hananan'ny vehivavy sy ny lehilahy asa mendrika sy mamokatra, ao anatin'ny fahalalahana, ny fitoviana , ny fiarovana amin'ny loza sy ny fitandroana ny maha olona* ny tanjon'ny fikambanana

Mba hananana asa mendrika, dia misy tanjona fototra efatra voafaritra, ary loza mitatao amin'izany ny SIDA:

**Fitsipika fototra sy zo amin'ny asa**
Ny zon'olombelona fototra, ary tafiditra amin'izany ny fitovian'ny rehetra amin'ny fandraisana mpiasa sy ny faharetan'ny fotoana iasana dia voasingotry ny fanavakavahana ny olona voan'ny SIDA. Noho izany, ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana amin'ny asa atao amin'ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana dia manome lanja manokana ny zo (jereo ny lohahevitra manaraka).

**Fahafahan'ny lehilahy sy ny vehivavy mahita asa sy fidiram-bola**
Efa niadiana hevitra ny voka-dratsin'ny SIDA amin'ny fampandrosoana sy ny asa . Hanome torolalana sy fanampiana azo tsapain-tanana ny fikambanana mba hanohanana ny asa.

**Fiarovana ara sosialy**
Ny ankamaroan'ny mpiasa any amin'ny tany an-dalam-pandrosoana dia tsy mahazo tombontsoa amin'ny antoka aina sy ny aro loza. Ahiana hisy fiantraikany ratsy amin'izay tombontsoa kely mba ananan'izy ireo ny SIDA.

**Fifanakalozan-kevitra ara sosialy sy ny rafitra iarahan'ny telo tonta midinika**

Anisan'ny antony nampihanaka ny SIDA ny kolon-tsaina izay mahatonga ny olona hangina sy tsy mahasahy miteny, noho ny fanenjehana ny olona voan'ny SIDA, sy ny tsy faharisihana hiresaka ny olana mikasika ny fitondran-tena amin'ny firaisana ara-nofo sy ny zava-mahadomelina. Ny rafitra ifampidinihan'ny telo tonta dia afaka manokatra adihevitra sarotra toa izany, ary afaka itadiavana vahaolana iarahana.

# LOHAHEVITRA 1 *Ny Valan'aretina* ***SIDA*** *sy ny tontolon'ny asa*

## Ny fitsipiky ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA

Amin'izao fotoana izao, dia tsy mbola misy fifanarahana na dina iraisam-pirenena mikasika ny SIDA. Ny Fikamabanana iraisam-pirenena misahana ny asa no nandrafitra ny fitsipika izay mety ilaina mikasika ny SIDA.
Fifanarahana mikasika ny fanavakavahana amin'ny asa, 1958 (N.111). Anisan'ny fifanarahana fototra valo ananan'ny Fikambanana io.
Fifanarahana mikasika ny fiarovana sy fahasalamana amin'ny asa, 1981 (N.155)
Fifanarahana mikasika ny fahasalamana amin'ny asa, 1985 ( N.161 )
Fifanarahana mikasika ny fampitsharana ny fifanekena amin'ny asa, 1982 (N.158)
Fifanarahana ny fanarenana sy famerenana ny olona sembana amin'ny asa, 1983 (N.102)
Fifanarahana mikasika ny fiarovana ara sosialy, 1952 (N 102)
Fifanarahana mikasika ny fanaraha-maso ny asa, 1947 (N.81) sy fanaraha-maso ny asa fambolena, 1969 (N.129)

## Ny programan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Tsy niandry ela ny Fikambanana iraisam-pirenena amin'ny fandraisana andraikitra hiatrehana izany loza izany. Namoaka fanambarana iombonana mikasika ny SIDA sy ny toeram-piasana ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana sy ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

Taty aoriana dia nihamafy, ary malakilaky kokoa ny fiezahana hanome vahaolana. Maro ny fikarohana natao sy mbola hatao; ny voalohany amin'izy ireny dia natao taty Afrika tamin'ny taona 1990.

Tamin'ny taona 1999, dia nisy fivoriana niarahan'ny telo tonta tany Windhoek, Namibia, izay nananganana sehatra iaraha-miasa amin'ny fitadiavana vahaolana.

Nandray fanapahan-kevitra ny fivoriana iraisam-pirenena mikasika ny asa tamin'ny volana jiona 2000, izay nanome toromarika ny fikambanana ny amin'ny tokony hanamafisany ny fahafahany miatrika ny SIDA. Natsangana ny departemanta iray tamin'ny volana novambra 2000, izay misahana ny programa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa.

## Ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Namoaka fitsipi-pifampifehezana ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mba hanomezana torolalana ho an'ny Fanjakana, ny mpampiasa sy ny mpiasa, sy ho an'ireo mpandray anjara hafa, mba hahafahana mamolavola eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo amin'ny sehatry ny toeram-piasa politika sy programa mikasika ny SIDA mba hiadiana amin'ny fihanaky ny aretina sy mba hanalefahana ny fiantraikany.
Mamaritra ny zo sy ny andraikitry ny telo tonta sy ny fitsipika fototra amin'ny politika ao amin'ny toeram-piasana izany fitsi-pifampifehezana izany. Mahafaoka ireto lafiny ireto izany:

- Fisorohana amin'ny alalan'ny fitaizana, programa mahakasika ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, ary fanampiana azo tsapain-tanana hisian'ny fiovan'ny fitondran-tena
- Fiarovana ny zon'ny mpiasa, ary tafiditra amin'izany ny fiarovana ny asa, ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, ny fahafahana mahazo tombontsoa, ny tsy fanavakavahana

Nisy filan-kevitra maro natao alohan'ny namolavolana ny fitsipika., izay nakàna ny ohatra misy amin'ny fitsipika amin'ny firenena iray sy ny politikan'ny orinasa maromaro. Nankatoavin'ny manam-pahaizana avy amin'ny telo tonta tamin'ny fivoriana tany Geneve tamin'ny volana May 2001 izany, ary nolanian'ny mpitantana ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa tamin'ny volana Jiona 2001. Raha navoaka ampahibemaso tamin'ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny firenena mikambana mikasika ny SIDA tamin'ny taona 2001 ny fitsipika, dia noraisin'ny fanjakana sy ny mpifarimbona ao amin'ny toeram-piasana amin'ny risi-po, ary nahazo fanohanana avy amin'ny fanjakana sy ny mpifarimbona ao amin'ny toeram-piasana avy amin'ny faritra rehetra. Nadika amin'ny tenim-pirenena 15 izy io hatramin'izao, araka ny fangatahan'ny mpiara-dia amin'ny fikambanana.

Tafiditra ao amin'ny sokajin'ny mpampiasa ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, ary mampihatra ny fitsipi-pifampifehezana amin'ny politika fitantanany ny mpiasa ao aminy izy: tamin'ny volana Jolay 2003, dia namoaka tenimita izay mamaritra ny politikam-pitantanana ny mpiasa mikasika ny SIDA ny Tale Jeneraly, izay mifanaraka amin'ny fepetra ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana amin'ny asa sy ny fihetsika eo anatrehan'ny SIDA.

# ASA FAMPIANARANA

# LOHAHEVITRA 1

## FAMPIANARANA 1

### Ny SIDA sy ny toeram-piasana: ny tena zava-misy sy ny tsaho

**TANJONA**: Manampy anao handinika ny maha olana ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana

**ASA ATAO**: Ao amin'ny tarika misy anao, manaova adihevitra mikasika ireto fanehoan-kevitra manaraka ireto

Ambarao raha miombon-kevitra amin'izany ianao na tsia, ary lazao ny antony

Mihanaka noho ny tsy fahalalana, ny hevi-diso, ny fiheveran-tena tafahoatra ny SIDA '

Satria efa misy ny fanafody mampihena ny fihombon'ny aretina, dia tsy olana intsony izany'

Tsy olana ara-pahasalamana fotsiny ny SIDA, fa olana mikasika antsika rehetra.

Maro ny olona ato amin'ny toeram-piasana misy antsika no matin'ny SIDA. Nosoloantsika hatrany izy ireny. Loza anefa fa maro ny tsy an'asa, koa azo soloina daholo ny mpiasa rehetra.

Raha misy mpiasa voan'ny SIDA, dia raharahany manokana izany. Anjarantsika anefa ny manamboatra ny tontolo iainana ato amin'ny toeram-piasana mba hanohanana azy, raha toa ka manambara izany amin'ny mpitantana sy ny mpiara miasa aminy izy.

Eny, olana eo amin'ny firenenao ny SIDA. Manohina ny toeram-piasantsika izany. Ny fomba hiantrehantsika izany dia ny fandroahana ny mpiasa sy ny fanomezana tambin-karama azy ireo.

Mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo sy ny zava-mahadomelina ny SIDA. Tsy maniry ny hiditra amin'ny raharaha toa izany ny orinasantsika. Manaratsy ny fijerin'ny olona hafa antsika ny firesahana an'izany. Tsy ao amin'ny toeram-piasana no tokony hiresahana mikasika ny firaisana ara nofo tsy atahorana hamindra aretina

# LOHAHEVITRA 1

*ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 2

### Mandresy ny tahotra mikasika ny SIDA any am-piasana

**TANJONA**: Manampy anao hahatsapa ny maha zava-dehibe ny fananana politika mikasika ny SIDA alohan'ny hitrangan'ny olana. Manampy anao hiresaka araka ny fihevitry ny olona mahazatra mikasika ny SIDA.

**ASA ATAO**: Ao amin'ny tarika misy anao, manaova adihevitra mikasika izay mety ho valiny omenao amin'ireto toe-javatra ireto:

Tsy mety miaraka misakafo na mampiasa trano fivoahana amin'ny mpiasa iray izay fantatra fa voan'ny SIDA ny mpiara miasa.
Mangataka akanjo fiarovana ny mpiasa noho ny tahotra hifindran'ny otrik'aretina.

Manao soso-kevitra amin'ny tokony hamindrana toerana mpiasa iray mitondra ny otrik'aretina ny mpitantana , mba tsy hifaneraserany amin'ny olona avy any ivelany.
Niala amin'ny asany ny tompon'andraikitra amin'ny vonjy aina ny fatahorany ny hifindran'ny otrik'aretina raha toa ka mampihatra izay tokony hatao amin'izany izy (famelomana olona amin'ny fitsofana eo amin'ny vava).

# LOHAHEVITRA 1

*ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 3

### Fandrafetana tetika'sa mikasika ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana

**TANJONA**: Manampy anao handinika mikasika ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana.

**ASA ATAO**: Ao amin'ny tarika misy anao, diniho ireto mety ho toe-javatra ireto:

Tompon'andraikitry ny fitantanana mpiasa amin'ny orin'asa iray mpamokatra lamba any Afrika Atsimo ianao. Angatahana ianao handinika ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toeram-piasana amin'ny roapolo taona manaraka

Inona avy ny sehatra jerenao mba hahafahanao manombana ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toeram-piasana ?
Inona ny loharanon-kevitra heverinao fa ilaina?

Inona avy ny fikambanana (akademika, fanjakana, fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana ) mety hangatahanao fanampiana?
Amin'ny fotoana toa inona no mety hampidiranao ny sendika na ny mpiasa an-tsehatra?

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 1

## FAMPIANARANA 4

### Ny SIDA sy ny fiantraikany amin'ny asa

TANJONA: Manampy anao hahafantatra ny mety ho fiantraikan'ny SIDA amin'ny toeram-piasana

ASA ATAO: Ao amin'ny tarika misy anao, eritrereto ny toeram-piasanao
Inona no mety ho vokany raha toa ka misy mpiasa iray manana haitao:

- Tsy tonga miasa mandritry ny iray volana noho ny aretina vokatry ny fifindran'ny otrik'aretina SIDA.
- Voatery mandao ny asany noho ny fihombon'ny aretina SIDA.
- Maty vokatry ny SIDA.

**Fanamarihana**: Mety amin'ny tarika tsy dia manana traikefa ampy ity fampianarana ity, na koa amin'ny tarika ao amin'ny firenena izay mbola tsy mandray ny SIDA ho laharam-pahamehana.

*ASA FAMPIANARANA*

LOHAHEVITRA 1

## FAMPIANARANA 5

### Ny SIDA sy ny politikan'ny sendika

TANJONA: Manampy anao hamolavola ny politikan'ny sendika mikasika ny SIDA.

ASA ATAO: Ao amin'ny tarika misy anao, manomana fanapahan-kevitra mikasika ny politika mikasika ny SIDA ho an'ny sampana sendikaly misy anao.

## FAMPIANARANA 6

# Ny SIDA sy ny Sendika

**TANJONA**: Manampy anao handinika mikasika ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny sendika misy anao.

**ASA ATAO**: Ao amin'ny tarika misy anao, manaova adihevitra mikasika ny zava-misy eo anivon'ny sendika misy anao eo amin'ny sehatra rehetra- ao amin'ny toeram-piasana,eo amin'ny faritra, eo amin'ny sehatry ny firenena.

Efa nisy ve mpitarika na tompon'andraikitra mitondra ny otrik'aretina? Na koa efa nisy mpitarika maty ve? Inona ny vokatr'izany amin'ny sendika?
Manana vinavina na tetika hiatrehana olana sahala amin'izany ve ny sendika?

Manomana tatitra ho an'ny mpitarika mikasika izay fomba tokony hiarovan'ny sendika tena amin'ny SIDA.

# Filazam-baovao

## Manambara ny Lehiben'ny Sampana fampandrosoana ny fambolena ao amin'ny Firenena mikambana fa mandripaka ny tantsaha mpamokatra any Afrika ny SIDA

Mandripaka ny tantsaha any Afrika ary misy fiantraikany goavana amin'ny fahafahana mamokatra sakafo ny SIDA., araka ny nolazain'A[toa] Lennart Bage, Lehiben'ny tahirin'ny firenena mikambana mikasika ny fampandrosoana ny fambolena tamin'ny alarobia. Heverin'ny firenena mikambana fa amin'ny firenena afrikanina 25 izay tena ihanahan'ny SIDA, dia miisa 7 tapitrisa ny tantsaha mpamokatra matin'ny aretina vokatry ny SIDA, ary mety ho 20 tapitrisa ny isan'izy ireo amin'ny taona 2020. A[toa] Bage, izay nanao lahateny tamin'ny fivorian'ny fikambanana isan-taona tany Raoma, dia nampitandrina fa hisy fiantraikany tena ratsy amin'ny tantsaha afrikanina sy amin'ny toe-karen'ny kontinanta afrikanina ny SIDA. Raha nanamarika izy fa ny ankamaroan'ny olona voan'ny SIDA any Afrika dia miaina any ambanivohitra, dia nantritranteriny ihany koa fa mandripaka ny fiainana any ambanivohitra any Afrika io aretina io. Nambarany fa mampihena ny herin-tsandry afaka mamokatra any ambanivohitra ny SIDA, ary manakana ny fahatratrarana ny tanjon'ny firenena mikambana amin'ny fampihenana ny hanoanana sy ny fahantrana amin'ny taona 2015.

■ Reuters ( Feb,22, 2002 )

## Manambara ny tatitry ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana fa ny ny vola atokana amin'ny fahasalamana amin'ny ankapobeny dia afaka anaovana ny fitsaboana ilaina amin'ny SIDA sy ny raboka amin'ny tany an-dalampandrosoana

Ain'olona 8 tapitrisa no azo navotana ary vola mitentina 186 lavitrisa dolara lany amin'ny fitsaboana ny aretina no mety tsy voatery nolaniana raha toa ka nanome vola 101 lavitrisa dolara isan-taona hanaovana fikarohana sy fitsaboana ny areti-mifindra toy ny SIDA, tazo mahery sy raboka any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana ireo firenena manan-karena., araka ny tatitra navoakan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana. tamin'ny gazety New York Times. Izany no vokatry ny asa fikarohana nataon'ny komity iray ao amin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana izay notarihin'A[toa] Jeffrey Sacha izay manam-pahaizana manokana mikasika ny toe-karena, raha nanadihady ny fifandraisan'ny fahasalamana sy ny fampandrosoana ara toe-karena izy, ary koa ny ahafahana manatsara ny fahasalamana eran-tany, amin'ny alalan'ny fanampiana ara-bola sy ny toe-bolan'ny firenena voadonan'ireo aretina ireo. (Altman, New York Times, 21 Des). Ny tatitra, izay mitondra ny lohateny hoe "Ny toe-karena ankapobeny sy ny fahasalamana: mampiasa vola ho an'ny fahasalamana mba hampisy ny fampandrososana ara toe-karena" dia mifototra amin'ny fanadihadiana miisa 90 ary novatsian'ny fikambanana Bill & Melinda Gates vola (Schoffs, Wall Street Journal, 21 Des). Tokony hitombo 38 dolara isan'olona isan-taona ny fandaniana atao ho an'ny fahasalamana amin'ny taona 2015 raha toa ka tiana ny

hanao hetsika misy vokany hiadiana amin'ny SIDA, ny tazo mahery, ny raboka sy ny aretin'ny ankizy amin'ny firenena mampihanaka ireo aretina ireo. Amin'izao fotoana izao, dia eo amin'ny 13 dolara isan'olona isan-taona ny vola atokan'ny firenena 60 izay mahantra indrindra amin'ny fahasalamana. Ahafahana mampitombo ny fisorohana sy fiarovana amin'ny aretina, ny fikarakarana ny reny mitondra vohoka ny fampitomboana ny vola atokana amin'izany


## Ny fiantraikan'ny SIDA

Araka ny voalazan'ny tatitra, dia mahakasika 10 ka hatramin'ny 20 isan-jaton'ny mponina amin'ny tany an-dalam-pandrosoana ny programa fiarovana amin'ny otrik'aretina SIDA, raha toa ka 6 ka hatramin'ny 10 isan-jaton'ny olona mitondra ny otrik'aretina no mahazo fitsaboana amin'ny aretina vokatry ny SIDA, ary latsaky ny iray isan-jato ny olona mahazo fitsaboana amin'ny fanalefahana ny fihombon'ny aretina SIDA (Brown, Washington Post, Dec 21). 17 isan-jaton'ny harin-karena faobe amin'ny tany any atsimon'i Afrika no very tamin'ny taona 1999, izay fotoana tena nampihanaka ny aretina tamin'ny tany an-dalam-pandrosoana., izay mampihena ny fe-potoana mety hiainana ary mandany harena. Miantso ny orinasa mpamokatra fanafody ny tatitra amin'ny tokony hampihenana ny vidim-panafody ho an'ny SIDA, ary koa ny amin'ny tokony hanaovana izany fampihenana izany amin'ny fanafody tena ilaina hafa. Ambara ao amin'ny tatitra ihany koa fa tokony hatao ny fanamafisana ny fikarohana amin'ny fitsaboana vaovao

## Fanatsarana ny famatsiam-bola

Voalaza ao amin'ny tatitra fa eo amin'ny 86 lavitrisa dolara eo ho eo ny famatsiam-bola fanampiny ilaina amin'ny fanatsarana ny fahasalamana eran-tany. Voalaza ihany koa fa tokony hanokana eo amin'ny ny 38 lavitrisa dolara isan-taona ny firenena mandroso, ary 28 lavitrisa dolara avy amin'ny tany an-dalam-pandrosoana amin'ny alalan'ny fanokanana isan-jaton'ny harin-karena faobe hanampiana ny vola atokana amin'ny fahasalamana sy ny programa mikasika ny sakafo sy ny fampivelomana. (Wall Street Journal, 21 Des). Nanambara ihany koa A[toa] Sacha fa faniriany ny tokony hanomezan'i Etazonia vola eo amin'ny 10 lavitrisa isan-taona. Izany fanokanana vola izany dia mampitombo 1 isan-jato ny vola atokan'ny firenena amerikanina amin'ny toe-bolany ho an'ny fanampiana ny firenena hafa. Mety hisy fitsivalanana amin'izany ao amin'ny Antenimiera amerikanina, izay ahitana fahavalon'ny fanampiana ny firenena hafa., indrindra mikasika ny fanampiana mikasika ny fahasalamana, izay mitarika fifandonana sy tsy fitovian-kevitra, araka ny voalazan'ny gazety Times (New York Times, 21/12). Nangataka ny tokony hijerena ny fomba hanatanterahana izay voalazan'ny tatitra ny mpanao fihetsiketsehana mikasika ny fahasalamana. 'Efa ela ny nananantsika ny haitao sy ny teknolojia ilaina mba hampihenana ny isan'ny olona aman-tapitrisany maty vokatry ny aretina any amin'ny tany an-dalam-pandrosoana. Hoy A[toa] Nils Dilaire, Lehiben'ny CEO sy ny fikambanana Global Health Council, ary nanambara ihany koa izy fa tokony hihetsika amin'izay ireo firenena farany manan-karena.

# SIDA



## MAMETRAKA NY OLONA AO ANATY SARY

**Ataovy izay hahafantaran'ny namanao, fianakavianao sy ny mpiara-miasa aminao ny zava-misy mikasika ny SIDA**

LOHAHEVITRA 2

# Ny SIDA sy ny zon'olombelona

## votoatiny


| | |
|---|---|
| Fampidirana | 1 |
| Inona no atao hoe zon'olombelona? | 2 |
| Ny fikambanana iraisam-pirenena misahana Ny asa, ny SIDA sy ny zon'olombelona | 4 |
| Fitiliana | 13 |
| Fijoroana ho avolombelona amin'ny Fanenjehana sy ny fanavakavahana | 17 |
| Toe-javatra niainan'ny olona: ny tantaran'i Ravi | 18 |
| Fampianarana | 19 |
| Loharanon-kevitra | 28 |

# LOHAHEVITRA 2

***Ny SIDA sy ny zon'olombelona***

## Fampidirana:
## Ny SIDA - olana mikasika ny zon'olombelona

Ny fomba fijerin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny SIDA dia mifantoka amin'ny zo ananana. Inona ny dikan'izany?

Azo raisina amin'ny maha olana ara-pahasalamana sy amin'ny maha olana amin'ny fahasalamam-bahoaka azy ny SIDA, na amin'ny maha olana ara-toekarena sy sosialy azy- Mandritry ny taona maro dia nirona amin'ny fiantraikan'ny valan'aretina amin'ny fahasalamana ny fomba fijery, indrindra mikasika ny fikarohana fanafody sy vaksiny. Satria sarotra ny fahitana an'izany, dia nomena lanja bebe kokoa ny fisorohana ny aretina.Ilaina daholo izany fomba fijery rehetra izany, kanefa ilaina miaraka amin'izany ihany koa ny fiarovana ny zon'ireo izay voan'ny aretina. Ny fomba fijery mifototra amin'ny zo dia midika ho fampiharana ny fiarovana ny zon'ny zon'olombelona amin'ny SIDA

Manan-danja ve ny zon'olombelona eo anatrehan'ny aina sy ny fahafatesana? Hevitra fototra ny zo, kanefa misy fiantraikany mivantana. Raiso ohatra ny zo ananana amin'ny tsy fanavakavahana. Anisan'ny zon'olombelona fototra izany, ary afaka manamafy ny fisorohana ny aretina. Raha manahy ny amin'ny mety hanaovana fanavakavahana aminy ny olona mitondra ny otrik'aretina, dia mety hanafina ny aretiny izy., ary tsy hahazo fitsaboana. Mety hamindra ny otrik'aretina amin'ny hafa izy. Miainga amin'ny fifampitokisana sy ny tsy fisian'ny ankiafinafina, ary koa ny fandavana ny fanavakavahana.ny ezaka fisorohana mahomby rehetra

# Ny SIDA sy ny zon'olombelona

LOHAHEVITRA 2

## Inona no atao hoe zon'olombelona?

Ny zon'olombelona dia zo ananan'ny tsirairay amin'ny maha olona azy hatramin'ny fotoana ahaterahany. Ny fanekena sy ny fiarovana ny zon'ny tsirairay sy ny zon'ny vondron'olona no tanjona tratrarina amin'ny famolavolana Lalàna sy fifanarahana . Ireto avy ny lafiny lehibe indrindra mampiavaka ny zo :

- Mifototra amin'ny fanajana ny fahamendrehana sy ny maha izy ny tsirairay avy
- Ampiharina amin'ny olon-drehetra maneran-tany, ary tsy anaovana fanavahana, na amin'ny fomba ahoana na ahoana
- Tsy azo esorina aminy ny zon'ny tsirairay, raha tsy misy toe-javatra manokana manamarina izany, ohatra raha toa ka misy olona iray voapangan'ny fitsarana fa namono olona, dia voafetra ny fahafahany
- Tsy azo sarahina ny zo ananan'ny tsirairay, ary mifamatotra sy mifampiankina izany. Raha toa ka tsy voahaja ny zo iray, dia misy fiantraikany amin'ny zo hafa ananana izany

Manana izany zo izany ny olon-drehetra, izay tsy miankina amin'ny firazanana, ny maha lahy na vavy, ny volon-koditra, ny fiteny, ny fivavahana, ny finoana sy ny politika, ny fihaviana sy ny toerana misy eo anivon'ny fiaraha-monina, ny maha kilemaina, ny fananana, ary tafiditra amin'izany ny toerana misy eo antrehan'ny SIDA. Na inona na inona ny rafitra misy ara-toe-karena, ara politika sy ara-piaraha-monina, dia manana adidy hiaro sy hampiroborobo ireo zo fototra ireo ny Fanjakana rehetra.

### Ny zo fototra anana'ny tsirairay:

- Manan-jo tsy hiharan'ny fanavakavahana ny tsirairay
- Manan-jo hianatra, hahazo tombontsoa amin'ny fampahalalam-baovao , ary manana fahafahana miteny ny olon-drehetra
- Manan-jo hiasa, hisafidy malalaka ny asa tiany hatao, hiasa amin'ny fomba mendrika sy azo ekena, ary hahazo tombontsoa amin'ny fiarovana ara sosialy ny olon-drehetra
- Manan-jo hahazo karama antonony sy mendrika azy ny mpiasa rehetra
- Manan-jo hiala sasatra sy hiala voly ny olon-drehetra, ary tafiditra amin'izany ny famerana ny ora iasana sy ny tsy fiasana andraisana karama amin'ny faran'ny herinandro
- Manan-jo amin'ny fitsaboana sy ny fiarovana ara sosialy ny olon-drehetra, amin'ny maha mpikambana azy ao amin'ny fiaraha-monina
- Manan-jo hanana ny fiainany manokana ny olon-drehetra (fiarovana amin'ny fanerena hanaovana fitiliana sy fanajana ny tsiambaratelo mikasika ny tenan'ny tsirairay)

## Ny fifanarahana fototra mikasika ny zon'olombelona

Eken'ny fifanarahana iraisam-pirenena maro ny fanajana ny zon'olombelona. Misy fifanarahana miisa 60 mahery mikasika ny lafiny isan-karazany amin'ny zon'olombelona. Ireto voatanisa manaraka ireto ny tena lehibe amin'izy ireo:

- Ny Lalàna iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona izay ahitana:
- Ny fanambarana iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona
- Ny fifanarahana iraisam-pirenena mikasika ny zo ara-toe-karena, sosialy sy koltoraly; sy
- Ny fifanarahana iraisam-pirenena mikasika ny zo ara politika sy sivily
- Ny fifanarahana mikasika ny fanafoanana ny endriky ny fanavakavahana rehetra atao amin'ny vehivavy
- Ny fifanarahana mikasika ny fanafoanana ny fanavakavahana rehetra ara-poko sy ara-pirazanana
- Ny fifanarahana mikasika ny zon'ny ankizy
- Ny fifanarahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, ary tafiditra amin'izany ny Lalàna fototra mifehy ny asa

## Ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, Ny SIDA sy ny zon'olombelona

Ny fanitarana sy fampiroboroboana ny politika eo amin'ny sehatry ny firenena sy ny toeram-piasana no fomba mahomby indrindra amin'ny fiatrehana ny SIDA. Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa dia mamaritra hevitra fototra amin'ny fandrafetana politika amin'ny ambaratonga rehetra, sy toro làlana azo ampiasana amin'ny programa ao amin'ny toeram-piasana.

Ireto avy ny hevitra fototra folo: (soratra mandry izay nalaina tao amin'ny fitsipi-pifampifehezana):

1. *Fanekena ny SIDA ho toy ny olana eo amin'ny toeram-piasana*: Olana eo anivon'ny toeram-piasana ny SIDA satria mahavoa ny mpiasa sy ny toeram-piasana. –ary mampihena ny herin-tsandry afaka miasa (mahatratra 30 isan-jato amin'ny firenena sasany), mampitombo ny vola lany amin'ny fampiasana ary mampihena ny fahafahana mamokatra. *Tokony horaisina toy ny aretin-dehibe rehetra /ny fomba iasana ao amin'ny orinasa* – Izany hevitra ambara izany dia natao hanoherana ny fanavakavahana, ny tahotra sy ny tsaho sy hevi-diso manodidina ny SIDA. – Manazava izany andraikitra izany ny fizarana farany amin'ny fitsipi-pifampifeheezana , indrindra mikasika ny fisorohana, ny fampiofanana, ny fitsaboana

2. *Ny tsy fanavakavahana: Tsy tokony hisy fanavakavahana atao amin'ny mpiasa voan'ny SIDA na ahiahiana fa voan'ny SIDA* . Manan-danja amin'ny hevitra fototry ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny tsy fanavakavahana, ary anisan'ny iankinan'ny vaha olana entin'ny fikambanana eo anatrehan'ny valan'aretina. Mahafaoka ny lafiny toerana eo amin'ny asa, ny fianakavian'ny mpiasa, ny antoka amin'ny fahasalamana , ny vola omena amin'ny fisotroan-dronono sy ny zo hafa ananan'ny mpiasa ny tsy fanavakavahana . *Ny fanavakavahana sy ny fanenjehana ny olona voan'ny SIDA dia sakana amin'ny ezaka atao amin'ny fisorohana ny SIDA*: raha toa ka matahotra hiharan'ny fanavakavahana ny olona, dia hanafina ny mahazo azy izy ary mety hamindra ny aretina amin'ny hafa. Tsy hitsabo tena na hitady torohevitra amin'ny hafa izy

3. *Ny fitovian'ny lahy sy ny vavy: Tokony ho ekena ny lafiny mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy mikasika ny SIDA. Matetika dia toa ny vehivavy no tena infindran'ny otrik'aretina sy voan'ny SIDA raha oharina amin'ny lehilahy noho ny toe-batany, ny antony ara sosialy sy koltoraly, ary ara toe-karena* . Ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy no anisan'ny antony tena nampihanaka malaky ny aretina.. Mitombo ny salan'isan'ny vehivavy vaovao ifindran'ny otrik'aretina amin'ny ankamaroan'ny faritra, ary hita fa ny vehivavy no tena infindran'ny otrik'aretina raha oharina amin'ny lehilahy raha mbola kelikely taona izy. Ny fandalinana natao tany Afrika dia mampiseho fa ny vehivay 15 ka hatramin'ny 19 taona dia in-dimy na enina avo heny mitondra ny otrik'aretina raha oharina amin'ny lehilahy mitovy taona aminy – noho ny antony miankina amin'ny toe-batana sy koltoraly. Ny vehivavy ihany koa no

mandray andraikitra bebe kokoa amin'ny fiahiana sy fitsaboana ireo izay voan'ny aretina, ary miahy ny kamboty. Tokony hamaly izay toe-javatra sy filan'ny vehivavy manokana, na ny lehilahy manokana, na ho an'ny sokajy roa miaraka ny programa mikasika ny SIDA- ary izany dia mikasika ny fisorohana ny aretina sy ny fiarovana ara sosialy mba hanalefahana ny fiantraikan'ny valan'aretina.

4. *Tontolo iasana mahasalama: Tokony mahasalama ny olon-drehetra ny tontolo iasana ho an'ny rehetra*. Tafiditra amin'izany ny andraikitry ny mpampiasa amin'ny fampahafantarana sy fitaizana amin'ny fomba fifindran'ny SIDA, sy ny fanaovana vonjy aina raha toa ka misy loza (Jereo ny lafiny mikasika ny fepetra iraisam-pirenena tokony horaisina mikasika ny rà ao amin'ny Fitsipi-pifehezana-Fizarana 7.6 sy tovana II, sy ny lohahevitra faha 6 amin'ity boky ity. Tsy manome alalana ny mpampiasa hanao fitiliana ny mpiasa anefa izany noho ny fiarovana ny fahasalaman'ny rehetra, satria tsy mifindra amin'ny alalan'ny fifandraisana tsotra ao amin'ny toeram-piasana ny SIDA. *Manamora ny fampifanarahana ny asa amin'ny fahafahan'ny tsirairay manatanteraka izany araka ny fahasalamany ara-batana sy ara-tsaina ny fananana tontolon'ny asa mahasalama*, ary manalefaka ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny mpiasa sy ny orinasa.

5. *Fifanakalozan-kevitra ara sosialy:Mitaky fiaraha-miasa sy fifampitokisana amin'ny mpiasa, ny mpiasa sy ny solontenany sy ny fanjakana ny fahombiazana amin'ny fanatanterahana politika na programa mikasika ny SIDA*. Zava-dehibe amin'ny fomba fiasan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa izany, ary mahomby kokoa ny fanatanterahana politika andraisan'ny sokajy rehetra anjara sindriana manokana ihany koa ny maha zava-dehibe ny fitarihana ataon'ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa mba hiadiana amin'ny fahanginana eo anoloan'ny Sida sy amin'ny fampiroboroboana ny asa atao.

6. *Tsy misy fitiliana atao mba hanilihana amin'ny asa: Ny fitiliana ny SIDA dia tsy tokony hatao amin'ny mpangataka asa na ny olona eo amperin'asa*. Mifanohitra amin'ny fanajana ny tsiambaratelo, sady tsy ilaina ny fanerena amin'ny fanaovana fitiliana ny SIDA. Ny Vokatry ny fitiliana ny SIDA dia ahafahana mitaratra fotsiny ihany ny ny toe-tenan'ny olona iray mikasika ny otrik'aretina. Tsy midika izany fa tsy maintsy ho voan'ny otrik'aretina izy rahampitso. Aza hadino fa mety ho salama mandritry ny taona maro ny olona mitondra ny otrik'aretina.

7. *Ny fanajana ny tsiambaratelo Tsy misy ahafahana manamarina ny fangatahana amin'ny olona mitady asa na koa ny olona amperin'asa ny hilazany ny toe-pahasalamany eo anatrehan'ny SIDA  Tsy voatery hilaza izany amin'ny mpiara miasa aminy ihany koa izy* Tsy mihatra  amin'ny SIDA fotsiny ihany ny fanajana ny tsiambaratelo - Voamarika ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana mikasika ny fiarovana ny mikasika ny mpiasa tsirairay ny fanajana ny tsiambaratelo.

8. *Ny fanohizana ny fifanekena amin'ny asa:Tsy antony ahafahana manafoana ny fifanekena amin'ny asa ny SIDA. Raha toa ka misy ny fepetra mifanaraka amin'izany, dia tokony hamporisihana hiasa hatrany ny olona voan'ny aretina vokatry ny SIDA, raha toa ka mbola mahazaka an'izany ny toe-pahasalamany.* Izany hevitra fototra izany dia miainga amin'ny fiheverana fa tsy mitovy ny olona voan'ny SIDA sy voan'ny aretina aterak'izany sy ny olona mitondra ny otrik'aretina SIDA. Matetika, dia mbola afaka miasa mandritry ny taona maro ny olona mitondra ny otrik'aretina. Ahitan'ny orinasa sy ny mpiasa tombontsoa izany. Misy fanamboarana azo atao hahafahan'izy ireo miasa, ohatra ny fanamboarana ny ora iasana, ny fanomezana fitaovana manokana, ny fanomezana azy ireo fotoana ialan-tsasatra sy fotoana handehanana any amin'ny mpitsabo, fotoana malalaka kokoa hialan-tsasatra amin'ny aretina, famelana azy ireo hiasa tapak'andro sy fifanarahana amin'ny fiverenana miasa.

9. *Fisorohana: Azo atao ny misoroka ny SIDA, ary misy fomba maro ahafahana manao izany.Misy torolalana sy ohatra omena amin'ny fizarana manaraka amin'ny fitsipi-pifampifehezana, ao amin'ny fizarana faha 6.* Tsy fametrahana sary sy firesahana fotsiny ihany ny fisorohana. Tokony hatao izay hampisy tontolo manodidina manamora ny fisorohana, ary tafiditra amin'izany ny firesahana malalaka ny olana sy ny fanajana ny zon'olombelona. Tafiditra amin'ny fepetra fiarovana ny fanaovana fampahafantarana miaraka , ny fitaizana ampandraisana anjara, ny fanampiana mivantana mba hisian'ny fiovan'ny fitondran-tena toa ny fizarana kapaoty, ny fitsaboana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo, ny famporisihana ny fitadiavana torohevitra sy fitiliana an-tsitrapo, raha toa ka azo atao izany.

10. *Fitsaboana sy fiahiana Ny firaisan-kina , ny fitsaboana sy fanohanana no tokony hifotoran'ny ady atao amin'ny SIDA eo amin'ny tontolon'ny asa.* Tsy tokony horaisina ho toy ny lafiny misaraka amin'ny programa ao amin'ny toeram-piasana ny fisorohana, fitsaboana sy fiahiana . Mamporisika amin'ny fanaovana fitiliana an-tsitrapo ary manamora ny fisorohana ny aretina ny fisian'ny fitsaboana. Tafiditra amin'ny fitsaboana sy ny fanohanana ny fanomezana torohevitra sy fanaovana fitiliana an-tsitrapo, ny fitsaboana ny aretina ateraky ny SIDA, indrindra ny raboka-ny fanalefahana ny fihombon'ny SIDA, ary ny fanomezana tombontsoa amin'ny fiarovana ny mpiasa ara-pahasalamana (Jereo ao amin'ny fizarana faha 9 ny antsipiriany).

## Ny fitsipiky ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny SIDA

Na dia tsy mbola misy aza ny fifanarahana iraisam-pirenena amin'ny asa mikasika ny SIDA manokana ao amin'ny toeram-piasana, dia misy ny fitaovana izay mahasahana ny fiarovana amin'ny fanavakavahana sy ny fisorohana ny fifindran'ny aretina, azo ampiasaina ary efa nampiasaina izany. Ireto avy ny fifanarahana mifanaraka amin'izany manokana

amin'ny fiarovana ny zon'olombelona, ary azo ampiasaina amin'ny olana mifandraika amin'ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana:

- Fanavakavahana (Asa sy toerana misy ao amin'ny toeram-piasana ) Fifanarahana 1958 (N°111). Anisan'ny fifanarahana fototra valo io
- Fifanarahana mikasika ny fahasalamana sy ny fisorohana ny loza eo amin'ny toeram-piasana 1981 (N°155)
- Fifanarahana mikasika ny sampan-draharaha misahana ny fahasalamana amin'ny asa 1985 (N°161)
- Fifanarahana mikasika ny fampitsaharana ny asa 1982 (N°158)
- Fifanarahana mikasika ny fampiofanana sy ny famerenana ny olona kilemaina eo amin'ny sehatry ny asa, 1983 (N°159)
- Fifanarahana mikasika ny fiarovana ara sosialy, 1952 (N°102)
- Fifanarahana mikasika ny fanaraha-maso ny asa, 1947 (N°81) sy ny fanaraha-maso ny asa fambolena , 1969 (N°129).

### Inona no atao hoe fitsipika iraisam-pirenena mikasika ny asa?

Ny fifanarahan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny toromarika omeny no antsoina amin'ny hoe fitsipika iraisam-pirenena mikasika ny asa. Laniana amin'ny fivoriana iraisam-pirenena mikasika ny asa izay atao isaky ny volana Jiona any Geneve ireo fitsipika ireo, izay ahitana solontenam-panjakana, fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa avy amin'ny firenena mpikambana ao amin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

### Fifanarahana

Rehefa lany ny rijan-teny mikasika ny fifanarahana iray, dia afaka misafidy ny hanao sonia an'izany na tsia ny firenena iray. Na dia nandatsa-bato ho an'ny fifanarahana iray aza ny firenena iray, dia tsy voafatr'izany izy. An-tsitrapo ary manana ny fizotrany manokana ny fanaovan-tsonia. Tsy maintsy misy firenena mpikambana roa manao sonia ny fifanarahana vao manan-kery izany. Rehefa avy eo dia tafiditra ho isan'ny fitsipika iraisam-pirenena ny fifanarahana .
Mamatotra ny firenenan manao sonia izany ny Lalàna iraisam-pirenena mikasika ny asa
Amin'ny alalan'ny fanaovan-tsonia, dia manaiky an-tsitrapo ny firenena iray fa hampihatra ny fepetra voalazan'ny fifanarahana. Midika izany fa hampifanaraka ny Lalàna misy sy ny fomba fanao ao amin'ny firenena amin'izany, ary manaiky ny fanaraha-maso iraisam-pirenena.

### Toromarika

Tsy manao sonia ny toro marika ny fanjakana. Mifamatotra amin'ny fifanarahana ny toromarika; tari-dalana tsy mamatotra azy ireo, izay natao mba hanoritana ny lalan-kaleha amin'ny politika eo amin'ny firenena iray. Manome fepetra an-tsipiriany amin'ny fomba ampiharana ny fifanarahana ny toromarika . Indraindray dia laniana mitokana tsy miaraka amin'ny fifanarahana ny toromarika.

## Zo ananana amin'ny tsy fanavakavahana

Mitondra ny otrik'aretina SIDA i Marka. Nahazo fitaovana vaovao ny orin'asa mpanodina lamba iasany. Tsy nahazo fiofanana mikasika ny fampiasana ny fitaovana vaovao izy satria tsy te handany vola ho an'olona izay ho faty tsy ho ela ny mpampiasa azy.

Anisan'ny ohatra amin'ny fanavakavahana izany

Anisan'ny hevitra fototra folo iorenana'ny fitsipi-pifampifehezana ny tsy fanavakavahana, ary anisan'ny zava-dehibe indrindra amin'ny politika sy ny tetik'ady iadiana amin'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana.

*4.2 Ny tsy fanavakavahana. Mba hananana asa mendrika sy ho fanajana ny zo sy ny maha olona ireo izay voan'ny SIDA na mitondra ny otrik'aretina, dia tsy tokony hisy fanavakavahana amin'ny mpiasa voan'ny SIDA na ahiana fa voan'ny aretina. Ny fanavakavahana sy fanenjehana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA dia misakana ny ezaka atao amin'ny fisorohana ny SIDA.*

Maro ny fomba mety isehoan'ny fanavakavahana eo amin'ny toeram-piasana, ary ohatra amin'izany :

- Ny tsy fanekena ny olona voatily fa voan'ny SIDA hiasa
- Ny fandroahana amin'ny asa noho ny SIDA
- Ny tsy fanomezana fampiofanana sy fampisondrotana amin'ny asa
- Ny fanerena mpiasa hanao fitiliana
- Ny fanilihana ataon'ny mpiara miasa
- Ny tsy fanomezana ny tombontsoa tokony ho azo amin'ny fitsaboana
- Ny tsy fanekena hanao fanamboarana ao amin'ny toeram-piasana mba hahafahan'ny mpiasa mizaka bebe kokoa ny aretiny amin'ny asa atao.

## Fifanarahana N°111

Anisan'ny fitaovana fototra amin'ny politika iadiana amin'ny fanavakavahana ny fifanarahana mikasika ny fanavakavahana. Raran'ny fifanarahana ny fanilihana sy ny fiangarana izay miteraka tsy fitoviana amin'ny fahazoana asa, fampiofanana, fisondrotana amin'ny asa, faharetana amin'ny asa, karama omena, fomba iasana, fepetra ara-pahasalamana sy fahazoana tombontsoa ara sosialy eo amin'ny asa. Voatanisa ao ny lafiny fito andrarana ny fanavakavahana- ny firazanana, ny volon-koditra, ny maha lahy na vavy, ny fivavahana, ny hevitra politika, ny firenena iaviana sy ny sokajy misy ara-piaraha-monina.

Ny famaritana ny fanavakavahana ao amin'ny fifanarahana dia tsy miresaka mikasika ny SIDA, satria talohan'ny nisian'ny valan'aretina no nandaniana ny fitsipika.

Na dia izany aza, dia mazava ao amin'ny andininy voalohany fa afaka mampiditra karazana fanavakavahana hafa ao amin'ny politika arahiny ny fanjakana mba hanafoanana ny fanavakavahana aorian'ny fifampidinihana amin'ny solontenan'ny fikambanana'ny mpiasa sy ny mpampiasa. Noho izany dia azo ampidirina ao ny toerana misy eo anatrehan'ny SIDA.

Heverinay ihany koa fa azo raisina tsara ny hevitra fototra mikasika ny tsy tokony hisian'ny fanavakavahana noho ny SIDA. Voalazan'ny vaomieran'ny firenena mikambana mikasika ny zon'olombelona tamin'ny fanapahan-kevitra faha 49/1999 fa:

> *Ny fanavakavahana ny olona voan'ny SIDA na ahiahiana ho voan'izany aretina izany, dia voararan'ny lalàna iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona, ary ny famaritana ny atao hoe toe-javatra hafa amin'ny fepetra mikasika ny tsy fanavakavahana ao amin'ny rijan-teny mikasika ny zon'olombelona dia azo ampidirana ny toe-pahasalamana, ary tafiditra amin'izany ny SIDA.*

Tokony homarihina fa ny fifanarahana N°111 dia tsy midika fa tsy maintsy atao mitovy hatrany ny fitondrana ny mpiasa rehetra. Azo atao indraindray ny fomba fitondrana samihafa ny mpiasa-amin'ny lafiny tsara. Misy fepetra manokana azo ampiharina raha toa ka mifanaraka amin'izay zavatra tadiavin'ny mpiasa mila fanampiana manokana, ary tsy azo adika ho fanavakavahana izany

Ny fifanarahana sy ny fepetra miaraka aminy dia tsy midika fa voatery hiazona ny olona mitondra ny otrik'aretina SIDA ao amin'ny asa ny mpampiasa, na dia marary mafy aza izy. Raha toa ka tsy afaka miasa intsony ny mpiasa iray, na dia misy fepetra manokana aza raisina hahafahany manao izany, ary na dia hamaivainina aza ny asa ataony, dia mitombina ny fandroahana azy. Tsy azo ekena kosa ny fampitsaharana ny fifanekena amin'ny asa noho ny SIDA na dia mbola afaka manatanteraka ny asany aza ny mpiasa.

### Fifanarahana N°111

Ity fifanarahana ity dia iray amin'ny fifanarahana fototra valo mikasika ny asa, ary anisan'ny rijan-teny fototra mikasika ny olana amin'ny fanavakavahana eo amin'ny asa. .Takian'ny fifanarahana amin'ny firenena manao sonia izany ny

> *Fanambarany sy ny fampiharany politika izay mampiroborobo ny fampitoviana ny mpiasa amin'ny fitondrana azy ireo, manaja ny asa atao, ary manafoana ny endri-panavakavahana rehetra, ary izany dia atao mifanaraka amin'ny zava-misy eo amin'ny firenena.*

Hita ao amin'ny fizarana mikasika ny loharanon-kevitra ny rijan-teny manontolo mikasika ny fifanarahana, ary ampiarahina amin'izany ny fanazavana bebe kokoa ny ftsipika fototry ny fikambanana iraisam-pirenenena mikasika ny asa.

Firenena 154 mpikambana ao amin'ny fikambanana iraisam-pirenen misahana ny asa no nanao sonia ny fifanarahana.

Eken'ny lalàna amin'ny firenena maro ny zo ananana amin'ny tsy fanaovana fanavakavahana noho ny SIDA na noho ny toe-pahasalamana. Maro ny endrika mety isehoan'izany eo amin'ny sehatry ny firenena. Ny fandaniana lalàna henjana na lalàna malefadefaka kokoa mikasika izany no fomba mety indrindra hita hatramin'izao.
Jereo ny lohahevitra faha 4 raha toa ka maniry hanao adihevitra lalindalina kokoa mikasika ny Lalàna sy ny SIDA, sy ny andraikitry ny fanjakana.

## Asa ataon'ny fanjakana sy ny mpifarimbona ara sosialy

Afaka manatanteraka asa hiarovana ny zo ananana amin'ny tsy fanavakavahana ny fanjakana sy ny mpifarimbona eo amin'ny toeram-piasana. Ny fanjakana dia afaka:

- Manao lalàna mandrara mazava ny fanavakavahana- ary maro ny firenena efa nanao izany.
- Mampita hafatra mikasika ny fanavakavahana amin'ny programam-pampianarana sy fitaizana mikasika ny SIDA.
- Mampiofana ny mpanara-maso ny asa sy ny andrim-panjakana hafa mampihatra ny lalàna mikasika ny maha zava-dehibe ny tsy fanavakavahana mifandraika amin'ny SIDA.

Tokony hifarimbona ny mpampiasa sy ny mpiasa mikasika ny fanitarana politika mikasika ny SIDA izay mandrara ny fanavakavahana miorina amin'ny SIDA (Jereo ny lohahevitra faha 3 mikasika ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy). Efa manana politika mikasika ny SIDA sy ny ady amin'ny fanavakavahana ny orinasa sasany. Afaka manome fampiofanana ho an'ny mpitarika sy ny mpikambana ny fikambanan'ny mpiasa, izay afaka misolo tena ny mpikambana iharan'ny fanavakavahana ataon'ny mpampiasa na koa ataon'ny ny mpiara miasa.

### Ny politika eo anivon'ny toeram-piasana sy ny fanavakavahana

Ny politikan'ny orinasa Ford ao Afrika Atsimo dia mamaritra fa:

> "3.6 *Tsy mandefitra amin'ny fanavakavahana sy faneriterena rehetra izay mety hatao amin'ny olona voan'ny SIDA na mitondra ny otrik'aretina ny orinasa"*

Ny fifanarahana faobe ifanaovan'ny Fikambanan'ny mpiasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany sy ny antenimieran'ny harena an-kibon'ny tany ao Afrika Atsimo dia manambara fa:

> *"2.1 Zon'ny mpiasa izay mitondra ny otrik'aretina ny mahazo fiarovana amin'ny fanavakavahana, faneriterena sy fanenjehana "*

Ny fitsipika modelin'ny Antenimieran'ny varotra ao Durban dia manambara fa:

> *"4 Toro Làlana- mpiasa ifindran'ny aretina."*
>
> *Miezaka ny orinasa mba tsy hanavakavahana ny mpiasa rehetra noho ny antony tsy ara-drariny, ary tafiditra amin'izany ny toe-pahasalamana mikasika ny SIDA*

Afaka manome torolalana mikasika ny politika ao amin'ny toeram-piasana ihany koa ny fanjakana. Namolavola fitsipi-pifampifehezana ny Repoblikan'ny Afrika Atsimo mba ho tari-dalana ho an'ny mpampiasa, ny sendika sy ny mpiasa

## Ny zo ananana mikasika ny tsiambaratelo amin'ny fiainan'ny tena manokana

Sahiran-tsaina i Miguel fa ny fitiliana natao taminy dia mety hahitana ny otrik'aretina. Nanontany tao amin'ny sampan-draharaha misahana ny mpiasa izy mikasika ny politika arahin'ny orinasa mikasika ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina. Voarakitra ao amin'ny antontan-taratasy mikasika azy manokana ao amin'ny toeram-piasana ny fanontaniana napetrany, ary izao dia hilaza ny olona fa voan'ny SIDA izy ary tsy hipetraka eo akaikiny ry zareo.

Voahosihosy ny zon'i Miguel mikasika ny fanajana tsiambaratelon'ny fiainany manokana.

Anisan'ny zava-dehibe indrindra amin'izany zo izany ny mikasika ny fahasalamana. Rehefa voan'ny aretina mety hahafaty azy ny olona, dia tokony manapa-kevitra izy amin'izay olona tokony hilazany izany na tsia. Afaka tsy milaza izany raha tsy amin'ny olona akaiky azy izy. Ary mety ny milaza izany amin'ny olona vitsy amin'ny maha tsiambaratelo izany. Afaka manapa-kavitra izy na hilaza izany amin'ny mpampiasa azy na tsia.
Tsy marary akory ny olona mitondra ny otrik'aretina SIDA. Mety ho tomady izy mandritry ny taona maro, ary mitombina izany na misy fitsaboana atao aminy na tsia. Amin'ny fiaraha-monina na orinasa sasany dia enjehina ny olona mitondra ny otrik'aretina, ary mety ho vondron'olona na olona iray no iharan'izany fanenjehana izany.

Noho izany dia zava-dehibe ny tsiambaratelo mikasika ny toe-pahasalamana mikasika ny SIDA, ary tokony hohajaina izany mikasika ny dingana rehetra mety hatao amin'ny fitiliana.

Eken'ny lalàna iraisam-pirenena ny zo ananana amin'ny fanajana ny tsiambaratelo mikasika ny fiainan'ny tsirairay. Eo anatrehan'ny SIDA, dia tafiditra amin'izany ny zo ananana amin'ny fitazonana ho tsiambaratelo ny toe-pahasalaman'ny olona iray eo anatrehan'ny SIDA.
Tohananan'ny fitsipi-pifampifehezana izany zo izany

> *4.7 Ny tsiambaratelo. Tsy misy ahafahana manamarina ny fangatahana amin'ny olona mitady asa ny hilazany ny mikasika azy eo anatrehan'ny SIDA. Tsy voatery ihany koa ny mpiara miasa hilaza izay mikasika ny mpiara miasa aminy. Ny fampiasana ny antontan-taratasy mikasika ny toe-pahasalaman'ny mpiasa eo anatrehan'ny SIDA dia tokony ho voafehin'ny lalànan'ny fanajana ny tsiambaratelo mifanaraka amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny fiarovana ny antontan-taratasy mikasika ny mpiasa tsirairay.*

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Asa ataon'ny fanjakana sy ny mpifarimbona ara sosialy

Tsy mifanaraka amin'ny lalàna ny famoahana vaovao mikasika ny toe-pahasalaman'ny olona eo anatrehan'ny SIDA. Voalazan'ny Lalàna mikasika ny fifandraisana amin'ny asa ao Zimabawe fa

> *4. (2)Tsy misy mpampiasa afaka mangataka amin'ny mpiasa, ary tsy azo anaovana fanerena izany, ny hilazany ny toe-pahasalamany eo anatrehan'ny SIDA*
>
> *(3) Tsy misy olona, raha tsy misy fanekena izany an-tsoratra avy amin'ny mpiasa voakasik'izany, afaka mamoaka vaovao mikasika ny toe-pahasalaman'ny mpiasa eo anatrehan'ny SIDA, raha tsy misy lalàna hafa mangataka ny hamoahana izany*

Manana andraikitra lehibe ny mpiasa, ny mpampiasa sy ny fikambanan'izy ireo amin'ny fiarovana ny zo ananan'ny olona mitondra ny otrik'aretina amin'ny fanajana ny tsiambaratelo. Misy ny mpifarimbona eo amin'ny toeram-piasana no efa nanao dingana amin'izany.

Ahitana ireto fepetra ireto ny politikan'ny orinasa Debswana Diamond Company mikasika ny SIDA:

8. *Tsiambaratelo*

*8.1 Ny zava-misy sy vaovao mikasika ny toe-pahasalaman'ny mpiasa dia mikasika azy manokana ary tsy maintsy hajaina ny tsiambaratelo amin'izany.*

*8.2 Tsy voatery hampahalala izany ny orinasa iasany ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina na voan'ny SIDA. Raha toa ka manambara izany amin'ny mpiara miasa aminy, ny mpifehy azy na ny mpitantana ny olona voan'izany, dia tsy maintsy misy fitandremana manokana mba hitazonana izany ho tsiambaratelo, ary koa mba tsy hiampitan'izany amin'ny olona tsy nahazo alalana hahafantatra ny momba izany*

# *Fitiliana*

Nanaovana fanadihadiana am-bava alohan'ny hidirana miasa amin'ny orinasa iray eo ankaikin'ny trano fonenany i Indira. Hita fa kandida mahafeno ny fepetra ilaina amin'ilay toerana izy. Alohan'ny hanolorana azy ny asa, dia nangataka aminy ny orinasa ny hanaovany fitiliana mikasika ny otrik'aretina. Azon'i Indira ny ahiahy mipetraka amin'ny orinasa, fa tsy azoazony ny fanaovana fitiliana ho an'ny orinasa mety hampiasa azy.

Araka ny voalaza tao amin'ny fizarana teo aloha, dia manan-jo amin'ny fanajana ny tsiambaratelo mikasika ny fiainany manokana ny mpiasa. Tafiditra amin'izany ny zo ananany amin'ny tsy mahavoatery azy hanao fitiliana, raha ny mikasika ny SIDA no resahina.

Ny fitiliana tsy maintsy atao dia fanerena olona iray hanao izany (indraindray dia tsy mahalala izany akory izy), na manaiky izy na tsia. Mitarika fanoherana izany satria tsy manaja ny zo fototra ananana ary tsy maintsy mitarika amin'ny fanavakavahana. Tsy mahomby ihany koa izany, raha ny lafiny mikasika ny fahasalamam-bahoaka no jerena . Inona ary ny antony mahatonga ny olona mbola manao izany?

Ilaina ny fahatakarana fa manana andraikitra amin'ny fiarovana ny fahasalamam-bahoaka ny olompirenena sy ny mpiasa, ny fanjakana sy ny mpampiasa. Vidin-dafo ny fihanaky ny aretina

Voalaza fa ny fanaovana fitiliana alohan'ny hidiran'ny olona iray amin'ny firenena na alohan'ny handraisany asa dia ahafahana misoroka olana maro izay mety hitranga aty aoriana

Misy lafiny ratsy maro anefa hita amin'ny fitiliana:

- Voalohany, sarotra ary andaniam-bola maro ny fitiliana, ary maro ny olona toa mitondra ny otrik'aretina, kanefa diso izany (Mitaky fitiliana enina ny sampan-draharaha misahana ny fifindra-monina any Etazonia, mba hahazoana toky fa tena marina ny vokatry ny fitiliana).
- Faharoa, Maharitra herinandro maromaro ny fotoana ikotrehan'ny otrik'aretina, ary mety haharitra telo volana indraindray; raha izany dia mety tsy marina hatrany raha tsy ahitana otrik'aretina ny vokatry ny fitiliana.
- Fahatelo, ny mpifindra monina na ny mpiasa vaovao dia mety tsy mitondra ny otrik'aretina androany, fa ifindran'izany rahampitso.
- Fahaefatra, ao amin'ny tontolo manodidina izay manaja ny zo, dia mety hanaiky ny hanao fitiliana an-tsitrapo ny mpiasa ary hanova ny fitondran-tenany, mba hampihena ny mety haha voan'ny aretina azy, ary mety ho lasa mpandray anjara mavitrika amin'ny fisorohana ny aretina izy.

Ahitana fizarana miresaka ny fitiliana amin'ny antsipiriany ny fitsipi-pifampifehezana. Toa izao ny hevitry ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa:

- Voarara ny fanaovana fitiliana mba hanilihana amin'ny asa, tsy hanomezana fampisondrotana sy fampiofanana.
- Azo atao ny manao fitiliana amin'ny toe-draharaha voafetra ary isian'ny fepetra manokana.
- Tokony ho voahaja ny maha tsiambaratelo ny toe-pahasalaman'ny olona iray eo anatrehan'ny aretina.

*4.6 Tsy tokony ho takiana amin'ny olona mangataka asa sy ny olona eo amperin'asa ny fanaovana fitiliana*

*8. Ny fitiliana dia tsy tokony hatao ao amin'ny toeram-piasana. Tsy ilaina izany ary manohintohina ny zon'olombelona sy ny maha olona ny mpiasa. Mety havoaka sy hampiasaina amin'ny tsy tokony ho izy ny vokatry ny fitiliana, ary ny faneken'ny mpiasa hanao izany dia mety tsy am-pahalalahana tanteraka, ary mety tsy dia mahafantatra ny zava-drehetra mikasika ny fitiliana sy ny fiantraikan'izany izy . Na dia any ivelan'ny toeram-piasana aza, dia tokony hisy ny faneken'ny olona anaovana fitiliana, ary tokony hataon'ny olona manam-pahaizana manokana amin'izany ny fitiliana, ao anatin'ny fanajana ny tsiambaratelo*

*8.1 Fandrarana amin'ny fandraisana mpiasa sy ny fampiasana olona*

*Tsy tokony fepetra amin'ny fandraisana mpiasa sy amin'ny fanohizana ny fampiasana olona ny fanaovana fitiliana. Tsy tokony hampidirina amin'ny fizahana ara-pahasalamana mahazatra alohan'ny fandraisana mpiasa na ho an'ireo efa amperin'asa ny tsy maintsy anaovana fitiliana amin'ny SIDA*

*8.3 Fandrarana mikasika ny fiantohana*

*(a) Tsy tokony hotakiana ho fepetra amin'ny ahafahana mahazo tombontsoa sy miditra amin'ny fiarovana ara sosialy, fiantohana mikasika ny asa, ny fahasalamana sy ny aina ny fanaovana fitiliana*

*(b) Ny orinasa misahana fiantohana dia tsy tokony hitaky ny fanaovana fitiliana alohan'ny hanekena hisahana ny fiantohana ao amin'ny orinasa iray. Tokony hifantoka amin'ny atontan'isa misy mikasika ny valan'aretina misy amin'ny mponina amin'ny ankapobeny ny vinavinany sy ny fikajiany ny fandaniany sy ny vola mety ho azony.*

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Asa ataon'ny fanjakana sy ny mpifarimbona ara sosialy

Misy lalàna maro manohana ity hevitra fototra ity:

Ny fitsipika mikasika ny fifandraisana amin'ny asa ao Zimbabwe dia manambara fa:

> *4. (1) Tsy misy mpampiasa, na amin'ny fomba mivantana na an-kolaka, afaka mangataka amin'ny olona iray handalo fitiliana ary hanao izany ho fepetra alohan'ny andraisana azy miasa.*
>
> *(2) Tsy ekena ny fanaovana ny fitiliana ny mpiasa ho fepetra tsy maintsy arahina.*

Azo atao mazava ao amin'ny politika arahin'ny orinasa koa izany. Voalaza ao amin'ny politika arahin'ny orinasa Debswana Diamond mikasika ny SIDA fa:

> *7. Ny fitiliana*
> *Tsy mitaky ny handalovan'ny mpiasa amin'ny fitiliana ny otrik'aretina SIDA alohan'ny fotoana andraisana asa, ary torak'izany ihany koa amin'ny fotoana iasana.*

## Fitiliana an-tsitrapo

Tsy mitovy amin'izany ny fitiliana an-tsitrapo. Misy antony maro mety mahatonga ny olona hanapa-kevitra hanao fitiliana. Raha toa ka misy fitiliana an-tsitrapo atao, dia zava-dehibe ny fanajana ny tsiambaratelo sy ny torohevitra avy amin'ny olona manam-pahaizana amin'izany . Izany dia atao alohan'ny andraisana ny fanapahan-kevitra ary aorian'ny fahafantarana ny vokatry ny fitiliana. Manana toerana lehibe amin'ny tetik'ady ankapobeny amin'ny ezaka atao handresena ny SIDA izany, satria raha mahafantatra ny toe-tenany eo anatrehan'ny SIDA ny olona, dia azo ampiana amin'ny fanovany fitondran-tenany izay mety hampidi-doza.

8.4 Mety misy toe-draharaha anirian'ny olona hanao fitiliana Ny fitiliana an-tsitrapo dia tsy tokony hatao ao amin'ny toeram-piasana fa any amin'ny tobim-pahasalamana. Amin'ny toerana misy tobim-pahasalamana afaka manao izany, dia afaka atao aorian'ny fangatahana ataon'ny mpiasa sy ny fanekeny hanao izany an-tsitrapo ny fitiliana. Miaraka amin'ny torohevitra avy amin'ny solontenan'ny mpiasa. Tokony olona manana fahaizana amin'ny fanatanterahana izany no manao ny fitiliana, ary anatin'ny fanajana ny tsiambaratelo. Ny fanomezana torohevitra mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy, izay manamora ny fahazoana ny lafiratsiny sy ny lafitsaran'ny fitiliana sy ny vokatr'izany amin'ny mpiasa dia tokony ho tafiditra amin'ny fombafomba fanatanterahana ny fitiliana.

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Fanaovana fitiliana ampiasaina ho an'ny siansa

Ny politika amin'ny fisorohana sy fitsaboana ny SIDA dia mety hahomby kokoa raha mihatsara ny fahalàlana mikasika ny fomba fifindran'ny aretina, ny fiantraikany sy ny vokatry ny fitsaboana atao. Noho izany dia zava-dehibe ny fanaraha-maso ny valan'aretina, ny fanangonana antontan'isa sy izay vaovao rehetra mikasika ny fihatran'ny aretina, ny fomba fisehony sy ny fivoarany. Azo sokajiana amin'ny maha lahy na vavy ireo antontan'isa angonina ireo, araka ny sehatra ara-toe-karena sy faritra ireo antontan'isa ireo. Ny sampan-draharaha misahana ny antontan'isa na koa ny mpikaroka mahaleo tena izay mifandray amin'ny mpifarimbona ara sosialy no manao ny fanangonana ireo antontan'isa ireo. Tokony hotandremana ny tsy hanohintohinana ny zon'ny mpiasa amin'ny fanaraha-maso atao. Izany no mahatonga ny fitsipi-pifampifehezana hametraka fepetra amin'ny fanaraha-maso ny valan'aretina.

*8.3 Azo atao ny fanaraha-maso ny valan'aretina na koa ny fitiliana amin'ny toeram-piasana, izay tsy anondroana olona, raha toa ka mifanaraka amin'ny fenitra amin'ny asa fikarohana siantifika izany, sy ny fiarovana ny zon'ny mpiasa sy ny fanajana ny tsiambaratelo*
*Amin'ny toerana anaovana izany fikarohana izany, dia tokony hisy ny fifanantonana sy filazana izany amin'ny mpiasa . Ny vaovao voangona dia tsy azo ampiasaina amin'ny fanaovana fanavakavahana olona iray na vondron'olona.*

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Ny mpiasa izay atahorana fa mety hifindran'ny aretina eo amperin'asa

Ny asa na ny toeram-piasana sasany dia mety mahatonga ny mpiasa hifindran'ny otrik'aretina, indrindra ny fifindrana amin'ny alalan'ny rà. Matetika dia mikasika ny mpiasa amin'ny hopitaly sy ny mpamonjy ain'olona izany, kanefa dia mety misy ihany koa ny loza mitranga ao amin'ny toeram-piasana. Na dia tsy mitranga matetika aza izany, dia mila fitandremana. Ny fepetra tokony ho raisina amin'izany dia hita ao amin'ny tovana faha II sy ny lohahevitra faha 6 amin'ity boky ity, izay antsoina hoe fitandremana iraisam-pirenena mikasika ny rà ny ny rano amin'ny vatan-tenan'olombelona.

Toa izay mikasika ny fahasalamana sy ny fisorohana ny loza rehetra, dia manan-jo hahafantatra ny toe-javatra mety hitrangan'ny loza sy ny tokony hatao amin'izany ny mpiasa. Tokony hojerena raha toa ka misy fanovana tokony hatao amin'ny fepetra raisina ary tokony hifanarahan'ny mpitondra ny orinasa sy ny sendika izany.

*8.5 Ny fitiliana sy ny fitsaboana raha toa ka ahiana ny fifindran'ny aretina amin'ny asa atao*

*(a) Raha toa ka atahorana ny fifndran'ny aretina amin'ny alalan'ny ra, ny rano amin'ny vatan-tena sy ny sela eo amin'ny toeram-piasana, dia tokony hanana fepetra ampiharina amin'izany ny orinasa*

*(b) Raha toa ka misy zavatra mitranga mety mitarika izany amin'ny toeram-piasana , dia tokony hampahafantarina izany ary omena torohevitra mikasika ny fiantraikan'izany amin'ny fahasalamana, ny mety antony ilaina ny fitiliana, ny fepetra ara-pahasalamana tokony horaisin' ny mpiasa, ary tokony alefa amin'ny tobim-pahasalamana afaka mijery izany*

*Aorian'ny fanadihadiana ny mety hisian'ny fifindran'ny aretina, dia tokony homena torolalana mikasika ny zony amin'ny lalàna, ny fahafahany mahazo ny tombontsoa rehetra mifanaraka amin'izany ny mpiasa*

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Fijoroana vavolombelona amin'ny fanavakavahana sy ny fanenjehana

Nanontaniana mikasika izay zavatra niainany amin'ny fanavakavahana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA any Inde. Toa izao no voalazany mikasika mikasika ny toe-pahasalamana mifandraika amin'ny SIDA sy ny fifandraisana eo amin'ny toeram-piasana

"*Miresaka an'io ny tompon'andraikitra misahana ny fitantanana ny mpiasa mahafantatra ahy. manondro ahy izy ary izao no lazainy: jereo, io ilay olona mitondra ny otrik'aretina . Misitaka lavitra ahy izy ary. tsy miara misakafo amin'izy ireo intsony aho., ary tsy te handeha aty am-piasana intsony . Nitsahatra amin'ny asa aho mandritry ny 10/15 andro ary very karama."*
(Tatya, 38 taona-mpiasa amin'ny hopitaly)

*"Tsy niteny mivantana amiko ny mpiara miasa amiko , kanefa tsy mitovy amin'ny teo aloha intsony ny fifandraisana . Misitaka amiko izy ireo . Mirifatra mivoaka ry zareo rehetra rehefa miditra amin'ny efitrano aho. Avy eo dia nangataka tamiko izy ireo ny hananako vera manokana . Nanapa-kevitra hiala amin'ny asako aho"*
(Daljit, 25 taona-mpiasa amin'ny orin'asa)

Any Uganda, na dia misy aza ny lalàna mandrara ny fanavakavahana ny mpiasa voan'ny Sida na miaina miaraka amin'ny Sida, dia manambara ireo mpiasa voan'izany fa matahotra ny hanambara izay mahazo azy.

Voalaza matetika ny tondro molotra mahazo ny mpiasa izay niresaka mikasika ny zavatra mihantra aminy

*"Na dia tsy mampiseho fihetsika mitory fandroahana anao aza ny mpampiasa, dia mitakorotsika mikasika anao ny mpiara miasa. Amin'izany dia mety hamely anao ny mpampiasa, ary hanome ny toerana ho an'ny olona salama, rehefa maheno izay voalaza mikasika anao ary mitsara anao amin'izany.*

Fijoroana ho vavolombelona hafa avy any Frantsa

*"Tsy manana asa raikitra ao amin'ny toerana iasako aho. Nanambara izany tamin'ny mpampiasa ahy ny mpitsabo nanao fitiliana ahy, ary nilaza avy hatrany ny mpampiasa fa tsy handray ahy intsony amin'ny manaraka."*

*"Miasa amin'ny sehatry ny fahasalamana aho ary tsy te hijery dokotera aho satria matahotra ny tsy havelany miasa . Mipetraka amin'ny tanàna kely iray aho, ary fantatry ny olona daholo ny mikasika ny tsirairay."*

Ireo toe-javatra ireo dia manambara fa maro ny endrika isehoan'ny fanavakavahana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA. sy ny fanerena azy ireo hiala amin'ny asany. Anisan'ny asa goavana miandry ny sendika sy ny mpiasa ny fifarimbonana mba hisian'ny tontolo ahafahana manohana ny mpiasa, sy mba tsy handeferena amin'ny fanavakavahana

# Fandinihana toe-javatra niainan'ny olona: Ny tantaran'i Ravi

Namoaka lalàna ho amin'ny tombontsoan'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA izay niharan'ny fanavakavahana tao amin'ny toeram-piasana ny Fitsarana avo tao Bombay. Efa niasa mandritry ny folo taona mahery I Ravi (tsy tena anarany akory io) amin'ny maha mpiasam-panjakana azy (tsy mpiasa maharitra). Araka ny fomba fanao ao amin'ny toerana iasany, dia miandry aloha ny mpiasa tsy raikitra vao mety ho raisina ho mpiasa maharitra raha toa ka mahafeno ny fepetra ara-pahasalamana izy ireo. Tsy nisy olana ara-pahasalamana hafa hita, hafa tsy ny fisian'ny otrik'aretina SIDA amin'i Ravi.

Na dia nanamafy aza ny dokotera nanao ny fitiliana, izay efa manana traikefa mikasika ny aretina SIDA, fa afaka miasa tsara I RAVI na dia mitondra ny otrik'aretina aza, dia nesorina tamin'ny lisitry ny olona miandry asa raikitra ny anarany. Rehefa nandinika ny toe-draharaha ny fikambanan'ny mpisolo vava, dia nahatsikaritra fa namoaka tenimita amin'ny tsy maintsy hanaovana fitiliana ny otrik'aretina ny olona mitady asa sy ireo efa eo am-perin'asa ny toeram-piasany.

Voalaza amin'izany fa raha toa ka voamarina fa mitondra ny otrik'aretina ny mpiasa, dia tsy azo raisina miasa ary mety ho voaroaka mihitsy aza. Nanao fitoriana an-tsoratra amin'ny anaran'i Ravi nalefa amin'ny fitsarana avo any Bombay ny fikambananan'ny mpisolo vava, izay manohitra ny fanapahan-kevitry ny toeram-piasana izay mifanohitra amin'ny zo fototra ananana ao amin'ny Lalàm-panorenana any Inde, ary koa manohitra ny fanalana ny anaran'I Ravi ao amin'ny lisitra.

Nolavin'ny Fitsarana ny hevitra nentin'ny mpampiasa niaro tena ary nivoaka ny didy amin'ny tokony hamerenana ny anaran'I Ravi ao amin'ny lisitra, ary koa tsy maintsy ampandalovina fitiliana indray izy (satria efa telo taona no lasa hatramin'ny fotoana nanaovany fitiliana, tsy maintsy omena asa izy eo am-piandrasana izany, ary tsy maintsy raisina ho mpiasa raikitra raha toa ka mampiseho ny fitiliana fa afaka miasa tsara izy. Farany, dia nomena vola mitentina 40,000 roupies i Ravi mba hanonerana ny fotoana tsy niasany. Amin'ny didy navoakany, dia milaza ny fitsarana *fa tokony ho arovana ny zon'ny olona rehetra hanana asa fivelomana, ary tsy azo esorina aminy raha tsy mandalo amin'ny dingana sy fepetra voafaritry ny lalàna izay ekena fa ara-drariny; ary ny olona izay mitondra aretina kanefa afaka manatontosa ny asany tsara ary tsy misy fiantraikany amin'ny tombontsoan'ny hafa ao amin'ny toeram-piasana dia tsy tokony hosakanana miasa na esorina amin'ny asany.*

Maro ny olona mino fa ny fanapahan-kevitra amin'ity toe-draharaha ity dia noho ny maha sarotiny ny mpitsara nitantana ny raharaha. Mety ho hafa ny fanapahan-kevitra noraisina raha toa ka mpitsara hafa no niandraikitra ny raharaha.

## FAMPIANARANA 1

### Ny zon'olombelona sy ny Lalàna

TANJONA: Manampy anao hahafantatra ny fomba mety hiarovan'ny lalàna ny zon'olombelona.

ASA ATAO: Vakio ny Lalàna mikasika ny SIDA ao amin'ny firenena misy anao.

Ao amin'ny tarika misy anao, jereo hoe hatraiza no voafaritra ao amin'ny Lalàna ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

Fenoy ity tabilao ity mba hanampy anao amin'ny fitantanana an-tsoratra ny hevitrao.

| Hevitra fototra ao amin'ny Fitsipi-pifampifehezana | Ny fepetra hita amin'ny Lalàna misy ao amin'ny firenenao | Hatraiza ny Lalàna no mifanaraka amin'ny fitsipika? |
|---|---|---|
| Olana eo amin'ny toeram-piasana | | |
| Tsy fanavakavahana | | |
| Fitovian'ny lahy sy ny vavy | | |
| Tontolon'ny asa mahasalama | | |
| Fifanakalozan-kevitra ara sosialy | | |
| Tsy fanaovana fitiliana | | |
| Fanajana ny tsiambaratelo | | |
| Fandroahana mpiasa | | |
| Fisorohana | | |
| Fitsaboana sy fiahiana | | |

**Fanamarihana**: Tsara kokoa ny fampiasana ny Lalàna misy eo amin'ny firenenao. Mampiasa ohatra iray ao amin'ny fizarana mikasika ny loharanon-kevitra, na koa lalàna hafa mety anananao, raha toa ka tsy misy izany, ary izay mifanakaiky indrindra amin'ny zava-misy ao aminao raisina Raha toa ianao any, Asia, ka tsy mbola misy lalàna mikasika izany ao amin'ny firenenao, dia ny lalàna manan-kery amin'iny faritra iny raisina. Tafiditra ao amin'ny Lalàna, politika na drafitra mikasika ny SIDA ve ny tontolon'ny asa?

## FAMPIANARANA 2

### Ny zo ao amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa

TANJONA: Manampy anao handalina mikasika ny zo izay manan-danja amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

ASA ATAO: Mandalina ny fitsipika fototry ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa. Inona amin'ireo no heverinao fa ilaina amin'ny ady atao amin'ny SIDA indrindra mikasika ny ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA

**Fanamarihana**: Mety misy tarika mitady famporisihana na fanairana mba hanampiana azy. Ohatra, ny tarika izay misy mpikambana ao amin'ny sendika dia mety hieritreritra fa raha tsy misy sendika, na koa raha tsy ekena ny fisian'ny sendika, dia mety hihena ny fiarovana ny mpiasa ao amin'ny orinasa; amin'ny firenena izay ahitana zaza kamboty maro vokatry ny SIDA, dia mety ho ilaina ao amin'ny fifanarahana ny lafiny mikasika ny fampiasana ny ankizy

# FAMPIANARANA 3

## Ny zon'olombelona sy ny SIDA

**TANJONA**: Manampy anao handalina ny fanambarana iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona

**ASA ATAO**: Vakio ny fanambarana iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona, ary misintona ny zo izay heverinao fa manan-danja amin'ny olana mikasika ny SIDA.

| Nomeraon'ny andalana | Inona ny zo ananana | Inona no maha zava-dehibe izany amin'ny olana mikasika ny SIDA? |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| | | |

**Fanamarihana**: Tokony hananana ny rijan-teny rehetra mikasika ny fifanarahana fototra mikasika ny zon'olombelona ho an'ity asa atao ity. Tokony ho afaka hanome izany ny Biraon'ny firenena mikambana ao amin'ny firenenao. Hita ao amin'ny tranokalan'ny sampan-draharaha miandraikitra ny zon'olombelona ao amin'ny firenena mikambana ihany koa izany.

## FAMPIANARANA 4

### Hevitra arovana mikasika ny zon'olombelona

TANJONA: Mahafantatra antony maha zava-dehibe ny zon'olombelona

ASA ATAO:Halalino ao amin'ny tarika misy anao ny hevitra voalaza eto ambany :
Miombon-kevitra amin'izany ve ianao sa tsia, ary lazao ny antony :

"Tsy azo ampiharina amin'ny firenena rehetra ny lalàna mikasika ny zon'olombelona 'Samihafa ny fomba nentim-paharazana sy ny kolon-tsaina amin'ireny fireenna ireny."

"Ny fanjakana no tompon'andraikitra amin'ny lalàna mikasika ny zon'olombelona. Tsy andraikitry ny mpampiasa sy ny sendika ny fampiharana izany."

"Rehefa ampiharina ny zon'olombelona, dia mitovy ary ara-drariny ny fomba fitondrana ny tsirairay."

"Tsy dia misy mampiavaka ny fifanarahana mikasika ny zon'olombelona amin'ny fiainana andavan'andro ao amin'ny toeram-piasana. Hevitra avoaka amin'ny fivoariana iraisam-pirenena fotsiny izany, izay toa tsara ny mihaino azy, kanefa tsy dia azo ampiasaina."

"Fototry ny lalàna sy ny politika eo amin'ny firenena ny zo iraisam-pirenena."

# FAMPIANARANA 5

## Fanenjehana sy fanavakavahana

TANJONA: Manampy anao hahafantatra ny atao hoe fanavakavahana.

ASA ATAO: Mizarà amin'ny tarika misy olona vitsivitsy.

Ao amin'ny tarika misy anao, jereo izay fomba nitondrana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA na voan'ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana Mety miainga amin'izay zavatra niainanao manokana izany,na koa izay zavatra tsikaritrao, na novakianao, na henonao.

Zarao amin'ny lisitra roa, ny iray mikasika ny fanenjehana, ary ny iray mikasika ny fanavakavahana.

Ampitahao amin'ny lisitra nataon'ny tarika hafa izany.

Omeo ao anatin'ny fehezan-teny vitsy ny dikan'ny fanenjehana sy ny fanavakavahana

**Fanamarihana**: Mety ilaina hanampy ny tarika ny tompon'andraikitra amin'ny fanamorana ny adihevitra. Ireto misy ohatra vitsivitsy omena:

- Olona voahilika ao amin'ny toeram-piasana noho ny SIDA.
- Olona tsy omena fiofanana sy fisondrotana amin'ny asa.
- Olona afindra toerana amin'ny asa ataony kanefa tsy misy antony ara-pahasalamana mazava.
- Voaenjika sy ataon'ny mpiara miasa anjorombala.
- Tsy omena tombontsoa amin'ny fitsaboana, ny tsy fiasana sy ny tombontsoa azon'ny fianakavian'ny maty.
- Anaovana fomba fitondrana tsy mitovy amin'ny mpiasa hafa izay manana olana ara-pahasalamana hafa.
- Tsy anaovana fanamborana manokana ao amin'ny.

Toeram-piasana, sahala amin'ny fiasana tapak'andro.

- Voaroaka amin'ny asa na dia mbola afaka manao izany tsara aza.

## FAMPIANARANA 6

# Tantaran'i Ravi

TANJONA: Manampy anao handinika ny fomba fisehon'ny fanavakavahana

ASA ATAO: aAmin'ny tarika misy anao, vakio ny tantaran'ni Ravi . Inona amn'ireo zo ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana mikasika ny SIDA no tsy nomena azy? Heverinao ve fa misy zo hafa tokony hananany tsy nomena azy . Lazao ny havitrao mikasika ny fanapahan-kevitry ny fitsarana

**Fanamarihana**: Azo ampiasaina ihany koa ny tantaran'ny olona hafa izay niharan'ny fanenjehana sy ny fanavakavahana

## FAMPIANARANA 7:
## Mila fanampiana I Mary

TANJONA: Manampy anao hieritreritra mikasika ny olana atrehin'ny mpiasa voan'ny SIDA.

ASA ATAO: Misy mpandray anjara iray asaina maka ny toeran'i Mary, ary ny iray maka ny toeran'ny tompon'andraikitra amin'ny fitantanana ny mpiasa.

Mandinika ny fizotran'ny fifandraisana ny mpiofana hafa, ary manambara ny heviny amin'ny farany.

**Mary:** Matin'ny SIDA vao tsy ela akory ny vadinao. Notereny ianao hanao firaisana tsy misy fiarovana, ary mety ho tao aorian'ny fotoana nifindran'ny aretina taminy izany.

Matahotra ny ho faty tsy ho ela koa ianao. Iza no hiahy ny zanakao? Ianao irery ihany no manana asa ara-dalàna ao amin'ny fianakavianao.
Manana fikasana hanao fitiliana ny aretina ianao, kanefa misalasala.

Manomboka misitaka anao ny mpiara miasa izay mahafantatra fa matin'ny SIDA ny vadinao. Mivoaka ny toerana fisakafoanana izy ireo rehefa miditra ianao, kanefa niaraka nisakafo ianareo hatramin'izay.

Nanapan-kevitra ny hanatona ny tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana ny mpiasa ao amin'ny sendika ianao. Mbola tsy tena niresaka tamin'izy ireo ianao teo aloha, ary kirikiriana ianao.

**Tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana ny mpiasa**:
Nangataka ny hihaona aminao i Mary. Fantatrao fa matin'ny SIDA vao tsy ela ny vadiny. Heverinao fa tonga hangataka ny fandoavana ny vola lany tamin'ny fandevenana izy.

**Fanamarihana**: Sarotra ity fampianarana ity, ary mila fitandremana ny fanaovana izany. Tsy misy olona tokony hoterena hipetraka eo amin'ny toeran'I Mary raha toa ka tsy azoazony izany.

Amin'ny tarika iray ahitana solontenan'ny mpitantana sy ny sendika, dia mety ho tsara ny mahita mpikambana amin'ny sendika maka ny toeran'ny mpikarakara ny mpiasa.

Ataovy hoe tsy lehilahy ohatra ny tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana ny mpiasa.

Jereo raha toa ka misy maha samihafa azy ny valin-teny omen'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny olana mianjady amin'I Mary.



## FAMPIANARANA 8

### Manaparitaka ny hafatra mikasika ny zon'olombelona

**TANJONA**: Manampy anao hieritreritra mikasika ny fanaparitahana ny hafatra mikasika ny zon'ny olona ifindran'ny otrik'aretina sy voan'ny SIDA.

**ASA ATAO**: Ao amin'ny tarika misy anao, dia manomàna tantara kely, na sary, na boky kely izay mampivoitra hevitra fototra iray na roa avy ao amin'ny fizarana faha efatra amin'ny fitsipi-pifampifehezana.

**Fanamarihana**: Ampiasao ny penina miloko. Apetaho amin'ny rindrina ny sary, ary ataovy ny latsa-bato hahitana izay tsara indrindra. Manaova toa izany koa mikasika ny tantara.

# FAMPIANARANA 9

## Mampihatra ny fitsipi-pifampifehezana ao amin'ny toeram-piasana

**TANJONA**: Manampy anao hamolavola ny fampiharana ny fitsipi-pifampifehezana.

**ASA ATAO**: Ao amin'ny tarika misy anao, eritrereto izao toe-javatra izao:

Nanontanian'ny Filan-kevi-pitantanana ianao raha toa ka manaja ny lalàna mikasika ny zon'olombelona amin'ny olona voan'ny SIDA ny orinasa misy anao.
Amin'ny firenena ahitana salan'isa ambony mikasika ny olona voan'ny aretina no misy ny toeram-piasanao. Diniho ny fepetra voalaza ao amin'ny fizarana faha 4, ary jereo:

1. Ny lafiny heverinao fa manan-danja indrindra izay tsy anajan'ny orinasa ny hevitra fototra;

2. Ny asa tokony hataon'ny orinasa mba hanajana izany;

3. Ahoana no heverinao fa tokony hampandraisana anjara ny mpiasa amin'ny fanovana, ary iza ny fikambanana hafa heverinao fa tokony hanome fanampiana.

**Fanamarihana**: Natao ho an'ny tarika misy ny mpampiasa ity, na dia mety ho tsara ihany koa aza ny fanaovan'ny sendika ity fampianarana ity.

## FAMPIANARANA 10

### Tsy mijanona eo am-bavahadin'ny toeram-piasana ny zo

TANJONA: Manampy anao hieritreritra mikasika ny fampiharana ny fitsipika any ivelan'ny toeram-piasana

ASA ATAO: Diniho ao amin'ny tarika misy anao izao toe-javatra izao:

Mpikambana ao amin'ny komity misolo tena ny mpiasa ianao ao amin'ny toeram-piasana. Ny sampan'ny sendika misy anao no manana fandaminana tsara indrindra ao an-tanàna  Maro ny fandresena azonareo tamin'ny ady natrehinareo teo aloha ary voninahitra ho azy ny manampy ny fivondronan'ny mpiasa hafa.

Nifampiraharaha tamin'ny mpitantana mikasika ny politika tokony hampiharina momba ny SIDA ianao.

Misy mpivaron-tena nanatona anao, izay maniry ny hanangana fikambanana mba hifanampiany, amin'izay dia mba afaka ny mitaky ny fampiasana kapaoty amin'ireo izay miaraka aminy izy ireo, ary mba tsy ho enjehin'ny polisy intsony.

Noho ny laza ananan'ny sendika misy anao, dia nanantona anao izy ireo nangataka torohevitra sy fanampiana.

Mivory ny komity mandinika ny valin-teny homena

Manambady ny ankamaroan'ny olona ao aminareo

**Fanamarihana**: Natao ho an'ny vondron'ny sendika ity. Tsara kokoa raha toa ka tarika efa matoky tena, miara miasa, ary mifandray tsara amin'ny mpitarika no ampiharana ity fanazarana ity. Mila fitandremana anefa izy ity. Azo raisina ho toy ny fandinihana toe-javatra niainan'ny olona, na sarisarin'anjara toerana/asa. Tadidio anefa fa mety hampiteny bebe kokoa ny fo ny sarintsarin'anjara andraikitra

I. Ny fifanarahana fototry ny Fikambanana iraisam-pirenena misahan ny asa
II. Ny fanambaran'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny hevitra fototra sy ny zo eo amin'ny asa sy ny fanaraha-maso izany
III. Ny fifanarahana N° 111
IV. Ny Lalàna ao Philippines mikasika ny SIDA /VIH

# I. Ny fifanarahana fototry ny fikambanana iraisam-pirenena

Ny fifanarahana fototra na fitsipika fototra mikasika ny asa dia entina manondro ny fifanarahana valo izay mamaritra ny zo fototra ananana eo amin'ny asa. Manan-danja manokana ny fifanarahana N°111 amin'ny fiatrehana ny olana mikasika ny SIDA.

Ireto avy ny fifanarahana fototra valo:

- **Fifanarahana mikasika ny asa an-terivozona, 1930 (No.29)**
  Natao mba hanafoanana ny endriky ny asa an-terivozona rehetra. Misy lafiny dimy tsy manaraka izany: ny raharaha miaramila izay tsy maintsy atao; ny adidy ara sivily sasany; ny asa any am-pigadrana vokatry ny fanamelohan'ny fitsarana; ny asa atao amin'ny fotoana isian'ny hamehana sy ny loza, ohatra ny ady, ny horohorontany, ny afo, ary ny asa iombonana madinidinika.

- **Fahafahana manangana sy miditra ho mpikambana amin'ny fikambanana, 1948 (No.87)**
  Miantoka ny fanalana ny fihetsika manavakavaka ny sendika ary miaro ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa amin'ny fameran'ny fahefam-panjakana ny asany.

- **Fahafahana manana fandaminana sy manao fifampiraharahana iombonana (No.98)**
  Miaro ny mpiasa izay mampiasa ny zony amin'ny fahafahany manana fikambanana; manohana ny foto-kevitra mikasika ny tsy isian'ny fifampidirana amin'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, ary mamporisika ny fanaovana fifanarahana iombonana an-tsitrapo.

- **Fifanarahana mikasika ny fanaramana mitovy, 1951 (No.100)**
  Manoritra ny hevitra fototra amin'ny fampitoviana ny karama omena ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny asa atao mitovy . Mahakasika ny fanomezana karama ataon'ny mpampiasa ho an'ny asa ataon'ny lehilahy sy ny vehivavy izany. : ny vatan-karama sy ny fanampiny, na mivantana na an-kolaka, na lelavola na tombontsoa raisina mivantana

- **Fifanarahana mikasika ny fanafoanana ny asa an-terivozona, 1957 (No.105)**
  Mikendry ny fanafoanana ny endriky ny asa an-terivozona rehetra amin'ny fanaovana izany ho fitaovana fanasaziana ara politika na ara-pitaizana; na koa amin'ny fanehoan-kevitra ara-politika; fanangonana herintsandy; fifehezana amin'ny asa; fanasaziana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fihetsiketsehana fitokonana; fampisehoana ny fanavakavahana ara-pirazanana, ara-sosialy, ara-pivavahana

- **Fifanarahana mikasika ny fanavakavahana amin'ny asa sy ny asa atao, 1958 (No.111 )**
  Miaro amin'ny zo ananana amin'ny fiampitoviana nyfitondrana eo amin'ny asa. Manamora ny fandrafetana politika natao hanafoanana ny fanavakavahana rehetra ara-pirazanana, volon-koditra, ny maha lahy na vavy, hevitra ara politika, sokafy misy ara-piaraha-monina.

- **Fifanarahana mikasika ny taona farany kely azo iasana , 1973 (No.138 )**
  Mitaky amin'ny fanjakana ny hampiharana politika manafoana ny fampiasana ankizy. Mametra ny taona farany kely amin'ny fampiasana ankizy mba hahafahan'izy ireo mivelatra ara-batana sy ara-tsaina alohan'ny hidirany eo amin'ny sehatry ny asa

- **Fifanarahana mikasika ny endrika ratsy indrindra isehoan'ny fampiasana ny ankizy (No.182)**
  Mamaritra ny endrika ratsy indrindra isehoan'ny fampiasana ny ankizy sahala amin'ny fanandevozan, azy ireo, ny asa an-terivozona, ny fanandevozana noho ny trosa, ny fivarotana ankizy, ny fivarotan-tena, ny fampiasana azy ireo amin'ny sary tsy mendrika amin'ny firaisana ara-nofo , sy ny endrika hafa isehoan'ny fanambakana azy ireo. Mitaky ny fandraisana fepetra mahomby amin'ny fandrarana sy ny fanafoanana maika an'izany ny fifanarahana

## II. Ny fanambaran'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny hevitra fototra mikasika ny asa sy ny fanaraha-maso izany

Tamin'ny taona 1998, dia nandany ny fanambarana ny hevitra fototra mikasika ny asa sy ny fanaraha-maso izany ny fivoriam-be iraisam-pirenena mikasika ny asa. Manaiky ny fanambarana fa ny fanjakana mpikambana rehetra dia manana adidy hanaja, hampiroborobo ary hampihatra ny hevitra fototra mikasika ny zo ao amin'ny fifanarahana fototra, araka izay mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenan'ny tany tsirairay. Toa izao ny andininy telo voalohany amin'izany:

*Ny fivoriana iraisam-pirenena mikasika ny asa dia ,*

1. *Mampahatsiahy:*

*(a) fa amin'ny fidirana an-tsitrapo ho mpikambana ao amin'ny fikambanana, ny firenena mpikambana rehetra dia manaiky ny hevitra fototra sy ny zo voafaritra ao amin'ny Lalam-panorenana sy ny fanambarana natao tany Filadelfia, ary manaiky hiasa mba hahatratrarana ny tanjona ankapoben'ny fikambanana araka izay tratrany*

*(b) fa ireo hevitra fototra ireo dia voamarika amin'ny maha zo sy adidy azy ao amin'ny fifanarahana izay ekena ho mana-danja ao anatiny sy ivelan'ny fikambanana*

2. *Manambara fa ny mpikambana rehetra, na dia ireo izay tsy nanao sonia ny fifanarahana aza, dia manana adidy, amin'ny maha mpikambana azy, hampiroborobo araka izay mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana, ny hevitra fototra mikasika ny zo fototra izay anaovana ireo fifanarahana ireo , indrindra:*

*(a) Ny fahafahana manorina fikambanana sy ny fanekena ny zo amin'ny fanaovana fifanarahana iombonana*

*(b) ny fanafoanana ny asa an-terivozona amin'ny endriny rehetra*

*(c) ny fanafoanana ny fanavakavahana amin'ny asa*

3. *Manaiky ny andraikitry ny fikambanana amin'ny fanampiana ny mpikambana, araka izay tadiaviny, amin'ny fanaovana ezaka hahatratrarana ireo tanjona ireo amin'ny alalalan'ny fampiasana ny fitaovana sy ny vola ananany, ary anisan'izany ny fitadiavana sy fampiasana fitaovana sy vola ivelan'ny fikambanana, ary koa ny famporisihana ny fikambanana iraisam-pirenena hafa izay ananan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa fifandraisana, hanampy amin'izany ezaka izany:*

*(a) amin'ny alalan'ny fanolorana fiaraha-miasa ara-teknika sy toro hevitra mba hanitarana ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana sy ny fampiharana ny fifanarahana.*

*(b) Amin'ny alalan'ny fanampiana ireo firenena mpikambana izay mbola tsy afaka nanao sonia ny fifanarahana, na ny ampahany amin'ny fifanarahana, mba hampiroborobo sy hampihatra ny hevitra mikasika ny zo fototra anaovana ny fifanarahana, ary*

*(c) amin'ny alàlan'ny fanampiana ny mpikambana mba hisian'ny tontolo manodidina manamora ny fampandrosoana ny ara toe-karena sy ara sosialy.*

Ny andry mpanara-maso ao amin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa dia manome ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny fampiharana ny fifanarahana amin'ny firenena nanao sonia izany. Ho an'ireo izay tsy nanao sonia, dia mitondra fanampiana lehibe ny fanambarana. Angatahina amin'ny firenena tsy nanao sonia ny fifanarahana fototra ny fanaovana tatitra mikasika ny fivoaran'ny fampiharana ny hevitra fototra voalaza ao amin'ny fifanarahana. Ahafahan'ireo firenena ireo mandinika akaiky ny sakana amin'ny fanaovan-tsonia izany.

Ankoatr'izany, dia misy tatitra ankapobeny omanina isan-taona, izay mifantoka amin'ny zo fototra efatra ary izay atolotra ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

Ireto avy ny tatitra voalohany natao tamin'izany:

- 2000: Fahafahana manorina fikambanana
- 2001: ny fanafoanana ny endrika rehetra isehoan'ny asa an-terivozona
- 2002: ny fampiasana ny ankizy
- 2003 : Ny fanafoanana ny fanavakavahana

Miverimberina ny fanaovana ireo tatitra ireo.

## III. Fifanarahan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa N°111

**Fifanarahana mikasika ny fanavakavahana amin'ny asa, 1958**

Ny fivoriamben'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa,
Izay nantsoin'ny Filan-kevi-pitantanana hanatanteraka ny fivoriam-be faha 42 tamin'ny 04 Jiona 1958, ary

Nanapa-kevitra amin'ny fandaniana ny tolo-kevitra sasany mikasika ny fanavakavahana eo amin'ny sehatry ny asa, izay anisan'ny antony fahefatra niantsoana ny fivoriana, ary

Nametraka fa ireo soso-kevitra ireo dia homena endrika fifanarahana iraisam-pirenena, ary

Mihevitra fa hita ao min'ny fanambarana tany Philadelphia fa ny olombelona rehetra dia manana zo hitady fiainana tsara koka sy fivelarana ara-tsaina ao anatin'ny fanajana ny maha olona azy sy fahafahany, filaminana amin'ny fiharian-karena sy fitoviana amin'izany, ary izany dia tsy miankina amin'ny firazanany, ny finoany, ny maha lahy na vavy,
ary

Mihevitra fa ny fanavakavahana dia fanosihosena ny zo voalaza ao amin'ny Fanambarana iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona,

Dia mandany izao fifanarahana manaraka izao, androany 25 Jiona 1958, izay antsoina hoe fifanarahana mikasika ny fanavakavahana:

**Andininy voalohany**

1. Amin'ity fifanarahana ity, ny teny hoe fanavakavahana dia mahafaoka –
(a) ny fanavakavahana rehetra, fanilihana mifantoka amin'ny firazanana, volon-koditra, ny maha lahy na vavy, ny fivavahana, ny hevitra ara politika, ny sokajy misy eo amin'ny fiaraha-monina, izay tsy mampisy fitoviana eo amin'ny asa atao
(b) Ny fanavahana, fanilihana na fiangarana hafa izay miteraka tsy fitoviana eo amin'ny asa araka izay amaritan'ny firenena mpikambana azy rehefa avy nakana hevitra tamin'ny solontenan'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa.

2. Ny fanavakavahana, fanilihana amin'ny asa iray voafaritra mazava izay ilaina manokana amin'io asa io dia tsy heverina ho toy ny fanavakavahana
3. Amin'ity fifanarahana ity, ny teny hoe asa na asa atao dia mahafaoka ny fiofanana amin'ny asa, ny fahafahana mahazo asa, ny fepetra anatanterahana ny asa

**Andininy faha 2**

Ny mpikambana rehetra izay iharan'ity fifanarahana ity dia manaiky ny hanambara sy hanatanteraka politika izay mampivelatra, araka izay amin'ny fomba mifanaraka amin'ny zava-misy sy ny fomba fanao eo amin'ny firenena, ny fitoviana amin'ny asa mba hanafoanana ny fanavakavahana amin'izany.

**Andininy faha 3**

Ny mpikambana rehetra izay iharan'ity fifanarahana ity, dia manaiky, araka izay mifanaraka amin'ny zava-misy sy ny fomba fanao eo amin'ny firenena

(a) Mijery izay fomba hisian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa sy ny fikambanana hafa amin'ny fampanekena ity politika ity;

(b) Hamoaka lalàna sy hampiroborobo tetik'asa fanabeazana izay manamafy ny fampanekena ity tetik'asa ity;
(c) Hanafoana ny Lalàna na hanova ny toro marika ara-panjakana izay mifanohitra amin'ity politika ity;
(d) Hanatanteraka politika izay manaja ny fampiasana olona eo ambany fanaraha-mason'ny fahefana eo an-toerana;
(e) Hanao izay hanajana ny politika amin'ny asa fampiofanana, fampidirana olona miasa eo ambany fanaraha-mason'ny fahefana eo an-toerana;
(f) Hilaza ao amin'ny tatitra atao isan-taona ny fomba nampiharana ny fifanarahana amin'ny fanatanterahana ny politika sy ny vokatr'izany.

**Andininy faha 4**

Ny fepetra ampiharina amin'ny olona iray izay heverina fa tafiditra amin'ny asa manohina ny filaminam-pirenena dia tsy raisina ho toy ny fanavakavahana, kanefa manan-jo hiaro tena eo anatrehan'ny andrim-panjakana misahana izany.ny olona voakasik'izany

**Andininy faha 5**

1.Tsy raisina ho toy ny fanavakavahana ny fepetra fiarovana na fanampiana manokana atao ho an'ny fifanarahana na ny toro marika nakatoavina amin'ny Fivoriam-be iraisam-pirenena mikasika ny asa.
2.Ny mpikambana rehetra, rehefa avy nifampidinika amin'ny solontenan'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, dia mamaritra ny fepetra manokana mba hanatanterahana ny fiarovana na fanampiana manokana olona iray, izay tsapa fa mila fiarovana manokana na fanampiana noho ny taonany, ny maha lahy na vavy azy, ny kilemany, ny andraikiny eo amin'ny fianakaviana, ny toerana misy azy eo amin'ny fiaraha-monina na eo amin'ny fihariana, ary izany dia tsy raisina ho toy ny fanavakavahana.

**Andininy faha 6**

Ny mpikambana rehetra izay manao sonia ity fanambarana ity dia manaiky ny fampiharana azy any amin'ny toerana ivelan'ny renivohitra araka izay mifanaraka amin'ny fepetra voalaza ao amin'ny fampijoroana ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

**Andininy faha 7**

Ny fanaovan-tsonia amin'ny fomba ofisialy ity fifanarahana ity dia hampahafantarina ny Tale Jeneralin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

**Andininy faha 8**

1.Mamatotra ny mpikambana ao amin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa izay nanao sonia ary voarakitra ao amin'ny Fitantanana ity fifanarahana ity
2.Manan-kery ity fifanarahana ity, roa ambiny folo volana aorian'ny nandraketana ny sonian'ny mpikambana roa amin'ny Fitantanana
3.Rehefa avy eo, dia manan-kery amin'ny mpikambana rehetra ity fifanarahana ity, roa ambiny folo volana aorian'ny nandraiketana ny soniany ao amin'ny Fitantanana.

**Andininy faha 9**

1.Ny mpikambana izay nanao sonia ny fifanarahana dia afaka manafoana izany rehefa afaka folo taona:aorian'ny fotoana nampanan-kery voalohany ny fifanarahana, amin'ny alalan'ny taratasy an-tsoratra alefa amin'ny Tale Jeneralin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mba handraketana izany. Izany fanafoanana izany dia tsy manan-kery raha tsy iray taona aorian'ny fotoana nandraketana azy
2.Ny mpikambana rehetra izay nanao sonia ny fifanarahana ary tsy nanafoana izany iray taona aorian'ny folo taona voalaza etsy ambony , dia voafatotry ny fifanarahana amin'ny folo taona manaraka, ary tsy afaka manafoana izany raha tsy amin'ny fotoana ahataperan'ny folo taona voalaza amin'ity andininy ity.

**Andininy faha 10**

1.Mampahafantatra ny mpikambana rehetra ny fandraketana sy ny fanafoanana voarainy avy amin'ny mpikambana ny Tale Jeneralin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

2.Rehefa mampahafantatra amin'ny mpikambana ny fandraketany ny fanaovan-tsonia faharoa voarainy ny Tale Jeneraly, dia misintona ny sain'ny mpikambana amin'ny fotoana mampanan-kery ny fifanarahana.

**Andininy 11**

Ampahafantarin'ny Tale Jeneralin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena mikambana mba handraketany izany, araka ny andininy 102 ao amin'ny Satan'ny firenena mikambana, ny antsipiriany mikasika ny fanaovan-tsonia sy ny fanafoanana rehetra voarakitra ao aminy araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy voalaza etsy ambony.

**Andininy 12**

Araka izay fotoana heveriny fa ilana izany, dia manao tatitra amin'ny fivoriambe mikasika ny fomba ampiasana ny fifanarahana ny Filan-kevim-pitantanana ny Fikambanana, ary mandinika ny tokony hampidirina na tsia ao amin'ny zavatra hodinihina ao amin'ny fivoriana ny fanovana na fanoloana tanteraka ny fifanarahana

**Andininy 13**

1.Raha toa ka mandany fifanarahana vaovao manova ity fifanarahana ity, na amin'ny ampahany na izy manontolo ny fivoriana, raha tsy misy zavatra mifanohitra amin'izany voalaza ao amin'ny fifanarahana vaoao:

a).Ny fisonivan'ny mpikambana iray ny fifanarahana nasiam-panovana dia mitarika fanafoanana ny fifanarahana teo aloha, na dia eo aza izay voalaza ao amin'ny andininy faha 9, raha toa, ary rehefa manan-kery ny fifanarahana vaovao nasiam-panovana.
b).Amin'ny fotoana mampanan-kery ny fifanarahana vaovao, dia mitsahatra ny fahafahana manao sonia ity fifanarahana ity.

2.Na ahoana na ahoana, dia mijanona manan-kery ity fifanarahana ity amin'ny endriny amin'izao fotoana izao ho an'ny mpikambana izay nanao sonia izany, ary tsy nanao sonia ny fifanarahana vaovao.

**Andininy 14**

Samy manan-kery ny dikan-teny amin'ny teny anglisy sy teny frantsay.

## IV. Ny Lalàna mikasika ny Sida any Philippines

GAZETIM-PANJAKAN'I PHILIPPINES
Lalànan'ny Repoblika No 8504

Lalàna mamaritra ny politika sy ny fepetra amin'ny fisorohana sy famefena ny SIDA any Philippines. Mametraka tetik'asa fitaizana sy fampahalalàm-baovao mikasika ny SIDA eo amin'ny sehatry ny firenena. Mametraka ihany koa rafitra fanaraha-maso. Manamafy ny Komitim-pirenena misahana ny SIDA.

Fizarana 1 – Ity Lalàna ity dia antsoina hoe "Lalàna momba ny fisorohana sy famefena ny SIDA"

Fizarana 2- *Fanambarana ny politika* -Ny SIDA dia aretina tsy mahalala fizaran-tany, fizarana ara politika, sosialy, ara toe-karena , ary tsy misy fanafodiny. Mitaky asa goavana avy amin'ny Fanjakana ny loza manambana.

a).Ataon'ny Fanjakana izay hahafantaran'ny olona ny antony, fomba fisorohana, famefena ny aretina amin'ny alalan'ny tetik'asa fampahafantarana sy fanabeazana eo amin'ny sehatry ny firenena ary eo ambany fitarihan'ny Fanjakana. Izany hetsika izany dia manome lanja ny fampiofanana, mampiasa ny fomba fijery izay eken'ny siansa, ary mifantoka amin'ny fianakaviana amin'ny maha vondrom-piaraha-monina azy, ary tanterahina any an-tsekoly sy amin'ny toeram-piofanana rehetra, any amin'ny ny toeram-piasana sy eo anivon'ny fiaraha-monina. Mahakasika ny olona sy ny vondron'olona voan'ny aretina sy ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA ity tetik'asa ity.
b).Sahanin'ny fanjakana ny fiarovana ny zo sy ny fahafahan'ny olona izay ahiana na fantatra fa voan'ny aretina. Amin'izany dia:

(1) Heverina fa tsy ara-dalàna ny fanerena amin'ny fanaovana fitiliana, raha tsy misy fepetra mifanaraka amin'izany amin'ity Lalàna ity
(2) Arovana ny zo ananana amin'ny tsiamabaratelon'ny fiainan'ny tena manokana.
(3) Ny fanavakavahana, na mivantana izany na an-kolaka, dia heverina ho tsy mifanaraka amin'ny tombontsoan'ny tsirairay sy ny tombontsoam-pirenena.
(4) Ilaina ny fitsaboana sy ny asa fanampiana ara sosialy ho an'ny olona voan'ny SIDA

c).Ataon'ny fanjakana izay hampitoborobo ny fisorohana amin'ny sehatra izay mety mora ifindran'ny otrik'aretina

d).Ataon'ny fanjakana izay hijerena ny fomba rehetra hamongorana ny toe-javatra izay manamora ny fihanaky ny aretina, ary tafiditra amin'izany ny fahantrana, ny tsy fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy, ny fanaovana sokajin'olona anjorombala, ny fidorohana zava-mahadomelina sy ny tsy fahalalana.

e).Eken'ny Fanjakana fa manana andraikitra amin'ny fanazavana sy ny fampitana hevitra fitaizana mikasika ny SIDA ny olona voan'ny aretina, ary afaka mampiasa ny zavatra niainany mikasika ny aretina mba hampitandremana ny rehetra.

Fizarana 3 - *Famaritana dikan-teny* – Araka izay ampiasana izany amin'ity Lalàna ity, dia voafaritra ho toa izao ny dikan'ireto teny ireto:

*a).SIDA*- Toe-javatra miavaka amin'ny fisian'ny fambara, izay vokatry ny otrik'aretina azo avy amin'ny olona hafa izay manafika sy mampalefaka ny fiarovana ao amin'ny vatana, ary mahatonga ny olona ifindrany ho mora voan'ny aretina mahafaty hafa.

*b).Fitiliana tsy amantarana olona*- entina milaza ny fitiliana izay tsy anambaran'ny olona anaovana izany izay mikasika azy. Misy fomba maromaro azo atao mba hanoloana ny anaran'ny olona, na amin'ny alalan'ny nomerao, na famantarana, ary ahafahan'ny ny laboratoara manao ny fitiliana mamantatra izany.

*c).Fanerena amin'ny fanaovana fitiliana* – entina milaza ny fitiliana izay anerena olona amin'ny alalan'ny fampanekena tsy sazoka azy, fampiasana herisetra, fandrahonana na fomba fanerena hafa.

*d).Famantarana fifampikasohana* – entina milaza ny fomba ahitana na anomezana torohevitra ny olona manao firaisana amin'ny olona iray izay fantatra fa mitondra areti-mifindra amin'ny firaisana ara-nofo.

*e).HIV*- entina milaza ny otrik'aretina mahatonga ny SIDA

*f).Fanaraha-maso ny SIDA*- Entina milaza ny fikarohana sy ny fandinihana ny fomba fifindrany sy ny fomba fihanaky ny aretina

*g).Fisorohana sy famefena ny SIDA*- entina milaza ny fepetra raisina hiarovana ny olona mba tsy hifindran'izany ary koa mba hanalefahana ny fiantraikany amin'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA

*h).Ahitana ny HIV* – entina milaza ny fisian'ny otrik'aretina izay porofoin'ny fisian'ny HIV amin'ny rà nalaina na koa ny fiarovana amin'ny otrik'aretina.

*i).Tsy ahitana HIV*- milaza ny tsy fisian'ny HIV

*j).Fitiliana ny HIV* - entina milaza ny asa sy fizahana atao amin'ny olona any amin'ny laboratoara mba hamantarana ny fisiana na tsy fisian'ny fifindran'ny otrik'aretina.

*k).Fifindran'ny otrik'aretina*- entina milaza ny famindrana ny otrik'aretina avy amin'ny olona iray mitondra ny otrik'aretina amin'ny olona iray tsy mitondra izany, izay matetika amin'ny alalan'ny firaisana ara nofo, famindrana rà, fitsindronana amin'ny fanjaitra na amin'ny fotoana itondrana vohoka.

*l).Fitondran-tena tena atahorana*-entina milaza ny fanaovan'ny olona asa matetika izay manamora ny fifindran'ny aretina

*m).Fanekena aorian'ny fampahafantarana*- entina milaza ny faneken'ny olona iray an-tsitrapo ny fanaovana fitiliana, rehefa nampahafantarina azy izay rehetra tokony ho fantany, na an-tsoratra na am-bava na an-kolaka.

*n).Tsiambaratelo ara-pahasalamana*-entina milaza ny fifandraisana sy ny fifampitokisana misy eo amin'ny marary sy ny dokotera, mpitsabo mpanampy, teknisianina ara-pahasalamana sy ny mpiasan'ny fahasalamana hafa izay miandraikitra ny fanoroan-kevitra, fitiliana, fiahiana ny marary; mihatra koa izany ho an'ny olona hafa izay, noho ny toerana misy azy, dia mahalala izany tsiambaratelo izany.

*o).Olona mitondra ny otrik'aretina*- entina manondro olona izay nahitana tamin'ny fitiliana natao taminy, fa mitondra ny otrik'aretina izy.

*p).Torohevitra alohan'ny fitiliana* –entina milaza ny fampahalalàna rehetra atao mikasika ny lafiny ara-pahasalamana rehetra mikasika ny SIDA, ary koa ny mikasika ny fiantraikan'ny fitiliana ara-tsaina sy amin'ny fihetseham-po, ary mikasika ny mety ho valin'ny fitiliana alohan'ny hanatanterahana izany aminy.

*q).Torohevitra aorian'ny fitiliana* –entina milaza ny fampahafantarana atao mikasika ny fampihenana ny mety hifindran'ny aretina sy ny fanohanana ara-tsaina olona anaovana fitiliana amin'ny fotoana amoahana ny valin'ny fitiliana.

*r).Momba ny fiarovana amin'ny aretina*- entina miresaka ny fomba na fitaovana entina miaro amin'ny aretina.

*s).Areti-mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara nofo* - entina miresaka ny aretina izay azo na mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara nofo.

*t).Fitiliana an-tsitrapo* –entina miresaka ny fitiliana atao amin'ny olona iray izay manaiky ny hanaovana izany aorian'ny torohevitra alohan'y fitiliana.

*u).Fotoanan'ny varavarana misokatra* - Entina miresaka ny fotoana, matetika maharitra roa herinandro ka hatramin'ny enim-bolana, izay mety hamindran'ny olona mitondra ny otrik'aretina amin'ny hafa, kanefa tsy nahitana izany tamin'ny fitiliana.

**Andininy I**
**Fitaizana sy fampahalalàna**

Fizarana 4 - Ny fampianarana ny SIDA any an-tsekoly.- Ny Departemantan'ny Fampianarana, kolon-tsaina sy Fanatanjahan-tena sy ny fanabeazana ara-teknika, izay mampiasa ny vaovao ofisialy avy amin'ny Ministeran'ny Fahasalamana, dia mampiditra ny antony, fomba fifindrany sy ny fomba isorohana ny ny areti-mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo, amin'ny fampianarana atao amin'ny sekolim-panjakan sy sekoly tsy miankina amin'ny ambarotonga voalohany, faharoa, ambony, ary tafiditra amin'izany ny fampianarana nentim-paharazana sy ny fampianarana tsy ofisialy hafa. Raha toa ka tsy azo atao na tsy mety ny fampianarana mikasika ny Sida, dia manomana lohahevitra mikasika ny fiarovana sy ny famefena ny SIDA ireo Departemanta ireo. Izany anefa dia tsy natao hanamarinana ny fanitarana ny famerana ny fiterahana sy ny fivarotana fitaovana famerana ny fiterahana; raha toa ihany koa ka tsy mampiasa fitaovana mibaribary amin'ny firaisan ara nofo.

Azo atao ny fanamboarana ny votoatin'ny fampianarana, ny fomba fampianarana amin'ny ambaratonga isan-tokony, aorian'ny fifampidinihana amin'ny ray aman-dreny, ny mpampianatra, ny fikambanana eo an-tanana sy ny fikambanana amin'ny sekoly tsy miankina, ny tompon'andraikitra ofisialy amin'ny sekoly. Araka izany, dia tsy misy fampianarana azo omena ny ankizy tsy ampy taona, raha tsy misy filan-kevitra amin'ny ray aman-dreny, izay manaiky na tsia ny fampidirana ny votoantin'ny fampianarana aroso.

Ny mpampianatra sy ny mpampiofana rehetra dia tsy maintsy manao fiofanana na seminera mikasika ny fisorohana sy ny famefena ny SIDA alohan'ny hahazoany hampianarany izay arahin'ny DCES, CHED, sy ny CESD maso, ary arindra miaraka amin'ny Departemantan'ny fahasalamana.

Fizarana faha 5 - Ny fampahafantarana sy fampitam-baovao mikasika ny SIDA amin'ny maha asa mikasika ny fahasalamana azy –Anisan'ny asan'ny tompon'andraikitra amin'ny fahasalamana ny fanabeazana sy fampahalalàna ary fampitam-baovao mikasika ny SIDA. Amafisina ny fampahafantarana ny mpiasam-panjakana mba hahafahany manaparitaka amin'ny hafa ny fahalalany mikasika ny SIDA. Heverina ho anisan'ny adidin'ny tompon'andraikitra amin'ny sehatra tsy miankina koa izany, ary ahafahana manitsy ny hevi-diso miparitaka mikasika ny SIDA. Tafiditra amin'ny fanofanana ny tompon'andraikitra amin'ny fahasalamana ny adihevitra mikasika ny olana ara moraly amin'ny SIDA sahala amin'ny fanajana ny tsiambaratelo sy ny adidy tsy maintsy atao aimn'ny fitsaboana.

Fizarana 6 - Ny fanabeazana mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana. Ny mpampisa rehetra ao amin'ny fanjakana sy amin'ny sehatra tsy miankina, ny mpitantana orinasa, ny miaramila sy ny polisy dia tsy maintsy anaovana fampahafantarana sy omena toromarika mikasika ny fanajana ny tsiambaratelo ao amin'ny toeram-piasana sy ny fihetsika tokony hatao eo anatrehan'ny olona mpiasa sy ny mpampiasa voan'ny SIDA.

Ny sampan-draharaha misahana ny asa, miaraka amin'ny sampan-draharaha misahana ny fahasalamana no manara-maso ny hetsika fanentanana amin'ny orinasa tsy miankina rehetra, ary ny tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny tafika sy ny tompon'andraikitra ao amin'ny programa mikasika ny mponina no misahana ny fanaovana izany amin'ny sehatra hafa.

Fizarana 7 - Ny fanabeazana mikasika ny SIDA ho an'ny teratany filipiana mivoaka ivelan'ny firenena. Ataon'ny fanjakana izay hanatanterahana seminera mikasika ny antony, fisorohana sy fiantraikan'ny SIDA ho an'ny mpiasa, tompon'andraikitra amin'ny asa mikasika ny raharaham-bahiny, miaramila filipianina alohan'ny hanendrena azy ireo hanao asa ivelan'ny firenena. Ny sampan-draharaha misahana ny asa ao amin'ny Departemantan'ny raharaham-bahiny, ny Departemanta misahana ny fizahan-tany sy ny Departemantan'ny Fifindra-monina ao amin'ny Departemenan'ny Fitsarana no misahana ny fanatanterahana izany.

Fizarana 8 - Hetsika fampahafantarana ny lalàna ho an'ny mpizaha tany sy ny mpivezivezy. – Manome fitaovana fampahalalàna mikasika ny fomba fifindrany, ny fisorohana, ny fiantraikan'ny SIDA hampiasana any amin'ny seranam-piaramanidina ny Departemantan'ny fizahan-tany, ny Departemantan'ny raharaham-bahiny, ny Departemantan'ny Fitsarana, ny sampan-draharaha misahana ny fifindra-monina ao amin'ny Departementan'ny Fitsarana, ary izany asa izany dia arindra miaraka amin'ny Departemenatan'ny Fahasalamana.

Fizarana 9 - Ny fanabeazana mikasika ny SIDA ao anivon'ny fiaraha-monina - Manatanteraka ny asa fanabeazana sy fampahalalàna mikasika ny SIDA ny sampan-draharaha isan-sokajiny eo an-toerana: Ny Governoran'ny Faritany, ny Ben'ny tanana no mandrindra izany hetsika izany miaraka fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, sy ny fikambanana miara miasa amin'ny fiangonana.

Fizarana 10 - Fampahalalàna mikasika ny fiarovana amin'ny aretina: Misy fampahalalàna mikasika ny aretina ampiarahina amin'ny fitaovam-piarovana zaraina na amidy. Atonta amin'ny teny anglisy na filipianina ny boky mikasika ny fampiasana ny fitaovam-piarovana, ny mampahomby izany amin'ny ady atao amin'ny SIDA sy ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo , sy ny maha zava-dehibe ny tsy fanaovana firaisana ara nofo amin'ny olona maro.

Fizarana 11 - Fanasaziana ny fampielezana vaovao diso: Ny fampielezana vaovao diso mikasika ny fisorohana sy famefena ny SIDA, amin'ny alalan'ny fanaovana dokam-barotra diso, fivarotana fanafody na fitaovana izay tsy nahazoana alalana tamin'ny Sampan-draharaha misahana ny fahasalamana, sy ny sampan-draharaha misahana ny fanafody sy ny sakafo, ary izay ambara fa mahasitrana ny SIDA, dia azo anomezana sazy figadrana roa volana ka hatramin'ny roa taona, miaraka amin'izay mety ho fandoavana lamandy, fampiantoana amin'ny asa sy fanasaziana ara-panjakana hafa.

**Andininy II**
**Fomba fanao ara-pahasalamana azo antoka**

Fizarana 12 - Ny zavatra takiana amin'ny fanomezan-drà, sela na taova – Tsy misy laboratoara mahazo alalana handray rà, sela na taova, na fanomezana na vidim-bola, raha tsy voaporofo fa tsy atahorana hamindra ny aretina ny fanaovana izany. Ny fanomezan-drà rehetra dia tsy maintsy anaovana fitiliana Azon'ny havan'ny olona anaovana izany famindrana rà, sela na taova izany atao ny fangatahana fanaovana fitiliana fanindroany, raha tsy misy hamehana, ary raha toa ka ilaina amin'ny fikarohana ny fanaovana izany famindrana rà, sela na taova izany.

Fizarana 13 - Toromarika mikasika ny fandidiana - Mamoaka toromarika mikasika ny fepetra tokony horaisina hisorohana ny fifindran'ny otrik'aretina amin'ny fandidiana, fanalana nify na fanindronana ny tena ny Departemanta mikarakara ny fahasalamana, miaraka amin'ny fikambanana hafa misahana ny fahasalamana. Mamoaka fepetra mikasika ny fikarakarana faty sy mikasika izay taova ariana mikasika ny olona mitondra ny otrik'aretina ihany koa ny Ministeran'ny Fahasalamana.

Omena ny mpitsabo sy ny tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana ny fahasalamana rehetra ny fitaovam-piarovana  sahala amin'ny fonon-tanana, solomaso.

Fizarana 14 - Fanasaziana ny fomba fanao ara-pahasalamana tsy mifanaraka amin'ny fisorohana – Ny tompon'andraikitra tsy manaraka ny fepetra rehetra ilaina amin'ny fisorohana ny fifindran'ny aretina dia azo omena sazy figadrana enin-taona ka hatramin'ny 12 taona, izay azo ampiarahina amin'ny fanasaziana ara-panjakana hafa sahala amin'ny fandoavana lamandy, fampiantoana amin'ny asa, fisintonana ny fahazoan-dalana sy faneken'ny hopitaly, laboratoara manatanteraka ny asa iandraiketana, araka izay voalaza ao amin'ny Fizarana faha 13 amin'ity Lalàna ity.

**Andininy III**
**Fitiliana sy fanomezana torohevitra**

Fizarana 15 – Ny fanekena hanaovana fitiliana – Tsy misy fanerena azo atao amin'ny fanaovana fitiliana. Ataon'ny fanjakana izay hamporisihana ny fanaovan'ny olona atahorana fa hifindran'ny otrik'aretina fitiliana, ary tsy maintsy nanaovana fanekena an-tsoratra izany. Izany fanekena an-tsoratra izany dia ataon'ny olona voakasiky ny fitiliana raha toa ka ampy taona izy, na koa ataon'ny mpiahy azy raha toa ka mbola tsy ampy taona izy, na tsy salama ara-tsaina. Heverina ho misy ny fanekena ny fanaovana fitiliana amin'ny fanomezana taova, sela , raha toa ka:

a).misy olona manaiky hanome rà, taova na sela an-tsitrapo hanaovana famindrana na fikarohana.

b).Misy olona nametraka hafatra mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny fizarana fizarana faha 3 amin'ny lalàna N°7170 mikasika ny fanomezana taova.

c).Raha toa ka mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny Fizarana faha 4 amin'ny lalàna mitondra ny N°7170 izany.

Fizarana faha 16 - Fandraràna ny fanerena amin'ny fanaovana fitiliana - Heverina ho tsy ara-dalàna ny fanerena amin'ny fanaovana fitiliana alohan'ny fandraisana mpiasa, fidirana amin'ny andrim-panjakana misahana ny fitaizana, fidirana na fipetrahana ao amin'ny firenena, fitsaboana na fikarakarana hafa, ny fahafahana mivezivezy.

Fizarana faha 17 - Ny toe-javatra tsy ampiharana ny tsy fanerena amin'ny fanaovana fitiliana.Azo atao ny fampiharana ny fanerena amin'ny fanaovana fitiliana amin'ireto toe-javatra voalaza manaraka ireto:

a).Raha toa ka misy olona voapanga araka ny andininy faha 264 sy 266 amin'ny lalàna faha 8353,355 sy 338, 3815, izay antsoina hoe Fehezan-dalàna mikasika ny famaizana sy fanasaziana.

b).Raha toa ka ilaina ny famantarana mikasika ny fitondrana ny otrik'aretina, araka izay voalaza ao amin'ny Lalàna No 309 mikasika ny fehezan-dalàna mikasika ny fianakaviana.

c).Raha toa ka mifanaraka amin'ny fepetra voalaza ao amin'ny lalàna mitondra ny No 7170 izay antsoina hoe Lalàna mikasika ny fanomezana taova.

Fizarana faha 18 - Fanaovana fitiliana tsy amantarana olona - Ataon'ny fanjakana izay hanatanterahana fitiliana tsy amantarana anaran'olona sy ny fiarovana ny tsiambaratelo amin'ny fanatanterahana izany.

Fizarana 19 - Fankatoavana ny toerana fanaovana fitiliana - Ny toerana fanaovana fitiliana rehetra, ny hopitaly, dia tsy maintsy mangataka fankatoavana avy amin'ny Departemantan'ny Fahasalamana izay mametraka fepetra tsy maintsy arahina amin'izany fankatoavana izany.

Fizarana 20 - Fanomezana torohevitra mialoha sy aorian'ny fitiliana - Tsy maintsy manome torohevitra tsy andoavam-bola mialoha sy aorian'ny fanaovana fitiliana ny toerana sy ny hopitaly miandraikitra izany, araka izay fepetra takian'ny Departemantan'ny fahasalamana amin'izany.

Fizarana 21 - Fanampiana ny toerana fanaovana fitiliana - Ataon'ny Departemantan'ny fahasalamana izay hanampiana ny toerana fanaovana fitiliana amin'ny alalan'ny fampiofanana ny mpiasa misahana izany.

**Andininy IV**
**Ny asa fitsaboana sy fanampiana :**
Fizarana 22 - Omena fitsaboana any amin'ny hopitalim-panjakana ny olona voan'ny SIDA, ary izany dia tsy manakana ny fitsaboana omena azy ireo any amin'ny hopitaly manana fahaizana manokana mikasika izany.

Fizarana 23 - Fanampiana any anivon'ny fiaraha-monina - Ny sampan-draharaham-panjakana, miaraka amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana sy ny olona atahorana ho voan'ny SIDA dia manao asa fiahiana sy fisorohana ny SIDA eo anivon'ny fiaraha-monina .

Fizarana 24 - Programa fampiofanana mikasika ny asa fivelomana - Omena fiofanana mikasika ny asa fivelomana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA, ary tsy verezin-jo amin'izay fiofanana, programan'asa fivelomana anatin'ny koperativa izy ireo noho ny toe-pahasalamany.

Fizarana 25 - Famefena ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara nofo - Ny Departemanta misahana ny fahasalamana, miaraka amin'ny sampan-draharaha hafa mikarakara izany, dia manatanteraka asa famefena sy fisorohana ny areti-mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo mba hamefena ny fihanaky ny SIDA.

Fizarana 26 - Fiantohana ho an'ny olona voan'ny SIDA - Ny Departemantan'ny fahasalamana, miaraka amin'ny tranom-piantohana miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, no misahana ny fanaovana fanadihadiana mikasika ny fahafana manao fiantohana ho an'ny olona voan'ny SIDA sy ny fanatanterahana izany raha azo atao.

**Andininy V**
**Fanaraha-maso**

Fizarana 27 - Programa fanaraha-maso - Apetraka amin'ny Departemantan'ny fahasalamana ny programa fanaraha-maso ny SIDA mba hamantarana ny fivoaran'ny aretina sy hijerena na mahomby na tsia ny fepetra noraisina amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

Fizarana 28 - Fomba fanaovana tatitra - Ny hopitaly, laboratoara, toerana fanaovana fitiliana no mandray ny fepetra amin'ny fanaovana ny tatitra ara-pahasalamana sy tatitra mikasika ny antontan'isa rehetra mikasika ny SIDA, ary miaro ny fanajana ny tsiambaratelo amin'izany. Ny departemantan'ny Fahasalamana no miandrakitra ny fanaovana tombana miainga amin'ny tatitra voaray.

Fizarana 29 - Fanaraha-maso ny fifindran'ny SIDA - Ny Departemanan'ny Fahasalamana no miandraikitra ny fanaraha-maso ny fifindran'ny SIDA sy afaka manangona ny vaoavao rehetra mikasika izany, raha toa ka tsy mifanohitra amin'izay voalazan'ity lalàna ity ny fanaovana izany., ary tsy maintsy hajaina ny tsiambaratelo mikasika ny vaovao voangona amin'izany.

**Andininy VI**
**Tsiambaratelo**

Fizarana 30 - Ny tsiambaratelo mikasika ny toe-pahasalamana - Ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra, ny dokotera, ny mpiasan'ny trano fiantohana, ny tompon'andraikitra amin'ny fitazonana ny antontan-taratasy mikasika ny marary dia tsy maintsy manaja ny tsiambaratelo mikasika ny toe-pahasalaman'ny olona mikasika ny SIDA.

Fizarana 31 - Fepetra ahafahana tsy manaja ny tsiambaratelo - Heverina fa tsy voahosihosy ny zo amin'ny tsiambaratelo amin'ireto toe-javatra voalaza manaraka ireto:

a).amin'ny fanaovana tatitra amin'ny fanaraha-maso ny SIDA araka izay voalaza ao amin'ny fizarana faha 27 amin'ity lalàna ity

b).amin'ny fampahalalàna vaovao ho an'ny mpiasa manana andraikitra amin'ny fitsaboana olona voan'ny SIDA

c).Rehefa misy olona antsoina hijoro eny amin'ny fitsarana raha toa ka misy raharaham-pitsarana mahakasika olona voan'ny SIDA.

Fizarana faha 32 - Famoahana ny vokatry ny fitiliana natao. Tsy azo atao ny famoahana ny vokatry ny fitiliana raha tsy ho an'ireto sokajin'olona ireto:

a).ho an'ny olona nanaovana fitiliana
b).ho an'ny ray aman-drenin'ny zaza tsy ampy taona nanaovana fitiliana
c).ho an'ny olona miahy ara-dalàna ny kamboty sy ny olona tsy salama saina
d).ho an'ny olona mahazo alalana handray ny valin'ny fitiliana amin'ny programa fanaraha-maso ny SIDA araka izay voalaza ao amin'ny fizarana fizarana.27 amin'ity Lalàna ity
e).Ny fitsarana araka izay voalaza ao amin'ny fizarana (c ) voaresaka eo ambony.

Fizarana 33 - Fanasaziana ny tsy fanajana ny tsiambaratelo - Saziana enim-bolana ka hatramin'ny 4 taona an-tranomaizina ny tsy fanajana ny tsiambaratelo mikasika ny aretina, izay mety miaraka amin'ny fandoavana lamandy sy ny fandroahana na fampiantoana amin'ny asa., na koa fanesorana ny fahazoan-dàlana manao ny asa amin'ny dokotera, ny hopitaly.

Fizarana 34 - Filazana ny aretina amin'ny olona anaovana firaisana ara-nofo - Tsy maintsy milaza ny aretiny amin'ny vadiny na amin'ny olona anaovany firaisana ara nofo ny olona mitondra ny otrik'aretina, ary izany dia amin'ny fotoana faran'izay haingana.

**Andininy faha VII**
**Ny fanavakavahana sy ny politika arahina mikasika izany**
Fizarana 35 - Fanavakavahana eo amin'ny toeram-piasana – Voarara ny fanavakavahana amin'ny endriny rehetra atao amin'ny olona ahiahina fa mitondra ny otrik'aretina, na amin'ny fandraisana miasa, na amin'ny fisondrotana amin'ny asa. Heverina ho tsy ara-dalàna ny fampitsaharana ny fifanekena amin'ny asa ho an'ny olona ahiahiana fa mitondra ny otrik'aretina.

Fizarana 36 - Ny fanavakavahana any an-tsekoly Tsy misy toeram-pianarana omena alalana handa ny fandraisana mpianatra,na hanavakavaka, na handroaka olona ahiahiana fa mitondra ny otrik'aretina.

Fizarana 37 - Famerana ny fivezivezena sy ny fonenana - Tsy azo ferana ny fahafahan'ny olona ahiahiana fa mitondra ny otrik'aretina mivezivezy, na monina amin'ny toerana iray. Tsy azo atao ny manao fahirano, na manda ny fidiran'ny olona ahiana fa mitondra ny otrik'aretina eo Phillipine, na mandroaka azy tsy hipetraka ao.

Fizarana 38 - Famerana amin'ny asam-panjakana Manan-jo hofidiana na hanao asam-panjakana ny olona ahiana fa mitondra ny otrik'aretina.

Fizarana 39 - Fanilihana amin'ny fitrosam-bola sy ny fiantohana. Tsy azo atao ny fandrarana ny olona ahiana fa mitondra ny otrik'aretina tsy hahazo tombontsoa amin'ny fitrosam-bola, na koa amin'ny fiantohana aina, fahasalamana, raha toa ka tsy nanafina izany amin'ny tranom-piantohana izy.

Tamin'ny fotoana nanaovany fangatahana. Tsy azo lavina ihany koa ny fanohizana fampitrosana noho ny antony miankina amin'ny aretina.

Fizarana 40 - Fanavakavahana amin'ny hopitaly sy ny toeram-pitsaboana - Tsy azo atao ny fanankanana olona ahiana fa voan'ny SIDA tsy hahazo fitsaboana amin'ny hopitaly, ary tsy azo atao torak'izany ihany koa ny fakana vola amboniny noho ny aretina SIDA.

Fizarana 41 - Fandavana fandevenana - Tokony anaovana fikarakarana fandevenana ny olona matin'ny SIDA.

Fizarana 42 - Famaizana ny fanavakavahana - Faizina amin'ny figadrana enim-bolana ka hatramin'ny efatra taona ny fanavakavahana rehetra voaresaka ato amin'ity lalàna ity, ary andoavana lamandy tsy mihoatra ny 10,000,000 pesos. Ankoatr'izany, dia esorina amin'ny hopitaly, sekoly izay manao izany ny fahazoan-dàlana manatanteraka asa.

**Andininy faha VIII**
**Ny komitim-pirenena miady amin'ny SIDA any Phillippines**

Fizarana 43 - Fananganana - Hamafisina sy havaozina ny komitim-pirenena miady amin'ny SIDA izay najoro tamin'ny 3 desambra 1992 mba hahafahany manara-maso ny fisorohana sy famefena ny SIDA any Philippines. Miankina amin'ny Departemantan'ny fahasalamana izany komity izany.

Fizarana 44 - Ny asany- Ny komity no misahana ny fanomezana torohevitra, famolavolana politika sy tetik'asa mikasika ny fisorohana sy ny famefena ny SIDA any Phillipines. Ireto avy ny andraikiny amin'izany:

a).Manao izay hanatanterahan'ny andrim-panjakana isan-tokony izay voalaza amin'ity lalàna ity.

- Fametrahana politika fanabeazana sy fampahafantarana mikasika ny SIDA eo amin'ny sehatry ny firenena
- Ny fametrahana rafitra fanaraha-maso ny SIDA
- Ny famoahana toromarika ara-pahasalamana mikasika ny fifindran'ny SIDA
- Ny fametrahana sampan-draharaha misahana ny fitiliana sy ny fanomezana torohevitra ho an'ny olona izay mitady an'izany
- Ny fametrahana sampan-draharaham-pahasalamana sy fanohanana ny olona voan'ny SIDA any amin'ny hopitaly sy any anivon'ny fiaraha-monina
- Ny fiarovana ny zon'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA
- Ny fiarovana sy fanajana ny tsiambaratelo ara-pahasalamana

b).Manara-maso ny fanatanterahana ny fampiharana ity lalàna ity sy manome toromarika ireo andrim-panjakana mpanatanteraka.

c).Mamolavola programa lavitr'ezaka mivelatra mikasika ny fisorohana sy ny fanaraha-maso

d).mandrindra ny asa sy manamafy ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana.

e).Mandrindra ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanana any ivelany sy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena mikasika ny fikarohana sy ny fomba fitsaboana ny SIDA, ary ny fanangonana antontan'isa mikasika izany.

f).Manao tombana mikasika ny fahombiazana amin'ny fampiasana ny fitaovana amin'ny fisorohana sy famefena ny SIDA

Fizarana 45 – Ny mpikambana ao amin'ny Komity
(a).26 ny isan'ny mpikambana ao amin'ny komity, ary ireto avy izy ireo:
1).Ny Departemantan'ny fahasalamana
2).Ny Departemantan'ny fanabeazana, ny kolon-tsaina sy ny fanatanjahantena
3).Ny Lehiben'ny komisiona ao amin'ny fampianarana ambony
4).Ny Tale jeneralin'ny fampianarana teknika
5).Ny Departemantan'ny Asa na ny solonteny
6). Ny Departemanta misahana ny fiahiana ara sosialy
7).Ny Lehiben'ny Departemantan'ny Atitany
8).Ny lehiben'ny Departemantan'ny Fitsarana
9). Ny Tale jeneralin'ny Minsteran'ny toe-karena sy ny fampandrosoana
10).Ny Lehiben'ny Departemantan'ny fizahan-tany
11).Ny lehiben'ny Departemantan'ny Vola
12).Ny lehiben'ny Departemantan'ny raharaham-bahiny
13).Ny Lehiben'ny sampana fampahalalam-baovao ao Philippines
14).Ny lehiben'ny fikambanan'ny Governora
15).Ny lehiben'ny fikambanan'ny Ben'ny tanàna
16).NY mpitantana ny komitin'ny fahasalamana ao amin'ny Antenimierandoholona
17).Ny lehiben'ny komitin'ny fahasalamana ao amin'ny Antenimierandoholona sy ao amin'ny Antenimierampirenena
18).Solontena roa avy ao amin'ny fikambanan'ny mpitsabo
19).Solontena enina avy amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana izay manao asa ho an'ny fisorohana ny SIDA
20).Solontena iray avy amin'ny fikambanan'olona miady amin'ny SIDA
b).Araka izay azo atao, ny fanendrena ny mpikambana ao amin'ny komity dia tokony ahitana solontena avy amin'ny sehatry ny fahasalamana, ny fanabeazana, ny asa ny sampan-draharaha ara sosialy.

c).Ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny mpikambana rehetra ao amin'ny Komity, hafa tsy ireo mpikambana avy amin'ny Antenimierampirenena izay tendren'ny Lehiben'ny Antenimierandoholona sy ny lehiben'ny Antenimierampirenena.

d).Ao anatin'ny telopolo andro aorian'ny famoahana ity lalàna ity no tsy maintsy anendrena ny mpikambana.

e).Ny lehiben'ny Departemantan'ny Fahasalamana no mpitantana ny komity.

f).Ho an'ireo mpikambana misolo tena ny fikambanan'ny mpitsabo sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana 6, dia roa taona ny faharetan'ny fotoana iasan'izy ireo, ary azo havaozina izany fotoana izany.

Fizarana 46 - Tatitra - Manao tatitra isan-taona mikasika ny zava-bita amin'ny Filohan'ny Repoblika sy amin'ny Antenimiera ny Komity, ary tafiditra amin'izany tatitra izany ny tombana mikasika ny programan'asa, ny tetik'ady lavitr'ezaka mikasika ny fisorohana sy ny famefena ny SIDA.

Fizarana 47 - Famoronana sampan'asa manokana misahana ny fisorohana sy ny famefena ny SIDA - Ao amin'ny Departemantan'ny Fahasalamana no amoronana izany sampan'asa izany, izay ahitana mpitsabo manam-pahaizana manokana amin'izany sy mpitsabo mpanampy, ary omena famatsiam-bola ampy isan-taona. Andraikitr'io sampan'asa io ny fanatanterahana programan'asa mikasika ny fisorohana sy famefena ny SIDA, ary miandraikitra ny Fitanana an-tsoratra ny asan'ny komity.

Fizarana 48 - Famatsiam-bola - Mitentina 20 tapitrisa pesos ny famatsiam-bola atokana amin'izany, ary ny famatsiam-bola manaraka dia alaina amin'ny Vola iasan'ny Departemantan'ny fahasalamana.

**Andininy IX**
**Fepetra samihafa**

Fizarana 49 - Fampiharana ny fitsipika - Enim-bolana aorian'ny fotoana itsanganany, dia mamoaka ny fitsipika amin'ny fampiharana ity lalàna ity ny komity.

Fizarana 50- Fepetra mikasika ny fampiharana misaraka - Raha toa ka misy fepetra lazaina fa tsy manan-kery amin'ity lalàna ity, dia mijanona manan-kery ary ampiharina ny fepetra hafa. . Ny didy hitsivolana tsy mifanaraka amin'ity Lalàna ity dia tsy manan-kery, na ovaina hifanaraka amin'izany.

Fizarana 52 - Fotoana ampiharana ny Lalàna - Manan-kery ity lalàna ity 15 andro aorian'ny fotona amoahana azy ao amin'ny Gazety.

# Ady masina atao amin’ny Sida

**Mihetsika**

ny mpampiasa !



LOHAHEVITRA 3

# *Asa atao ao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy: ny andraikitry ny mpiasa, ny mpampiasa sy ny fikambanan'izy ireo*

## Votoatiny


| | |
|---|---|
| Fampidirana | 1 |
| Inona no atao hoe fifanakalozan-kevitra ara sosialy | 2 |
| Ny politika sy ny programan'asa mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana | 3 |
| Ny asa fiarovan-kevitra sy fitarihana: ny Fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa | 8 |
| Fifanomezan-tanana amin' ady atao amin'ny SIDA | 11 |
| Fehiny: Ny endriky ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana | 12 |
| Fampianarana | 14 |
| Loharanon-kevitra | 19 |

**LOHAHEVITRA 3** ***Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy: andraikitry ny mpiasa, ny mpampiasa sy ny fikambanan'izy ireo***

## Fampidirana

4.5. Mitaky fiaraha-miasa sy fifampitokisana amin'ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny solontenan'izy ireo sy ny fanjakana ny fahombiazan'ny politika sy ny programan'asa mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Manana andraikitra lehibe amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny fikambanany. Tombontsoa iombonan'ireo sokajy roa ireo ny fiarovana ny ain'ny mpiasa, sy ny hijanon'ny tsirairay eo amin'ny sehatry ny asa araka izay ela indrindra.

Miatrika fanamby lehibe amin'ny fitantanana ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana ny mpampiasa , ary anisan'izany ny famoizana mpiasa mahay sy manana traikefa, ny fikorontanan'ny vinavina natao amin'ny famokarana, ny fitombon'ny vola lany amin'ny asa, ary ny fihenan'ny famokarana (hita ao amin'ny lohahevitra 1 ny fampahalalana bebe kokoa mikasika ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny orinasa).

Voatery miatrika ny fanamby amin'ny fiarovana ny asa, ny aina sy ny fahasalaman'ny mpiasa sy ny fianakaviany.ny sendika izay sahirana amin'ny fiarovana ny zon'ny mpiasa sy ny tontolo anatanterahana ny asa,

Samy manana ny rafitra ahafahana manao fampahafantarana sy fanentanana tsiketsehana ireo sokajy roa ireo, ary samy afaka misoroka ny fihanaky ny aretina amin'ny alalan'ny politika sy programan'asa mikasika ny SIDA amin'ny toeram-piasana rehetra.

Noho izany,dia misy ampahany lehibe amin'ny fitsipi-pifampifehezana manazava mikasika ny zo sy ny andraikitry mpampiasa sy ny fikambanany sy ny mpiasa sy ny fikambanany. Andraikitra tsy misaraka ary tsy mifanohitra izany, fa mifameno° Mitovitovy ny fizarana roa mikasika ny mpiasa sy ny mpampiasa. Mamporisika amin'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy eo amin'ny mpiasa sy ny mpampiasa ny fitsipi-pifampifehezana amin'ny famolavolana politika sy programan'asa mikasika ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana.

Olana goavana ho an'ny fikambananan'ny mpiasa sy ny mpampiasa izay miara manaiky ny antony tsy maintsy anaovana asa haingana sy ny antony ilana fifanarahan-kevitra ny SIDA. Ny fiaraha-miasa amin'izany dia mety hanatsara ny fifandraisana amin'ny asa.

# *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

**LOHAHEVITRA 3**

## Inona no atao hoe fifanakalozan-kevitra ara sosialy ?

Tafiditra amin'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy ny fifampiraharahana, ny fakan-kevitra na fifanakalozam-baovao ataon'ny fanjakana, ny mpiasa sy ny mpampiasa mikasika ny olana amin'ny tombontsoa iombonana.

Araka izany, dia manan-danja lehibe amin'ny famantarana ny olana amin'ny asa, ara-sosialy sy ara ekonomika izay mianjady aminy ny mpifarimbona amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, ary koa amin'ny fampiharana ny hevitra fototry ny fikambanana sy ny zo amin'ny asa ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy.

Toa izao no namaritan'ny sendika iray ny dikan'ny fifanakalozan-kevitra ara-sosialy.

> *…ny fanekena fa na dia samihafa aza ny sokajy ao amin'ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa, ary na dia tsy mitovy aza ny tombontsoan'izy ireo indraindray, dia afaka miaro bebe kokoa ny tombontsoan'ny mpikambana ao aminy izy raha toa ka mifanome tanana*

Misy sehatra tsy itovian'ny fomba fijerin'ny mpampiasa sy ny sendika, na mifanohitra mihitsy aza. Ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy dia manampy amin'ny fampitoviana ny fomba fijery amin'ny fanatanterahana asa mahomby.

Azo atao amin'ny ambaratonga maro ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy, hatramin'ny orinasa madinika ka hatramin'ny orinasa vaventy.
Mety ho roa tonta no manao izany (mpiasa sy mpampiasa) na telotonta (fanjakana, mpampiasa sy mpiasa). Misy tabilao mamintina ny endriky ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy ao amin'ny pejy faha efatra amin'ity lohahevitra ity.

# LOHAHEVITRA 3 *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

## Ny politika sy ny programa mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana

Misy fiantraikany mivantana amin'ny orinasa sy ny mpiasa. ny olana mikasika ny SIDA no Ao ny politika mikasika ny tsy fanavakavahana, ny fisorohana sy ny fitsaboana no ilaina arindra, ary ao ihany koa no anatanterahana ny fepetra raisina.

Ny fandrafetana politika ao amin'ny toeram-piasana no asa goavana sy mahomby indrindra amin'ady ataon'ny toeram-piasana amin'ny SIDA. Manome toromarika amin'ny fanaovana izany ao amin'ny toeram-piasana ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa. Mifantoka amin'ny hevitra fototra folo ny fomba fijery mikasika ny Sida, ary azo amboarina hifanaraka amin'ny filan'ny orinasa samihafa.

Voalaza ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana fa tokony hifanarahan'ny solontenan'ny mpitantana sy ny mpiasa ny politika. Mety misy sehatra mahasarotra izany, ary tokony hiarahana manaiky an-kitsipo. Mety mitady ny hanomezan'ny mpampiasa fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina ho an'ny mpiasa sy ny fianakaviany ny mpiasa, ary mety hiteny ny mpampiasa fa tsy afaka manao izany. Na koa mety mitaky fomba fandaminana vaovao ny asa, mba tsy handaozany ny fonenany, raha toa ka voaporofo fa ireo mpiasa ireo dia mety manana fitondran-tena manamora ny fifindran'ny aretina. Mety hiteny ny mpampiasa fa tsy mety aminy izany fandaminana izany. Na ahoana na ahoana, dia tokony hisy marimaritra iraisana  ny adihevitra atao mikasika ny fandrafetana politika eo amin'ny toeram-piasana.

### Inona ny antony tokony hananana politika mikasika ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana?

Rafitra ahafahana manatanteraka asa mampihena ny fiantraikan'ny SIDA sy mampihena ny fihanaky ny aretina ny politika mikasika ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana

Ny politika dia :

- Manambara mazava ny hevitra ijoroana mikasika ny tsy fanavakavahana
- Miantoka ny fifanarahan'izany amin'ny lalàna manan-kery eo amin'ny firenena
- Manambara ny fomba tokony hitondran'ny mpiasa rehetra ny tenany (na mitondra ny otrik'aretina na tsia)
- Manome torolàlana ho an'ny mpitantana
- Manampy ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA hahafantatra ny ftsaboana sy ny fanampiana omena azy, mba hahatonga azy hanaiky moramora kokoa ny fitiliana an-tsitrapo

# *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

- Manampy amin'ny famefena ny fihanaky ny aretina amin'ny alalan'ny programa fisorohana
- Manampy ny toeram-piasana amin'ny fitantanana ny fiantraikan'ny aretina, mba hahafahana mitsitsy vola

## Nahoana no tokony hifanaraka amin'ny politika ampiharina ny mpifarimbona ara sosialy?

Ireto avy ny tombontsoa azo amin'ny politika ifanarahana, raha oharina amin'ny politika avoakan'ny mpitantana irery:

- Mampiseho ny politika ifanarahana fa samy manaiky handray andraikitra amin'ny fiatrehana ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana ny mpiasa sy ny mpampiasa
- Mahomby kokoa ny fampiharana ny politika ifanarahana
- Ny fakana hevitra alohan'ny ifanarahana amin'ny politika dia ahafahan'ny mpitantana sy ny sendika mamantatra ny sehatra tsy isian'ny fifanarahan-kevitra sy itondrana vaha olana amin'izany
- Manazava bebe kokoa ny fifanarahan'ny politika amin'ny fifanarahana hafa itantanana ny toeram-piasana ny politika ifanarahana

## Inona no tokony hampidirina ao amin'ny politika ao amin'ny toeram-piasana ?

Mety ho antontan-taratasy manazava ny SIDA fotsiny ny politika, izay mamelabelatra ny programa sy ny olana; mety ho tafiditra amin'ny politika mivelatra bebe kokoa mikasika ny fiarovana, ny fahasalamana sy ny fomba anatanterahana ny asa koa izany; Mety ho fohy, toy ny filazana hoe: "Mandray andraikitra amin'ny atao amin'ny fanavakavahana ny olona voan'ny SIDA ny toeram-piasana, ary hiaro ny fahasalamana amin'ny alalan'ny programa fisorohana sy fitsaboana. Tokony ho hita ao ny hevitra fototra, indrindra mikasika ny zon'ny mpiasa ao amin'ny toeram-piasana, izay mifantoka amin'ny hevitra fototra ao amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

- 1 Fanekena ny SIDA ho olana eo amin'ny toeram-piasana (Jereo lohahevitra 1)
- 2 Ny tsy fanaovana fanavakavahana amin'ny fandraisana mpiasa, fampisondrotana amin'ny asa, fampiofanana (Jereo lohahevitra 2)
- 3 Fitovian'ny lahy sy ny vavy (Jereo lohahevitra 5*)*
- 4 Fahasalamana sy fiarovana (tafiditra amin'izany ny fanamboarana ny toerana iasan'ny olona voan'ny aretina vokatry ny SIDA – Jereo ny lohahevitra 6 sy 7)
- 5 Fifanakalozan-kevitra ara sosialy mba hahafahana mandrafitra sy manatanteraka politika mikasika ny SIDA (Ity lohahevitra ity)

- 6 Tsy tokony hoterena hanao fitiliana ny mpangataka asa na ny olona eo am-perin'asa (jereo lohahevitra 2)
- 7 Ny fanajana ny tsiambaratelo (Jereo lohahevitra 2)
- 8 Ny fanohizana ny fifandraisana amin'ny asa sy ny anton'ny fandroahana (Jereo lohahevitra 2)
- 9 Ny fisorohana  (Jereo lohahevitra faha 6)
- 10 Ny fitsaboana sy ny fanampiana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA (Jereo lohahevitra 7)

Tokony hojerena ny fifanarahana hafa eo amin'ny toeram-piasana toy ny fomba amaliana ny fitarainana, ny fifampifehezana, ny fifanarahana mikasika ny fahasalamana sy ny fiarovana, ny antony androahana mpiasa. Raha toa ka misy lalàna mikasika ny SIDA eo amin'ny firenena, dia tsara ny manambara ny faneken'ny orinasa ny lalàna misy.

Ny torolalana izay navoakan'ny antenimeran'ny varotra ao Durban, izay avoaka manontolo ao amin'ny loharanon-kevitra amin'ity lohahevitra ity, dia manambara fa :
'*Manaiky ny fepetra voalaza ao amin'ny Lalàna mifehy ny asa mikasika ny tokony haha ara-drariny ny fandraisana mpiasa . Tsy manao ny toe-pahasalamana mikasika ny SIDA ho sakana amin'ny fandraisana mpiasa ny orinasa.*

## Ny fanatanterahana ny politika

Ny tovana III ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana mikasika ny asa dia ahitana ny fomba fanao amin'ny fifanarahana sy ny fanatanterahana politika mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana. Tokony miainga amin'ny rafitra misy mikasika ny fifanakalozan-kevitra izany, ary tokony ho voalamina,  hisy fanaraha-maso mitohy. Misy tombontsoa maro azo amin'ny fampidirana ny SIDA amin'ny politika arahina amin'ny fisorohana ny loza, ny zava-mahadomelina sy ny fitsaboana ao amin'ny toeram-piasana.

Lisitra fanarahana ny asa atao (*nalaina tao amin'ny fitsipi-pifampifehezana)*

- *Atsangana miaraka amin'ny mpitantana ambony ao amin'ny orinasa, ny sendikan'ny mpiasa, ny Departemanta misahana ny fitantanana mpiasa, ny sampana misahana ny fifandraisana amin'ny indostria, ny sampana misahana ny fahasalamana, ny sampana misahana ny fisorohana ny loza, ny mpiasa voan'ny SIDA raha toa ka tiany izany,  ny komity misahana ny SIDA.* Azo ampiasaina ihany koa ny komity efa mijoro, kanefa dia tsy maintsy atao tsy tapaka ny tatitra mankany amin'ny mpanapan-kevitra ao amin'ny toeram-piasana. Tokony hanaovana ezaka ny fampidirana ny vehivavy ao amin'ny komity.

- *Ny komity no manendry ny fahefana afaka manapan-kevitra, ny andraikiny, ary ny asa hotanterahina.* Tsy maintsy ankatoavin'ny rafitra afaka manapan-kevitra ao amin'ny toeram-piasana izany. (komitin'ny mpiasa, filan-kevim-pitantanana).

## *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

- *Fandinihana ny lalàna misy eo amin'ny firenena sy ny fiantraikany ao amin'ny orinasa.* Tokony mihoatry ny lalàna manokana mikasika ny SIDA izany, ary ahitana, ohatra, ny lalàna mikasika ny tsy fanavakavahana.

- *Ny komity no manombana ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana sy ny filan'nyolona voan'ny otrik'aretina, ary izany dia atao ao anatin'ny fanajana ny tsiambaratelo* - Zava-dehibe amin'ny fandrafetana tetik'asa ny fanaraha-maso ny mampahomby ny asa atao

- *Ny komity no mijery ny asa fitsaboana sy fampahafantarana efa misy ao amin'ny toeram-piasana sy eo anivon'ny fiaraha-monina;* ahafahana mampihena ny vola lany amin'ny asa izany

- *Ny komity no mandrafitra ny tolon-kevitra voalohany amin'ny politika;* Aparitaka izany tolon-kevitra izany mba hanaovana fanamarihana sy fanitsiana alohan'ny handaniana azy. Tsara raha maro ny olona akana hevitra, satria mahatonga azy ireo hahatsiaro tena bebe kokoa ho tompon'ny politika arafitra izany. Tokony hazava sy azo vakiana tsara ny politika arafitra.

- Mamolavola ny teti-bola ny komity, ary mitady loharanom-bola ivelan'ny orinasa raha toa ka ilaina izany, mitady izay mety ho loharanom-bola hafa eo an-tanana. Na dia zava-dehibe aza ny famatsiam-bola, dia tsy midika akory izany fa tsy azo atao ny fanatanterahana asa raha tsy misy izany.
- Ny komity no mandrafitra, miaraka amin'ny fandaharam-potoana sy ny fotoana ary ny andraikitra amin'izany, ny fanatanterahana ny tetik'asa. Ilaina ny fananana mpandrindra iray fara fahakeliny, indrindra amin'ny toerana tsy misy komity mijoro.

- Atao izay hanaparitahana ny tetika amin'ny fanatanterahana ny asa, amin'ny alalan'ny peta-drindrina, ny fandefasana taratasy, ny fivoriana, fampiofanana, ary tanterahina ny tetik'asa 'asa fampahafantarana , fanabeazana sy fitsaboana.

- Ny komity no manara-maso ny fiantraikan'ny fanatanterahana ny politika.

- Ny komity no mandinika tsy tapaka ny fomba hanatsarana ny politika eo am-pahitana ny vokatry ny fanaraha-maso sy ny vaovao mikasika ny fanaraha-maso ny vokatry ny otrik'aretina eo amin'ny toeram-piasana. Raha haingana ny fitaran'ny otrik'aretina, dia tsy tokony hitarazoka araka izany ny fanatanterahana ny politika.

# LOHAHEVITRA 3 *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

**Fanontaniana tokony hapetraka**

- ❑ Nisy adihevitra ve teo amin'ny mpitantana sy ny mpiasa ary voavaha ve ny olana mikasika ny tsy fitovian-kevitra
- ❑ Voafaritra mazava ao amin'ny politika ve ny andraikitry ny mpitantana orinasa sy ny sendika
- ❑ Mifanaraka amin'ny fomba fanao sy ny fomba fiasa hita fa mety ve ny politika
- ❑ Manome lanja ny hevitry ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA ve ny politika ?
- ❑ Mifanahantsahana ve ny ny isan'ny lahy sy vavy amin'ny mpikambana sy ny tompon'andraikitra amin'ny fanabeazana, ary manome lanja ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ve ny politika
- ❑ Mahasahana ny lafiny rehetra manan-danja mikasika ny fisorohana sy ny fitsaboana ny SIDA ve ny politika
- ❑ Misy fanekena mazava ny tsy fanaovana fanavakavahana ny olona voan'ny SIDA ve ny politika
- ❑ Voafaritra ao amin'ny politika ve izao tokony hatao raha toa ka misy disadisa sy fitarainana amin'ny fanatanterahana izany
- ❑ Misy planina voafaritra ve amin'ny fampahafantarana ny olona ao amin'ny toeram-piasana ny politika
- ❑ Misy fampiofanana novinavinaina ho an'ny mpitantana ve mba hahazoany ny politika sy ny fiantraikany
- ❑ Misy toerana hanaovana ny fampiofanana ny solontenan'ny mpiasa ve
- ❑ Misy fomba hanitsiana ny politika ve araka izay traikefa iainana ao amin'ny toeram-piasana

## Fifanarahana iombonana mikasika ny SIDA

Mety ho tian'ny ankolafiny mandray anjara kokoa ny fandrafetana ny politika amin'ny alalan'ny fifampiraharahana faobe. Mety hitarika amin'ny fifanarahana iombonana mikasika ny SIDA izany, na koa amin'ny fanampiana fepetra mikasika izany amin'izay fifanarahana efa nisy teo aloha.

Ohatra iray ny fifanarahana iombonana tany Afrika Atsimo, izay nanaovan'ny sendikan'ny mpiasa mpitrandraka vato sy ny antenimieran'ny mpitrandraka vato fifanarahana voalohany mikasika ny SIDA tamin'ny taona 1993. Tamin'ny taona 2001, dia nasiana fepetra fanampiny mikasika ny SIDA ny fanamboarana ny karama sy ny tontolo iasana amin'ny fitrandrahana volamena- ary ato amin'ity lohahevitra ity ny rijanteny mikasika izany. Tsara ny mampitaha ireo fifanarahana roa ireo. Anisan'ny olana tamin'ny fifampiraharahana ny fanafoanana ny fomba fanomezana trano tsy misy hafa tsy lehilahy na vehivavy. Voaresaka amin'izany koa ny fisorohana ny fifindran'ny aretina avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza.

Tsy maintsy misy fiantraikany amin'ny fomba sy fepetra iasana amin'izao fotoana izao ny politika mikasika ny SIDA. Mety mifanindran-dàlana amin'ny fandrafetana ny politikan'ny toeram-piasana ny politika mikasika ny SIDA, na koa mety manova ny fifanarahana efa nisy teo aloha rehefa vita tanteraka ny famolavolana izany politika izany.

# LOHAHEVITRA 3

## *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

Anisan'ny ohatra amin'izany ny fepetra fifampifehezana. Afaka manapan-kevitra ny mpampiasa amin'ny fanasaziana ny mpiara-miasa izay tsy manaiky hiasa miaraka amin'ny olona voan'ny SIDA. Mila fanovana ny fifanarahana iombonana mikasika ny fifampifehezana , ary ilaina koa ny manazava ny antony androahana mpiasa (Jereo lohahevitra 2, pejy 7).

Mety hisy ankolafiny iray izay manao soso –kevitra, kanefa lavin'ny ankilany. Fomba ahafahana manomboka ny adihevitra ny fifanarahana faobe. Mety mila torohevitra avy amin'ny sampan-draharaha mpanelanelana ao amin'ny Ministeran'ny asa ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa.

Na ahoana na ahoana, dia ahafahana manomboka izany ny fitsipi-pifampifehezana, satria ny solontenan'ny mpiasa sy ny mpampiasa no nandrafitra azy miaraka amin'ny fanjakana.

# LOHAHEVITRA 3 *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

## Fitarihana sy fiarovan-kevitra: Ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa

Araka izay voalaza ao amin'ny lohahevitra voalohany, dia zava-dehibe ny fitarihana ny fanentanana amin'ny ady amin'ny SIDA. Noho ny antony maro, dia tsy noheverina ho olana mila valiny maika izay misy fiantraikany amin'ny asa sy ara sosialy ny SIDA, ary nanamora ny fihanaky ny aretina izany . Mba hampahomby ny hetsika atao, dia zava-dehibe ny hihetsehan'ny sokajin'olona manana ny toerany eo amin'ny orinasa

Manan-danja eo amin'ny fiarahamonimpirenena ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa ary afaka mandray andraikitra goavana. Misolo tena olona maro izy ireo ary manana rantsana misandrahaka. Arahin'ny olona maro ny politika ampihariny, ny konferansa sy ny hetsika ataony

Rehefa manao fanambarana miaraka ny ny mpitantana orianasa sy ny sendika amnin'ny tsy tokony handroahana ny olona voan'ny SIDA amin'ny asany, sy amin'ny tookony hanampiana azy ireo, dia fanambarana manan-danja manampy amin'ny ady atao amin'ny tahotra sy ny fanenjehana izany

> *Ny lehiben'ny komitim-pirenena mpanara-maso ny SIDA any Kenya dia mino fa misy dingana lehibe vita amin'ny ady atao amin'ny fanavakavahana sy fanilihana any Kenya hatramin'ny nanambaran'ny federasionin'ny mpampiasa ampahibemaso ny tsy fanekeny ny fanavakavahana amin'ny asa amin'ny alalan'ny famoahany fitsipi-pifampifehezana sy famporisihana ny fanaovana adihevitra mikasika ny aretina*

Eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, dia naolavola politika sy nanao hetsika fanentanana mikasika ny SIDA ny fikamban'ny mpiasa sy ny mpampiasa. Misy ihany koa ny fifanatonana sy fiaraha-miasa natao. Vidiana lafo kokoa ny tsy firaviravizana tanana raha oharina amin'ny vola lany amin'ny fisorohana sy fitsaboana

> *"Raha toa ka very olona efa niasa mandritry ny 20 taona ianao, dia fahaverezana lehibe izany. Tsy misy dikany ny vidin'ny kapaoty sy ny fanabeazana raha oharina amin'izany"*

## Ny mpampiasa sy ny fikambanany

*5.2 (k) Fiarovan-kevitra. Amin'ny maha olom-pirenena tompon'andraikitra amin'ny fitarihana orinasa azy, dia tokony hamporisika ny mpampiasa namany ny mpampiasa sy ny fikambanany mba handray anjara amin'ny fisorohana sy ny fitantanana ny Sida eo amin'ny orinasa, ary hamporisika ny fanjakana mba handray ny fepetra rehetra hisakanana ny fihanaky ny SIDA sy hampihena ny fiantraikany. Ny fiaraha-miasa toy ny komity iarahan'ny sendika sy ny mpiasa dia afaka manampy amin'izany*

*5.2 (n) Fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena : Ny mpampiasa sy ny fikambanany dia afaka mandray anjara amin'ny ady amin'ny SIDA*

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Ny fikambanana iraisam-pirenenan'ny mpampiasa dia namoaka boky izay milaza izao manaraka izao:

*Tena ilain'ny mpampiasa ny miatrika ny SIDA ho amin'ny tombontsoany sy ho an'ny sokajin'olona hafa mpandray anjara., satria tena lasa olana goavana ny fiantraikan'ny SIDA. Tokony ho tafiditra amin'ny asa atao amin'ny sehatra maro hitondrana vahaolana amin'izany ny mpampiasa. Ahafahana mamonjy ain'olona maro sy mitsitsy vola ny fanaovana asa maika*

Avoitran'ny fikambanana iraisam-pirenenan'ny mpampiasa fa mahomby kokoa ny asa atao rehefa mirotsaka an-tsehatra ny mpitantana ambony.

Miresaka toe-javatra niainan'ny fikambana'ny mpiasa sy ny mpampiasa amin'ny orinasa maromaro ny boky.

Afaka manao asa misandrahaka amin'ny sehatra maromaro amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny fikambanan'ny mpampiasa , satria:

> *" Misy fikambanana sy rafitra azo amondronana ny olona ao amin'ny orinasa; misy ny vondron'ny mpiasa voatily manokana amin'izany; afaka mitarika sy manetsiketsika ny mpikambana mikasika olana maro manahirana azy; misy ny fomba ahafahana miatrika ny fahasalamana sy ny fiarovana amin'ny loza; ary afaka miteny amin'ny anaran'ny mpikambana mikasika ny olana sarotra sahala amin'ny SIDA, afaka misolo tena ny mpampiasa amin'ny fivoriana iresahana mikasika ny SIDA(sahala amin'ny fivoriana tarihin'ny firenena mikambana amin'ny tany an-dalampandrosoana maro)."*

# LOHAHEVITRA 3 *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

Nivory tany Douala ny mpampiasa avy any Afrika andrefana sy afovoany tamin'ny taona 2000 ary namoaka fanambarana mikasika ny firotsahan'ny mpampiasa an-tsehatra amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Ny taona manaraka dia nivory tany Mombassa, Kenya ny ny mpampiasa any Afrika Atsinanana sy Afrika Atsimo, izay namolavola tetik'asa mikasika ny SIDA hotanterahin'ny fikambananan'ny mpampiasa amin'ny fotoana voafetra. Hita ao amin'ny tranokalan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny tatitra antsipiriany mikasika izany.

Taorian'ny fivoriana tany Douala dia nitsangana ny rafitra iarahan'ny mpampiasa ao amin'ny Fivondronan'ny mpampiasa ao Cameroon; Lasa mpiara miasa ofisialy amin'ny komitim-pirenena misahana ny SIDA io rafitra io ary manatanteraka ny tetik'asa eo anivon'ny toeram-piasana amin'ny ady amin'ny SIDA

## Ny mpiasa sy ny fikambanany

5.3 *Ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena. Tokony hanamafy ny firaisan-kina amin'ny alalan'ny fampivondronana isan-tsehatra, faritra sy amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny fikambanan'ny mpiasa mba hampivoirana ny olana mikasika ny SIDA eo amin'ny sehatry ny asa, sy hampidirana izany amin'ny fanentanana mikasika ny zon'ny mpiasa*

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Ny sendika eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia efa nandrafitra politika, nanoratra lahatsoratra, nanao asa fampahalalana sy fanabeazana sy fampiofanana. Ny fivondronamben'ny sendika tsy miankina no rafitra mpandrindra lehibe indrindra ho an'ny sendika, ary ny sampany aty Afrika dia namoaka ny fanambarana mikasika ny SIDA tany Gaborone tamin'ny Septambra 2000 ary namoaka boky fampiofanana ho an'ny mpanentana ao amin'ny sendika. Nanao fivoriana hanentanana ny mpikambana ao aminy amin'ny ady amin'ny SIDA ihany koa ny fikambanan'ny sendika afrikanina.

Nisy atrik'asa fakan-kevitra nataon'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa miaraka amin'ny fiombonan'ny sendika tsy miankina sy ny fivondronamben'ny sendika, izay niafara tamin'ny fankatoavana ny programan'asan'ny fiombonan'ny sendika tsy miankina mikasika ny SIDA, izay mifantoka amin'ny fanetsiketsehana ny sendika eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy ny fanamafisana azy ireo mba hahafahany manatanteraka asa amin'ny ady amin'ny SIDA.

Hita amin'ny faran'ity lohahevitra ity ny politikan'ny sendika telo, ny fanapahan-kevitry ny fivondronan'ny sendika roa ao amin'ny lohahevitra faha 4, sy ny an'ny fanjakana mikasika ny fitsaboana ao amin'ny lohahevitra faha 7.

# *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

## Fifanomezan-tànana sy fiarahana amin'ny ady amin'ny SIDA

Mitombo isa ny fifanomezan-tànana sy fiarahana amin'ny tontolon'ny asa eo amin'ny sehatry ny firenena sy iraisam-pirenena amin'ny fiaraha-miasa amin'ny ady atao amin'ny SIDA, ary manana toerana lehibe amin'ny fiarovan-kevitra sy ny fitarihana ny hetsika izy ireo Ireto avy ny karazana  fikambanana miasa amin'ny ambaratonga samihafa

## Ny Fivondronamben'ny mpampiasa mikasika ny SIDA

Niforona tamin'ny taona 1997 ny fivondronamben'ny mpampiasa mikasika ny SIDA, izay fikambanana mamporisika ny orinasa hirotsaka amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Mpitantana orinasa izay mandray anjara mavitrika amin'ny ady atao amin'ny SIDA no mpikambana ao. Mampiroborobo ny fifampianarana sy ny fifanakalozana eo amin'ny orinasa mpikambana mba hahitana fomba fiasa vaovao amin'ny ady amin'ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana sy ny fiaraha-monina io fikambanana io. .

Mpikambana ao ihany koa ny Fivoriambe iraisam-pirenena mikasika ny toe-karena, izay nanomboka hetsika manokana mikasika ny fahasalamana.

## Ny fifanakalozan'ny orinasa mikasika ny SIDA sy ny fampandrosona (BEAD)

Ahitana orinasa, fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, mpikaroka amin'ny akademia sy sampan-draharaha ifarimbonan'ny Fanjakana maromaro izay manam-panahiana amin'ny fiantraikan'ny SIDA, ny raboka sy ny tazo mahery ny BEAD amin'ny fampiasam-bola sy ny orinasa any amin'ny tany andalam-pandrosoana ny BEAD. Afaka mampifandray ny orianasa amin'ny mpandray anjara hafa amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny BEAD. Mandray andraikitra izy amin'ny hahitana vahaolana amin'ny fiantraikan'ireo aretina ireo amin'ny lafiny ara-bola sy fandaminana.

## Ny fivondronamben'ny orinasa any Thailande (TBCA)

Ny fitarihana sy ny fanomezana torohevitra ny orinasa amin'ny fiatrehina ny SIDA eo anivon'ny orinasa no tanjon'ny fivondronamben'ny orinasa  Omena fanampiana ny mpikambana mba hahafahany manatanteraka programan'asa fisorohana mahomby. Manao asa fikarohana sy fanadihadiana ary fanovozan-kevitra ihany koa ny TBCA. Io no anisan'ny fivondronana nitsangana ela indrindra, ary misy fikambanana manana andraikitra mitovy amin'izany any Singapore.

# LOHAHEVITRA 3

## *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

### Famintinana: Ny endriky ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy ao amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny fihetsika sy asa atao amin'ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Ity tabilao ity dia mandravona ny andraikitra azon'ny mpiasa sy ny mpampiasa raisina amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara-sosialy eo amin'ny ambaratonga samihafa. Amin'izany, dia afaka manamafy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny ambaratonga rehetra ny fifanatonan'ny telo tonta - Na dia mazava aza ny andraikitry ny fanjakana, dia andrasana aminy ny fanohanana ny fiaraha-miasa eo amin'ny ambaratonga rehetra, ary hanamora izany eo amin'ny sehatry ny firenena.

## LOHAHEVITRA 3

# *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

| Ambaratonga | Endrika sy votoatin'ny fifanakalozana | Mpandray anjara avy amin'ny mpiasa | Mpandray anjara avy amin'ny mpampiasa |
|---|---|---|---|
| **Iraisam-pirenena** | **Fiaraha-miasa** amin'ny fiarovan-kevitra, amin'ny fisintonana ny sain'ny olona amin'ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny tontolon'ny asa, mba hiadiana amin'ny fanenjehana sy ny fanavankavahana, ary mba hahazoana fanafody takatry ny vola<br>**Fakana hevitra** mba hamantarana izay toe-javatra mety manamora ny fifindran'ny aretina eo amin'ny tontolon'ny asa | Fivondronana iraisam-pirenenan'ny sendika | Fikambanana iraisam-pirenenan'ny mpampiasa |
| **Faritra** | **Fiaraha-miasa** amin'ny hetsika fiarovan-kevitra<br>**Fakana hevitra** mba hamantarana ny toe-javatra manamora ny fifndran'ny aretina sy ny fiantraikany amin'ny mpiasa mifindra monina sy amin'ny mpiasa hafa eo amin'ny faritra | Fikambanan'ny sendika eo amin'ny faritra | Fikambanana na fifarimbonana/fifano mezan-tanana eo amin'ny faritra |
| **Eo amin'ny firenena sy isan-tsehatra** | **Fiaraha-miasa** eo anivon'ny komitim-pirenena miady amin'ny amin'ny SIDA amin'ny hetsika fiarovan-kevitra mba hanohanana ny fanamboarana ny làlana mifehy ny asa hampidirana ny mikasika ny SIDA, ary hampidirana ny fanentanana mikasika ny SIDA amin'ny fampiofanana ny mpiasa, ary mba hisakanana ny fanilihana ny mpiasa voan'ny SIDA sy ny fianakaviany amin'ny programa fiarovana ara sosialy, ary mba hampifanarahana ny tombontsoa omena ny mpiasa amin'ny filan'izy ireo.<br>**Fakana hevitra** amin'ny tombana atao sy ny tetik'asa mikasika ny fampihenana ny fiantraikin'ny SIDA amin'ny lafiny ara toe-karena sy sosialy , amin'ny famantarana ny toe-javatra manamora ny fifindran'ny aretina amin'ny sokajin'ny mpiasa manokana, ary amin'ny fikarohana loharanom-bola.<br><br>**Fifampiraharahana** amin'ny ftsipika ifanarahana mikasika ny fisorohana sy fiarovana ny SIDA, izay ahitana ny fomba fandravonana ny disadisa mikasika ny fanavakavahana miankina amin'ny SIDA<br>**Fiaraha-miasa** hampihenana ny vola lany amin'ny fanabeazana sy ny fampahafantarana mikasika ny SIDA | Foiben'ny sendika eo amin'ny sehatry ny firenena<br><br>Sendika eo amin'ny sehatry ny indostria voakasik'izany eo amin'ny firenena | Fikambanan'ny mpampiasa eo amin'ny sehatry ny firenena<br><br>Fikambanan'ny mpampiasa eo amin'ny sehatry ny firenena, Antenimieran'ny varotra sy fikambanana isaky ny sehatr'asa |

# LOHAHEVITRA 3

## *Asa atao amin'ny toeram-piasana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

| Ambaratonga | Endrika sy votoatin'ny fifanakalozana | Mpandray anjara avy amin'ny mpiasa | Mpandray anjara avy amin'ny mpampiasa |
|---|---|---|---|
| **Toeram-piasana** | **Fifanohanana** amin'ny fampiroboroboana ny politika iadiana amin'ny fanavakavahana<br><br>**Fifanampiana** amin'ny fanombanana ny fiantraikan'ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana, amin'ny hetsika fanohanan-kevitra sy fampahafantarana mikasika ny SIDA, fampihenana ny mety hifindran'ny aretina, ary amin'ny ezaka atao amin'ny famporosihana ny fanaovana fitiliana an-tsitrapo.<br><br>**Fakana hevitra** amin'ny fampiroboroboana sy fanatanterahana ny politika mikasika ny SIDA, ny fanabeazana sy ny fampiofanana, ny fepatra horaisina amin'ny fanamorana ny asan'ny olona voan'ny SIDA, amin'ny fifehezana ny toe-javatra mety manamora ny fifindran'ny aretina, amin'ny famolavolana ny tetika fanabeazana sy ny fanitarana ny tetik'asa fanampiana ny mpiasa,<br>Fifampiraharahana amin'ny fifanarahana ahitana ny fepetra fiarovana sy firosohana<br><br>Asa atao mba hametrahana fomba famahana ny disadisa sy olana mikasika ny fanavakavahana | Solontenan'ny mpiasa | Mpampiasa |
| **Fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny fikambanana tsotra sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana eo anivon'ny fiaraha-monina** | **Fiaraha-miasa** amin'ny hetsika fiarovan-kevitra hanampiana sy hamporisihana ny fitiliana an-tsitrapo<br><br>**Fifanampiana** amin'ny programa fanabeazana sy fampahafantarana eo anivon'ny fiaraha-monina (indrindra any an-tsekoly)<br>**Fakana hevitra** amin'ny programa fanampiana ny fianakaviana | Sendika eo an-toerana sy fikambanan'ny mpiasa | Fikambanan'ny mpampiasa eo an-toerana na Antenimieran'ny varotra |

*ASA FAMPIANARANA*

**LOHAHEVITRA 3**

## FAMPIANARANA 1

### Asa ataon'ny mpampiasa iadiana amin'ny SIDA

**TANJONA**: Manampy ny mpampiasa hanitatra politika sy tetik'asa ho an'ny fikambanany sy ho an'ny toeram-piasana

**ASA ATAO**: Vakio ny fizarana 5.2 ao amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny tovana faha III-mikasika ny lisitry ny asa atao amin'ny programan'asa mikasika ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana.

Ataovy ny adihevitra mikasika ny fanatanterahana ireo fepetra ireo:

- Eo anivon'ny toeram-piasana
- Eo amin'ny sehatra iasana/indostria
- Eo amin'ny sehatry ny firenena

Iadio hevitra ihany koa ny andraikitry ny fikambananan'ny mpampiasa.

*ASA FAMPIANARANA*

**LOHAHEVITRA 3**

## FAMPIANARANA 2

### Asa ataon'ny mpampiasa hiadiana amin'ny SIDA

**TANJONA**: Manampy ny mpampiasa hanitatra politika sy tetik'asa ho an'ny fikambanany sy ho an'ny toeram-piasana.

**ASA ATAO**: Vakio ny tetik'asa any Mombassa nifanarahan'ny mpampiasa any Afrika Atsinanan sy any Afrika Atsimo (Jereo ny tranokalan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa)
Ampifanaraho amin'ny zava-misy ao amin'ny firenena misy anao izany, miaraka amin'ny fandaharam-potoana amin'ny fanatanterahana izany

## FAMPIANARANA 3

### Asa ataon'ny sendika iadiana amin'ny SIDA

TANJONA: Manampy ny sendika handrafitra politika sy tetik'asa mikasika ny SIDA

ASA ATAO: Vakio ny fizarana 5.3 ao amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny lisitry ny asa tokony hatao mikasika ny sy ny drafitra fanatanterahana ny politika mikasika ny SIDA.

Manaova adihevitra mikasika ny fomba fanatanterahana ireo fepetra ireo:

- Eo anivon'ny toeram-piasana
- Eo amin'ny sehatra iasana/indostria
- Eo amin'ny sehatry ny firenena

**Fanamarihana**: Misy fomba fanao samihafa azo ampidirina, arakaraky ny sokajin'olona manatrika ny fampiofanana.
Raha toa ka sendika eo an-toerana no manaraka izany, dia ataovy izay hamaritana ny adihevitra amin'ny fanatatanterahana ny tetik'asa eo an-toerana.
Raha toa ka sendika eo amin'ny sehatry ny firenena no manaraka ny fampiofanana, dia ataovy izay hamaritana ny adihevitra eo amin'izay ambaratonga izay.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 3

## FAMPIANARANA 4

### Ny famolavolana ny politikan'ny sendika

TANJONA: Manampy anao handrafitra ny politikan'ny sendika misy anao mikasika ny SIDA

ASA ATAO: Mizara ho tarika maromaro ny mpandray anjara, ary samy mandrafitra ny politikan'ny sendika ny tarika tsirairay, izay tokony hiafara amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra voasoratra amin'ny fivorian'ny sendika.

Tokony hanaovana famelabelarana sy adihevitra ny fanapahan-kevitra aroso, ary anaovana fanitsiana alohan'ny fankatoavana izany.

**Fanamarihana**: Dingana faharoa amin'ny fampianarana ity fampianarana ity. Afaka mijanona ianao aorian'ny dingana 1, ary amin'izay dia samy mamelabelatra ny fanapahan-kevitra novolavolainy ny tarika tsirairay. Mila fotoana bebe kokoa ny fidirana amin'ny dingana faharoa, satria mitovitovy kokoa amin'ny sarintsarin' anjara andraikitra, ary mitaky fahaizana mikasika ny fomba fitarihana fivoriana amin'ny sendika.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 3

## FAMPIANARANA 5

### Politika/ Fifanarahana eo anivon'ny toeram-piasana

TANJONA: Manadihady mikasika ny politika misy ary manampy anao handrafitra politika eo amin'ny toeram-piasana misy anao

ASA ATAO: Manaova fampitahana politika na fifanarahana roa mikasika ny SIDA
Inona no mahatsara sy maharatsy azy ireo ?

Iza amin'ireo no azoazonao kokoa?

## FAMPIANARANA 6

### Politika eo amin'ny toeram-piasana mikasika ny SIDA

TANJONA: Fanaovana adihevitra mikasika ny politika mitokana mikasika ny SIDA.

ASA ATAO: Sarintsarin'anjara andraikitra io. Mizara tarika roa ny mpandray anjara.

1.Manao famelabelarana mikasika ny politika mikasika ny SIDA amin'ny toeram-piasana iray ny tarika voalohany,ary manazava fa io politika io dia manampy amin'ny fandinihana ny fanamby apetraky ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana, ary manambara ampahibemaso ny fahavononana hitarika amin'ny fiatrehana izany Rehefa dinihina ny fiantraikan'izany amin'ny fandaniana, sy ny zava-manahiran-tsaina amin'izany, dia tokony hitadiavana vahaolana amin'ny maha olana manokana azy.

3. Ny tarika faharoa dia mihevitra fa tsy tokony handrafetana politika manokana izany, satria tokony horaisina sahala amin'nyfitsaboana ny aretina mamono hafa. Ahafahana mitaratra ny fisahiranana'ny orinasa amin'ny aretina goavana rehetra izany, ary mety hahazoana toky fa tsy hisy fanenjehana sy fanilikilihana atao amin'ny olona voan'ny SIDA. Ny politika na fanambarana mikasika ny aretina mamono hafa dia tokony hahitana ny firotsahana amin'ny fikarakarana ny fahasalamana sy ny fiarovana amin'ny loza eo anivon'ny toeram-piasana.

**Fanamarihana**: Azo atao miaraka ireo, na azo sarahina ho an'ny tarika misy ny mpampiasa sy ny tarika misy ny mpikambana amin'ny sendika. Tokony ho avela miady hevitra malalaka ny tarika roa,kanefa tsy tokony hanohitra ny maha olana goavana ny SIDA ny tarika faharoa.
Ny hevitra aroso dia tokony mifantoka amin'ny fomba fiatrehana izany. Mety kokoa ho an'ny firenenena izay ahitana salan'isan'ny olona voan'ny SIDA ambany ity fanazarana ity.

## FAMPIANARANA 7

### Ny fandrafetana fifanarahana eo amin'ny toeram-piasana

TANJONA: Manampy anao hamolavola fomba fijery mifanojo mikasika ny fiatrehana ny SIDA

ASA ATAO: Sarintsarin'anjara andraikitra ity fanazarana ity

Maka ny anjara toeran'ny sendika ao amin'ny toeram-piasana ny tarika iray.

Maka ny anjara toeran'ny mpitantana ny tarika faharoa.

Manara-maso ny mpandray anjara hafa.

**Toromarika omena ny sendika**: Te hanao fifampiraharahana mikasika ny fifanarahana iombonana amin'ny SIDA ianareo. Nanoratra tamin'ny mpitantana amin'izany soso-kevitra izany ianareo. Eo an-katoky ny fivorian'ny sendika isam-bolana miaraka amin'ny mpitantana ny vanim-potoana anaovana izany.

**Toromarika omena ny mpitantana**: Tianareo ho ferana amin'ny olana fototra ny fifampiraharahana (karama-fialan-tsasatra –ora fiasana). Te handrafitra politika ao amin'ny toeram-piasana ianareo, ary tianareo ny hampisehoana izany amin'ny sendika alohan'ny fotoana hamitana azy.

**Fanamarihana**: Manan-danja manokana ity fampianarana ity. Tokony hamaky ny fizarana mifanaraka amin'izany ary handalina izay lazainy mikasika ny famolavolana politika sy fanaovana fifanarahana iombonana ao amin'ny toeram-piasana. Ny mpandray anjara

# LOHAHEVITRA 3

## *LOHARANON-KEVITRA*

I. Antenimieran'ny varotra ao Durban: toromarika mikasika ny SIDA

II. Tahirim-pirenena mikasika ny SIDA: fampisehoana Politika natao ho an'ny mpampiasa

III. Fanamabaran'ny fivondronana iraisam-pirenenan'ny sendika tsy miankina sy ny sampana aty amin'ny faritra Afrika tany Gaborona

IV. Foiben'ny sendika any Philippines: politika mikasika ny fisorohana sy ny famefena ny SIDA sy ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara nofo.

V. Sendikan'ny mpiasa amin'ny orinasa mpanamboatra lamba any Afrika Atsimo: programan'asa sy politika andraisana anjara amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

VI. Antenimieran'ny fitrandrana harena ankibon'ny tany any Afrika Atsimo: i) Fifanarahana mikasika ny SIDA (1993), ii) Fifanarahana 2001, Fizarana fahatelo mikasika ny SIDA.

## I- Antenimieran'ny varotra ao Durban: Toromarika ho an'ny orinasa mpikambana

**POLITIKA MIKASIKA NY SIDA SY NY FOMBA FANATANTERAHANA ASA AMIN'NY FIATREHANA ARETINA MAMONO**

**1. Politika sy filozofia**

……………… manaiky fa loza mitatao amin'ny fahasalaman'ny mpiasa sy ny tombontsoan'ny orinasa ny SIDA. Amin'izany, dia mirotsaka amin'ny fanentanana ny mpiasa, sy ny fanampiana araka izay azo atao ireo izay voan'ny otrik'aretina ny orinasa.

Sahiran-tsaina amin'ny loza mahazo ny olona voan'ny SIDA ny orinasa, kanefa tsapany ihany koa ny voka-dratsin'izany amin'ny orinasa, indrindra amin'ireto lafiny voalaza manaraka ireto:

- Ny fandraisana mpiasa sy ny fanofanana
- Ny tombontsoan'ny mpiasa
- Ny fanapahana amin'ny asa sy ny fahafahana mamokatra
- Ny fampisondrotana amin'ny asa sy ny fiarovana ny tombontsoa manokana ho an'ny olona voan'izany
- Ny fiarovana amin'ny loza

**2. Tanjona**

Mikendry ny hahatratrarana ireto tanjona ireto ny orinasa, amin'ny alalan'ny fanentanana sy ny fahatsapana ny fijalian'ny olona voan'ny aretina:

(i) miaro ny zon'ny mpiasa voan'ny otrik'aretina
(ii) Miaro ny zon'ny mpiasa tsy voan'ny otrik'aretina
(iii)Mamefy ny fihanaky ny aretina amin'ny alalan'ny famporisihana ny mpiasa hitandrina amin'ny firaisana ara-nofo
(iv)Mandresy ny tahotra sy ny hevi-diso mikasika ny fomba fifindran'aretina
(v) Miaro ny tombontsoan'ny orinasa amin'ny alalan'ny fampihenana ny fiantraikan'ny aretina
(vi)Manome toromarika ho an'ny mpitantana orinasa amin'ny fomba fitantanana ny fiantraikan'ny aretina ao amin'ny orinasa
(vii).Manara-maso sy manao tombana mikasika ny fahombiazan'ny fepetra noraisina amin'ny fanalefahana ny fiantraikan'ny aretina

**3. Toromarika mikasika ny fandraisana mpiasa**

Manaraka izay voalaza ao amin'ny Lalàna mifehy ny asa mikasika ny fitovian-jo amin'ny fandraisana mpiasa . Tsy mandray ny Sida ho sakana amin'ny fandraisana mpiasa ny toe-pahasalamana mikasika ny SIDA. , fa ny politika arahin'ny orinasa sy ny fahaizana ilaina amin'ny asa anaovana tolotra no mametra izany

**4. Toromarika mikasika ny mpiasa voan'ny otrik'aretina**

Manao ezaka ny orinasa hiadiana amin'ny fanavankavahana mpiasa , ary tafiditra amin'izany ny mikasika ny SIDA. Manaiky izay voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenana, ny Lalàna mifehy ny asa, sy ny fitsipi-pifampifehezana mikasika izay tokony hatao mikasika ny SIDA sy ny fampiasana olona ny orinasa.

Manao ezaka ny orinasa mba hananana tontolo mahasalama ny mpiasa. Tsy manao fanavakavahana amin'ny mpiasa voan'ny SIDA sy ny mpiasa tsy mitondra ny otrik'aretina ny orinasa. Mitovy ny fitondran'ny orinasa ny mpiasa voan'ny SIDA sy ny mpiasa voan'ny aretina mahafaty hafa.

Na dia zava-dehibe aza ny fanajana ny tsiambaratelo mikasika ny toe-pahasalaman'ny mpiasa voan'ny SIDA, dia amporisihina ny mpiasa hilaza izay manjo azy, mba hahafahan'ny orinasa manome torohevitra sy manara-maso ny fihanaky ny aretina. Ataon'ny orinasa izay hitsaboana ny mpiasa voan'ny aretina, ary ataony koa izay hanomezana alalana hanapahana amin'ny asa noho ny aretina, ny andraikitra eo amin'ny fianakaviana, hanomezana torohevitra sy fampahafantarana mikasika ny otrik'aretina sy ny vokany.

**5 Torolàlana mikasika ny fahombiazana'ny orinasa**

Na dia manaiky ny fanajana ny zon'ny mpiasa voan'ny aretina aza ny orinasa, dia mahatsapa ihany koa ny voka-dratsin'izany amin'ny fahombiazan'ny orinasa. Raha toa ka mampihena ny fahafahan'ny mpiasa voan'ny aretina mamokatra ny aretina, dia zon'ny orinasa ny mitady vaha olana amin'ny fandraisana izany ho tsy fahafahana miasa noho ny aretina. Ny fepetra misy ao amin'ny orinasa mikasika ny tsy fahafahana mamokatra ara-dalàna noho ny aretina no ampiharina amin'izany. Tsy maintsy mandinika ny toe-batan'ny mpiasa, ny karazan'asa ataony, ny vahaolana vonjimaika hafa ny mpitantana alohan'ny fandroahan tanteraka noho ny tsy fahafahana miasa.

**6 Torolàlana mikasika ny mpiasa tsy voan'ny otrik'aretina**
Ataon'ny orinasa izay hanaovana fampianarana mikasika ny olana amin'ny SIDA ho an'ny mpiasa rehetra , ary ireto no atao amin'izany:

(i) Inona no atao hoe SIDA;
(ii) Ahoana ny fomba ifindran'ny otrik'aretina;
(iii)Ny vokatry ny otrik'aretina amin'ny toeram-piasana;

(iv)Ny politikan'ny orinasa sy ny ataony amin'ny fiatrehana ny SIDA.
(v) Ny manahirana ny mpiasa, ny hevi-diso sy ny tahotra ananany.

Nampahafantarina ny mpiasa ny fa tsy mifindra amin'ny alalan'ny fifampikasohana tsotra ao amin'ny toeram-piasana ny otrik'aretina. Na dia izany aza, dia tokony handray ny fepetra rehetra ny mpiasa sy ny mpampiasa mba hisorohana ny fifindran'ny aretina amin'ny mpiasa hafa. Raha toa ka misy mpiasa tsy mety miara miasa amin'ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina, dia omena fampitandremana io mpiasa io, satria rariny ny fihetsika ataony, ary mety hanimba ny asany. Mety hampiharina amin'izany nyfitsipi-pifehezan'ny orinasa.

Manaiky ihany koa ny orinasa fa ny tsy fahafahany mandray fepetra amin'ny mpiasa izay manao fanenjehana sy fanavakavahana dia mamatotra azy eo anatrehan'ny Lalàna mikasika ny fitoviana eo amin'ny asa. Ny fandraisana fepetra ampiharina amin'ny olona manao fanavakavahana sy fanenjehana dia fanampiana ihany koa ny mpiasa iharan'izany.

## 7 Fitiliana

Manaiky ny fepetra voalaza ao amin'ny Lalàna mifehy ny asa, ny lalàna mifehy ny fahasalamana sy ny politikam-pirenena mikasika ny fitiliana ny SIDA ny orinasa. Tsy mitaky ny fanaovana fitiliana eo amin'ny asa ny toeram-piasana. Tokony hanome toerana hanaovana fitiliana an'ireo mpiasa izay manam-paniriana hanao izany an-tsitrapo ny orinasa. Raha toa ka misy fangatahana sy fanekena an-tsoratra ataon'ny mpiasa, dia ataon'ny orinasa izay hanomezana torohevitra mialoha sy aorian'ny fitiliana. Tsiambaratelo ny vokatry ny fitiliana, ary tsy azo avoaka amin'ny olona hafa, na ny orinasa aza, raha tsy misy fanekena an-tsoratra avy amin'ny mpiasa anaovana fitiliana.

## 8 Fanajana ny tsiambaratelo

Manaiky ny maha olana saro-pady ny SIDA ny orinasa, ary noho izany dia manaiky ny ny famahana ny olana am-panajana ny tsiambaratelo. Raha toa ka misy mpiasa manambara ny aretiny amin'ny mpitantana ny orinasa, dia tazonina ho tsiambaratelo ny anaran'izany olona izany. Na dia izany aza, araka ny hevitry ny orinasa mikasika ny SIDA, dia amporisihia ny mpiasa tsy hanafina ny toe-pahasalamany mikasika ny SIDA.

## II-Ny Tahirim-pirenena mikasika ny SIDA (Etazonia)

**Ohatra iray mikasika ny politika ampiharina**

Ny orinasa dia tsy manavakavaka amin'ny tsy ara-dalàna ny mpiasa na ny mpangataka asa izay mitondra ny otrik'aretina. Manaiky ny orinasa fa mametraka olana goavana sy manahirana eo amin'ny orinasa ny SIDA. Araka izany, dia navoaka ireto toromarika sy hevitra fototra ireto mba hamahana ny olana sy ny zava-manahirana iainan'ny mpiasa mikasika ny SIDA.

1. Manaiky ny tokony hanomezana toeram-piasana sy tontolo mahasalama ho an'ny mpiasa rehetra ny orinasa. Manaiky ihany koa ny orinasa fa tsy mifindra amin'ny alalan'ny fifampikasohana tsotra ny otrik'aretina.

2. Otrik'aretina amin'ny rà, ary mifindra amin'ny alalan'ny rà, tsiranoka, nono ny SIDA. Mandritry ny folotaona mahery, dia maro ny zava-baovao hitan'ny mpikaroka siantifika mikasika ny otrik'aretina, kanefa tsy mitsahatra ny mihanaka ny aretina, ary nanaiky izany hatramin'ny taona 1982 ny mpikaroka. Fantatra ary mitombina ny fomba fifindran'ny otrik'aretina sy ny fisorohana izany.

3. Horaisin'ny orinasa sahala amin'ny aretina hafa ny SIDA amin'ny lafiny politika sy tombontsoa ho an'ny mpiasa rehetra, ary tafiditra amin'izany ny fahasalamana sy ny antoka aina, ny tombontsoa ho an'ny mpiasa kilemaina, ny fanapahana amin'ny asa. Atao izay hiahiana ny olona voan'ny SIDA, sahala amin'izay atao ho an'ny mpiasa voan'ny aretina hafa manelingelina ny fahafahany miasa.

4. Amin'ny ankapobeny, dia manana andraikitra hangataka ny fanamboarana ny toerana iasany ny mpiasa manana kilema. Andraikitry ny mpampiasa ny manatanteraka izany. Afaka manohy ny asany ny mpiasa raha toa ka mbola afaka manatanteraka ny andraikitra apetraka araka ny fenitra misy amin'ny famokarana izy. Tokony hifandray amin'ny Departemanta misahana ny mpiasa amin'ny fanaovana izany fanamboarana izany ny orinasa.

5. Amin'ny alalan'ny fanabeazana no anesorana ny ahiahin'ny mpiara miasa. Afaka manao fampahafantarana sy fanomezana fitaovana fanofanana ny Departemanta misahana ny mpiasa. Ankoatr'izany, dia anaovana peta-drindrina ny anaran'ny fikambanana miasa eo anivon'ny fiaraha-monina eo amin'ny faritra. Manantona ny iray amin'ireo fikambanana ireo amin'ny fampahafantarana sy fanampiana. Amporisihina ny mpitantana orinasa mba hifanatona amin'ny Departemanta misahana ny mpiasa mikasika ny fanampiana sy fampahafantarana ny mpiasa.

6. Manaiky ny maha zava-dehibe ny fampahafantarana ny mpiasa mikasika ny fifindran'ny SIDA ny orinasa, ary manaiky hanome fitaovana hanaovana fampahafantarana sy fanabeazana. Tokony hanatona ny Departemanta misahana ny mpiasa ireo izay manam-paniriana hahazo vaovao sy fitaovana.

7. Tokony hanohy ny fifandraisany amin'ny asa amin'ny mpiasa voan'ny SIDA ny mpiara miasa. Ireo izay tsy manaiky hiara miasa, manavakavaka na manenjika ny mpiasa voan'ny SIDA dia ampiharana ny fepetra fifampifehezana.

8. Mikasika olona iray manokana ny zavatra fantatra mikasika ny toe-pahasalaman'ny mpiasa ary tokony hotazonina ho tsiambaratelo. Matetika, dia ny mpitantana izay manao ny fanamboarana ny toerana iasan'ny marary na koa ny mikarakara ny tombontsoany no tokony hahafantatra ny vokatry ny fijerena ara-pahasalamana. Tokony hanaja ny maha tsiambaratelo izany ny olona hafa mahalala izany.

9. Varavarana misokatra ny politika arahin'ny orinasa. Amporisihina ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA, sy ireo izay manana ahiahy mikasika izany mba hanatona ny mpifehy azy, ny Tale, ny tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana ny mpiasa mba hahafahany miady hevitra mikasika ny ahiahiny sy mba hahazoany fampahafantarana.

10. Raha toa ka manam-panontaniana mikasika ity politika ity ianao, dia manantona ireo sokajin'olona voalaza eo ambony.

11. Tovana: lisitry ny fikambanana misahana ny asa sy ny fampahafantarana mikasika ny SIDA.

## III- Fivondronana iraisam-pirerenan'ny sendika tsy miankina – Sampana Afrika

## "Fanambarana tany Gaborone"

**Rafitra itarihana ny mpiasa hirotsaka amin'ny ady amin'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana**

Gaborone, Botswana, 29 septambra 2000

**Fizarana I**: **Sasinteny**

**A: Ny zava-misy**
Manao jery faobe ny valan'aretina sy ny vokany aty Afrika

**B: Firotsahan'ny sendika amin'ny ady amin'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana**
Mampivoitra ny andraikitra azon'ny sendika raisina amin'ny ady amin'ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana

**Fizarana II: Programan'asan'ny sendika amin'ny ady atao amin'ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana**

7. Tapitra ny fotoana andinihana ny olana, roapolo taona aorian'ny fihanaky ny aretina izay ahitana fa mitombo hatrany ny isan'ny olona vinavinaina ho fatin'ny SIDA. Aty Afrika, dia tsy dia misy programa handinihan'ny sendika mikasika ny valan'aretina. Tokony hojerena izay fomba rehetra hanampiana ireo izay kivy ary mitady vonjy maika. Mahatsapa koa anefa ny sendika fa ilaina ny fitsitsiana ny fananana sy ny fisakanana ny gaboraraka, satria fatantsika fa mihemotra hatrany ny ady amin'ny aretina rehefa mitranga izany toe-javatra izany. Izany no antony iheveranay fa ny fikambanana manana rafitra sy mpitarika voafidy, ary tompon'andraikitra no tokony ho mpitarika ny ady atao amin'ny SIDA.

8. Mampanantena izahay fa hirotsaka amin'ny fanamafisana ny fahavononana ara politika eo amin'ny fanjakana, ny rafitra isam-paritra sy iraisam-pirenena mba hampiroborobo ny fanabeazana sy ny fanovana ny fitondran-tena eo anivon'ny toeram-piasana sy eo anivon'ny fiaraha-monina , ary hamongotra ny fanavakavahana, ny fanilihana sy ny fanenjehana, ary hanampy ny vehivavy mba hanafoanana ny vesatra mianjady aminy noho ity aretina ity. Amin'ny anaran'ny mpikambana 15 tapitrisa ao amin'ny Fikambana amin'ny faritr'i Afrika sy ny mpikambana 125 tapitrisa ao amin'ny fivondronana iraisam-pirenena no anaovanay izay.

9. Manaiky koa izahay hirotsaka amin'ny fampiasana ny solontenan'ny sendika ao amin'ny orinasa mba hampihena ny fifindran'ny aretina amin'ny alalan'ny fampahafantarana sy fanabeazana; fanalefahana ny fiantraikan'ny aretina amin'ny alalan'ny fiarovana ny zon'olombelona sy ny zon'ny sendika ary hampihena ny fanenjehana; ary hanao hampielezana sy hampifanarahana ny fomba fijery amin'ny ezaka atao hisakananana ny fifindran'ny otrik'aretina.
Ireto avy ny sehatra iasana fanabeazana ny mpikambana amin'ny tsy fanavakavahana ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA; fampidirana izay fepetra ilaina amin'ny fifanarahana iombonana; fanitarana ny programam-panabeazana mikasika ny fisorohana; fanamafisana ny fisorohana sy ny fitandremana any amin'ny toeram-piasana; fanomezana fotoana fialan-tsasatra fanampiny ho an'ny mpiasa voan'ny aretina; fanomezana toro-hevitra mikasika ny SIDA sy ny areti-mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara nofo; fitondran-tena mitsimbina ny fahasalamana; dokam-barotra mikasika ny kapaoty; fizahana ara-pahasalamana mikasika ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo.

10. Mahafaoka ireto lafiny ireto ny programan'asa:
* Fanohizana ny fanadihadiana tsy miato mba hamantarana ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana, ny fiantraikany amin'ny fitombon'ny herin-tsandry mpamokatra; salam-pandraisana anjara eo amin'ny mpiasa, vehivavy, ankizy miasa, mpikambana amin'ny sendika, ny fahafahana mamokatra

- Manao fifanekena fiaraha- miasa amin'ny sendika hafa, mpamatsy vola, sy ny fikambanana hafa. Voafaoka amin'izany ny fanomezana toromarika mikasika ny lafiny lalàna amin'ny SIDA sy ny toeram-piasana, sy ny fampiofanana mikasika ny lafiny manan-danja.

- Tokony homen-danja hatrany ny fandraisan'ny mpiara monina eo an-toerana andraikitra, noho ny fomba nentim-paharazana amin'ny firaisan-kina sy ny andraikitra lehibe raisin'ny vehivavy miasa sy ny tanora, ary tokony hanampy amin'ny fanamafisana ny fiahian'ny mpiara monina ny olona voan'ny SIDA ny sendika. amin'ny asa rehetra atao eo anivon'ny fiaraha-monina,izy ireo .
- Tokony hifantoka amin'ny fanabeazana mikasika ny fisorohana ny sendika. Tokony hisy komitin'ny telo tonta eo anivon'ny firenena mikasika ny SIDA mba hanamafisana ny faharetana eo amin'ny asa
- Ny fampidirana ny olana mikasika ny SIDA sy ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny programan'ny sendika sy amin'ny tetik'asa fiaraha-miasa ara teknika atao aty amin'ny faritr'i Afrika amin'izao fotoana izao, ary tafiditra amin'izany ny fitovian'ny lahy sy vavy, ny politika ara toe-karena sy ara sosialy, ny asan'ny programa, ny fampianarana, ny dokam-barotra, ny zon'olombelona sy ny zon'ny sendika.
- Fanomanana fitaovana fampahafantarana ho an'ny mpikambana ao amin'ny Fivondronana aty Afrika sy ny mpiara miasa aminy mikasika ny fanaraha-maso ny vokatra azo amin'ny fanalefahana ny valan'aretina sy ny tontolon'ny asa.
- Eo amin'ny ambaratongan'ny orinasa, dia tokony hifantoka amin'ny fandrafetana sy ny fanatanterahana ny politika ny fanampiana, amin'ny fitsaboana sy ny fisorohana, ny fanabeazana sy ny fampiofanana.
- Tokony hisy fanampiana ara teknika mikasika ny SIDA amin'ny fandrafetana politika mikasika ny fiarovana ara sosialy sy ny politika mikasika ny fahasalamana.
- Fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanana hafa tahaka ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, ny UNESCO, ny FNUAP, ny IOM, ONU SIDA, ary mandray anjara mavitrika amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Tokony hokarohina koa izay fiaraha-miasa azo atao amin'ny fikambanana misy eo amin'ny faritra, eo amin'ny firenena izay manao ny famongorana ny SIDA ho tanjona.
- Fanamafisana sy fampiofanana ny Fivondronan'ny sendika aty Afrika amin'ny fandrindrana sy fanatanterahana ny asa atao mikasika ny SIDA.
- Fampiofanana ny sendika mpikambana amin'ny fitarihana ny hetsika fanentanana any ifotony.
- Fampitana ny hevitra hisian'ny fahavononana na hitazonana ny fahavononana ara-politika amin'ny fanjakana.
- Fizarana fahalalana sy vaovao mikasika ny valan'aretina.

**Fizarana III: Ny andraikitry ny mpifarimbona**

11.Mino izahay fa tsy misy tetik'ady iraisam-pirenena mahomby raha tsy mitovy ny fandraisana ny mpifarimbona, misy ny fifanajana, ary raha tsy misy ny famaritana iombonana ny laharam-pahamehana, ny tetik'asa sy ny fanatanterahana izany. Fantatray, araka ny traikefa ananana, fa tsy misy vahaolana atolotra maharitra raha tsy atao eo amin'ny sehatry ny fifarimbonana.

Na dia efa nampiasa ny fananana kely eo am-pelatananay aza izahay hanamafisana ny rafitry ny sendika mpikambana, dia mbola maro ny zavatra tokony hatao mba hahafahana manitatra ny programa fanabeazana sy fisorohana. Izany ezaka nataonay izany dia tsy nahazoana fanampiana firy avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena. Mangataka fanampiana amin'izany ezaka izany izahay.

12.Miarahaba sy mametra-panantenana amin'ny Fivondronan'ny sendika tsy miankina, ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, sy ny ONUSIDA amin'ny fanampiana ny hetsiky ny mpiasa aty Afrika. Mino izahay fa amin'ireo fitaovana maro entina miady amin'ny SIDA, dia anisan'ny hery mahomby indrindra ny mpifarimbona amin'ny fanjakana, mpampiasa sy mpiasa raha toa ka voaentana.

13.Mankasitraka ny firotsahan'ny fikambanana iraisam-pirenena maro, anisan'izany ny fikambanana miasa eo anivon'ny fiaraha-monina amin'ny ady atao amin'ny SIDA i Afrika. Manatitrantitra izahay fa ny programa mahomby indrindra eo amin'ny toeram-piasana dia ireo izay ataon'ny mpifarimbona miaraka, fa tsy ireo izay manome tombon-dahiny ny mpiasa, na ny mpampiasa. Mba hahafahana mampihena ny fandaniana sy ny fanatanterahan'ny fikambanana maro programa izay mitovy, dia miantso ny fikambanana any ifotony izahay mba hanaja ny fomba fiasan'ny sendika, ary hanatona ny foiben'ny sendika eo amin'ny firenena alohan'ny haminavinana programa miaraka amin'ny sendika mpikambana ao aminay.

**Fizarana IV: Fehiny**

14.Manaiky hirotsaka amin'ny fanatanterahana ny fanambaran'ny sendika tany Gaborone sy ny rafitra iasana amin'izany ny Fivondronan'ny sendika tsy miankina-Sampana Afrika mba tsy hanimban'ny SIDA ny hoavintsika.

## IV- Kongresin'ny sendika any Philippines

**POLITIKA MIKASIKA NY FISOROHANA SY NY FAMEFENA NY SIDA SY NY ARETI-MIFINDRA AMIN'NY ALALAN'NY FIRAISANA ARA-NOFO**

**1.Fisorohana ny fihanaky ny Sida**

1.1.Fampahafantarana

Ny mpiasa rehetra dia tokony hahazo fampahafantarana, fitsaboana sy fizahana ara-pahasalamana, fanabeazana, torohevitra sy fanampiana mikasika ny SIDA

1.2.Fanampiana ny proograma

Mahazo fanampiana avy amin'ny mpitarika ny TUCP sy ny sendika mpikambana ao aminy amin'ny alalan'ny fanetsehana ny komity sy ny departemanta isan-tokony misy ao aminy. Ho fanekena ny andro iraisam-pirenena mikasika ny SIDA, dia mandray anjara amin'ny fihetsiketsehana rehetra mikasika izany ny TUCP.

1.3.Fiaraha-miasa

Manao fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny vondron'ny mpiasa, ny fanjakana, ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ny fikambanana mpanao fikarohana ny TUCP, kanefa voafetra amin'ny famatsiam-bola, ny fandrindrana, ny fanampiana ara-teknika izany fifanarahana izany. Andraikitry ny TUCP sy ny sendika mpikambana ao aminy ny fanatanterahana ny programa.

1.4.Ny andraikitry ny mpampiasa, ny fanjakana sy ny fikambanana hafa ao anatin'ny fiarahamonimpirenena.

Manao ezaka hamatsiam-bola sy hanampiana ny fanatanterahana ny programa fisorohana sy famefena ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana ny mpampiasa.

1.5.Lalàn'ny Repoblika 8504

Manohana ny fanatanterahana sy ny fampiharana ny Lalàna 8504 mikasika ny fisorohana sy ny famefena ny SIDA ny TUCP, mandresy lahatra amin'ny famoahana fitsipika fanatanterahana izany lalàna izany, ary manao izay hanatanterahan'ny sendika isan-tokony an'izany lalàna izany.

**2.Fiarovana ny zon'ny mpiasa sy ny maha olona ny mpiasa voan'ny SIDA.**

2.1 Ho an'ny olona mangataka asa

Tsy ara-dalàna ny fanerena amin'ny fanaovana fitiliana ny otrik'aretina

2.2 Ho an'ny mpiasa

Manan-jo sy tombontsoa mitovy amin'ny mpiasa rehetra ny mpiasa voan'ny SIDA

2.2.1 Fitiliana ny otrik'aretina

Tsy azo atao ny fanerena amin'ny fitiliana ny otrik'aretina. An-tsitrapo no anaovana izany, miaraka amin'ny fanomezana torohevitra mialoha sy aorian'ny fitiliana.

2.2.2 Tsiambaratelo mikasika ny toe-pahasalamana

Tsy maintsy hajaina ny tsiambaratelo mikasika ny vokatray ny fitiliana sy izay rehtra voasoratra mikasika ny toe-pahasalama

2.2.3 Fiarovana ny asa

Manampy amin'ny fiarovana ny fitazonana ny asan'ny mpiasa voan'ny SIDA ny TUCP. Avela manohy ny asany izy ireo raha mbola mamela azy hanao izany ny toe-pahasalamany sy ny toe-batany. Tsy maintsy arovana amin'ny fanilihana sy ny fanenjehana ataon'ny mpiara miasa sy ny mpampiasa izy ireo, ary koa amin'ny fandroahana sy fampidinana laharana eo amin'ny asa mety hataon'izy ireo.

2.2.4 Andron'ny fahasalamana mikasika ny fananahana

Manokana andro ho an'ny fahasalamana mikasika ny fananahana ny TUCP mba hahafahan'ny mpiasa manao asa araka izay filany. Ataon'ny fikambanana ihany koa izay hampidirana izany amin'ny fifampiraharahana iombonana ho anisan'ny programa mikasika ny fahasalaman'ny fianakaviana.

2.2.5 Tombontsoa

Miezaka ny TUCP mba hampisy tahiry na fanomezam-bola hanampiana ny mpiasa voan'ny SIDA sy ny aretina vokatry ny firaisana ara nofo. Manan-jo hahazo tombontsoa mitovy amin'ny mpiasa rehetra araka izay voalaza ao amin'ny lalàna ny mpiasa voan'ny SIDA. Ho an'ny mpiasa izay heverina fa manao asa atahorana fa mora ifindran'ny SIDA amin'ny alalan'ny tsindrona fanjaitra na ny rà, dia tsy maintsy misy fiarovana manokana sy tambin-karama fanampiny omena azy ireo. Tsy maintsy hajaina eo amin'ny toeram-piasana ny fepetra fitandremana iraisam-pirenena.

**3.Andraikitry ny mpiasa voan'ny SIDA sy ny aretna vokatry ny firaisana ara nofo**

3.1 Tsy maintsy manana fitondran-tena mamefy sy misoroka ny SIDA ny mpiasa voan'ny SIDA sy ny aretina vokatry ny firaisana ara-nofo.

**4.Fanekena ny andraikitry ny TUCP**

4.1 Ny TUCP sy ny sendika mpikambana ao aminy dia manao fifampiraharahana mba hampidirana amin'ny fifanarahana amin'ny ny asa fepetra mikasika ny andro tsy fiasana andraisam-bola hahafahan'ny mpiasa mandray anjara amin'ny hetsika atao mikasika ny SIDA.

4.2 Manao izao hampiroboroboana hetsika fanentanana, fampahafantarana mikasika ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, fanabeazana ny TUCP.

4.3 Miezaka ny TUCP hampidirana ny programa fisorohana ny SIDA amin'ny programa misy mikasika ny fahasalaman'ny fianakaviana , na koa ny programa mikasika ny fahasalamana eo amin'ny toeram-piasana.

**5.Fananganana vondrona manokana misahana ny SIDA**

5.1 Atsangana ny vondron'ny TUCP manokana misahana ny fanatanterahana sy ny fandrindrana ny programa mikasika ny SIDA eo amin'ny sehatry ny Firenena. Ahitana solontena avy amin'ny federasiona mpikambana ao amin'ny TUCP io vondrona io.

5.2 Olona iray no miandraikitra ny fandrindrana, fampidirana sy fanatanterahana ny programa mikasika ny fisorohana ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana.

## V- Sendika'ny mpiasa amin'ny orinasa mpamokatra lamba any Afrika Atsimo

**Politika ary programan'asa entina manampy amin'ny ady atao amin'ny SIDA (May 2002)**

**Fampidirana**

Ity politika ity no fototry ny programan'ny sendika amin'ny ady atao amin'ny SIDA.Amin'ny maha sendika anay, dia tsapanay fa fanamby lehibe amin'ny fiaraha-monina misy anay ny SIDA. Tsy maintsy ataontsika ny:

- Fanombohana programa fanabeazanana mba handraisana anjara amin'ny fisorohana ny fihanaky ny SIDA
- Fanomezana torohevitra ny mpikambana izay mitondra ny otrik'aretina, amin'izay fomba tokony hanamboarany ny fiainany; ary,
- Ny fanabeazana ny mpiasa sy ny mpikambana hafa ao amin'ny fiaraha-monina mba tsy hanenjehana ny olona voan'ny SIDA sy mba hiahina azy ireo eo anivon'ny toeram-piasana, ny sendika sy ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny.

Andraikitra miandry antsika ny fanentanana amin'ny fitsaboana ny olona voan'ny SIDA, sy ny fifandraisana amin'ny Fanjakana, ny mpampiasa sy ny mpamatsy vola hahafahana manao izany.

Mba hahafahana manatratra izany tanjona izany, dia hampiasa ny fananany ny Sendika, ary hampiasa ihany koa ny fahafahany mandresy lahatra.
Hiara miasa amin'ny fikambanana hafa mitovy tanjona aminy ny sendika. Manao fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny fanjakana, ny hopitaly mitsabo ny SIDA, ny oniversite fianarana mitsabo ny sendika sahala amin'ny oniversiten'ny Natal, Durban.

**Fanabeazana**

Manana programa izay nampiofanana tompon'andraikitry ny sendika 1100 mandritry ny 18 volana lasa ny sendika.

Amin'ny ho avy, dia atao izay hiantefan'ny fanabeazana sy fampahafantarana amin'ny mpikambana tsotra. Ilaina amin'izany ny fanomezana alalana tsy hiasana avy amin'ny mpampiasa.

Ny fiovan'ny fitondran-tena mba hisorohana ny famindrana ny aretina no fototry ny fanabeazana. Ahitana fampahafantarana mikasika ny fomba fihanaky ny otri'aretina sy ny dingana amin'ny fisorohana ny fifindran'ny aretina izany.

Ireto avy ny hafatra ampitaina:
- Aza mijangajanga
- Aza manao firaisana ara nofo amin'ny olona maro
- Manaova kapaoty

Ireto avy ny tanjona voafaritra amin'ny taona manaraka:
- Fanofanana tompon'andraikitry ny sendika 800
- Fampitana ny hafatra amin'ny mpikambana 110 000
- Fampianarana mpikambana 40 000 mandritry ny adiny iray sy fizarana boky kely ho azy ireo

Ny fanabeazna dia natao hahazoan'ny mpiandraikitra sendika ny fahaizana ilaina amin'ny fampahafantarana mikasika ny SIDA, ary koa mba hahatonga izany hiantefa amin'ny mpikambana tsotra.

Mandritry ny volana novambra, dia hanao hetsika mifantoka amin'ny SIDA ny sendika. Amin'izany fotoana izany, dia hisy fivoriana mandritry ny 30 minitra izay hatao amin'ny sampana sy faritra rehetra mba hanentanana mikasika ny SIDA.

Misy fanofanana manokana mikasika ny ady atao amin'ny fanavakavahana sy ny fanenjehana eo amin'ny toeram-piasana isaky ny faritra.

**Fitiliana sy fanomezana torohevitra**

Manantitrantitra ny sendika fa an-tsitrapo no anaovana ny fitiliana, ary tazonina ho tsiambaratelo ny vokatr'izany.

Atao ho an'ny mpiasa sy ny fianakaviany ny programa fanomezana torohevitra. Atao manomboka ny volana Jiona 2002 ny programa fanomezana torohevitra. Mandritr'izany, dia mpikambana 2000 miaraka amin'ny fianakaviany no kendrena hanatanterahana izany.

**Fitsaboana**

Anisan'ny lafiny manan-danja indrindra amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny fitsaboana. Noho izany, dia hanao ezaka amin'ny fandresen-dahatra sy fanampiana amin'ny hahitana fanafody tsy lafo vidy ho an'ny rehetra ny sendika.

**Fanomezana fanafody**

Hanome fanafody toy ny vitaminina sy ctrimoxazole ho an'ny mpikambana mitondra ny otrik'aretina ny sendika.

**Fanafody Nevirapine ho an'ny vehivavy bevohoka**

Hanome fanafody nevirapine ho an'ny vehivavy mpikambana bevohoka ny sendika mba hampihenana ny fifindran'ny otrik'aretina avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza amin'ny faritra tsy anaovan'ny fanjakana izany, raha toa ka manome ny fitaovana rehetra ahafahana manao izany ny fanjakana.

**Fitsaboana ny raboka**

Hanao hetsika fanentanana mikasika ny raboka eo amin'ny teoram-piasana ny sendika. Ilaina amin'izany ny fampiofanana, ny afisy, ny fivoriana eo amin'ny toeram-piasana. Entanina ny mpiandraikitra sendika hitarika izany.

Hanampy ny tahiry mikasika ny fahasalamana ny sendika amin'ny fandresena lahatra ny fanjakana mba hanomezany fanafody amin'ny raboka ho an'ny toeram-piasana rehetra.

**Aretina vokatry ny firaisana ara-nofo**

Hanao ezaka fanampiana amin'ny fitsaboana ny aretina vokatry ny firaisana ara-nofo ny sendika amin'ny alalan;ny fiaraha-miasa amin'ny fanjakana, mba hitsaboana ny mpikambana voan'io aretina io.

**Fanafody fanalefahana ny fihombon'ny SIDA**

Tsy takatry ny sendika ny vidin'io fanafody io, ary noho izany dia hifampiraharaha amin'ny mpampiasa, ny fanjakana, ny mpamatsy vola ny sendika mba hahafahany mividy ny fanafody ilaina.

Mamporisika ny mpikambana ny sendika mba handraisany anjara amin'ny tetik'asa misy mikasika ny fanalefahana ny fihombon'ny aretina.

Hanao hetsika fandresen-dahatra ny fanjakana mba hanombohany ny tetik'asa mikasika ny fanalefahana ny fihombon'ny aretina.

**Fitsaboana ao an-tokantrano**

Hamolavola programa fampiofanana ny tompon'andraikitry ny sendika mba hahazoan'ny olona voan'ny SIDA fitsaboana any an-tokantrano Ampifandraisina amin'ny fanaovana fitiliana an-tsitrapo izany programa izany.

Tetik'asa andrana aloha no atao amin'ny fitsaboana any an-tokantrano, izay anaovana tombana afaka enim-bolana.

**Ny fianakaviana**

Hanomboka asa ny sendika mba hamantarana ny isan'ny zaza kamboty vokatry ny SIDA. Hisy fiaraha-miasa atao miaraka amin'ny fikambanana any ivelany amin'ny fanampiana ireny zaza kamboty ireny.

Ankoatr'izany, dia hanohana ny hetsika amin'ny fanitarana fanampiana ara-bola ny ankizy latsaky ny 18 taona ny sendika.

**Fifampiraharahana iombonana**

Angatahina amin'ny mpampiasa ny fanohanany ny programa mikasika ny SIDA amin'ny fifampiraharahana iombonana rehetra, ary anisan'izany ny famatsiam-bola, ny fanomezana toerana fiofanan'ny mpitarika sendika sy ny fanomezana alalana amin'ny fotoana tsy hiasana.

Tokony hisy fepetra mikasika ny faneken'ny mpampiasa ny tsy fanavakavahana ny mpiasa voan'ny SIDA ny fifanarahana iombonana, araka izay voalaza ao amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny ftsipiky ny Nedlac.

Hanome soso-kevitra mikasika ny fifandraisana amin'ny asa ho an'ny mpiasa voan'ny SIDA ny sendika, ary anisan'izany ny fanomezana fotoana iandrasana ny fanomezam-bola ho an'ny mpiasa tsy afaka miasa intsony.

**Fanentanana**

Manohana ny fandrosoana soso-kevitra mikasika ny tetik'asa amin'ny SIDA ny sendika izay hanaovana fifampiraharahana amin'ny fanjakana sy ny mpampiasa ny sendika, ary hanao fanentanana mba hankatoavana izany planina izany. Tokony hahitana ny fomba hisakanana ny fihanaky ny aretina tetik'asa izany, ary koa ny fomba hitsaboana ireo izay voan'ny aretina.

Tafiditra amin'izany fanentanana izany ny fampihenana ny fotoana iandrasana amin'ny fanomezam-bola ho an'ireo izay voan'ny SIDA.

**Fiaraha-miasa amin'ny tompon'andraikitra eo amin'ny Faritany sy eo anivon'ny fiaraha-monina**

Hanome soso-kevitra ary hanao adihevitra amin'ny tompon'andraikitra eo amin'ny faritany ny sendika mba hanomezana aina ny programa mikasika ny SIDA.
Hiara miasa amin'ny fikambanana eo anivon'ny fiaraha-monina izay manana tanjona mitovy aminy ihany koa ny sendika, mba hanitarana ny fanentanana ny vahoaka.

# VI. i) Fifanarahan'ny sendikan'ny mpiasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany sy ny Antenimieran'ny varotra ao Afrika Atsimo

Fiafanarahana natao tamin'ny 31 Jolay 1991 amin'ireo ankolafiny roa ireo ny fifanarahana mikasika ny fanamboarana ny karama sy ny fepetra anatanterahana ny asa.

## Tanjona

Ny fanomezana toromarika eo amin'ny sehatry ny indostria no anton'ity fifanarahana ity
a).Hampihenana ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany
b).Hisorohana ny fihanaky ny otrik'aretina
c).Hitantanana ny fifandraisana amin'ny asa eo anatrehan'ny otrik'aretina

## Politika

### 1.Fepetra ankapobeny

Na dia ekena aza fa misy toe-javatra manokana mikasika ny fifindran'ny otrik'aretina SIDA, dia tokony ho raisina sahala amin'ny aretin-dehibe rehetra ny SIDA.

### 2.Zon'ny mpiasa tsirairay

2.1 Zon'ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina Arovana amin'ny fanavakavahana, fanenjehana sy fanilihana ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina.

2.2 Fitiliana. Tsy azo terena hanao fitiliana ny otrik'aretina ny mpiasa,. Raha toa ka misy antony mazava mikasika ny karazan'asa atao ary voamarina amin'ny lafiny ara-pahasalamana aorian'ny fangatahana ataon'ny mpitantana na ny fikambanan'ny mpampiasaizany , dia azo atao ny mampanao fitiliana ny mpiasa voakasik'izany.

2.3 Fahafahana miasa
Tsy tokony hiharan'ny fandroahana, na fandavana azy hanao asa iray noho ny SIDA ny mpiasa

2.4 Fanomezana torohevitra
Omena ny mpiasa ny torohevitra sy fanampiana ilaina.

2.5 Tombontsoa
Ny mpiasa tsy afaka miasa noho ny antony ara-pahasalamana dia tokony homena ny tombontsoa araka ny fepetra ao amin'ny fifanarahana amin'ny asa nifaneken'ny roa tonta.

**3.Fitiliana atao ho an'ny fikarohana famantarana ny aretina**

3.1.Anaovana fakana hevitra amin'ny fikambanann'ny mpiasa ny fitiliana atao ho an'ny fikarohana famantarana ny aretina, ary tsy maintsy anaovana fanombanana sy fandinihana tsy mitanila.izany

3.2.Zaraina amin'ny mpiasa sy ny fikambanana mijoro ara-dalana ny vokatry ny fikarohana

3.3.Tsy azo ampiasaina amin'ny fanavakavahana ny mpiasa sy ny sokajin'ny mpiasa manokana ny vokatry ny fikarohana.

**4.Fenitra amin'ny fikarohana**

4.1.Tokony hifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena ny fitiliana rehetra (torohevitra mialoha sy aorian'ny fitiliana, faneken'ny mpiasa, fanajana ny tsiambaratelo).

**5.Programa fanentanana sy fanebeazana**

5.1.Noho ny tsy fisian'ny vakisiny sy ny fanafody, dia lafiny lehibe amin'ny programan'asa mikasika ny fisorohana ny SIDA ny fanabeazana sy fanentanana, mba hahafahana mamefy ny fihanaky ny aretina sy manova ny fitondran-tena.

5.2.Tanterahina ny programa fanentanana sy fanabeazana ilaina mba hiarovan'ny mpiasa tena ary koa mba hisorohana ny famindrana ny otrik'aretina amin'ny hafa.

5.3.Zava-dehibe ny fampandraisana anjara ny mpiasa sy ny solontenany amin'ny programa fanentanana, fanabeazana sy fanomezana torohevitra mba hisorohana ny fihanaky ny SIDA ary koa mba hanampiana ireo izay voan'ny aretina.

5.4.Mifanantona amin'ny mpiasa na ny solontenany ny mpampiasa mikasika izay programa misy na ho avy.

**6.Fanovana ny fitondran-tena**

6.1.Ekena fa andraikitry ny tsirairay ny fisorohana ny SIDA amin'ny alalan'ny fananana fihetsika tompon'andraikitra, ary eken'ny roa tonta fa ny toe-draharaha ara toe-karena sy sosialy dia mety hisy fiantraikany amin'ny fivoaran'ny aretina eo anivon'ny fiaraha-monina.

6.2.Manaiky ny roa tonta ny hijery ny tontolo ara sosialy sy ara-toe-karena sy ny fomba fitondran-tena eo amin'ny toeram-pitrandrahana mifanaraka amin'ny fisorohana ny fifindran'ny otrik'aretina.

**7.Ny mpiasa amin'ny fahasalamana**

7.1 Ekena ny fenitra eo amin'ny asa ho an'ny mpiasa amin'ny fahasalamana araka izay voamarika ao amin'ny fitsipi-pifehezana.

**8.Adihevitra iombonana**

8.1 Manaiky ny fandraisana anjara amin'ny fivoriana iarahana amin'ny ankolafiny hafa voakasik'izany ny solontenan'ny fikambanana nanao sonia ity fifanarahana ity, mba hampanan-kery ny fifanarahana.

**9.Fanovana ny fifanarahana**

9.1 Tanterahin'ny roa tonta ny fanombanana sy fandinihana ny fahombiazan'ny fepetra amin'ity politika ity, iray taona aorian'ny fampiharana azy, na aorian'izay fotoana izay.

Natao sonia tamin'ny 25 Aogositra 1993
Ny sendikan'ny mpiasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany
Ny Antenimieran'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany

## VI. ii) FIFANARAHANA

## amin'ny sendika'ny mpiasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany amin'ny anaran'ny mpikambana ao aminy sy ny Antenimeran'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany

**Fanamboarana ny karama sy ny fepetra anatanterahana ny asa any amin'ny toby fitrandrahana volamena- 2001/2002 sy 2002/2003**

**1. Fampiharana ny fifanarahana**

**2. Fampisondrotana ny karama**

**3. SIDA**

3.1 Fampidirana

3.1.1. Ny SIDA: Loza manambana ny fahasalaman'ny mpiasa sy ny famokarana

3.1.2. Ilana fiaraha-miasa amin'ny orinasa, ny sendika, ny mpiasa tsirairay, ny fanjakana sy ny mpandray anjara hafa ny ady atao amin'ny SIDA

3.1.3. Mitaky asa amin'ny vava ady maro ny tetik'ady mahomby, fa tsy vaha olana maimaika.

3.1.4. Mbola maro ny fanontaniana tsy ahitam-baliny mikasika ny fisorohana mahomby sy ny fitsaboanan ny SIDA.

3.1.5 Mifanaiky ny orinasa sy ny sendika hiara miasa mba hahitana vahaolana mahomby, maharitra sy takatry ny vola, ary manaiky fa hanome lanja ireto olana voalaza manaraka ireto.

3.2 Ny rafitra iaraha-miasa amin'ny SIDA

3.2.1 Tokony hisy rafitra fiaraha-miasa mikasika ny SIDA ao anatin'ny telo volana aorian'ny fanaovana sonia ity fifanarahana ity, amin'ny toerana mbola tsy nanaovana izany.

3.2.2 Ny fampiroboroboana ny programan'asa mikasika ny SIDA, miaraka amin'ny teti-bola mazava no tanjona amin'ny fametrahana rafitra fiaraha-miasa, mba hahafahana :

3.2.2.1 Manao fanentanana mikasika ny fisorohana, izay ampitana ny hafatra mikasika ny tsy fijangajangana, ny tsy fanaovana firaisana ara- nofo amin'ny olona maro, ny fampiasana kapaoty.

3.2.2.2 Manova ny fitondran-tena, izay ahitana programa famporisihana ny mpiasa hilaza ny toe-pahasalamany mikasika ny SIDA.

3.2.2.3 Manara-maso ny fivoaran'ny programa fiahina ny mpiasa voan'ny SIDA:

- fanomezana torohevitra sy fanabeazana
- Fitsaboana
- Fizahana ara-pahasalamana tsy tapaka
- Fahazoana fanafody itsaboana ny aretina vokatry ny SIDA
- Fahazoana sakafo mahavelona
- Tontolo iainana ahafahana mitandro ny fahasalamana

3.2.2.4 Mandray anjara amin'ny fanentanana mikasika ny maha zava-dehibe ny fanovana ny fitondran-tena, ary mikasika ny fanaovana fitiliana izay tokony hanaja ny tsiambaratelo, hatao an-tsitrapo, ary mikasika ny famporisihana ny mpiasa handray anjara amin'ny programa fitiliana.

3.2.3 Hisy famatsiam-bola hatao ho an'ny programa mikasika ny SIDA izay tanterahn'ny rafitra fiaraha-miasa, ary ampahafantarina ny mpiara miasa ny mikasika izany famatsiam-bola izany

3.2.4 Tokony hifandray amin'ny sampana misahana ny trano fonenana sy ny mpitantana ny orinasa ny rafitra fiaraha-miasa, ary hiezaka ny mpitantana ny orinasa hanafaingana ny programa fanomezana trano fonenana ho an'ny  mpiasa.

3.3 Mifanaraka ny orinasa sy ny sendika fa hitady tetika sy vahaolana mahomby mikasika ireto lafiny ireto lafiny ireto:

3.3.1. Manao izay hanomezana fitsaboana sy fanafody ho an'ny mpiasa bevohoka voan'ny otrik'aretina, anisan'izany ny fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina.

3.3.2. Manao soso-kevitra amin'ny komitin'ny SIDA amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany mba hanaovana fivoriambe isan-taona hiadiana hevitra amin'ny tetik'ady amin'ny fiatrehana ny SIDA ary hamantarana ny fahombiazana sy ny lesoka hita amin'ny hafa.

# *Rafitra mikasika ny Lalàna sy politika ao amin'ny tontolon'ny asa : Ny andraikitry ny Fanjakana*

## Votoatiny


| | |
|---|---|
| Fampidirana | 1 |
| Ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toe-karena ankapobeny | 3 |
| Ny fandrafetana politika iadiana amin'ny SIDA eo amin'ny sehatry ny firenena | 5 |
| Ny fitadiavana ny ho enti-manana | 10 |
| Ny lalàna mikasika ny SIDA | 11 |
| Ny andraikitry ny solombavambahoaka | 14 |
| Ny mpanara-maso ny asa | 15 |
| Ny fiarovana ara sosialy | 16 |
| Fampianarana | 20 |
| Loharanon-kevitra | 24 |

# LOHAHEVITRA 4

## *Rafitra mikasika ny Lalàna sy politika ao amin'ny tontolon'ny asa : Ny andraikitry ny Fanjakana*

## Fampidirana

Eo am-bava ady amin'ny fiatrehana ny SIDA ny fanjakana. Manome fanampiana ara-bola sy ara-teknika ny fikambanana iraisam-pirenena, ary manana andraikitra lehibe any amin'ny toeram-piasana, eo anivon'ny fiaraha-monina, any am-piangonana ny fikambanana ao anatin'ny fiarahamonimpirenena. Ny fanjakana no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitarihana sy fandrindrana ny ezaka famefena ny SIDA sy fanalefahana ny fiantraikany. Izy no mametra raha toa ka anisan'ny asa maika eo amin'ny firenena ny SIDA na tsia.


Tsy azo odian-tsy hita ny fiantraikan'ny SIDA. Misy fiantraikany amin'ny asan'ny fanjakana amin'ny lafiny ara-bola, fandaniana, fanatanterahana asa, sy fahafahana mitondra izany.

1. Anisan'ny mpampiasa ny fanjakana, ary anisan'ny mpampiasa lehibe indrindra amin'ny firenena maro. Misy fiantraikany amin'ny fanatanterahana asa ho an'ny vahoaka. Ny fanapahana amin'ny asa sy ny fahafatesan'ny mpiasam-panjakana dia mampihena ny fahafahan'ny fanjakana manao asa ho an'ny vahoaka sy mitondra
2. Mampitombo ny asa angatahina amin'ny fanjakana amin'ny sampan-draharaha maro ny SIDA, indrindra mikasika ny fahasalamana sy ny asa sosialy. Feno marary ny hopitaly, ny toerana fitaizana kamboty, ary tsy maharaka ny fiarovana ara sosialy, sy ny fampianarana amin'ny firenena maro, ary malaky kokoa ny fotoana ahafatesan'ny mpampianatra raha oharina amin'ny faharetan'ny fotoana ampianarana azy.
3. Noho ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toe-karena, dia mihena ny fitombon'ny harin-karena amin'ny tany ahitana salan'isa ambony amin'ny SIDA satria mihena ny vola miditra, ny fahafahana mamokatra sy ny tombom-barotra. Mihena ny hetra azo ampidirina. Amin'ny fotoana mampitombo ny fandaniana, dia mampihena ny vola miditra amin'ny fanjakana ny fiantraikan'ny aretina.
4. Miteraka fahasahiranan-tsaina ara politika sy amin'ny lafiny lalàna ny valan'aretina. Miteraka tahotra ny SIDA ary mitarika amin'ny fanavakavahana sy fanenjehana. Mety hisy ny fanerena ny fanjakana avy amin'ny vahoaka izay tsy manana fahalalana firy mikasika ny aretina, izay mety hitaky amin'ny fanjakana ny fanilihana ny olona mitondra ny otrik'aretina. Manana andraikitra lehibe ny fanjakana amin'ny fiarovana ny zon'ny olona voan'ny aretina sy hamporisihana ny sarambaben'olona hanana fo mitempo sy handefitra amin'izy ireny.
5. Farany, rehefa misy fanerena mafy, dia voatery mandray fepetra amin'ny fandrafetana politika sy tetik'ady mahomby ny fanjakana. Manimba ny planina fampandrosoana sy ny hery mpamokatra ny SIDA. Tsy maintsy maminavina tetik'ady hiatrehana ny valan'aretina ary mahasahana ny olana rehetra ary misandrahaka amin'ny Ministera rehetra ny fanjakana.

Mamaritra zo sy andraikitra maro ankinina amin'ny fanjakana ny fitsipi-pifampifehezana; fanomezana vaha olana mitombina, voarindra ary mahasahana ny sehatra rehetra; fanaovana fikarohana; famoahana ny lalàna izay ilaina; fanaovana fanentanana sy fisorohana; fitsaboana sy fanampiana, fanaovana fiarovana ara sosialy , ary fanomezana toromarika ho an'ny mpampiasa; fitadiavana famatsiam-bola eo amin'ny sehatry ny firenana sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. (Jereo fizarana faha5.1).

Asehon'i Tony Barnett sy Alan Whiteside amin'ny tabilao manaraka eto ny fifandraisana fototra amin'ny fanjakana sy ny fitantanana ara-penitra ao amin'ny *SIDA amin'ny taonjato faha 21; ny aretina sy ny fanatontoloana*

**Ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny Fanjakana**




Mitombo ny fahafantarana ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny tontolon'ny asa. Tokony hanolotra vahaolana ny Ministeran'ny Asa, izay mety tsy niditra tamin'ny famahana ny olana teo aloha. Tokony hanetsiketsika ny mpandray anjara rehetra eo amin'ny tontolon'ny asa izy, indrindra ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa.

## Ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toe-karena ankapobeny

Efa voaresaka ao amin'ny lohahevitra 1 ny mikasika ny fiantraikan'ny SIDA, ary fintinina eto ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny lafiny ara toe-karena sy sosialy eo amin'ny firenena sy ny fanjakana. Miatrika loza izay sarotra arenina ireo firenena tena ianjadian'izany. Mety ho ringana ny mponina any Botswana, izay ahitana fa 39 %n'ny olona ampy taona dia voan'ny otrik'aretina, hoy ny manam-pahefana iray any Botswana.

Mampihena ny isan'ny mpiasa manana traikefa sy fahaizana ny SIDA ary koa ny isan'ireo izay afaka miasa amin'ny ho avy.

> *Amin'ny herin-tsandry sy ny fahafahana manao tahiry no tena isian'ny fiantraikan'ny otrik'aretina amin'ny fampandrosoana ara sosialy sy ara toe-karena. Amin'ny olona anatin'ny sokajin-taona afaka miasa no tena miantraika ny SIDA. Misy fiantraikany hatramin'ny rafitry ny fianakaviana, ny fahafahan'ny orinasa sy ny fiaraha-monina miaina ary koa ny fahafahana mamokatra amin'ny fotoana lavitr'ezaka ny otrik'aretina, fa tsy mijanona fotsiny amin'ny fahaverezana mpiasa.*
>
> *Torak'izany, dia manimba ny fahafahan'ny fianakaviana, ny mpamokatra amin'ny sehatry ny fihariana ara-dalàna sy ireo amin'ny sehatra tsy anatin'ny rafitra ara-dalàna sy ny fanjakana manao tahiry ny otrik'aretina, satria mampitombo ny fandaniana. Mitarika fihenan'ny fampiasam-bola, ny vola miditra amin'ny tsirairay sy ny fifaninanana ara-toe-karena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny fihenan'ny tahiry. Araka ny ONUSIDA, dia mihena 0.5 ka hatramin'ny 1.2 % ny vola miditra amin'ny isam-batan'olona amin'ny antsasaky ny firenena aty atsimon'i Sahara. Vinavinaina hihena 20 isan-jato ny fandanian'ny fanjakana any Botswana amin'ny roapolo taona manaraka.*
>
> *Efa hita ny fiantraikan'ny fihenan'ny tahiry amin'ny fampianaran'ny tokantrano sahirana ny ankizy, izay hampihena ny isan'ny mpiasa manam-pahaizana any aoriana. Mihena ny isan'ny mpiasa nahazo fampiofanana amin'ny sampan-draharaham-panjakana, ary tsy hita izay fomba hanoloana an'izy ireo noho ny tsy fahampian'ny teti-bola. Hita ihany koa izany toe-javatra izany amin'ny sehatra famokarana toa ny fambolena sy ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.*

### Ny fanjakana amin'ny maha mpampiasa azy

Anisan'ny mpampiasa lehibe indrindra ny fanjakana amin'ny firenena maro, ary anisan'ny lohalaharana amin'ny fiatrehana ny fiantraikan'ny SIDA ny mpiasam-panjakana maro, toy ny mpiasa amin'ny fahasalamana, ny mpitantana ny raharaham-panjakana eo an-toerana sy ny mpiandraikitra ny fitantanana mpiasa sy ny fampiofanana.


# LOHAHEVITRA 4

Sempotry ny fikarakarana ny olona mararin'ny SIDA ny mpiasa ao amin'ny sehatry ny fahasalamana, ary maro ny mpiasa ifindran'ny aretina. Nitombo avo enina heny ny salan'isan'ny mpiasa maty any Malawi sy Zambia, ary ny vola natokana ho an'ny fampiofanana amin'ny tany maro dia voatery nolaniana amin'ny fitsaboana.

Torak'izany ny krizy mihatra amin'ny fampianarana. Tamin'ny taona 1999, dia mpianatra 860,000 no tsy nanana mpampianatra intsony amin'ny tany afrikanina atsimon'ny Sahara. Araka ny vinavinan'ny fanjakana, dia 20 isan-jaton'ny mpampianatra any Malawi no tsy afaka hiasa intsony ao anatin'ny folo taona manaraka. Misy fiantraikany amin'ny tolotra sy ny tinady amin'ny fampianarana ny SIDA, araka ny nosoratan'i Barnett sy Whiteside ao amin'ny boky n*y SIDA amin'ny taon-jato faha 21.*

# LOHAHEVITRA 4 *Ny andraikitry ny fanjakana*

## Ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny fampianarana



Ity tabilao ity dia mampiseho fa ny fampitomboan' ny isan'ny mpianatra mahavita fianarana no fanamby eo anatrehan'ny fanerena ateraky ny SIDA.

Tao Malawi no nisy fanadihadiana natao mikasika ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny mpiasam-panjakana. Nitombo avo folo heny ny isan'ny olona maty. 15 ka hatramin'ny 20 ny isan'ny polisy maty isam-bolana, ary maro ny asa tsy nisy mpanao intsony. Tao amin'ny Ministeran'ny fambolena, dia ny antsasaky ny asa no tsy nisy mpanao intsony, ary maro ny mpiasa tsy maintsy nampanaovina izany na dia tsy ampy traikefa aza. Ambony kokoa ny salan'isan'ny fahafatesana amin'ny mpiasa manam-pahaizana izay nandaniam-bola betsaka tamin'ny fampianarana.

Tokony mitarika ny fandinihana tetik'ady amin'ny fiantrakan'ny valan'aretina amin'ny asa ny fanjakana, ary mandray andraikitra amin'ny famoahana politika sy programa any amin'ny toeram-piasana.

## Fandaminana ny tetik'asa ho enti-miatrika ny SIDA eo amin'ny sehatry ny firenena

Misy lafin-javatra maromaro tsy maintsy jerena amin'izany, izay tsy tafiditra amin'ity boky ity. Mifantoka amin'ny fampidirana ny tontolon'ny asa amin'ny planina eo amin'ny firenena ny fizarana. manaraka. Asiana tsindrim-peo manokana eto ny fampifanarahana ny teti-pandrosoana amin'ny valan'aretina, -izay ahitana ny antontan-taratasy mikasika ny tetik'ady amin'ny fampihenana ny fahantrana - ary voaresaka manokana ny olana ilaina amin'ny asa.

### Fomba fijery mahasahana ny sehatra rehetra

Mazava fa mahomby kokoa ny ady atao amin'ny SIDA raha toa ka mahenika ny sehatra rehetra. Inona no dikan'izany ? Tsy maintsy amin'ny vava ady maro no iadiana amin'ny aretina. Tsy tokony hojerena amin'ny maha olana ara-pahasalamana azy fotsiny ny SIDA, na koa olana ho an'ny olona manana fitondran-tena atahorana hifindran'ny SIDA fotsiny. Mety hisy fiantraikany amin'ny sehatra rehetra eo amin'ny fiaraha-monina izany, ary ilana valiny mahenika ireo sehatra ireo. Andraikitry ny Ministeran'ny asa ny mijery raha toa ka tafiditra amin'izany ny olana mikasika ny tsenan'ny asa sy ny fampiasana olona.
Anisan'ny fampivelarana ny asa atao ny fanetsiketsehana ny tontolon'ny asa, izay nataon'ny solontenan'ny fanjakana ho laharam-pahamehana tamin'ny fivoriamben'ny firenena mikambana nanaovana fanambarana mikasika ny firotsahana amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

> *49. Hatramin'ny taona 2005, dia hamafisina ny fiatrehana ny SIDA eo amin'ny tontolon'ny asa amin'ny alalan'ny fametrahana programa fiarovana sy fitsaboana.,ary amin'ny fandraisana fepetra amin'ny fanamboarana ny tontolon'ny asa hahafahana manampy ny olona miaina miraka amin'ny SIDA.*

# LOHAHEVITRA 4

# *Ny andraikitry ny fanjakana*

Tokony hampandray anjara ny tontolon'ny asa ny tetik'ady eo amin'ny firenena iatrehana ny SIDA. Ny komitim-pirenena mikasika ny SIDA dia tokony hahitana solontenan'ny mampiasa sy ny mpiasa.

Ny fanjakana, miaraka amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Asa sy ny sampana hafa voakasik'izany, dia tokony hampiditra ny fandinihana ny fampidirana ny lalànan'ny asa amin'ny programan'asan'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa. (raha toa ka mbola tsy natao izany). Olana tokony hodinihan'ny toko telo izany.

Fizarana 5. Manome torolalana mikasika ny andraikitry ny fanjakana ny fitsipi-pifampifehezana.

Anjaran'ny fanjakana ny mampiroborobo sy ny mandrindra ny asa amin'ny ambaratonga maro sy ny fanekena ny fampidirana ny tontolon'ny asa amin'ny tetik'asa eo amin'ny firenena.

*5.1.Ny fanjakana sy fahefana mahefa*
*(a)Tokony hijery akaiky ny fampifanarahana ny tetik'ady sy ny programa mikasika ny SIDA amin'ny tontolon'ny asa ny fanjakana*
*Ohatra amin'ny fampidirana ny solontenan'ny mpiasa sy ny mpampiasa sy ny ministera tompon'andraikitra amin'ny asa amin'ny komitim-pirenena mikasika ny SIDA.*
*(b) Fandraisana anjara amin'ny sehatra rehetra:tokony hanao hetsika fanentanana sy manao fifanarahana mikasika ny fisorohana ny SIDA ny fahefana mahefa., miaraka amin'ny sampan-draharaham-panjakana, ny fikambananan'ny mpiasa sy ny mpampiasa , ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, mba handraisan'ny fikambanana maro amin'ny sehatry ny asa anjara.*
*(c) Fandrindrana: tokony hanamora sy handrindra ny asa rehetra eo amin'ny sehatry ny firenena ny fanjakana, mba hahafahan'ny tontolon'ny asa mandray anjara ary misintona lesona avy amin'ny mpifarimbona ara sosialy. Tokony hiainga aminin'izay fepetra efa noraisina sy ny asa fanampiana misy ny fandrindrana, ohatra mikasika ny fampiroboroboana ny fahafahan'ny olona manana kilema miasa.*

■ Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Inona ny antontan-taratasy mikasika ny tetik'ady fampihenana ny fahantrana?

Tamin'ny volana septambra 1999, dia namoaka rafitra hitantanana ny fampitrosana sy ny fampihenana ny trosa ny banky sy ny tahirim-bola iraisam-pirenena. Nanao fanambarana miaraka izy ireo fa ny antontan-taratasy mikasika ny fampihenana ny fahantrana no atao fototry ny programa fampitrosana ho an'ny firenena 80 izay mahantra indrindra erantany. Ny fanjakana, izay ampian'ny fikambanana amin'ny fiarahamonimpirenena no manoratra ny antontan-taratasy mikasika ny tetik'ady fampihenana ny fahantrana, izay tokony:

- Andrefesana ny fahantrana eo amin'ny firenena
- Amaritana ny tanjona amin'ny fampihenana ny fahantrana
- Amoronana politika sy politika mikasika ny fandaniana hahatratrarana ireo tanjona ireo.

Anisan'ny mampiavaka ny antontan-taratasy mikasika ny fampihenana ny fahantrana ny fandraisan'ny fikambanana amin'ny fiarahamonimpirenena anjara amin'ny famolavolanana ny tetik'ady ho an'ny firenena. Midika izany fa tokony ho afaka manampy amin'izany ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa.

Hatramin'izao, dia anisan'ny fahalemen'ny tetik'ady entina manalefaka ny fahantrana ny ny mikasika ny olana amin'ny asa-na dia nanangana programa hanamafisana ny fandraisan'ny tontolon'ny asa anjara aza ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa. Tsy dia omen-danja ihany koa ny fiantraikan'ny SIDA. Rehefa manome ny heviny ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, dia tokony hanao izay hanomezan-danja ny valan'aretina, indrindra mikasika ny fiantraik'izany amin'ny tontolon'ny asa.

## Ny fahafantarana ny fiantraikan'ny SIDA ara sosialy sy ara toe-karena

Tsy mbola ampy ny fahafantarantsika ny fiantraikan'ny aretina amin'ny lafiny ara sosialy sy ara toe-karena, na dia maro aza ny endrika isehoan'izany.

> *68. Hatramin'ny 2003, dia tombanana ny fiantraikan'ny SIDA ara sosialy sy ara toe-karena ary apetraka ny tetik'ady mahasahana ny sehatra rehetra ho an'ny tsirairay, ny fiaraha-monina sy ny firenena. Anaovana fandinihana indray mandeha ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toe-karena sy ara sosialy amin'ny ambaratonga rehetra, indrindra amin'ny vehivavy amin'ny maha mpiahy azy ireo, amin'ny beantitra, sy amin'ny fianakaviana voan'ny SIDA.*

Miankina amin'ny fahafantarana ny olana ny fahombiazan'ny asa atao amin'ny fiatrehana ny aretina. Ilaina ny antontan'isa mba hahafahana mandrefy ny hagoavan'ny olana sy manara-maso ny fivoarany. mba hanaovana planina mifanandrify amin'izany, ary koa mba hanaraha-maso sy manombana ny fahombiazana. Anisan'ny itadiavana ny antontan'isa ny fiarovan-kevitra sy fandresen-dahatra ny mpifarimbona amin'ny antony tokony hirosoana amin'ny asa.

**Ny fanangonana vaovao sy antontan'isa**

Nitarika fisainana mirona amin'ny fanafenana izay manasarotra ny fanangonana antontan'isa marina ny fanenjehana amin'ny SIDA. Na dia izany aza, dia angonina tsy tapaka ny antontan'isa mikasika ny hagoavan'ny aretina sy ny fihanahany, ary koa izay azo fantarina mikasika ny fitondran-tena sy fiantraikany ara sosialy sy ara toe-karena

Andraikitry ny ONUSIDA sy ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana ny fanaraha-maso ankapobeny ny SIDA. Avoaka isan-taona ny vokatr'izany, miaraka amin'ny vinavina

mikasika ny isan'ny maty vokatry ny aretina eo amin'ny faritra sy ny firenena, ny isan'ny olona vaovao mitondra ny otrik'aretina sy ny isan'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA. Namoaka boky mikasika ny fanaraha-maso izay ahitam-baovao ilaina koa izy ireo.

Ny toerana fanaraha-maso mikasika ny SIDA no loharon'ny antontan'isan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana sy ny ONUSIDA. Amin'ireny toerana ireny, dia misy fanaraha-maso manokana izay anaovana fakana rà; anaovana fitiliana ny rà alaina hijerena ny otrik'aretina. Ary anaovana famantarana manokana. Tsy ilaina ny fanekena hanaovana fitiliana, satria tsy fantatra na an'iza na an'iza ny rà.

**Ny fanaraha-maso ny SIDA eo amin'ny tontolon'ny asa**

Tsy ampy ny zava-pantatra mikasika ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny fianakaviana, ny orinasa sy ny toe-karena, ary izao vao mitatra ny fomba fanangonana vaovao sy ny fandinihana ny vaovao voangona. Amin'ny programa tanterahiny mikasika ny fitarihana sy ny fanampiana ny asa ao amin'ny tontolon'ny asa, dia namorona famantarana handrefesana sy hanaraha-maso ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny fahafahana mamokatra, ny fahombizan'ny fepetra noraisina raha mitaha amin'ny vola lany ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa. Itarina amin'ny toeram-piasana sasany amin'izao fotoana izao ny fampiharana ny fomba fanaraha-maso eo an-toerana mba hahafahana mampifandray ny antontan'isa mikasika ny fikarohana amin'ny fiantraikany, indrindra mikasika ny fandaniana sy ny fahafahana mamokatra.

Tokony hanao kajy mikasika ny fandaniana ateraky ny SIDA sy ny fandaniana amin'ny ho avy ny orinasa. Ahafahana mampitaha ny fandaniana amin'ny tombombarotra izany. Ny orinasa Goldfield izay mpitrandraka volamena any Afrika Atsimo dia nahita fa misy vola 10 dolara amboniny lany amin'ny famokarana volamena 31g,, raha toa ka 170 dolara ny ny totalin'ny fandaniana amin'izany. Heverin'ny orinasa fa mapihena ny fandaniana amin'ny aretina 4 $ ho an'ny volamena 31g ny tetik'asa fisorohana sy fiarovana izay iarahany miasa amin'ny sendika nasionalin'ny mpitrandraka harena an-kibon'ny tany.

Matetika dia ny fandalinana ny toe-javatra eo amin'ny toeram-piasana no anombohana ny programan'asa amin'io sehatra io mba hamantarana ny fihanaky ny otrik'aretina sy ny fomba fitondran-tena manamora izany. Amin'ny alalan'ny fomba fanadihadiana antsoina hoe fahalalana, fomba fanao sy fihetsika no anaovana izany. Manampy amin'ny fandrafetana sy fijerena ny fahombiazan'ny programan'asa izany fanadihadiana izany.

Tokony tsy amantarana anaran'olona ary mahaleo tena ny fanaraha-maso, na dia atao koa aza ny fitiliana an-tsitrapo miaraka amin'ny fanomezana torohevitra ho an'ny mpiasa maniry ny hahafantatra ny toe-pahasalamany. .Manazava ny fepetra anaovana ny fanaraha-maso ampiasaina amin'ny fikarohana ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

*8.3 Ny fanaraha-maso tsy amantarana anaran'olona sy mahaleo tena na koa ny fitiliana atao hanaovana fikarohana dia tsy maintsy atao mifanaraka amin'ny fenitra amin'ny fikarohana siantifika sy ny fenitra amin'ny asa, ary koa manaja ny zon'ny tsirairay sy ny tsiambaratelo. Amin'ny toerana anaovana izany, dia tsy maintsy ampahafantarina ny mpiasa sy ny mpampiasa. Tsy azo ampiasaina amin'ny fanavakavahana olona na vondron'olona ny vokatr'izany. Tsy raisina ho fitiliana tsy amantarana anaran'olona ny fitiliana izay mety hahitana fa mitondra ny otrik'aretina ny olona iray.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Tokony hodinihin'ny solontenan'ny mpiasa sy ny mpampiasa ny soso-kevitra mikasika ny fanaraha-maso hatao ao amin'ny toeram-piasana, ary tokony ampandraisina anjara amin'izany izy ireo. Antitranterin'ny Foibe amerikanina misahana ny areti-mifindra (CDC) ny tokony handraisan'ny sokajin'olona maro anjara, ary anisan'izany ny mponina eo amin'ny faritra anaovana ny fanaraha-maso.

- Azo heverina ho tsy dia misy dikany firy ny fanaraha-maso raha toa ka tsy miafara amin'ny fanamafisana ny asa atao amin'ny fampihenana ny fifindran'ny otrik'aretina ny vokatr'izany.

- Tokony hisy marimaritra iraisana amin'ny mpandray anjara rehetra ao amin'ny fiaraha-monina anaovana fanangonana antontan'isa mikasika ny lafiny anaovana fanangonana, sy ny fomba amoahana ny vokatry ny fanangonana.

- Tokony eritreretina miaraka amin'ny fandaminana ny fanaraha-maso ny tetik'ady mikasika ny famoahana ny vokatry ny fanadihadiana sy ny fanangonana antontan'isa. Tokony hahitana ny fomba famoahana ny vokatra mivaingana azo izany tetik'ady izany mba hahafahana misarika bebe kokoa ny sain'ny mpandray anjara sy mampivelatra ny asa fisorohana atao.

- Ny sokajin'olona tiliana amin'ny fanaraha-maso dia tokony hahafantatra ny dikany, ny fampiasana ny vokatry ny fanaraha-maso alohan'ny famoahana izany.

- Tokony hojerena ny fitaovana amoahana ny vokatra arakaraky ny sokajin'olona eritreretina hamaky an'izany.

## Ny fitadiavana ny ho enti-manana

Tokony hitady ny ho enti-manana amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny fanjakana. Sarotra izany ho an'ny tany an-dalam-pandrosoana maro, izay tsy manana hafa tsy izay misy ao amin'ny teti-bolany, ary izany toe-javatra izany dia manery azy ireo hitady fanampiana avy any ivelany. Na dia efa maro aza ny vola efa nomen'ny mpamatsy vola, dia mbola betsaka ny vola ilaina.

Ny tahiry mikasika ny ady amin'ny SIDA, ny raboka sy ny tazo mahery no anisan'ny loharanom-bola izay manome fanampiana ho an'ny programa sahanin'ny fanjakana, ny sehatra sy fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana. Tokony hisy ny fandrindrana ny fangatahana famatsiam-bola eo amin'ny sehatry ny firenena, ary matetika dia ny komitim-pirenena mikasika ny SIDA no misahana izany. Ireto avy ny karazan'asa mety hahazo fanampiana: ny fanitarana ny asa fitsaboana, ny fanomezana fanafody; ny fampiofanana ny mpiasa amin'ny sehatry ny fahasalamana; ny fanovana ny fitondran-tena; ny programan'asa any ifotony,izay ahitana ny fiahiana ny marary sy ny zaza kamboty

Nanaiky hanome famatsiam-bola mitentina 1.6 $ lavitrisa dolara ny tahiry, ary 70 isan-jaton'izany dia natokana ho an'ny SIDA. Indraindray dia mamoaka fanambarana mikasika ny fandraisany fangatahana famatsiam-bola ny tahiry. Tamin'ny volana septambra 2002 no tapitra ny fotoam-pamatsiam-bola faharoa.

Hanohy ny famatsiam-bola ireo mpamatsy vola amin'ny sehatry ny fifanarahan'ny roa sy amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Matetika dia eo amin'ny firenena ny ambaratonga andraisana fanapahan-kevitra, ohatra ny biraon'ny fikambanana eoropeanina eo amin'ny firenena iray. Malaky ary tsy misy fepetra henjana ny famatsiam-bola avy amin'ny programa iraisan'ny firenena maro mikasika ny SIDA izay tantanan'ny banky iraisam-pirenena. Manam-bola azo ampiasaina ihany koa ny ONUSIDA. Mijery ny fomba hanampiana ny hetsika ao amin'ny firenena iray ihany koa ny vondrona ao amin'ny firenena mikambana izay ahitana solontena avy amin'ny fikambanana misy ao amin'ny firenena mikambana rehetra.

## Ny Lalàna mikasika ny SIDA

Anisan'ny andraikitra lehibe indrindra sahanin'ny fanjakana ny fametrahana politika sy ny famoahana lalàna hiarovana ny zon'ny olona voan'ny SIDA. Maro ny fanjakana izay efa namoaka lalàna hiatrehana ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana.

Anisan'ny tanjona hita ao amin'ny fanambarana mikasika ny firotsahana amin'ny ady atao amin'ny SIDA izany.

> *69. Hatramin'ny taona 2003, dia avoaka ny politika sy ny lalàna miaro ny zo sy ny maha olona ny mpiasa ao amin'ny toeram-piasana sy ireo izay tena atahorana hifindran'ny otrik'aretina, izay akana hevitra amin'ny solontenan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, ary miainga amin'ny toromarika misy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena mikasika ny SIDA eo anivon'ny toeram-piasana.*

Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa no ahitana izany toro marika izany, izay manampy ny fanjakana:

- Hamoaka na hanao fanitsiana ny lalàna mikasika ny asa mba hanafoanana ny fanavakavahana ao amin'ny toeram-piasana ary hahafahana manatanteraka ny programa fisorohana sy ny fiarovana ara sosialy.
- Hamoaka fitsipika izay hitarika amin'ny asa ao amin'ny toeram-piasana.
- Hanome fampiofanana ho an'ny mpanara-maso ny asa, ny sampana hafa manana andraikitra amin'ny fampiharana ny lalàna, ny mpitsara mikasika ny zon'ny olona voan'ny SIDA.

Ireto avy no tokony ho hita ao amin'ny lalàna mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana:

- Fandrarana ny fanavakavahana amin'ny asa noho ny antony mikasika ny SIDA
- Fandrarana ny fanerena amin'ny fanaovana fitiliana mialoha sy aorian'ny fotoana iasana
- Fiarovana ny antontan'isa mikasika ny SIDA (fanamarihana ara-pahasalamana na tatitra vokatry ny fanomezana torohevitra, fitsaboana, fanomezana tombontsoa)
- Fisorohana sy famefena ny fifindran'ny otrik'aretina.
- Fanamboarana ao amin'ny toeram-piasana, indrindra mikasika ny fanamboarana ny ora fiasana.
- Antony androahana amin'ny asa indrindra mikasika ny tsy fahafahana miasa noho ny antony ara-pahasalamana.
- Tombontsoa, izay ahitana ny fisafidianana ny fisotroan-dronono alohan'ny fotoana
- Ny fifampiraharahana amin'ireo olana ireo.
- Fepetra raisina mikasika ny fitarainana
- Fomba fanatanterahana ireo fepetra ireo

# LOHAHEVITRA 4 *Ny andraikitry ny fanjakana*

Mety hanana endrika maro ny lalàna mikasika ny SIDA. Misy amin'izany ny antsoina hoe lalàna henjana sy ny lalàna malefadefaka kokoa.

Ny lalàna henjana dia ny ireo izay nolanian'ny Antenimieram-pirenena sahala amin'ny Lalàna mikasika ny fisorohana sy ny fanaraha-maso ny SIDA any Philippines (Jereo ny loharanon-kevitra ao amin'ny lohahevitra faharoa. Manana endrika mamatotra izy ireny, sahala amin'ny hitsivolana na didy hitsivolana avoakan'ny Ministera na andrim-panjakana hafa, sahala amin'ny lalàna any Zimbabwe mikasika ny fifandraisana amin'ny asa.

Nisy firenena sasany izay namoaka fitsipi-pifehezana mikasika ny SIDA, izay azo antsoina hoe "lalàna malefadefaka" kokoa., satria tsy mamatotra ara-dalàna, fa manome toro lalana izay manampy amin'ny fandrafetana politika mikasika ny olana. Ohatra amin'izany ny fitsipi-pifehezana any Namibia mikasika ny asa sy ny SIDA. (Jereo ny loharanon-kevitra amin'ity lohahevitra ity).

Tokony hojerena akaiky fa ny lalàna mifehy ny asa dia matetika ampiharina amin'ny "mpikarama", fa tsy amin'ny "mpiasa". Ho an'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, dia natao ho an'ny mpiasa rehetra ny fitsipika sy ny zo, na aiza na aiza toerana iasana. Araka ny nolazain'ny Tale Jeneraly amin'ny tatitra nataony tamin'ny fivoriana iraisam-pirenena mikasika ny asa tamin'ny taona 1999: "Ny ankabeazan'ny olona rehetra dia samy miasa daholo, fa tsy voatery ho mpikarama".

Tsikaritra anefa fa ny ny fifandraisana amin'ny asa amin'ny sehatra ara-dalàna ihany no ampiharana ny lalàna mikasika ny asa. Na dia misy lalàna izay azo ampiharina amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalana aza, dia tsy ataon'ny tompon'andraikitra ny fampiharana izany  lalàna izany.

Tokon'ny hataon'ny fanjakana ny fanitarana ny fampiharana ny lalàna mikasika ny SIDA amin'ny sokajin'ny mpiasa rehetra, ary tafiditra amin'izany ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy ara-dalàna.

## Ohatra vitsivitsy amin'ny Lalàna henjana sy ny lalàna malefadefaka kokoa.

- Ny lalàna any Zimbavwe mikasika ny fifandraisana amin'ny asa (SIDA) dia mandrara ny fanaovana fitiliana tsy an-tsitrapo, ny fanavakavahana amin'ny toeram-piasana, mitaky ny fanaparitahana ny lalàna sy ny fanasaziana mafy izay mety mitarika fampidirana an-tranomaizina mandritry ny enim-bolana ho an'ny mpampiasa manitsakitsaka ny lalàna. Mety hampifanolana ny fampiharana sazy mafy: mampiseho ny firotsahan'ny fanjakana amin'ny asa atao amin'ny SIDA izany, kanefa koa mety hahasosotra ny mpampiasa, fa tsy mamporisika azy amin'ny fiaraha-miasa

- Ny fitsipi-pifehezana any Namibia mikasika ny SIDAizay navoaka tamin'ny gazetim-panjakana tamin'ny 1998 dia mandrara ny fanavakavahana miorina amin'ny SIDA, izay mitovitovy amin'ny lalàna any Zimbabwe, kanefa manome lanja ny fanabeazana, ary tsy misy fepetra amin'ny tsy maintsy hampiharana ny lalàna.

- Ny lalàna mikasika ny asa any Afrika Atsimo dia mandrara ny fanavakavahana miorina amin'ny SIDA. Voarara ihany koa ny fanaovana fitiliana, raha tsy misy alalana avy amin'ny Fitsarana avo. Anjaran'ny mpampiasa ny mampiseho fa ilaina ny fanaovana fitiliana. Amin'ny fanenjehana ny mpampiasa izay ahiahiana fa nanao fanavakavahana any amin'ny fitsarana, dia anjaran'ny mpampiasa ny manaporofo fa tsy nanao izany izy. Misy fepetra mikasika ny fandoavana lamandy henjana ny lalàna.

- Ny lalàna mikasika ny fisorohana sy ny famefena ny SIDA any Philippines dia manambara fa *ataon'ny fanjakana izay hiarovana ny zo sy ny fahafahan'ny olona voan'ny SIDA na ahiahiana ho voan'ny SIDA*

Voararan'ny Lalàna ny ny fanerena hanao fitiliana, ny fanavakavahana amin'ny endriny rehetra, sy ny ny fampitsaharana amin'ny asa noho ny SIDA. Takian'ny lalàna ny fandrindrana amin'ny Ministera samihafa mikasika ny fampahafantana sy ny fanabeazana, ny fitiliana sy ny fanaraha-maso, sy ny fananganana ny komitim-pirenena izay vatsiana vola any am-boalohany. Takian'ny lalàna ihany koa ny fampiofanana mikasika programa fitadiavam-bola sy fifanampiana ho an'ny olona voan'ny SIDA, mba hahafahan'izy manana asam-pivelomana. Figadrana enim-bolana ka hatramin'ny efatra taona, lamandy sy fanesorana ny alalana hanao ny asa, ny fanasaziana ny tsy fanajana ny lalàna.

- Ny lalàna N° 135 navoaka tamin'ny 1990 tany Italia mikasika ny fepetra maika mikasika ny fisorohana sy ny ady amin'ny SIDA dia mandrara ny fanaovana fitiliana mialoha sy aorian'ny izay mety hataon'ny mpampiasa amin'ny sehatra tsy miankina na hataon'ny fanjakana.

# Ny Andraikitry ny solombavambahoaka

Anisan'ny fitaovana ahafahana manampy amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny fametrahana ny SIDA ho laharam-pahamehana amin'ny programa eo amin'ny firenena sy ny fampitana ny hafatra amin'ny mpitarika ara politika. Anisan'ny vondrona manan-danja ny solombavambahoaka, ary ilaina ny ezaka amin'ny fitarihana azy ireo handray anjara amin'ny ezaka atao hiadiana amin'ny valan'aretina. Amin'ny firenena izay efa misy komitim-pirenena na rafitra mitovy amin'izany efa tafatsangana, dia hevitra tsara ny fampidirana ny solombavambahoaka/ antenimierampirenena amin'ireny rafitra ireny, satria afaka mandray anjara goavana amin'ny fanentanana izy ireo.

Tsy azo odian-tsy hita ny andraikitry ny antenimieram-paritra, satria amin'ny firenena misy rafitra federaly, dia misahana ny raharaha mikasika ny asa izy ireo.

Matetika dia manana fifandraisana akaiky amin'ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny sendika ny solombavambahoaka, ary mety ho fifandraisana ofisialy na tsotra izany. Azon'ny mpifarimbona ara sosialy ampiasaina izany fifandraisana izany mba handinihana tsy tapaka ny famahana ny olana sy ny fanitsiana izany, ary mba hampidirina hatrany ny lafiny mikasika ny tontolon'ny asa. Afaka mampita vaovao sy mampahafantatra ny politika arahina amin'ny solombavambahoaka izy ireo.

Ireto avy ny asa azon'ny solombavambahoaka atao:

- Manao izay hisian'ny politika mikasika ny SIDA eo amin'ny firenena
- Manitsy ny lalàna raha toa ka ilaina izany
- Manao izay hampidirana ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny tetika fampandrosoana
- Manao lahateny mikasika ny SIDA ao anatiny sy ivelan'ny Antenimiera – mba hiadiana amin'ny fahanginana sy ny fiheverana fa fady ny miresaka ny SIDA
- Mitsidika ny toeram-piasana izay manana programa mafonja mikasika ny SIDA
- Manao famangiana marary any amin'ny hopitaly mitsabo olona voan'ny SIDA. Ahafahana mampiseho izany fa tsy mifindra amin'ny fifampikasohana tsotra ny SIDA, ary tsy tokony hatao ankilabao ny marary
- Manohana ampahibemaso ny fikambanan'ny olona voan'ny SIDA
- Manao izay hanokanana vola bebe kokoa amin'ny ady amin'ny valan'aretina

Mety maniry ny hahalala ny solombavambahoaka fa namoaka boky mikasika ny mpanao lalàna sy ny SIDA, ny lalàna sy ny zon'olombelona ny ONUSIDA sy fikambanana iraisan'ny solombavambahoaka. (UNAIDS/IPU,Geneve, 1999) Tsy dia ahitana zavatra firy mikasika ny tontolon'ny asa izany boky izany, fa ilaina kosa amin'ny fanazavana ny fomba andaniana na anovana ny lalàna mikasika ny SIDA.

# Ny mpanara-maso ny asa

Anisan'ny andrim-panjakana manan-danja ny sampan-draharaha misahana ny asa. Andraikitry ny mpanara-maso ny asa amin'ny firenena maro ny fampiharana ny lalàna mifehy ny asa sasany. Mety mikasika ny fisorohana ny loza, ny fahasalamana, ny karama na olana hafa izany. Mahafantatra manokana ny zava-misy amin'ny toeram-piasana ny mpanara-maso ny asa, ary manana fifandraisana tsara amin'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa.izy ireo

Anisan'ny olana goavana ny tsy fahampian'ny ho enti-manana:

> *Amin'ny ankapobeny dia matetika tsy ampy ny olona sy ny fitaovana ho enti-miasa hanatanterahana ny asan'ny mpanara-maso ny asa. Mety nisy finiavana hampihatra ny lalàna, fa tsy mifanaraka amin'nizany ny fahombiazana. Na dia misy aza ny toerana, dia tsy misy ny manam-pahaizana mpanara-maso ny asa, ary tsy ampy ny vola atokana amin'ny fampiofanana sy ny fividianana fitaovana.*

Na dia izany aza, dia tokony hahazo fampiofanana mikasika ny SIDA ny mpanara-maso ny asa, mba hanilihana ny hevi-diso mikasika ny SIDA sy hanomezana torohevitra amin'ny dingana tokony handalovana eo amin'ny toeram-piasana. Fitaovana tena ilaina amin'izany fampiofanana izany ny fitsipi-pifampifehezana navoakan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa.

## Ny lalàna mifehy ny asa sy ny mpanara-maso ny asa

Misy fifanarahana iraisam-pirenena maro mikasika ny mpanara-maso ny asa, fa ireto anankiroa ireto no tena manan-danja:

Ny fifanarahana momba ny fanaraha-maso ny asa N°81 (1947), izay mikasika ny indostria sy ny varotra.
Ny fanaraha-maso ny asa amin'ny sehatry ny fambolena N°129 (1969), izay mikasika ny orinasa amin'ny sehatry ny fambolena.
Ahitana toro marika mafonja koa ireo fifanarahana ireo

# Ny fiarovana ara sosialy

Anisan'ny asa mavesa-danja sahanin'ny fanjakana eo anatrehan'ny SIDA ny fanomezana fiarovana ara sosialy, izay faritan'ny fikambanana iraisam-pirenea misahana ny asa araka izao voalaza manaraka izao.

> *Tsy fiarovana ara sosialy ataon'ny fanjakana fotsiny, fa ny fiarovana ara sosialy ataon'ny sehatra tsy miankina na tsy voafaritra ao amin'ny lalàna izay manana tanjona mitovitovy amin'izany, sahala amin'ny fikambanana ifarimbonan'ny mpiasa ho an'ny tombontsoany, ny karazana tombontsoa samihafa amin'ny fisotroan-dronono Tafiditra amin'izany ny karazana fiarovana rehetra, na ireo tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna na tsia, raha toa ka tsy ny tsena no mamaritra tanteraka azy ireo. Anisan'ireo karazana fiarovana ireo ny firaisankinan'ny vondron'ny mpiasa, ny fanampiana ara-bola avy amin'ny mpampiasa na avy amin'ny fanjakana.*

Ny fitambarana amin'ny fiatrehana ny fahavoazana mety hahazo ny tsirairay no hevitra fototra. Mavesatra ho an'ny olona na fianakaviana iray ny mibaby irery ny fahafatesana, ny aretina, ny fitsaharana amin'ny fitadiavam-bola. Raha toa ka itambarana ny fiatrehana izany, sahala amin'ny vola aloa amin'ny aro loza, dia maivamaivana kokoa ny vola aloa

Amin'ny ankamaroan'ny tany an-dalam-pandrosoana, izay ahitana fa manakaiky ny zato isan-jato ny fiantohana ireo loza ireo, dia ny mponina no miantoka izany amin'ny alalan'ny rafitra amin'ny fanjakana. Mahazo fitsaboana tsy andoavam-bola ny olona voan'ny SIDA.

Raharaha  sarotra ny fiarovana ara sosialy. Tsy ho voaresaka amin'ity lohahevitra ity ny lafiny rehetra mikasika izany. Ny fahafantarana ny olana sy ny hevitra fototra amin'izany no tanjona.

## Zon'olombelona ny fiarovana ara sosialy

Zon'olombelona ny fiarovana ara sosialy. Toa izao ny voasoratra ao amin'ny fanambarana mikasika ny zon'olombelona:

> *Andininy 22*
> *Zon'ny rehetra, amin'ny maha olona eo anivon'ny fiaraha-monina azy ny fiarovana ara sosialy*
>
> *Andininy faha 25*
> *a. zon'ny tsirairay ny mahazo tombontsoa amin'ny asa ara sosialy fototra, ny fiarovana amin'ny tsy fananana asa, ny aretina, ny fahafahana miasa, ny maha mananontena, ny fahanterana ary ny tsy fahafahana mamelon-tena raha toa ka tsy miankina aminy izany.*

Tsy mitovy ny fahafahan'ny firenena tsirairay miantoka ny fiarovana ara sosialy, kanefa mitombo ny fahatsapana fa ahafahana miantoka bebe kokoa ny fahalovana sahala amin'ny hain-tany, horohoron-tany, tondra-drano ny fisian'ny politika mikasika ny fiarovana ara sosialy izay mahasahana olona maro eo amin'ny firenena.

Na dia izany aza, dia tsy maharitra ny fitrangan'ireo loza ireo. Maharitra ary mavesatra kokoa ho an'ny fiaraha-monina ny fitrangan'ny loza sahala amin'ny SIDA.

Mihoatra ny antsasaky ny mpiasa sy ny fianakaviana eran-tany no tsy mahazo tombontsoa amin'ny fiarovana ara sosialy. Goavana kokoa ny olana amin'ny tany an-dalam-pandrosoana. 10 isan-jaton'ny mpiasa no mahazo tombontsoa amin'izany amin'ny tany afrikanina any atsimon'I Afrika sy any Azia atsimo Dimapolo ka hatramin'ny 90 isan-jato ny salan'isan'ny olona mahazo izany tombontsoa izany amin'ny tany an-dalam-pandrosoana hafa. Misy hantsana lehibe mikasika izany amin'ny tany manana toe-karena antonony na mandroso. Any Etazonia, dia 20 isan-jaton'ny mponina no tsy manana fiarovana ara-pahasalamana. Ary ho an'ireo izay manana izany, dia tsy iantohana ny aretina SIDA. Eo amin'ny 20,000 dolara isan-taona eo ny vola lany amin'ny fitsaboana ny aretina mikasika ny SIDA ho an'ny olona iray.

## Ny fitsipiky ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa

Ny fifanarahan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa izay nolaniana tamin'ny 1952 dia mamaritra ireto tombontsoa 9 ireto:

1. Fitsaboana
2. Fahazoana tombontsoa amin'ny aretina
3. Tombontsoa amin'ny fiterahana
4. Tombontsoa amin'ny tsy fananana asa
5. Tombontsoa ho an'ny fianakaviana
6. Tombontsoa amin'ny ratra amin'ny asa
7. Tombontsoa ho an'ny kilemaina
8. Tombontsoa ho an'ny mpiasa misotro ronono
9. Tombontsoa ho an'ny mpandova (mananontena sy ankizy)

## Iza no miantoka ny fiarovana ara sosialy?

Ireto avy ny fomba nahazatra amin'ny fiarovana ara sosialy:

- Aro loza, izay andoavan'ny mpiasa, ny mpampiasa, ny fanjakana vola, ary anomezana tombontsoa ny mpiasa tokony hahazo izany
- Fanampiana ara sosialy- izay anomezana tombontsoa amin'ny alalan'ny hetra alain'ny fanjakana
- Tombontsoa aloan'ny mpampiasa, izay matetika voafetra amin'ny fahasalamana, fahafatesana, fisotroan-dronono

Tao anatin'ny taona vitsivitsy, dia nisy fomba vaovao nanomezana tombontsoa ny mpiasa izay tsy voasahan'ny fiarovana ara sosialy mahazatra. Ao amin'ny lohahevitra faha 8 mikasika ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna no iresahana an'izany.

## Inona no mety ho fiantraikan'ny SIDA amin'ny fiarovana ara sosialy

Tsy voatery mitarika vesatra amin'ny fiarovana ara sosialy ny SIDA (jereo ny pejy manaraka), ary antitranterin'ny fitsipi-pifampifehezana fa tsy misy antony ahafahana manamarina ny fanilihana ny mpiasa voan'ny SIDA amin'izany. Tsy misy antony tokony hatahorana fa handrava ny rafitra fiarovana izany. Mazava ho azy fa tokony hojerena akaiky ny fivoaran'ny rafitra fiarovana ara sosialy. Toa izao ny torohevitra hita ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana.

*9.5 Tombontsoa*

*(a) Ny fanjakana, izay maka hevitra amin'ny mpifarimbona ara sosialy, dia tokony hanao izay hampitovy ny fahazoan'ny mpiasa voan'ny SIDA sy ny mpiasa tsotra voan'ny aretina mafy amin'ny fahazoana tombontsoa araka izay vaofarity ny lalàna misy ao amin'ny firenena. Tokony hojerena ihany koa ny ny hampaharitra ny tombontsoa izay mety ho azo amin'ny fiatrehana ny fihanaky ny SIDA.*

*(b) Ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa dia tokony hanao izay hampifanarahana ny fanomezana tombontsoa amin'izay ilain'ny mpiasa voan'ny SIDA, ary anisan'izany ny fanomezana solon-karama.*

*9.6 Ny fiantohana ny fiarovana ara sosialy*

*(a) Ny fanjakana, ny fikambananan'ny mpiasa sy ny mpampiasa dia tokony handray ny fepetra ilaina rehetra mba tsy hanilihana ny olona voan'ny SIDA na ahiahiana fa mitondra ny otrik'aretina amin'ny programa fiarovana ara sosialy.*

*(b) Tokony hahazo tombontsoa mitovy amin'ny mpiasa hafa voan'ny aretina mafy ny mpiasa voan'ny SIDA.*

### ■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Politika tsara ny fampitambarana ny fiatrehana ny loza, satria mora kokoa ny fomba hamatsiam-bola izany rehefa maro ny isan'ny olona voasahana. Na dia izany aza, dia mbola maro ny mpiasa tokony hahazo tombontsoa no tsy miditra mpikambana amin'ny fiarovana misy.

### Azo adika ho krizy ho an'ny fiarovana ara sosialy ve ny SIDA?

Nanao adihevitra mikasika ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny rafitra fiarovana ara sosialy omen'ny fanjakana sy ny kompania ny manam-pahaizana. Izay mikasika ny tany an-dalam-pandrosoana no hojerentsika amin'izany. Mety hanome tombontsoa amin'ny fitsaboana, ny fahafatesanana na tombontsoa ho an'ny havan'ny mpiasa maty ny rafitra fiarovana misy. Tsy hanome vola fisontroan-dronono ho an'ny mpiasa voan'ny otrik'aretina ny rafitra misy, satria maty alohan'ny taona andehanana misotro ronono ny mpiasa voan'ny SIDA.

Tsy dia hitombo firy ny vola aloa amin'ny tsy fahafahana miasa noho ny kilema (vola aloa mba hamenoana ny karama tsy azo amin'ny fotoana tsy iasana); amin'izao fotoana izao, dia mbola tsy misy fitsaboana tena ary fomba ary mbola kely ny elanelam-potoana amin'ny fanombohan'ny aretina SIDA sy.ny fahafatesana. Mety hiova izany raha toa ka midina ny vidin'ny fanafody ary raha toa ka mihatsara ny fitsaboana ny aretina.

Mety hihena ihany koa ny faharetan'ny fotoana anomezana tombontsoa omena ny havan'ny mpiasa matin'ny SIDA, satria mety hifindran'ny otrik'aretina izy ireo.

Mety hisedra olana maro ny rafitra fiarovana ara sosialy misy, kanefa mety hifandanja bebe kokoa ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny fotoana lavitr'ezaka. Ilaina ny fampitomboana ny fandraisan'ny mpiasa, ny mpampiasa sy ny fanjakana anjara amin'ny rafitra misy. Tsy mitovy anefa ny zava-misy amin'ny firenena samihafa, ao anatin'ny firenena iray sy amin'ny orinasa isan-tokony.

Raha toa ka mitombo ny isan'ny maty, dia mihena ny isan'ny mpikambana amin'ny rafitra iray, ary miteraka olana izany, satria mihena ny vola amin'ny latsa-kemboka, ary miteraka fahasahiranana ara-bola ho an'ny rafitra iray.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 4

## FAMPIANARANA 1

### Mandamina ny tetik'adin'ny fanjakana

TANJONA: Mijery ny sehatra izay tokony hanaovan'ny fanjakana asa mikasika ny SIDA

ASA ATAO: Vakio ny fizarana 5.1 amin'ny fitsipi-pifampifehezana ary jereo izay sehatra tokony hiasana-na efa misy politika ampiharina.

Tafiditra amin'ny lalàna, politika mikasika ny SIDA eo amin'ny firenena ve ny tontolon'ny asa?

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 4

## FAMPIANARANA 2

### Ny toko telo sy ny SIDA

TANJONA: Mijery izay tokony hatao amin'ny fandrasan'ny toko telo anjara amin'ny asa mikasika ny SIDA.

ASA ATAO: Mijery ny fandaminana sy ny fomba fiasa eo amin'ny sehatry ny firenena sy ny orinasa. Anisan'izany ny fanaovan'ny toko telo fivoriana, ny fananganana komity misahana ny fisorohana ny loza sy ny fahasalamana eo amin'ny orinasa.
Efa niady hevitra mikasika ny SIDA ve ny rafitra misy amin'ny telo tonta. Raha tsia, dia ahoana ny fomba hiresahana ny olana?

# LOHAHEVITRA 4

*ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 3

### Ny asa atao mahasahana ny sehatra rehetra.

**TANJONA**: Mandinika ny fampivelarana ny ady atao amin'ny SIDA

**ASA ATAO**: Manaova tabilao ahitana ny asa ataon'ny fanjakana mikasika ny olana rehetra ateraky ny SIDA.Mety misy Ministera maromaro mandray anjara amin'ny famahana ny olana. Sorato daholo ireo, ary soraty eo amin'ny tabilao ny fifandraisana misy amin'izy ireo.
Tokony tsy hijanona amin'ny tontolon'ny asa fotsiny ny tabilao. Tsy maintsy misy banga amin'ny tabilao. Mety ho vokatry ny tsy fahafantaranao ny antony mampisy ny banga, na koa tena misy banga marina. Ny fampisehoana ny maha zava-dehibe ny fampidirana ny sehatra rehetra amin'ny ady atao no tanjona kendrena amin'ity.

# LOHAHEVITRA 4

*ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 4

### Fampitahana Lalàna

**TANJONA**: Manampy anao hampitaha lalàna samihafa.

**ASA ATAO**: Mampitaha ny fepetra misy amin'ny lalàna mikasika ny asa amin'ny firenena roa. Ny lalàna misy amin'ny firenenao ny iray amin'izy ireo, raha toa ka azo atao. Misy ohatra maro azo alaina amin'ny lohahevitra samihafa.

| **Hevitra fototra** (fizarana 4 amin'ny fitsipi-pifampifehezana) | **Lalàna 1** | **Lalàna 2** |
|---|---|---|
| **Olana amin'ny toeram-piasana** | | |
| **Tsy fanavakavahana** | | |
| **Fitovian'ny lahy sy ny vavy** | | |
| **Tontolon'ny asa mahasalama** | | |
| **Fiafanakalozan-kevitra ara sosialy** | | |
| **Tsy fanaovana fitiliana** | | |
| **Fanajana ny tsiambaratelo** | | |
| **Fandroahana amin'ny asa** | | |
| **Fisorohana** | | |
| **Fitsaboana sy fanampiana** | | |

Iza amin'ireo Lalàna ireo no mifanaraka bebe kokoa amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa, ary iza amin'ireo no azoazonao kokoa, ary inona ny antony?

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 4

## FAMPIANARANA 5

### Ny mpanara-maso ny asa sy ny SIDA

**TANJONA**: Mandinika ny andraikitry ny mpanara-maso ny asa eo amin'ny ady atao amin'ny SIDA

**ASA ATAO**: Amin'ny tarika misy anao, eritrereto ny fomba azo ampidirana ny SIDA amin'ny asa atao amin'ny maha mpanara-maso ny asa. Jereo izay asa azo atao kanefa tsy mandany vola, ary azo ampiarahina amin'ny asa andavan'andro sahanin'ny mpanara-maso ny asa, ary koa ny asa azo anetsehana olona maro kokoa.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 4

## FAMPIANARANA 6

### Ny antontan-taratasy mikasika ny fampihenana ny fahantrana, ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

**TANJONA**: Fandinihana ny antontan-taratasy mikasika ny fampihenana ny fahantrana amin'ny firenena misy anao.

**ASA ATAO**: Anisan'ny fitaovana manan-danja indrindra amin'ny firenena mahantra ny antontan-taratasy mikasika ny fampihenana ny fahantrana mba hahazoana fanampiana avy amin'ny Banky iraisam-pirenenan sy ny tahirim-bola iraisam-pirenena.

Ataovy izay hahazoana izany antontan-taratasy izany. Jereo izay voaresaka mikasika ny SIDA sy ny tontolon'ny asa amin'izany.

**Fanamarihana**: Mety ho ilaina ny fizarana ny sokajy samihafa amin'ny antontan-taratasy amin'ny tarika mandray anjara, na koa izay tena lafiny misongadina amin'izany. Tokony hisy tarika tsy mijery hafa tsy izay mikasika ny SIDA. Tokony hisy tarika mandinika izay voalaza mikasika ny tontolon'ny asa ihany koa.

# LOHAHEVITRA 4

*ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 7

### Ny fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny lalàna misy mikasika ny SIDA eo amin'ny firenena

**TANJONA**: Mandinika ny fiantraikan'ny lalàna misy mikasika ny SIDA amin'ny fitovian'ny lahy sy ny vavy.

**ASA ATAO**: Vakio ny lalàna , ny politika na fitsipika misy mikasika ny SIDA amin'ny firenena misy anao.

Jereo raha toa ka voaresaka ao amin'ny ny tontolon'ny asa.


# LOHAHEVITRA 4

*ASA FAMPIANARANA*


## FAMPIANARANA 8

### Ny fanjakana amin'ny maha mpampiasa azy

**TANJONA**: Mandinika ny andraikitry ny fanjakana amin'ny maha mpampiasa azy

**ASA ATAO**: Amin'ny tarika misy anao, jereo ny andraikitry ny fanjakana amin'ny maha mpampiasa azy ary diniho ny fomba ahafahany mandray anjara amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

Eritrereto:

- Ny fanangonana vaovao
- Ny fandrafetana politika eo anivon'ny toeram-piasana.
- Ny fampandraisana anjara ny fikambanana misolo tena ny mpiasam-panjakana.

**I. Toro làlana mikasika ny fampiharana ny fitsipi-pifehezana mikasika ny SIDA amin'ny sehatry ny asa (1998)**
**II. Fanapahan-kevitra noraisina tamin'ny kongresy iraisam-pirenena mikasika ny asa**

## I- Toro làlana mikasika ny fampiharana ny fitsipi-pifehezana mikasika ny SIDA amin'ny sehatry ny asa.

Araka izay voalaza ao amin'ny fizarana faha 112 amin'ny lalàna mikasika ny asa, dia avoaka ny toro marika tokony harahin'ny mpiasa sy ny mpampiasa mba ho fampiharana ny fepetra amin'ny lalàna mikasika ny SIDA eo amin'ny asa.

John M Shaetonhodi
Minisitry ny Asa
19 martsa 1998

**VOTOATINY**

1. FAMPIDIRANA
2. SAFIDY
3. SAFIDY AMIN'NY POLITIKA
4. SEHATRA AMPIHARANA IZANY
5. FANDRAFETANA SY FAMPIHARANA NY POLITIKA
6. VOTOATIN'NY POLITIKA

6.1. FITAIZANA, FANENTANANA SY FISOROHANA
6.2. FAHAFAHANA MIASA
6.3. NY FITILIANA AMIN'NY TOERAM-PIASANA SY NY FANAJANA NY TSIAMBARATELO
6.4. TOERANA MISY EO AMIN'NY ASA
6.5. FITILIANA NY SIDA SY FAMPIOFANANA
6.6. NY FIATREHANA NY ARETINA SY NY FAHARETANA AMIN'NY ASA
6.7. TOMBONTSOA AMIN'NY ASA
6.8. NY FIATREHANA NY SIDA, NY FITSABOANA VOALOHANY SY NY FANAMPIANA ARA-BOLA
6.9. FIAROVANA AMIN'NY FANENJEHANA
6.10. VAHA OLANA AMIN'NY FITARAINANA
6.11. FAMPAHAFANTARANA
6.12. FANARAHA-MASO SY FANAOVANA JERY TODIKA

# LOHAHEVITRA 4

## *LOHARANON-KEVITRA*

Mihatra amin'ny mpiasa rehetra ao Namibia ny fitsipika. Na dia tsy mihatra amin'ny Tafika aza ny fepetra ankapobeny amin'ny Lalàna mifehy ny asa, dia voafatotry ny fepetra mikasika ny tsy fanavakavahana izy ireo.

**1. FAMPIDIRANA**

1.1 Eo anatrehan'ny fihanaky ny otrik'aretina sy ny SIDA, indrindra amin'ny olona tafiditra amin'ny sokajin-taona afaka mamokatra (20 ka hatramin'ny 50 taona), dia manahy mafy amin'ny fiantraikan'ny valan'aretina eo amin'ny tontolon'ny asa ny mpiasa sy ny mpampiasa.

1.2 Maro ny mahatsapa fa tsy olana ara-pahasalamana fotsiny ihany ny SIDA, fa olana ara-pampandrosoana mikasika ny sehatra rehetra.

1.3 manimba ny fahamarinan-toerana ara toe-karena sy ara sosialy ny fahaverezana asa sy fidiram-bola, ny fahafatesan'ny mpiasa izay mety tsy misy mpisolo, ny fihenan'ny famokarana sy ny harin-karena eo amin'ny firenena . Misy fiantraikany amin'ny fandrosoana ara toe-karena sy amin'ny famokarana, sy amin'ny fampiasana vola izay tokony atao tahiry amin'ny fitsaboana ny SIDA.

**2. SAFIDY**

2.1 Eo anatrehan'ny valan'aretina, dia nanoritra fitsipi-pifehezana mikasika ny fisorohana sy ny fiatrehana ny SIDA ny Ministera misahana ny asa, miaraka amin'ny Ministeran'ny fahasalamana sy ny asa sosialy, izay nakana hevitra amin'ny telo tonta. Anisan'ny endrika ampisehoana ny firotsahan'ny fanjakana amin'ny ady atao amin'ny olana ateraky ny SIDA ity fitsipi-pifehezana ity, ary koa mba hahafahana mitsabo ny mpiasa araka izay azo atao.

2.2 Nahitana fahombiazana izay hita amin'ny taha mikasika ny fahasalamana ny programa maharitra sy mivelatra mikasika ny fisorohana sy ny fiatrehana ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana.

2.3 Midika izany fa tokony hisy fomba fiatrehana ny fahasalamam-bahoaka mafimafy kokoa amin'ny sehatra famokarana.

**3.HEVITRA FOTOTRA AMIN'NY POLITIKA**

3.1 Tokony ampiharina amin'ny SIDA ihany koa ny fenitra mibaiko ny fahasalamana eo amin'ny asa.

3.2 Ilaina ity fitsipika ity eo anatrehan'ny maha goavana ny SIDA sy ny fiantraikany izay mety mitarika fanavakavahana. Izany fitsipika izany dia mifototra amin'ny zon'olombelona izay voamarika ao amin'ny Lalàm-panorenan'i Namibia, ao amin'ny Lalàna mifehy ny asa (Lalàna N°6 tamin'ny 1992), amin'ny hevitra fototra mikasika ny fahasalamana eo amin'ny asa, amin'ny fampiasana ny antontan'isa amin'ny fikarohana, amin'ny fitandremana amin'ny asa sy ny tokony hiahiana ny mpiasa.

3.3 Ny fifampiankinan'ny firenena sy ny vahoaka ao amin'ny vondrona SADC,izay misongadina eo anatrehan'ny fihanaky ny SIDA, dia mitaky fomba fijery mitovy sy fitoviana amin'ny fanamby atao amin'ny ady amin'ny aretina.

Anisan'ny antony nanaovana ity fitsipika ity ny maha fikambanam-paritra ny SADC, ny fiantraikan'ny aretina sy ny faniriana hampitovy ny lalàna.

**4. SEHATRA AMPIHARANA NY FITSIPIKA**

4.1 Ireto avy ny sokajy ampiharana ity fitsipika ity, raha toa ka mifanaraka amin'ny Lalàna mifehy ny asa: ( Lalàna N°6 tamin'ny 1992).

4.1.1 Ny mpiasa sy ny mpangataka asa rehetra
4.1.2 Ny fifanarahana amin'ny asa sy ny toeram-piasana rehetra
4.1.3 Ny fomba fanao amin'ny fitantanana mpiasa

**5. FANDRAFETANA SY FANATANTERAHANA NY POLITIKA**

5.1.Satria tsy vita indray mandeha fa mivoatra ny fandrafetana sy ny fampiharana politika, dia:

5.1.1 Ampahafantarina ny sokajy rehetra voakasik'izany
5.1.2 Anaovana fanitsiana araky ny fivoaran'ny fikarohana siantifika
5.1.3 Arahi-maso sy anaovana tombana ao amin'ny toeram-piasana mba hampahomby azy
Ny fitsipi-pifehezana

**6. NY VOTOATIN'NY POLITIKA**

6.1 Fanabeazana, fanentanana sy fisorohana

6.1.1. Ny programa fampahafantarana, fitaizana sy fisorohana dia tokony hovolavolain'ny mpiasa sy ny mpampiasa miaraka ary tokony homena ny mpiasa rehetra eo amin'ny toeram-piasana. Tokony hampandraisana anjara ny fianakavian'ny mpiasa ny programa mikasika ny SIDA.

6.1.2. Ny famapahafantarana mikasika ny SIDA, ny fisorohana ny aretina vokatry ny firaisana ara-nofo, ny famporisihana amin'ny fampiasana sy ny fizarana kapaoty, ary ny fanomezana torohevitra ny olona manana fitondran-tena atahorana fa mety hamindra ny aretina no tafiditra amin'ny programa fisorohana. Tokony hisy fifarimbonana amin'ny programa amin'ny toeram-piasana isan-tokony ary tokony hahazo fitaovana enti-miasa avy amin'ny programa misy eo amin'ny firenena izy ireny.

6.2. Fahafahana miasa

Tsy tokony hisy fanerena mivantana na an-kolaka amin'ny fanaovana fitiliana alohan'ny fampiasana. Ny fizahana ara-pahasalamana ihany no tokony hatao alohan'ny hiasan'ny olona iray, fa tsy tokony hampidirina amin'izany ny fitiliana ny otrik'aretina.

6.3. Fitiliana eo amin'ny toeram-piasana sy fanajana ny tsiambaratelo

6.3.1. Tsy tokony hisy fanerena amin'ny fanaovana fitiliana eo amin'ny toeram-piasana. Ny fitiliana an-tsitrapo izay atao raha toa ka misy fangatahan'ny mpiasa amin'izany dia tanterahin'ny olona manam-pahaizana manokana amin'izany amin'ny toeram-pitsaboana, ary mifanaraka amin'ny fenitra ara-pahasalamana, miaraka amin'ny fanomezana torohevitra mialoha sy aorian'ny fanaovana fitiliana.

6.3.2. Manan-jo amin'ny fiarovana ny tsiambaratelo mikasika ny toe-pahasalamany ny olona voan'ny SIDA. Tsy voatery hanambara ny toe-pahasalamany mikasika ny SIDA amin'ny mpampiasa azy ny MPIASA. Tsy azo ampahafantarina olona hafa izany raha tsy misy faneken'ny mpiasa an-tsoratra.

6.3.3. Tokony hajaina ny tsiambaratelo amin'ny toe-pahasalaman'ny mpiasa sy ny mpangataka asa eo anoloan'ny SIDA, raha toa ka tsy misy fangatahana ara-dalàna amin'ny tokony hanaovana izany. Ampiharina amin'ny mpiasan'ny fahasalamana, ny tompon'andraikitra amin'ny kompania misahana ny fisotroan-dronon'ny mpiasa, sy ny mpiasa hafa mety hahazo vaovao mikasika izany koa ity fepetra ity

6.4. Toerana eo amin'ny asa

Tsy tokony hampidirina amin'ny famerana ny toerana eo amin'ny asa, ny fisondrotana sy ny famindran-toerana ny toe-pahasalamana mikasika ny SIDA. Ny fitoviana, ny fahamendrehana amin'ny asa sy ny fahafahana manatany teraka ny asa no tokony hibaiko ny fiovana toerana eo amin'ny asa.

6.5. Fitiliana sy fampiofanana

Amin'ny ankapobeny, dia tsy tokony hisy fanerena amin'ny fanaovana fitiliana ho an'ny fampiofanana. Ny tsy fanavakavahana eo amin'ny mpiasa voan'ny SIDA sy ireo izay tsy voan'izany no tokony horaisina ho fepetra amin'ny fitiliana ho an'ny fampiofanana.

6.6. Ny fiatrehana ny aretina sy ny faharetana eo amin'ny asa

6.6.1. Tsy misy mpiasa tokony horoahina na ho ferana amin'ny asa ataony noho ny toe-pahasalamany mikasika ny SIDA.

6.6.2. Tokony homena fitsaboana sy fahafahana mitsahatra amin'ny asa noho ny aretina ny mpiasa voan'ny SIDA.

6.6.3. Tokony avela manao ny asany ara-dalàna ny mpiasa voan'ny otrik'aretina, raha toa ka mbola afaka manatanteraka izany izy ireo. Raha toa ka hita fa tsy afaka manohy ny asany intsony izy ireo, dia tokony ampiharina ny fepetra amin'ny fampitsaharana ny asa, araka izay fepetra ampiharina amin'ny aretina hafa, ary izany dia atao tsy misy fanavakavahana.

6.7. Tombontsoa eo amin'ny asa

6.7.1 Ny fanjakana, ny solontena'ny mpiasa sy ny mpampiasa dia tokony hanao izay hanomezana ny tombontsoan'ny mpiasa voan'ny SIDA anatin'ny tsy fanavakavahana . Tokony hiaro ny tombontsoan'ny fianakavian'ny maty sy ny mpiasa misotro ronono ireo tombontsoa amin'ny asa ireo.

6.7.2 Tokony hotazonina ho tsiambaratelo ny zavatra fantatra mikasika ny toe-pahasalaman'ny mpiasa, ary tsy tokony hampiasain'ny mpampiasa izany handravana ny fifanarahana amin'ny asa.

6.7.3 Tsy tokony anaovana fanavakavahana ny tombontsoa ara-pahasalamana omena amin'ny asa. Tokony hahazoan'ny mpiasa voan'ny SIDA tombontsoa ny famatsiam-bola ho an'ny fahasalamana avy amin'ny fanjakana sy avy amin'ny sehatra tsy miankina.

6.7.4 Tokony atao ho an'ny mpiasa rehetra ny fanomezana torohevitra amin'ny zo sy tombontsoan'ny mpiasa mikasika ny fanamapiana amin'ny fitsaboana, ny antoka aina, ny fisotroan-dronono sy ny fiarovana. Tokony ampahafantarina ny fanovana rehetra atao amin'izany.

6.8. Fitantana ny loza, ny fanampiana amin'ny fitsaboana voalohany sy ny fanampiana ara-bola

6.8.1. Amin'ny asa izay atahorana fa mety hahazoana na amindrana ny otrik'aretina, dia tokony hisy fepetra fitandremana sy fampahafantarana hatao , sy fampiofanana mikasika ny loza mety hitranga.

6.8.2. Tokony hahazo fanampiana ara-bola mifanaraka amin'ny lalana ny mpiasa ifindran'ny otrik'aretina eo amperin'asa

6.8.3 Tokony hahazo ny tombontsoa mifandraika amin'izany ny mpiasa afindra toerana sy ny fianakaviany.

6.8.4 Ny mpiasa izay voatery mandeha matetika amin'ny fanatanterahana ny asany dia tokony homena izay fiataovana ilaina amin'ny fisorohana ny fifindran'ny aretina, ary anisan'izany ny kapaoty, ny toerana onenana azo antoka.

6.9. Fiarovana amin'ny fanenjehana

6.9.1. Arovana amin'ny fanenjehana sy ny fanavakavahana ataon'ny mpiara miasa, ny mpampiasa sy ny olona mifandray amin'ny orinasa avy any ivelany ny mpiasa voan'ny SIDA na ahiahiana ho voan'ny SIDA. Ilaina ny fampahafantarana sy ny fanabeazana mba hisian'ny fifankazoana ahafahana manao izany.

6.9.2. Rehefa samy manaiky ny mpiasa sy ny mpampiasa fa efa nisy fepetra mahafa-po noraisina amin'ny fampahafantarana sy ny fiarovana eo amin'ny asa, dia ampiharina amin'ny mpiasa tsy manaiky hiara miasa amin'ny mpiasa voan'ny SIDA ny fifampifehezana.

6.10. Vahaolana amin'ny fitarainana

6.10.1. Ampiharina amin'ny fitarainana mifandraika amin'ny SIDA ny fomba fanao mahazatra amin'ny fitondrana vahaolana amin'ny fitarainana.

6.11. Fampahafantarana

6.11.1. Tokony manangona, mikirakira ary mandalina antontan'isa mikasika ny SIDA sy ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo ny fanjakana, ary mamoaka izany ho fantatry ny rehetra. Tokony
hisy fiaraha-miasa amin'ny mpandray anjara rehetra mba hanaraha-maso sy hamolavolana tetik'asa amin'ny fiatrehana ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny fahasalamana, ny mpiasa, ara sosialy sy ara toe-karena.

6.12. Fanaraha-maso sy fanaovana jery todika
6.12.1. Andraikitry ny mpikambana amin'ny filan-kevitry ny toko telo misahana ny asa sy ny Ministeran'ny asa ny fanaraha-maso sy ny fanaovana jery todika ny fampiharana ny fitsipi-pifehezana.

## II- Fanapahan-kevitra iombonana mikasika mikasika ny SIDA amin'ny faritra atsimon'i Afrika

*Ny kongresy iraisam-pirenen'ny asam-panjakana izay nivory tany Ottawa tamin'ny 2-ka hatramin'ny 6 septambra 2002.*

DIA MANAMARIKA fa tsy misy firenena tsy iharan'ny valan'aretina SIDA, 70 isan-jaton'y olona miisa 40 tapitrisa voan'ny otrik'aretina dia mipatraka aty amin'ny faritra atsomon'i Afrika.

MANAIKY fa lasa krizy misy fiantraikany ratsy amin'ny fandrosoana ara toe-karena sy sosialy ny SIDA, satria namono afrikanina miisa 2,3 tapitrisa, 3,4 tapitrisa ny isan'ny olona vaovao nifindran'ny otrik'aretina tamin'ny taona lasa, ary 30 isan-jato ny salam-piharan'ny aretina amin'ny tany aty atsimon'i Afrika sasany.

SAHIRAN-TSAINA fa amin'ny mpampianatra, ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpiasa mitazona andraikitra ambony hafa no tena ahitana olona maro voan'ny aretina.

MAHATSAPA fa na dia eo aza ny ezaka atao amin'izao fotoana izao, dia mbola tsy ahafahana miatrika tanteraka ny olana ny ho enti-manana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

MANAIKY fa misy ny dingana vita amin'ny fampihenana ny vidin'ny fanafody aty Afrika

MANAMELOKA ny ataon'ny orinasa mpamokatra fanafody izay miaro mafy ny famokarany, ny fitsinjarany sy ny famerana ny vidin'ny fanafody vokariny, satria tsy mikendry hafa tsy ny fahazoana tombom-barotra izy ireny.

MIDERA ny ezaka ataon'ny PSI amin'ny fampahafantarana sy ny fanentanana mikasika ny SIDA aty amin'ny faritra atsimon'i Afrika;

MANGATAKA ny hanohizan'ny PSI ny tetik'asa mikasika ny SIDA aty amin'ny faritra atsimon'i Afrika, izay mahafaoka ny lafiny fanabeazana sy politika;

MANOME SOSO-KEVITRA ny amin'ny tokony handraisana ny SIDA ho laharam-pahamehana amin'ny firaisan-kina iraisam-pirenena, sy ny amin'ny tokony hiarahan'ny PSI miasa miaraka amin'ny federasionan'ny sendika mba hikarohana ny ho enti-manana amin'ny fanatanterahana ny programa mikasika ny SIDA ho an'ny firenena tena voadonan'ny aretina aty Afrika.

MANGATAKA ny PSI mba hampiditra amin'ny tetik'asany ny famporisihana ny fanjakana sy ny fikambanana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Mba hanokana vola bebe kokoa amin'ny fisorohana ny SIDA sy ny fikarohana vakisiny.

MAMPORISIKA ny PSI amin'ny tokony hanohizany ny fitakiana fanovana amin'ny lalàna mikasika ny famokarana fanafody sy ny fampiasana fanafody mora vidy kokoa mba hitsaboana ny olona aty amin'ny faritra atsimon'i Afrika.

MANAMARIKA fa tsy mitarika amin'ny fanatsarana ny toe-draharaha ny fihevitry ny mpitondra fivavahana sasantsasany.

## III- Ny fijeren'ny fanjakana ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana

CAPE TOWN -- Hanantona ny tompon'andraikitra amin'ny orinasa ny Departemantan'ny varotra sy ny indostria mba hahafantarany bebe kokoa ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toeram-piasana, araka ny nolazain'ny Minisitry ny Asa tamin'ity herinandro ity. Nambarany tamin'ny fanazavana nataony ho an'ny solombavambahoaka mikasika ny tetiky ny fanjakana amin'ny fampiroboroboana ny toe-karena, fa ilaina ny vaovao mitombina mikasika ny fiantraikan'ny aretina. Anisan'ny lafiny tsy maintsy jerena akaiky ny tetika amin'ny fanoloana ny fahaverezana mpiasa, Raha misy fiovana eo amin'ny mpiasa mpamokatra, dia tokony atrehintsika izany. Tokony hofantarintsika ny zava-misy, tsy manana vaovao azo antoka isika, ary tokony hataontsika izay hahazoana izany.

Afaka mijery ny antontan-taratasy mikasika ny mpiasa ny Departemanta, ary mandinika ny vola lany amin'ny fitsaboana, ny fisotroan-dronono sy ny fiantraikan'ny SIDA. Niresaka mandritry ny iray andro tamin'ny komitin'ny solombavambahoaka mikasika tetik'ady mikasika ny famokarana amin'ny sehatry ny Indostria Atoa Erwin, ary voatsikera amin'ny tsy fampidirana ny valan'aretina amin'ny tetika naroso, izay natao hampandroso ny toe-karena sy ny fahafahana mifaninana eo amin'ny faritra.

# LOHAHEVITRA 4

## *LOHARANON-KEVITRA*

Nilaza Atoa Erwin fa toa tsy dia mafy ny fiantraikan'ny eo amin'ny mpiasa manam-pahaizana sy amin'ny salan'isam-pahavelomana eo amin'ny mpiasa. Mifanohotra amin'ny vokatry ny fandalinana hafa izany, ary anisan'izany ny vokatry ny fikarohana nataon'I Andrew Levy and Associates tamin'ny herinandro lasa izay manambara fa eo amin'ny 30 isan-jaton'ny mpiasa mpamokatra eo ho eo no hitondra ny otrik'aretina amin'ny taona 2005.

# RAHA MIJERY ANTSIKA NY




*DIA TONGA NY FOTOANA ITADIAVANTSIKA*

## FAMPAHAFANTARANA

MIKASIKA IZANY

**FAMPAHAFANTARANA = FIAROVANA**



# LOHAHEVITRA 5

# *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## Votoatiny


Fampidirana 1

Nahoana no manamora ny Fihanaky ny SIDA ny tsy fitovian'nyLahy sy ny vavy 3

Ny lehilahy sy ny maha izy azy manokana 5

Ny olana mikasika ny fifandraisana sy ny tsy fitovian'ny Lahy sy ny vavy eo amin'ny toeram-piasana 7

Asa atao mba hirosoana amin'ny fitovian'ny lahy sy ny vavy 11

Fampianarana 15

# LOHAHEVITRA 5 *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## Fampidirana:

## Natao ho an'ny lehilahy koa ity lohahevitra ity!

Tsy natokana ho an'ny vehivavy ity lohahevitra ity. Tokony hamaky an'ity ny lehilahy mba ho fitsimbinana azy ireo sy ny ankohonany, ary ny mpiara miasa aminy. Zava-dehibe ny fahafantarana ny fiantraikan'ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny fiahanaky ny SIDA.

Mifantoka lalina ao an-tsaina ny fahintantsika ny andraikitry ny lehilahy sy ny vehivavy eo anivon'ny fianakaviana, ny fiaraha-monina sy ny asa. Maro amintsika ny mihevitra fa raharaha mikasika ny tsirairay manokana izany.

Mety hieritreritra ianao fa tsy any amin'ny toeram-piasana no toerana tokony hiresahana ny fomba fahitana ny olana. Tsy manana fiarovan-tena isika raha toa ka tsy mety miady hevitra mikasika ny firaisana ara nofo sy ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy, satria amin'ny ankapobeny, dia amin'ny alalan'ny firaisana ara nofo no ifindran'ny otrik'aretina.

### Tokony hiresaka mikasika ny firaisana ara nofo i Afrika mba hanankanana ny fihanaky ny SIDA

Tsy mitovy amin'ny poliomelita sy ny nendra ny SIDA, satria tsy azo sorohina amin'ny vakisiny, ary tsy mitsahatra ny mivoatra ny otrik'aretina. Anisan'ny mampiavaka azy amin'ny areti-mifindra hafa ihany koa ny fomba fifindrany amin'ny firaisana ara-nofo, ny herisetra amin'ny firaisana ara nofo sy ny fivarotan-tena noho ny fahantran'ny vehivavy sy ny tsy fitoviany amin'ny lehilahy.

Tokony hiady hevitra an-kitsipo mikasika ny firaisana ara nofo isika. Tokony hanaiky ny fisian'ny fanerena ny zanantsika hanao firaisana ara nofo isika, na dia atahorana amin'ny fahasalamany sy tsy ankatoaviny aza izany, ary hampahafantatra azy ireo, hanome fitaovana hahafahany mifanerasera, ary hanome kapaoty azy aza.

Pascoal Mocumbi, Praiminisitra ao Mozambika

Tokony hiatrika ny olana manahirana momba ny fifandraisana ara nofo sy ny fahefana ananan'ny lehilahy sy ny vehivavy isika.

Inona ny fiantraikan'izany olana izany amin'ny toeam-piasana. Manaraka ny tsirairay any amin'ny toeram-piasana ny maha olona, ary azo iadian-kevitra any an-tokantrano ny zavatra fantatra any amin'ny toeram-piasana.

# *Ny lafiny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## LOHAHEVITRA 5

Anisan'ny hevitra fototra amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny fitovian'ny lahy sy ny vavy. Miankina amin'ny fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny fanomezana andraikitra bebe kokoa ho an'ny vehivavy ny fahombiazan'ny fisorohana ny SIDA.

*4.3.Tokony ho ekena ny lanjan'ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy mikasika ny SIDA. Toa mora iantraikan'ny SIDA bebe kokoa ny vehivavy raha oharina amin'ny lehilahy, noho ny antony mikasika ny toe-batany, ny fiaraha-monina manodidina sy ny antony ara toe-karena.*

*Arakaraky ny fisian'ny fanavakavahana ny vehivavy sy ny toerana ambany kokoa ametrahana ny vehivavy eo anivon'ny fiaraha-monina no mora ifindran'y otrik'aretina aminy. Zava-dehibe amin'ny fahombiazan'ny fisorohana ny fihanaky ny SIDA ny fampitoviana sy ny fanomezana fahefana bebe kokoa ny vehivavy*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Ahitana ny fanazavana ny maha zava-dehibe ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny ady atao amin'ny SIDA ity lohahevitra ity ary mamelabelatra ny fomba tokony hampiharan'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa ny hevitra fototra amin'ny tontolon'ny asa.

Iaraha-mahalala fa lehilahy ny ankamaroan'ny mpitarika sendika sy mpampiasa. Antitranterina anefa fa tsy olana ho an'ny vehivavy irery izany, fa ho an'ny rehetra.

**Ny fanavahana ny maha lahy na maha vavy sy ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy**

Ny fiavahan'ny lahy sy ny vavy amin'ny toe-batana no voaresaka amin'ny maha lahy na maha vavy.

**Ny andraikitry ny lehilahy sy ny vehivavy** eo amin'ny fiaraha-monina sy ny fitsipika mifehy ny fitondran-tenany no resahina amin'ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy.

# LOHAHEVITRA 5 *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## Nahoana no manamora ny fihanaky ny SIDA ny tsy fitovian'ny lehilahy sy ny vehi vavy

Amin'ny fomba maro no isehoan'ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy izay manamora ny fihanaky ny SIDA.

**Ny tsy fitoviana amin'ny fifandraisan'ny tsirairay**

Amin'ny firaha-monina maro, dia ambany kokoa ny andraikitra omena ny vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina sy ny fiharian-karena. Vokatr'izany dia tsy ampy ny fahefana ananan'izy ireo amin'ny fifandraisany amin'ny lehilahy. Tsy afaka miteny firy na mandà firaisana ara nofo tsy atokisana amin'ny fahasalamany izy ireo, na dia manana fitondran-tena atahorana aza ny olona miaraka aminy. Araky ny lazain'ny ONUSIDA, ny 80 isan-jaton'ny vehivavy manana fiarahana maharitra amin'ny olona iray no namindran'ny olona miaraka aminy ny otrik'aretina.

Indraindray, dia miafara amin'ny herisetra, fanaovana an-keriny, famonoana izany tsy fitoviana izany. Ny fandinihana natao tamin'ny faritra maro dia mampiseho fa eo amin'ny antsasak'izy ireo no iharan'ny fanerena ataon'ny lehilahy miaraka aminy Any Rosia, dia iray amin'ny vono olona dimy no ataon'ny vady, ary ny vehivavy no ankamaroan'ny iharan'izany.

**Tsy fitoviana eo anatrehan'ny lalàna**

Ny tsy fitoviana amin'ny fananana sy ny ny lalàna misy amin'ny firenena sasany dia mampiseho fa miankina amin'ny rainy na amin'ny vadiny ny zo ananan'ny vehivavy. Marefo kokoa ny toerana misy ny vehivavy mananontena: aorian'ny fotoana ahafatesan'ny vadiny, dia mety ho very fananana sy fonenana ny vehivavy iray, ary mety ho voaenjika noho ny aretin'ny vadiny aza. Mety haha voatery ny vehivavy hivaron-tena izany.

**Fanabeazana sy fahasalamana**

Kely kokoa ny tombontsoa azon'ny vehivavy noho ny tsy fahaizany mamaky teny sy manoratra, izay vokatry ny tsy fahampian'ny vola atokan'ny fanjakana sy ny fianakaviana amin'ny fanabeazana ny vehivavy. Noho izany dia tsy ampy ny fahafantarany sy ny fahafahany mahazo fitaizana mikasika ny SIDA.

Matetika dia tsy ahitana toerana anaovana fitsaboana mikasika ny fananahana ny tobim-pahasalamana. Mitombo ny isan'ny reny maty eo am-piterahana amin'ny firenena nanao fanitsiana ara-drafitra, izay niteraka fampihenana ny fitsaboana. Matetika dia voan'ny tsy fahampian-tsakafo sy rà ny vehivavy, izay mahatonga azy ireo ho mora ifindran'ny aretina bebe kokoa.

# *Ny lafiny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## LOHAHEVITRA 5

**Ny vehivavy amin'ny maha mpiahy azy ireo**

Ny reny sy ny ankizy vavy no mibaby ny vesatry ny fiahiana ny fianakaviana marary, izay mampihena ny fampianarana azy sy ny fahafahany manao asa fidiram-bola. Ny vehivavy no miandraikitra ny fiahiana ny kamboty taizan'ny fianakaviam-be.

**Ny maha mora ifindran'ny aretina bebe kokoa ny ankizy vavy**

Ambany kokoa ny taona ifindran'ny aretina amin'ny vehivavy raha oharina amin'ny lehilahy. Ny tatitra nataon'ny ONUSIDA mikasika ny valan'aretina dia mampiseho fa avo roa heny ny salam-piharan'ny aretina amin'ny vehivavy 15 ka hatramin'ny 24 taona raha oharina amin'ny vehivavy amin'ny sokajin-taona hafa sy ny lehilahy.
Izany dia noho ny antony ara toe-batana. Mety ho mora simba kokoa ny fitaovam-pananahan'ny ankizy vavy, raha toa ka manao firaisana ara-nofo amin'ny fotoana itomboan'ny vatany izy, ary atahorana ho mora infindran'ny aretina vokatry ny firaisana ara-nofo izy ireo. Misy ihany koa ny hevi-diso izay milaza fa manasitrana ny lehilahy voan'ny otrik'aretina ny fiarahana amin'ny virijiny, ary koa tsy dia atahorana hitondra ny otrik'aretina ny vehivavy tanora. Kelikely kokoa ny fahafahan'ny vehivavy tanora miaro tena amin'ny fanerena sy fandresen-dahatra ataon'ny lehilahy. Mety hitarika amin'ny fanambakana amin'ny fivarotan-tena izany, ary mety hitombo ny isan'ny vehivavy amidy. Mety hitranga izany rehefa manana fahefana bebe kokoa amin'ny tanora ny lehilahy.

# LOHAHEVITRA 5 *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## Ny lehilahy sy ny maha izy azy

Raha toa ka tiantsika ny hampihena ny fihanaky ny aretina sy ny maha mora voadona kokoa ny vehivavy, dia tokony hojerentsika izay fomba hifanarahan'ny lehilahy lehilahy sy ny vehivavy am-pitoviana. Manantitrantitra ny fitsipi-pifampifehezana fa manana andraikitra amin'ny famporisihana sy fananana fihetsika tompon'andraikitra amin'ny fisorohana ny SIDA ny lehilahy.

Tsy midika ho fanamelohana ny lehilahy izany, na koa ho tsy firaharahiana ny fanerena mety hahazo azy ireo amin'ny toe-javatra sasany. Midika ho fanatsarana sy fahazoana ny fiheverana ny maha lehilahy ny lehilahy izany- ny toetoetry ny fitondran-tenan'ny lehilahy sy ny antony mahatonga izany- sy ho fandavana ny hevitra mahazatra mikasika izany. Manana ny zavatra andrasany sy ny vesatra mianjady aminy koa ny lehilahy, izay mety hampalemy azy. Andrasana amin'ny lehilahy ny famelomana ny ankohonany, na dia mety ahitan-doza aza ny asa atao, toa ny iandrasana ny fiahiana ny fianakaviana sy ny fanaovana ny asa an-tokantrano ataon'ny vehivavy. Tsy manam-potoana firy hatokana ho an-janany ny lehilahy. Mety voatery mandeha lava izy ireo, ary mety voatery mivoaka ivelan'ny fireneny aza, na manao asa lavitry ny fianakaviany mandritry ny fotoana maharitra- sahala amin'ny manjo ny mpitondra kamiao, ohatra.

Heverina ihany koa fa tokony hatanjaka, tsy hampiseho fihetseham-po ny lehilahy. Mety mihevitra koa izy ireo fa mahafantatra ny mikasika ny firaisana ara nofo, na dia tsy manam-pahalalana ampy amin'izany aza. Sarotra kokoa ny fampitana fahalalana mikasika ny SIDA, raha toa ka miziriziry ho mahafantatra izany ny lehilahy.

### Inona no dikan'ny maha lehilahy ?

Manamora ny fihanaky ny SIDA sy ny fanaovana fihetsika manjakazaka amin'ny vehivavy ny asa mafy ataon'ny lehilahy ao anatin'ny tontolon'ny asa tsy zarizary.

Nanamarika ny sendika any Wazirpur any New Delhi fa mafy ary mety ahitan-doza ny asa ataon'ny mpifindra monina avy amin'ny faritra maro, izay miasa eo ambany fanaraha-mason'ny mpifehy azy ireo mandritry ny 12 ora isan'andro
Tanora latsaky ny 18 taona voatery nandao ny tokantranony avy amin'ny faritra hafa izy ireo, ary voatery mandefa vola ho an'ny fianakaviany. Mahatsapa izy ireo fa mety haratra na ho faty amin'ny asa ataony. Eo anolona'izany toe-javatra izany, dia voasarika hanao fihetsika manjakazaka sy maherihery izy ireo. Ny lehilahy dia natao hiaritra ny mafy, hiahy ny fianakaviana sy hitady vehivavy. Miaraka amin'ny mpivaron-tena matetika izy ireo ary tsy manao fiarovana amin'izany

# *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

**LOHAHEVITRA 5**

## Lehilahy manao firaisana amin'ny lehilahy

Mety tsy mieritreritra ny tenany ho tsy miaraka hafa tsy amin'ny lehilahy fotsiny ihany ny lehilahy manao firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy. Mety horaisina ho dingana alohan'ny fanambadiana ihany izany, na mieritreritra izy fa mety aminy ny sady manambady no manao firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy.

Heverina ho zavatra tsy mety ny fiarahan'ny lehilahy samy lehilahy amin'ny firenena sasany, ary noheverina tamin'ny fiandohan'ny taona 1980 fa aretina mahazo azy ireo izany amin'ny firenena sasany.

Nahavery fotoana maro ny fanenjehana ny olona voan'ny SIDA sy ny lehilahy manao firaisana amin'ny lehilahy mitovy aminy. Tsy nomena famatsiam-bola ampy ny fikarohana sy ny fanabeazana, ary tsy tonga manao fitiliana an-tsitrapo ny lehilahy.

Ny fomba fijery mifantoka amin'ny zon'olombelona no tena mahomby amin'izany, izany hoe ny fanekena ny zon'ny tsirairay hametra ny fitondran-tenany amin'ny firaisana ara nofo, ary anisan'izany ny safidy ataon'ny lehilahy hanao firaisana ara nofo amin'ny lehilahy mitovy aminy.

# LOHAHEVITRA 5 *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## Ny olana mikasika ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ao amin'ny toeram-piasana

Ahoana ny fiantraikan'ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy amin'ny tontolon'ny asa, ary inona ny asa azo atao hampisy ny fitoviana sy hanomezana fahefana bebe kokoa ny vehivavy amin'ny ady atao amin'ny SIDA ?

## Ny lafiny isehoan'ny tsy fitoviana

Ny toerana ambany kokoa ametrahana ny vehivavy amin'ny fiharian-karena sy ny fahafahany mivelatra tanteraka amin'ny asa fitadiavam-bola dia mahatonga azy ireo ho mora voadonan'ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny toe-karena. Matetika dia amin'ny seha-pihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna aty an-drenivohitra, amin'ny fambolena, na amin'ny asa tsy dia ahazoam-bola firy sy tsy azo antoka amin'ny lafiny tsy fahasahiranana ara toe-karena (fanaovana tahiry- fiarovana ara sosialy) no ahitana ny vehivavy.

Misy ny tsy fitoviana eo amin'ny sehatry ny asa izay miseho amin'ny endriny maro. Raha oharina amin'ny vehivavy dia mbola misedra:

- Ny tsy fitovian'ny karama
- Ny tsy fitoviana amin'ny fahazoana fiofanana
- Ny tsy fanomezana karama mitovy ho an'ny asa mitovy
- Ny famerana ny vehivavy amin'ny sehatr'asa vitsivitsy
- Ny tsy fitoviana amin'ny fahazoana fitaovana enti-mamokatra sy famatsiam-bola
- Ny tsy fitoviana amin'ny fahafahana manapa-kevitra mikasika ny toe-karena
- Ny tsy fitoviana amin'ny fisondrotana amin'ny asa
- Ny mety tsy hananan'ny vehivavy asa

## Herisetra atao amin'ny vehivavy eo amin'ny toeram-piasana

Mahatsiaro tena ho malemy sy miankin-doha ny vehivavy any amin'ny toeram-piasana, ary mitarika amin'ny fanerena amin'ny fanaovana firaisana ara nofo izany.Sarotra ho azy ny manda ny lehibeny, na ny manam-pahefana, na ny mpitondra kamioao izay hitondra ny entany, na koa ny mpitandro ny filaminana. Ny fanadihadiana natao tamin'ny vehivavy miisa 200 izay natao tany Tanzania dia mampiseho fa ny 90 isan-jaton'izy ireo dia iharan'ny fanerena amin'ny firaisana ara nofo, izay mety hahavery ny asany sy ny fivelomany.

Ny fikarohana natao tamin'ny sehatra fanondranana entana toa ny kafe, dite sy enta-madinika tany Kenya dia mampiseho fa anisan'ny zavatra iainana an-davan'andro ny herisetra sy ny fanerena amin'ny firaisana ara nofo.

# *Ny lafiny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## LOHAHEVITRA 5

- 90 isan-jaton'ny vehivavy nametraham-panontaniana dia efa niaina izany fanerena izany ao amin'ny toerana iasany
- Ny 95 isan-jaton'ny vehivavy niaina izany dia tsy mahasahy milaza izany, satria matahotra ho very asa
- Heverin'ny 70 isan-jaton'ny lehilahy nametraham-panontaniana fa tsy mametraka olana ny fanaovana fanerena amin'ny firaisan ara nofo amin'ny vehivavy.

Ahitana herisetra ihany koa amin'ny fotoana andehanan'ny vehivavy miasa. Amin'ny fiaraha-monina sasany, dia azo hamarinina ny fanaovana herisetra amin'ny vehivavy miasa ivelan'ny tokantrano Ny fanadihadiana natao tany Bengladesh dia nahitana fa mihoatry ny antsasa-manilan'ny vehivavy no anaovana an-keriny amin'ny fotoana andehananany miasa ao anatin'ny enim-bolana. 5 amin'izy ireo no novonoina ho faty.

Mbola manampy trotraka an'izany ny fanaovana herisetra amin'ny vehivavy ao an-tokantrano Tamin'ny taona 1993 vao nekena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena fa fandavana ny zon'ny vehivavy ny fanaovana herisetra amin'izy ireo (Fivoriana mikasika ny zon'olombelona tany Genève).

### Inona no atao hoe faneriterana amin'ny fifandraisan'ny lehilahy sy ny vehivavy sy amin'ny firaisana ara nofo ?

Ny atao hoe faneriterena amin'ny firaisana ara nofo dia ny fangatahana hanao firaisana na amin'ny fomba mivantana na an-kolaka, na fanaovana fanamarihana manavakavaka amin'izany, izay mety manafintohina ny mpiasa, na mahatonga ny olona voakasik'izany hatahotra, hahatsiaro tena ho ambany, na voaenjika, na koa ampifandraisina amin'ny fahafahan'ny mpiasa manao ny asany, ary manimba ny fahatsapana fa mitombina ny tena eo amin'ny asa , na miteraka fandrahonana sy tahotra eo amin'ny tontolon'ny asa.

Ireto avy no voafaokan'ny fanerena amin'ny firaisana ara nofo: fikasohan'ny vatana na fitsapatsapana, fanamarihana isarihana amin'izany, sangy, fanamarihana mikasika ny toe-batana – fangatahana fanaovana firaisana ara nofo.,fanerena ara-batana

Nalaina tamin'ny boky Sexual harassment at work

## LOHAHEVITRA 5

# *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## Asa mendrika ?

Mety hitarika amin'ny fihanaky ny SIDA.Ny fanerena mianjady amin'ny lehilahy sy ny vehivavy izay voatery manao asa mafy sy sarotra hahazoam-bola dia Tsy te hampahafantra ny karazan'asa sy ny sokajin'ny mpiasa ifindran'ny aretina bebe kokoa ny fitsipi-pifampifehezana, fa hita ao ny fanazavana fa:

- *Misy karazan'asa mety manamora ny fifindran'ny otrik'aretina bebe kokoa raha oharina amin'ny hafa, na dia ny fitondran-tena aza no fototry ny olana, fa tsy ny asa atao. Ireto avy ny karazan'asa mety ho tafiditra amin'izany:*
- *Ny asa mitaky fivezivezena sy fandehanana lavitry ny vady*
- *Ny asa amin'ny faritra mitoka-monina, izay tsy ahafahana mifandray firy amin'ny mpiara monina, ary tsy misy tobim-pahasalamana ary fomba*
- *Ny asa tsy misy hafa tsy lehilahy, na ny toerana ipetrahan'ny lehilahy*
- *Toerana tsy ahafahan'ny mpiasa miaro tena amin'ny fifindran'ny otrik'aretina*
- *Ny asa izay anjakan'ny lehilahy, ary tsy ahitana hafa tsy vehivavy vitsivitsy*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Tsikaritra fa ny lehilahy no tafiditra bebe kokoa amin'ireo sokajy ireo, raha oharina amin'ny vehivavy

### Ny zon'ny mpitondra kamiao any Afrika

Nanao fanadihadiana mikasika ny mpitondra kamiao ny Fivondronan'ny mpitatitra any Afrika Atsinanana. Matetika no misaraka amin'ny fianakaviany izy ireo, voatery miandry amin'ny sisin-tany mandritry ny andro maromaro, ary mandalo toerana ahitana trano fisotroan-toaka, sy mpivaron-tena. Izao no notsoahina tamin'ny fanadihadiana:

> *Manana karazana fifandraisana ara nofo maro izay mifandray amin'ny asany ny mpitatitra. Mifanandrify amin'ny filany fototra sy ny tsy maha lavorary ny fandaminana ara piaraha-monina ny fitondran-tenany amin'izany lafiny izany. Ny fanilihana azy ireo amin'ny fiainana mendrika eo amin'ny fiaraha-monina sy ny fanenjehana amin'ny maha sokajin'olona mety hitondra ny otrik'aretina azy ireto dia nitarika amin'ny fihanaky ny SIDA eo amin'ny mpitatitra sy ny olona ifandraisany akaiky ao amin'ny fiaraha-monina. Raha tsy voahaja ny zon'ny mpitatitra, izay manomboka amin'ny fanatsarana ny asany sy ny tontolo iasany, dia tsy hisy fiantraikany ny famefena ny fihanaky ny otrik'aretina*

# *Ny lafiny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

LOHAHEVITRA 5

## Ny mpivaro-tena

Vehivavy ny ankamaroan'ny mpivaro-tena, na dia misy lehilahy aza amin'izy ireny. Samihafa ny fihetsiky ny olona eo antrehan'ny fivarotan-tena; misy ny mandà ny fisian'izany, ao koa ny manasazy sy mametraka fifehezana. Misy lafiny fanararaotana goavana amin'ny fivarotan-tena, izay mety hahitana fivarotana ankizy, izay mifandray amin'ny fifohana zava-mahadomelina sy ny famonoana olona indrindray.

Ny fahantrana no mahatonga ny vehivavy hivaro-tena, na voaterin'ny havany na olon-kafa izy. Tsy dia mahatsapa ny fanambakana atao aminy ny fikambanan'ny mpivaro-tena, na dia voafetra aza ny safidy azony atao. Ny maha marefo azy ara toe-karena sy ara sosialy no antony mahatonga ny vehivavy hivaron-tena .

Tsy azo iadian-kevitra fa ahazoan'olona tombontsoa goavana io asa io. Mahazo vola eo amin'ny 80.000 dolara isam-bolana ny toerana fivarotan-tena iray izay mampiasa ankizy any Bangkok.

Maro ny tombontsoa arovana amin'ny fampiasana ny ankizy amin'io sehatra io.Any Indonesia, dia hita fa eo amin'ny 1,1 tapitrisa dolara ka hatramin'ny 3.3 tapitrisa dolara ny tombom-barotra azo isan-taona amin'io sehatra io. Any Thailande, dia 300 tapitrisa dolara ny vola alefan'ny mpivaro-tena avy any an-drenivohitra mankany ambanivohitra, izay mihoatry ny vola lanin'ny fanjakana amin'ny fampandrosoana. Na dia izany aza, dia tsy hita amin'ny antontan'isa ny fivarotan-tena sy ny vola aterak'izany.

Mbola maro ny lalàna mansazy ny ny mpivaro-tena, izay mifototra amin'ny fitsarana ara moraly. Mbola miroborobo ihany anefa io sehatra io, noho ny tombom-barotra azo amin'izany sy ny fiarovan'ny mpitandro filaminana sy ny mpanao politika izany. Voafetra ny zon'ny mpivaro-tena, satria tsy ekena ara-dalàna ny fisiany. Tsy afaka mitaky ny fampiasan'ny olona miaraka aminy kapaoty izy ireo, ary nanatsara zavatra izany amin'ny toerana izay nahafahana nanome fahefana bebe kokoa azy ireo, sy nanerena ny olona hampiasa kapaoty.

Nahafahana nanamafy ny firaisan-kina amin'ny mpivaro-tena sy ny fandresen-dahatra amin'ny fampiasana kapaoty ny fifampitaizan'izy ireo tany Abidjan, Cote d'Ivoire. Ny tetik'asa Sonagachi tany Kolkata, Inde, dia ohatra iray amin'ny programan'asa mivelatra amin'ny fiahiana ny ankizy, fampandrosoana sy fampiofanana, ary koa ahitana fepetra mikasika ny fisorohana ny fifindran'ny otrik'aretina sy miady amin'ny fanenjehana ny mpivaro-tena.

Tsy misy politika mazava sy mitombina mikasika ny fivarotan-tena amin'ny firenena maro. Tsy iadiana hevitra eto ny mety ho fomba fijery amin'izany. Tsy azo ekena ny asa sasany, sahala amin'ny fivarotan'ny ankizy tena, ary anisan'ny fampiasana ankizy farany ratsy indrindra, araka ny amaritan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa izany.

Ny fanekena ny mpivaro-tena ho mpiasa manana ny zony ny soso-kevitra ataonay, izay afaka mitaky ny fampiasana kapaoty sy manda ny firaisana ara nofo mety hamindra aretina.

# LOHAHEVITRA 5

# *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

## Miasa ho an'ny fitovian'ny lahy sy ny vavy

Manaraka azy ireo any amin'ny toeram-piasana ny fiheveran'ny olona ny tokony ho andraikitry ny lehilahy sy ny vehivavy. Afaka mitarika sy mandresy lahatra amin'ny fampiovana ny fihetsika ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa. Tokony hisy hevitra ampitaina, fanovana lalàna, fanomezana tombontsoa, fepetra mikasika ny fiahiana ny ankizy, sy fampitoviana ny toeran'ny lehilahy sy ny vehivavy, ary tokony ny fanjakana no hanao izany hetsika izany .

Manampy amin'ny ady amin'ny SIDA ny asa rehetra izay atao ka mety hanamafy ny toeran'ny vehivavy, voalohany amin'ny fanaovana fanamby amin'ny fihetsika sy rafitra tsy miaro ny tombontsoan'ny vehivavy, ary faharoa, amin'ny fanomezana safidy ara toe-karena bebe kokoa. Raha tenenina amin'ny fomba hafa, dia maivana kokoa ny fanerena mety hihantra amin'ny vehivavy manam-bola bebe kokoa, amin'ny lafiny fanerena amin'ny firaisana ara nofo. Tsy voatery hivaro-tena sy hivarotra ny zanany ny vehivavy mahaleotena ara-bola.

Manana andraikitra goavana amin'ny fanatsarana ny toerana misy ny vehivavy ny sendika sy ny mpampiasa. Ambany dia ambany ny salan'isan'ny vehivavy miasa amin'ny sehatry ny fihariana ara-dalàna, ary nihena izany salan'isa izany tamin'ny sehatra sasany tao anatin'ny roapolo taona. Ilaina ny hanamboaran'ny sendika sy ny mpampiasa ny politika sy ny rafitra fitantanana ny mpiasa. Ilana tosika avy amin'ny fiaraha-monina ny ady atao amin'ny fanavakavahana.

Manana anjara toerana lehibe amin'izany ny fanabeazana ny lehilahy sy ny vehivavy, ary misy asa atao miaraka na misaraka amin'izany. Efa ahitana ny lafiny fanabeazana ny vehivavy ny programan'ny sendika maro, kanefa vitsy ny programa fitaizana ny lehilahy mikasika ny olana amin'ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy. Tokony hisy ny ezaka atao amin'ny fanaovana fanofanana atrik'asa miaraka mikasika ny olana amin'ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy. Tsy tokony hoheverina fa mikasika ny vehivavy irery izany.

Tokony horesahina amin'izany ireto lafiny ireto:

- Ny fahasalamana ara-tsaina, izay ahitana ny fanaovana herisetra ao amin'ny toeram-piasana
- Ny fahasalamana mikasika ny fananahana
- Ny andraikitry ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fiharian-karena
- Ny andraikitry ny fianakaviana
- Ny ora iasana

# *Ny lafiny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

**LOHAHEVITRA 5**

## Ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa

Maro ny fanambarana, fanapahan-kevitra, famoahana boky, fampiofanana nataon'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ireo lafiny ireo.

- Fifanarahana mikasika ny fampitoviana ny karama, 1951 (N°100) sy ny toromarika mikasika ny fampitoviana ny karama ,1951 (N° 90)
- Fifanarahana mikasika ny fanavakavahana amin'ny asa, 1958 (N°111)
- Fifanarahana mikasika ny mpiasa manana andraikitra amin'ny fianakaviana, 1981
- Fifanarahana mikasika ny fiarovana amin'ny fiterahana , 2000 (N°183)
- Fanambarana mikasika ny fitoviana amin'ny fahafahana miasa sy ny fomba fitondrana ny vehivavy miasa (1985).
- Tetik'asa mikasika fitoviana amin'ny asa sy ny fitondrana ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny asa
- Ny fampiroboroboana ny fitovian'ny lahy sy ny vavy: loharanon-kevitra ho an'ny sendika

## Ny fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana

Misy dingana maro azo atao amin'ny ady atao amin'ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy eo anatrehan'ny SIDA:

- Tokony mijery akaiky ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy ny Programa fisorohana sy fitsaboana ao amin'ny toeram-piasana: Voaresaka amin'ny lohahevitra samihafa izany. Ilaina ny fampiofanana sy ny fanabeazana amin'ny fanovana ny fitondran-tena sy ny ftsipika mifehy ny toeram-piasana sy ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy.
- Tsy tokony hosarahina amin'ny fianakaviany mandritry ny fotoana maharitra ny mpiasa amin'ny asa ataony, ohatra amin'izany ny mpiasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany izay apetraka amin'ny toerana tsy misy vehivavy, ary tsy afaka mipetraka miaraka amin'ny fianakaviany. Efa voaresaka ny fomba fiainan'ny mpitondra kamiao. Na dia sarotra aza ny manova izany fandaminanana ny asa izany, dia azo atao ny manatsara ny tontolo iasana- tokony hisy toerana fialan-tsasatra sy toerana azo ametrahana ny fianakaviana.
- Tokony hitandrina amin'ny fitondran-tenan'ny mpiasa izay mety manamora ny fifindran'ny aretina ny toeram-piasana ; misy mantsy tompon'andraikitra amin'ny orinasa izay mandoa vola ho an'ny mpivaro-tena mba hampialana voly ny mpiasa ao aminy.
- Tokony tsy handefitra na dia kely aza amin'ny herisetra sy ny fanerena amin'ny firaisana ara-nofo ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa. Tokony hisy fepetra mora tanterahina amin'ny fitoriana ataon'ny vehivavy.Tokony hampahafantarin'ny sendika ny mpikambana ao aminy fa heverina ho isan'ny olana ho an'ny sendika izany.

# LOHAHEVITRA 5 *Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA*

Tokony hapetraky ny mpampiasa mazava fa fandikana ny fitsipika ny herisetra sy ny fanerena amin'ny firaisana ara nofo.

- Tokony hisy ezaka atao mba hisian'ny tobim-pahasalamana hizahana sy hitsaboana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo. Maro ny mpiasa voan'izany aretina izany, kanefa tsy fantatra akory ny fisiany, ary manamora ny fifindran'ny otrik'aretina.

## Fepetra mikasika ny sehatra tsirairay

Misy ny sehatr'asa izay nandraisana fepetra manokana. Ny fikambanana iraisam-pirenena mikasika ny fizahan-tany, ohatra, dia nanao hetsika mahasahana ny sehatra rehetra amin'ny ady atao amin'ny fivarotan-tenan'ny ankizy amin'ny sehatry ny fizahan-tany, ary namoaka fitsipika mifandraika amin'izany ny fikambanana maro.

Any Phillipines, dia nampiditra fepetra mikasika ny fivarotan-tena amin'ny fifanarahana iombonana amin'ny sehatry ny fizahan-tany ny fikambanan'ny mpiasa amin'ny hotely, toerana fisakafoanana sy ny asa mifandray amin'izany. Miainga amin'ny modelin'ny fifanarahana nataon'ny fikambanana iraisam-pirenenan'ny mpiasa amin'ny sehatry ny fampisakafoanana io fepetra io. Nanao fandalinana mikasika ny fanambakana amin'ny firaisana ara nofo, indrindra ho an'ny ankizy io fikambanana io.

### Ampahany amin'ny fifananarahan'ny mpiasa miasa amin'ny sehatry ny toerana fisakafoanana

Ny tompon'andraikitra amin'ny toerana fisakafoanana dia hanao fampahafantarana ny mpanjifa mikasika ny ady atao amin'ny fivarotan-tena amin'ny mpizaha tany

Hanao tatitra amin'ny sendika sy ny mpitantana mikasika ny mpanjifa izay mitady ankizy mpivaron-tena ny mpiasa, ary hanao izay hanakiviana izany. Zon'ny mpiasa ny mandà izay fangatahana rehetra mikasika izany, ary manao izay hiarovana ny mpiasa amin'ny disadisa mety aterak'izany ny mpampiasa. Tsy azo atao ny mandray fepetra famaizana ny mpiasa izay tsy manaiky ny hanome fahafaham-po ny mpanjifa izay mitady hiaraka amin'ny ankizy mpivaro-tena ao amin'ny hotely.

Raràna ny mampiasa ankizy mpivaro-tena amin'ny hotely, na dia manao izany an-tsitrapo aza ny ankizy. Tsy azo ampiasaina amin'ny alina ny mpiasa tanora, indrindra amin'ny asa izay ifaneraserany amin'ny mpanjifa.

Amporisihina hanao tatitra amin'ny sendika mikasika ny toe-javatra mampiahiahy ny mpiasa, mba hahafahany mandray fepetra miaraka amin'ny mpampiasa.

Handray fepetra mikasika ny fanafoanana ny fampiasana ankizy amin'ny firaisana ara nofo ny fikambanan'ny mpampiasa, raha koa ka mahatsikaritra izany izy.

# Ny lafiny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA

LOHAHEVITRA 5

## Fehiny

Anisan'ny hevitra fototra amin'ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, izay tafiditra amin'ny fifanarahana sy fanambarana iraisam-pirenena maro. Mba hiadiana amin'ny SIDA, dia ilaina ny miatrika ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny tontolon'ny asa, eo amin'ny sehatry ny firenena sy ny toeram-piasana. Anisan'ny zava-dehibe amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny fiatrehana ny vesatra ara-pihariana sy ara sosialy mianjady amin'ny vehivavy sy ny lehilahy.

# LOHAHEVITRA 5



## FAMPIANARANA 1

### Fiatrehana ny tsy fahasahiana miresaka ny firaisana ara-nofo

**TANJONA**: Mandresy ny tsy fahasahiana miresaka ny firaisana ara nofo.

**ASA ATAO**: Mandraisa taratasy kely ary manorata teny roa na telo mikasika fomba firaisana ara-nofo na mikasika ny faritra saro-pady amin'ny vatana.

Ampifangaroy ao anaty satroka ny taratasy. Samy maka taratasy iray ny mpandray anjara, ary mamaky izay voasoratra ao.

Manaova adihevitra mikasika izay manahirana amin'izany.

Azonao atao ny tsy manoratra, raha toa ka tena tsy vitanao izany.

# LOHAHEVITRA 5

*ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 2

### Mamporisika ny fampiasana kapaoty

**TANJONA**: Mamantatra ny sakana amin'ny fampiasana kapaoty.

**ASA ATAO**: Fomba iray mahomby amin'ny fisorohana ny SIDA ny fampiasana kapaoty ny, kanefa mbola tsy dia maro ny olona mampiasa izany.

Mandraisa taratasy kely, ary soraty ao ny antony tsy ampiasanao, na fantatrao fa tsy ampiasan'ny olona kapaoty. Toy izao ny zavatra mety hosoratan'ny vehivavy:" Tsy hampiasa kapaoty ny olona miarakaamiko satria ….". Toy izao ny zavatra mety hosoratan'ny lehilahy:" Tsy hampiasa kapaoty aho satria ….".

Ampifangaroy ao anaty satroka ny taratasy.

Samy maka taratasy iray ny mpandray anjara, ary mamaky izay voasoratra ao.
Manaova adihevitra mikasika ny antony voalazan'ny tsirairay sy izay fomba azo amaliana izany.

# LOHAHEVITRA 5

## FAMPIANARANA 3

## Asio kapaoty amin'ny toeram-piasana

TANJONA: Mampiroborobo ny fampiasana kapaoty

ASA ATAO: Sarintsarin'anjara asa no atao amin'ity. Misy tarika telo mandray anjara amin'ny fivorian'ny sendika

**Tarika voalohany**: Soba komitin'ny vehivavy ao amin'sendika amin'ny toeram-piasana mampiasa olona mihoatry ny 1000 ianareo. Aorian'ny fanazavana nataon'ny mpitsabo ao amin'ny toeram-piasana mikasika ny SIDA, dia nanao adihevitra mikasika izay ianareo ary nanapa-kevitra fa tokony hisy fanentanana mikasika ny fanaovana kapaoty, ary koa fametrahana milina mizara kapaoty ao amin'ny toeram-piasana. Arosonareo amin'ny fivoriam-be izany soso-kevitra izany.

**Tarika faharoa**: Mpikamabana ao amin'ny komitin'ny sendika ianareo Tafitohina amin'izany soso-kevitra nataon'ny vehivavy izany ianareo, satria heverinareo fa mety hanamora ny fifampikasokasohana izany, ary tsy misy ifandraisany amin'ny asa atao. Tokony tsy hijery hafa tsy ny fifanarahana amin'ny karama, ny andro tsy fiasana sy ny fisorohana ny loza ny sendika

**Tarika fahatelo**: Mpikambana ao amin'ny komity koa ianareo. Na dia tsy mitsivalana amin'izany soso-kevitra izany aza ianareo, ary heverinareo fa tsara izany hevitra izany, dia mahatsapa ianareo fa tsy tokony hampizara ny sendika izany olana izany, satria zava-dehibe ny firaisankina.

Tokony misy olona iray maka ny andraikitry ny mpitarika ny fivoriana, ary olona roa mpanara-maso, izay miandrakitra ihany koa ny fitanana an-tsoratra, sy mijery ny mampitombina na tsia ny hevitra arovan'ny tarika tsirairay.

Eo amin'ny 5 minitra eo no anomanan'ny tarika tsirairay ny hevitra arosony.

1 minitra ny faharetan'ity asa atao ity.

Rehefa avy eo, dia manaova adihevitra mikasika ny hevi-dehibe navaokan'ny tarika tsirairay sy ny fomba amaliana izany. Milaza ny heviny koa ny olona nanara-maso.

Rehefa avy eo dia manaova adihevitra mikasika ny fomba azo atao hampiroboroboana ny fampiasana kapaoty ao amin'ny toeram-piasanao.

## FAMPIANARANA 4

### Ny mpiasa manana andraikitra ara-pianakaviana

**TANJONA**: Miady hevitra mikasika ny firesahana ny firaisana ara nofo amin'ny ankizy

**ASA ATAO**: Amin'ny tarika misy anao, manaova adihevitra mikasika ireto voalaza eto ambany ireto:

1. "Mba hisorohana ny fihanaky ny SIDA, dia tsy tokony hanao firaisana ara nofo ny tanora. Mampitatra ny sain'ny tanora sy maporisika azy ny firesahana ny fitandremana amin'ny firaisana ara nofo sy ny tokony hampiasana kapaoty".

2. "Aleoko manome kapaoty ny zanako toa izay mahita azy voan'ny SIDA".

LOHAHEVITRA 5

*ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 5

### Ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA

**TANJONA**: Mahatakatra ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny valan'aretina.

**ASA ATAO**: Vakio ao amin'ny tarika misy anao ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy vavy – tovana 1 amin'ny fitsipi-pifampifehezana.

Misy ohatra hafa amin'ny zavatra efa niainanao ve izay ahafahana mitaratra ny maha mora voadona kokoa ny vehivavy? Ary ny fomba tena iantraikan'ny otrik'aretina amin'ny lehilahy.

Rehefa avy eo, dia manaova tatitra amin'ny fivoriam-be.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 5

## FAMPIANARANA 6

### Inona no tadiavin'ny vehivavy

TANJONA: Mandinika ny zavatra ilain'ny vehivavy miasa

ASA ATAO: Anontanio ny vehivavy miasa ao amin'ny toeram-piasanao :

Ny olana atrehiny eo amin'ny toeram-piasana? Inona no laharam-pahamehana raha toa ka misy fanovana atao?

Inona no mety hanamora ny fampifanarahana ny fiainana any an-tokantrano sy ny asa?

Manomàna tatitra ary soraty amin'ny tabilao izany

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 5

## FAMPIANARANA 7

### Andriamatoa Big

TANJONA: Manampy anao hiady hevitra mikasika ny fihetsika tompon'andraikitra sy tsy tompon'andraikitra

ASA ATAO: Sarintsarin'anjara asa ity. Mpiasa miady hevitra ao amin'ny toerana fisakafoanana ianareo.

Misy mpiasa iray midehaka amin'ny fananany olona maro miaraka aminy sy ny ataony amin'ny firaisana ara nofo.
Samihafa ny fihetsiky ny tsirairay mahita izany, ary ny iray aza dia nampitandrina mikasika ny SIDA ary nanome soso-kevitra amin'ny fisorohana ny otrik'aretina.

# FAMPIANARANA 8

## Fitaizana ny mpiasa

TANJONA: Mandinika ny fomba hamporisihana ny mpiasa hahafantatra ny SIDA sy ny fomba fisorohana izany.

ASA ATAO: Amin'ny tarika misy anao, diniho ny fomba fitaizana sy fampahafantarana mikasika ny SIDA ao amin'ny toeram-piasana misy anao.

Jereo raha mety ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy ny hevitra ampitaina,

Diniho ny fomba fahitan'ny lehilahy sy ny vehivavy ny olana sahala amin'ny:

- Fomba fifindran'ny aretina
- Ny hevi-diso mikasika ny fomba fifindran'ny aretina sy ny fitsaboana azy
- Ny fiarovana ho an'ny mpiasa lehilahy sy vehivavy

Mandraisa fanapahan-kevitra, raha toa ka ilaina ny fanamboarana ny fitaizana sy fampahafantarana misy ao amin' ny toeram-piasanao.


No Cover No Lover !!
DO IT RIGHT- DO IT SAFE!
USE Safely
Safe SEX DRUGS ROCK'N ROLL
ALWAYS SAFE
GET REAL
GET SAFE
USE A CONDOM Always!!
Be Cool
USE Safely
DO IT RIGHT- DO IT SAFE!
WAS HERE
For more information phone
THE BUILDING TRADES GROUP OF UNIONS
DRUG & ALCOHOL COMMITTEE
(02) 9394 9397
A.D.I.S. OR NUAA
(02) 9331 2111 (02) 9369 3455
NSW HEALTH DEPARTMENT
NUAA
YOUR UNION - PROTECTING YOU

LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Votoatiny


Fampidirana 1

Fitantarana fahombiazana 2

Ny fisorohana eo amin'ny toeram-piasana 6

Programa manokana mikasika ny fifandraisana Sy fitovian'ny lahy sy ny vavy 10

Mpiara miasa miandraikitra ny fitaizana 11

Ny fiarovana ny tanora 15

Ny famindrana ny aretina avy amin'ny reny Mankany amin'ny zaza 16

Programa eo amin'ny toeram-piasana: fandinihana programa natao 18

Fampianarana 21

Loharanon-kevitra 30

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Fampidirana

Tsy misy fanafodiny ny SIDA, ary mbola ela vao ho hita ny vakisiny mahomby. Ny fisorohana ihany ny fomba azo anakanana ny fihanaky ny aretina. Fantatra ny fomba fifindran'ny orikaretina sy ny tokony hisorohana izany.

Noho izany dia zava-dehibe ny:

- Manantitrantitra hatrany ny zavatra fantatra mikasika ny fomba fifindran'ny aretina
- Miady amin'ny hevi-diso mikasika ny SIDA
- Miady amin'ny finoanoam-poana sy ny tsy fanekena hiresaka mikasika ny fitondran-tena amin'ny firaisana ara nofo.
- Fanampiana amin'ny fanovana ny fitondran-tena.

Ity lohahevitra ity dia andinihana ny fisorohana sy ny andraikitry ny fanjakana, ny mpiasa sy ny mpampiasa amin'ny fandrafetana tetik'ady sy programa amin'ny fisorohana ao amin'ny toeram-piasana sy ivelan'ny toeram-piasana. Hita ao koa ny lohahevitra mikasika ny fitsaboana sy ny fiahiana na dia tsy tokony ho fizarana misaraka aza ny fisorohana sy ny fitsaboana. Ambaran'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa fa :

> *Tsy misaraka ny fitsaboana sy ny fiahiana. Manatsara ny fiainana ny fisian'ny fitsaboana sy ny fiahiana avo lenta, ary manamora ny ezaka atao amin'ny fisorohana. Rehefa voahaja ny olona.voan'ny Sida, dia lasa tompon'andraikitra bebe kokoa amin'ny olona akaiky azy izy ireo, ary mety handray andraikitra bebe kokoa amin'ny ady atao amin'ny SIDA. Ankoatr'izany, rehefa tsy lavorary ny fitsaboana, na koa voaenjika ny olona voan'ny SIDA, dia mety tsy hahomby ny fepetra fisorohana raisina .*

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

# LOHAHEVITRA 6

## Fitantarana fahombiazana tamin'ny firenena hafa

Ao amin'ny rafitry ny politika eo amin'ny sehatry ny firenena no anatanterahana ny asa eo anivon'ny toeram-piasana, ary ilaina ny fandinihana ny politika fisorohana natao tamin'ny firenena hafa.

Nahitana fahombiazana amin'ny fampihenana ny fihanaky ny otrik'aretina amin'ny *firenena* maro. Tsy maintsy mailo anefa amin'ny tsy hifindran'ny otrik'aretina sy amin'nyfiaroana ny dingana tratra.

Ny toe-javatra niainana tamin'ny firenena telo no hojerentsika: Thailand, Uganda sy Australia.

## Thailand

Raha toa ka tsy dia narisika tamin'ny fiatrehana ny SIDA i Thailand tany am-boalohany, dia anisan'ny firenena namolavola programa feno indrindra io firenena io nanomboka tamin'ny taona 1980. Vokatr'izany, raha toa ka 143.000 ny isan'ny olona nifindran'ny otrik'aretina tamin'ny taona 1991, dia nihena 29,000 izany tamin'ny taona 2000. Nampiharina nanomboka tamin'ny taona 1990/1991 ny politika mafonja, izay nampiarahana ny hetsika fanentanana eo anivon'ny firaha-monina sy amin'ny filazam-baovao, sy ny asa mifantoka amin'ny famahana olana iray. Natsangana ny komity ahitana solontena avy amin'ny sehatra rehetra, izay eo ambany fitantanan'ny Praiminisitra.

Ireto avy ny lafiny voasahana amin'izany politika izany:

- Ny fijerena manokana ny sokajin'olona manana fitondran-tena atahorana, sahala amin'ny mpivaro-tena, ny mpihinana zava-mahadomelina amin'ny alalan'ny tsindrona, sy ny olona manao raharaha miaramila.
- Ny fampitan-kevitra mikasika ny fanaovana firaisana ara-nofo ara-pahasalamana amin'ny mponina manontolo, amin'ny alalan'ny filazam-baovao, ary tiliana manokana amin'izany ny tanora.
- Ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanana miasa amin'ny sehatry ny fanabeazana aizana amin'ny fisorohana ny SIDA
- Ny fampiroboroboana ny programa iadiana amin'ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo sy ny salam-piharan'izany amin'ny sokajin'olona atahorana hamindra ny aretina
- Ny fampiroboroboana ny politika mikasika ny fampiasana kapaoty, indrindra ho an'ny mpivaro-tena
- Ny famolavolana lalàna hiarovana ny zon'ny olona voan'ny SIDA.

Na dia izany aza, dia iray amin'ny olona zato no voan'ny otrik'aretina any Thailand, ary ny SIDA no anisan'ny aretina mamono indrindra any Thailand, ary miatrika ny fanamby amin'ny ezaka tokony hatao mba hampifanarahana ny fisorohana amin'ny fivoaran'ny aretina ny firenenena

## Uganda

Uganda no anisan'ny firenena izay niharan'ny faharavana ateraky ny SIDA voalohany aty amin'ny faritra atsimon'i Afrika. 1,3 ny isan'ny olona nifindran'ny otrik'aretina tamin'ny taona 1993, izay isan'ny salam-piharana ambony indrindra eran-tany.

Araka ny nolazan'ny Filoha Museveni, dia nisintona hevitra tamin'ny ohabolan-drazana ry zareo: Rehefa misy liona tafiditra ao an-tanàna, dia tsy maintsy manao fanairana mafy ianao. Izany fomba fijery izany no nentina nampandray anjara ny ministera rehetra, izay voalaza ao amin'ny fomba fijery mahasahana ny sehatra rehetra mikasika ny SIDA, ary nitadiavana marimaritra iraisana amin'ny mpitondra fivavahana, ny mpitarika ara politika sy ny mpitarika eo anivon'ny fiaraha-monina.

Ireto avy ny fepetra noraisina tamin'izany:

- Fampiasana ny radio sy ny fahita lavitra mba hampitana hevitra mikasika ny fanaovana firaisana ara-nofo ara-pahasalamana
- Ny fitetezana ny faritra ambanivohitra amin'ny fanentanana
- Ny fanohanana avy amin'ny mpitondra fivavahana
- Ny fanabeazana any an-tsekoly
- Ny fandraisana fepetra mba hanomezana fahefana bebe kokoa ny vehivavy, ary koa mba hahatonga azy ireo ho mpitarika.

Nampihena ny fifindran'ny otrik'aretina ny fandraisana fepetra sahala amin'ny fanaovana dokam-barotra amin'ny fampiasana kapaoty, ny fanomezana fanafody hitsaboana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara nofo, ny fandraisana fepetra amin'ny fanomezana fitaovana amin'ny fanomezan-drà.

Vokatr'izany fepetra izany:

- Raha toa ka 31 % ny salan'isan'ny vehivavy bevohoka voan'ny otrik'aretina tao Kampala tamin 'ny taona 1993, dia nihena 14 % izany tamin'ny taona 1998.

- Any ivelan'i Kampala, dia nihena 8% izany, raha toa ka 21 % tamin'ny taona 1990.

- Nihena 30% ny salan'isan'ny fifindran'ny otrik'aretina amin'ny lehilahy mamonjy tobim-pahasalamana amin'ny fitsaboana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo tamin'ny taona 1998, raha toa ka 46% izany tamin'ny taona 1992.

- Raha toa ka manao firaisana ara-nofo voalohany ny tanora rehefa feno 14 taona, dia tsy manao izany izy raha tsy feno 16 taona ho an'ny lehilahy, ary 17 taona ho an'ny vehivavy.

Anisan'ny nanamafy ny asa ataon'ny fanjakana ny ny asa sy fitarihana natao teo anivon'ny fiaraha-monina. Ohatra amin'izany ny Sampan'ny vehivavy ao amin'ny sendikan'ny mpamboly, izay fanta-daza amin'ny fampitan-kevitra mikasika ny SIDA amin'ny alalan'ny hira, ny dihy sy ny tantara.

## Australia

Voalaza ho anisan'ny firenena nahitam-pahombiazana amin'ny ady atao amin'ny SIDA i Australia. Teo amin'ny sokajin'ny lehilahy manao firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy sy ny mpampiasa tsindrona amin'ny fihinana zava-mahadomelina no tena nahitana ny fifindran'ny otrik'aretina. Nitombo ny salam-piharan'ny otrik'aretina tamin'ny taona 1983/1984, ary nihena miandalana izany rehefa avy eo. Raha toa ka 1000 ny isan'ny olona voan'ny SIDA tamin'ny taona 1994, dia nihena 196 izany tamin'ny taona 1999.

Ireto avy ny anton'izany fahombiazana izany:

- Ny famolavolana tetik'ady iadiana amin'ny SIDA eo amin'ny sehatry ny firenena.

- Ny firaha-miasa misy eo amin'ny fanjakana, ny mpitsabo, ny marary, ny mpikaroka amin'ny fandrindrana ny asa, miorina amin'ny fifanajana sy ny fifaneraserana.

- Ny fampandraisana anjara ny sokajin'ny lehilahy manao firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy amin'ny asa fanabeazana, fisorohana sy fitsaboana.

- Ny fisian'ny olona manao fanentanana haingana mikasika ny fisorohana sy ny ady atao amin'ny fanejehana eo amin'ny sokajin'ny lehilahy manao firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy.

- Ny fisian'ny programa mikasika ny fampiasana tsindrona sy fanjaitra

- Ny fisian'ny famatsiam-bola anaovana fanabeazana sy fisorohana

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

Sahala amin'izay misy amin'ny firenena hafa, dia zava-dehibe ny fisian'ny mpitarika eo amin'ny sehatry ny fiaraha-monina sy eo amin'ny sehatra politika. Ankoatry ny famefena ny fifindran'ny otrik'aretina, dia nitombo ny fahaizana amin'ny fitsaboana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA.

## Lesona azo tsoahina

Misy lesona azo tsoahina avy amin'izay natao tamin'ireo firenena telo ireo:

**Fitarihana**: Zava-dehibe ny fisian'ny mpitarika eo amin'ny sehatra politika avo sy eo anivon'ny fiaraha-monina.

**Tetik'ady mahasahana ny sehatra rehetra sy fiaraha-miasa mivelatra** – Tokony ampandraisina anjara ny Ministera rehetra sy ny fikambanana misy eo amin'ny fiaraha-monim-pirenena ny tetik'ady eo amin'ny sehatry ny firenena, fa tsy mijanona amin'ny sehatry ny fahasalamana; matetika dia tsy tafiditra amin'ny rafitra misy eo amin'ny firenena ny Ministeran'ny asa, na dia manana andraikitra goavana tokony horaisina izy, ary ilaina ny hisian'ny solontenan'ny mpiasa sy ny mpampiasa amin'ny fikambanana misy eo amin'ny sehatry ny firenena.

**Tetik'ady eo amin'ny ambarotonga samihafa** - Ilaina ny fanatanterahana asa eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo amin'ny ambaratongan'ny faritra mba hampahomby ny tetik'ady mikasika ny SIDA.

**Fandraisana anjara** - Tokony ampandraisina anjara amin'ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny tetik'ady amin'ny ambaratonga rehetra ny olona voan'ny otrik'aretina.

**Fandresena ny sakana ara kolon-tsaina sy ny fady** - Ilaina ny firesahana ny zavatra heverina fa fady, sy ny firesahana ny fihetsika sy fitondran-tena, indrindra ny zavatra manahirana sahala amin'ny firaisana ara-nofo. Tsy maintsy fantarina ny fomba fihanaky ny aretina eo anivon'ny fiaraha-monina mba hahafahana misoroka izany

**Fanovana ny fitondran-tena** - Sarotra ny fanovana ny fitondran-tena, ary ilaina ny fanampiana ny tsirairay mba hianarany mitondra ny tenany eo anatrehan'ny loza amin'izay mety ho fifindran'ny aretina; tokony miorina amin'ny fampahafantarana sy amin'ny asa atao raha amin'ny fizarana kapaoty sy fanjaitra madio izany.

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

# LOHAHEVITRA 6

**Ny fikendrena sokajin'olona** - Tokony mikendry sokajin'olona ny hafatra ampitaina: fandresena lahatra ny mpivaro-tena amin'ny fampiasana kapaoty. Tokony mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana ihany koa ny fomba ampitan-kevitra: Tokony misy fomba fampandraisana anjara manokana sahala amin'ny hira sy dihy, sy ny fampiasana tenim-paritra amin'ny faritra ambanivohitra izay betsaka olona tsy mahay mamaky teny sy manoratra. Misy hafatra izay mety amin'ny sokajin'olona samihafa, ohatra ho an'ny tanora, izay tsy mety ho an'ny lehilahy efa manambady.

**Ny tsy fandeferana amin'ny fanavakavahana sy ny fanenjehana** - Tsy mahomby ny fisorohana raha toa ka tsy misy ny fifampitokisana. Tsy mamparisika ny olona amin'ny fitadiavana fanampiana, ary manamora ny fihanaky ny aretina ny fanavakavahana.

**Ny fitsaboana**. – Ahafahana mampihemotra ny fivadiky ny otrik'aretina ho SIDA ny fampiasana fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina , ary izany dia manamarina ny tokony hanaovana fitiliana sy fakana torohevitra.

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Ny fisorohana eo amin'ny toeram-piasana

Azontsika ampiharina eo amin'ny toeram-piasana ve ny asa mahomby eo amin'ny sehatry ny firenena?

Sehatra tena ahafahana mandray anjara amin'ny fampiharana ny tetika fisorohana ny toeram-piasana. Ahitana sokajin'olona atahorana hifindran'ny otrik'aretina ny toeram-piasana rehetra, ary manamora izany ny toerana sy karazan'asa sasany. Ohatra amin'izany ny asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, izay ametrahana ny lehilahy lavitry ny fianakaviany, sy ny mpiasa amin'ny fitanterana izay mandeha lavitry ny ankohonany. Tafiditra amin'izany sokajy izany koa ny mpiasa mpifindra monina.

Amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra ara sosialy no ahafahana mampihena ny loza amin'izay mety ho fifindran'ny aretina, araka izay voalaza ao amin'ny lohahevitra faha 3. Fa na ahoana na ahoana ny endriky ny tontolo iasana, dia azo atao ny manoa fampahafantarana mikasika ny SIDA

Manantitrantitra mikasika ny fisorohana amin'ny alalan'ny fitaizana sy ny fampahafantarana ny fizarana faha 6 ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana:

*Tena ilaina amin'ny ady atao amin'ny fihanaky ny otrik'aretina sy amin'ny fandresen-dahatra amin'ny fandeferana amin'ny olona voan'ny SIDA ny fampahafantarana sy fanabeazana eo amin'ny toeram-piasana. Manamafy ny fahafahan'ny mpiasa miaro tena amin'ny fifindran'ny otrik'aretina ny fanabeazana. Mampihena ny tahotra sy ny fanenjehana mikasika ny SIDA izany, ary mitarika amin'ny fanovana ny fitondran-tena*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Manome torolalana amin'ny endrika sy votoatin'ny programa fisorohana ihany koa ny fitsipi-pifampifehezana

*Tokony misy endrika maro anaovana ny fanabeazana sy fampahafantarana fa tsy an-tsoratra ihany. Azo ampiasaina amin'izany ohatra ny fianarana amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ny solon-tsaina. Tokony atao mifanaraka amin'ny taona, ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy, ny mampiavaka ny sehatra tsirairay, ny tontolo manodidina amin'ny lafiny ara kolon-tsaina sy ny antony mety manamora ny fifndran'ny aretina ny programa. Tokony olona hajaina sy eken-teny no miandraikitra ny fitaizana ny fampitana ny hafatra. Anisan'ny fomba mahomby amin'izany ny fifampitaizana ataon'ny mpiara miasa sy ny fampandraisana anjara ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA amin'ny famolavolana sy fanatanterahana ny programa.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

# LOHAHEVITRA 6

## *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

Ireto avy ny dingana amin'ny asa fisorohana voamarika ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana:

- Fanentanana sy fampahafantarana
- Programa fanabeazana ampandraisana anjara izay ahitana ny fanombanana sy ny tokony hatao amin'ny fomba iatrehana ny loza amin'izay mety ho fifindran'ny otrik'aretina ary
- Fepetra mba hisian'ny fiovan'ny fitondran-tena

Fanentanana sy fampahafantarana

Efa manao asa fampahafantarana sy fanentanana mikasika ny fisorohana ny loza sy ny fahasalamana eo amin'ny sehatry ny asa ny ankamaroan'ny toeram-piasana, ary koa mampita hafatra mikasika ny tontolo iasana, ny zo sy ny fitondran-tena. Tokony hatao ho an'ny mpiasa rehetra ny hetsika fanentanana mikasika ny SIDA, ambaran'ny fitsipi-pifampifehezana fa:

*6.1 (a) Tokony hampifandraisina amin'ny hetsika mikasika ny SIDA eo amin'ny firenena, ny fiaraha-monina sy ny faritra ny programa fampahafantarana mikasika ny SIDA. Tokony miorina amin'ny vaovao marina mikasika ny fomba fifindran'ny aretina sy ny tsy mampifindra izany ny programa, ary mandresy ny hevi-diso mikasika ny fisorohana ny aretina, ny fisehon'ny aretina sy ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny tsirairay, ary ny azo atao amin'ny fitsaboana sy ny fanampiana.*

*(b) araka izay azo atao, dia tokony hampidirina amin'ny programa sy hetsika efa misy natao ho an'ny mpiasa, indrindra amin'ny programa mikasika ny fisorohana ny loza sy ny fahasalamana sy ny tetikady amin'ny tsy fanaovana fanavakavahana ny programa fampahafantarana mikasika ny SIDA.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Ny programa fanabeazana

Anisan'ny manan-danja amin'ny fisorohana ny programa fanabeazana miorina amin'ny fampahafantarana sy ny fanentanana. Manampy ny tsirairay amin'ny fampitana hafatra mikasika ny toe-javatra iainany sy ny fitondran-tenany sy ny fandraisany fanapahan-kevitra amin'ny fiatrehany ny loza amin'ny mety hifindran'ny otrik'aretina izany. Ny torollalana mikasika ny fampiasana ny boky dia manazava ny maha zava-dehibe ny fomba fanabeazana ampandraisana anjara. Voalaza ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana ny tokony hamelana ny mpiasa haneho ny heviny sy hiady hevitra mikasika ny fihetsiny eo anatrehan'ny SIDA.

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Fanaovana tombana mikasika ny mety ho loza amin'ny mety ho fifindran'ny aretina

Ny fanabeazana amin'ny fisorohana dia midika ho fanaovana ezaka amin'ny hisian'ny tontolo manodidina izay ahatsapana fa mety hanana fihetsika izay tsy eken'ny orinasa, ny sendika sy ny fiaraha-monina ny tsirairay. Tokony hanaovana adihevitra mazava ny fomba fitondran-tena izay atahorana fa mety hanamora ny fifindran'ny otrik'aretina, araka izay voalaza ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana.

*6.2 Araka izay mety sy mifanaraka amin'ny zava-misy, Ny programa dia tokony:*

- *Hanamafy fa tsy mifindra amin'ny alalan'ny fifampikasohana tsotra ny SIDA, ary tsy tokony ho voaenjika sy ahilika ny olona mitondra ny otrik'aretina, fa tokony ho ampiana eo amin'ny toeram-piasana.*
- *Hanamafy ny voka-dratsin'ny otrik'aretina sy ny antony tokony tsy hanaovan'ny mpiara miasa rehetra fanavakavahana ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina.*
- *Hamela ny mpiasa haneho ny heviny sy ny fihetsiny eo anoloan'ny SIDA.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Manome fitaovana mba hahafahan'ny mpiasa mandray fanapahan-kevitra mikasika ny fitondran-tenany ny fanabeazana.

*6.2 (c) Araka izay azo atao, ny programa dia tokony :*

- *Manao asa ahafahana manampy ny tsirairay hanao tombana mikasika ny loza amin'ny mety ho fifindran'ny aretina, ary mampihena izany amin'ny alalan'ny fandraisana fanapahan-kevitra, fifampiraharahana sy serasera, sy amin'ny alalan'ny programa famomezana torohevitra sy fisorohana*
- *Hanome lanja manokana ny fijerena akaiky ny fitondran-tena atahorana fa mety hamindra ny aretina, sahala amin'ny fivezivezen'ny sokajin'ny mpiasa sasany mpiasa amin'ny fanatanterahana ny asa*
- *Hanao fampahafantarana mikasika ny fifindran'ny SIDA amin'ny alalan'ny tsindrona amin'ny fandraisana zava-mahadomelina sy ny fomba azo atao mba hampihenana ny mety ho fifindran'ny aretina*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Ohatra, mety ho mpivaro-tena ny olona voakasik'izany. Mety ho fantany ny loza mety hitranga aminy ary manapa-kevitra izy ny hisoroka izany amin'ny alalan'ny fampiasana kapaoty.

## Fepetra anamorana ny fanovana ny fitondran-tena

Mety ilana fanampiana ny fanovana fitondran-tena- fandresen-dahatra na famporisihana avy amin'ny mpiara-miasa. Ilaina ihany koa ny fepetra amin'ny fanovana ny fitondran-tena, ary anisan'ny zava-dehibe amin'izany ny fizarana kapaoty maimaim-poana. Nihena antsasany ny vidin'ny kapaoty tany Bresil tamin'ny taona 1990. izay nampitombo avo dimy heny ny fampiasana kapaoty. Tsapan'ny fanjakana any Bresil fa isan'ny antony nahatonga ny fihenan'ny salam-piharan'ny SIDA tamin'ny taona 1990 izany. Nisy fiantraikany tany Ouganda ihany koa ny fikarakarana ny fanaovana fitiliana. Izany fikarakarana izany, izay ahitana torohevitra mialoha sy aorian'ny fitiliana sy fampitana hafatra mikasika ny firaisana ara-nofo dia nitarika fihenana'ny fitondran-tena mety manamora ny fifindran'ny aretina, ary nanaovana fampitana hafatra. Anisan'ny singanina amin'izany ihany koa ny adihevitra mitohy ataon'ny Sendikan'ny mpiasa amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany any Namibia sy ny Antenimieran'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany mikasika ny fanomezana toerana hipetrahan'ny fianakavian'ny mpiasa, mba hialana amin'ny fipetrahan'izy ireo irery.

*6.5 Fepetra raisina mba hanampiana amin'ny fanovana ny fitondran-tena*
*(a)Ny fanaovana programa fanabeazana ho an'ny mpiasa mikasika ny tetik'ady atao mba hampihenana ny loza amin'ny mety ho fifindran'ny aretina, sy ny fampiasana kapaoty*
*(b)Ny fitiliana mialoha ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo sy ny raboka, ny fitsaboana izany sy ny programa mikasika ny fampiasana tsindrona dia tokony hotanterahina ary atao izay hananana fitaovana fampahafantarana mikasika izany*
*(c) Ho an'ny vehivavy miasa izay manana filana ara-bola, dia tokony atao izay hitadiavana tetika hamenoana, ohatra amin'ny alalan'ny fampahafantarana mikasika ny tetik'asa mampidi-bola, ny fanampiana ny karama sy ny fampihenana ny hetra aloa*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

*6.2 Programa fanabeazana*

*(a) Ny tetik'ady amin'ny asa fanabeazana dia tokony miorina amin'ny fakan-kevitra ifanaovan'ny mpiasa sy ny mpampiasa sy ny solontenan'izy ireo, ary koa ny Fanjakana,sy ny mpandray anjara hafa izay manam-pahalalana manokana mikasika ny fanabeazana sy ny torohevitra mikasika ny SIDA, raha toa ka ilaina izany. Fomba fampianarana ampandraisana anjara ny tsirairay no tokony hampiasaina.*

*(b) Tokony homen-danja manokana ny programa fanabeazana atao amin'ny ora fiasana, ary koa ny fanomezana fitaovana fanabeazana azo ampiasaina ivelan'ny toeram-piasana. Tokony horaisina ho adidy amin'ny asa ny fanatrehana ny fampiofanana*

*(c) Raha toa ka azo atao,ny programa dia tokony:*

- *Manao asa ahafahana manampy ny tsirairay hanao tombana mikasika ny loza amin'ny mety ho fifindran'ny aretina, ary mampihena izany amin'ny alalan'ny fandraisana fanapahan-kevitra, fifampiraharahana sy serasera, sy amin'ny alalan'ny programa famomezana torohevitra, fisorohana sy*
- *Hanome lanja manokana ny fijerena akaiky ny fitondran-tena atahorana fa mety hamindra ny aretina, sahala amin'ny fivezivezen'ny sokajin'ny mpiasa sasany mpiasa amin'ny fanatanterahana ny asa.*
- *Hanao fampahafantarana mikasika ny fifindran'ny SIDA amin'ny alalan'ny tsindrona, ny fandraisana zava-mahadomelina sy ny fomba azo atao mba hampihenana ny mety ho fifindran'ny aretina*
- *Mampiroborobo ny fanentanana mandritry ny fiofanana amin'ny asa*
- *Mijery akaiky ny maha mora voadona ny vehivavy ary mandinika ny tetika mba hahafahana mampihena izany (Jereo ny fizarana faha 6.3)*
- *Manao fanentanana izay ikendrena manokana ny tanora sy ny vehivavy*
- *Manamafy fa tsy mifindra amin'ny alalan'ny fifampikasohana tsotra ny SIDA, ary tsy tokony ho voaenjika sy ahilika ny olona mitondra ny otrik'aretina, fa tokony ho ampiana eo amin'ny toeram-piasana*
- *Hanamafy ny voka-dratsin'ny otrik'aretina sy ny antony tokony tsy hanaovan'ny mpiara miasa rehetra fanavakavahana ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina*
- *Hamela ny mpiasa haneho ny heviny sy ny fihetsiny eo anoloan'ny SIDA*
- *Manome toromarika ny mpiasa (indrindra ny mpiasa amin'ny sehatry ny fahasalamana) mikasika ny fepetra fitandremana iraisam-pirenena)*
- *Manao fanabeazana mikasika ny fisorohana sy ny fitsaboana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo sy ny raboka.*
- *Mampiroborobo ny fahadiovana sy ny fihinana sakafo ara-pahasalamana.*
- *Mampiroborobo ny fanaovana fiaraisana ara- nofo mitandro ny fahasalamana, anisan'izany ny fampiasana kapaoty.*
- *Mamporisika ny fanabeazana ataon'ny mpiara-miasa sy ny fomba fanabeazana hafa*
- *Anaovana tombana, fanaraha-maso, jery todika sy fanamboarana*

## Programa manokana mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy

Tokony jerena akaiky ny toe-draharaha misy sy ny filan'ny vehivavy sy ny lehilahy, ny fanerena eo amin'ny firaha-monina sy ara kolon-tsaina, ary koa ny olana hafa mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy , indrindra ny fahefana amin'ny fifandraisana ny programa fanabeazana.

***6.3.Programa manokana mikasika ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy***

*(a) Tokony hanome lanja manokana ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy, ny lafiny mikasika ny foko sy ny fironana amin'ny fomba fanaovana firaisana ara nofo ny programa rehetra. Tafiditra amin'izany ny fikendrena mazava ny lehilahy sy ny vehivavy, na koa ny famolavolana programa manokana ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy, izay anekena fa tsy mitovy ny mety mahatonga ny fifindran'ny aretina amin'izy ireo .*
*(b) Tokony mampitandrina sy manazava amin'ny vehivavy ny maha mora ifindran'ny otrik'aretina bebe kokoa amin'izy ireo ny fanabeazana, indrindra ny tanora*
*(c) Tokony hanampy ny lehilahy sy ny vehivavy hahafantatra ny tsy fitoviana misy amin'izy ireo eo amin'ny asa sy eo amin'ny fifandraisan'ny tsirairay ny fanabeazana atao, ary koa ny asa tokony hatao amin'izany.*
*(d) Tokony hanampy ny vehivavy hahafantatra ny zony ao amin'ny toeram-piasana sy ivelan'ny toeram-piasana ny programa fanabeazana, ary manome fahefana azy ireo mba hahafahany miaro tena*
*(e) Tokony hisy fanentanana, fanombanana ny loza amin'izay mety hifindran'ny aretina, sy tetik'ady hampandraisana andraikitra ny lehilahy mikasika ny SIDA ny fanabeazana atao ho an'ny lehilahy*
*(f) Tokony misy programa fisorohana atao hoa an'ny sokajin'ny lehilahy manao firaisana ara nofo amin'ny lehilahy, izay volavolaina miaraka amin'ny mpiasa sy ny solontenan'izy ireo.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Amin'ny orin'asa izay efa misy komitin'ny vehivavy mijoro, na koa amin'ny sendika izay ahitana izany, dia tokony ampandraisina anjara amin'ny famolavolana ny programa izy ireo.

Any amin'ny firenena sasany, dia mbola mety tsy ho eken'ny lalàna misy ny lehilahy samy lehilahy manao firaisana, ary iharan'ny fanenjehana izy ireo. Raha toa ka izany ny zava-misy, dia tsy hiseho ampahibemaso ireo sokajy ireo. Amin'ny fiaraha-monina sasany, dia misy lehilahy manao firaisana amin'ny lehilahy izay manambady, ary miteraka.

Tsy maintsy manome lanja ny fitondran-tenan'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fanaovana firaisana ara nofo ny programa fisorohana. Manahirana ary sarotra ny fanaovana adihevitra mikasika ny firaisana ara nofo, ary fady izany amin'ny fiaraha-monina sasany. Vao maika manahirana kokoa ny fahitana olona an'arivony matin'ny SIDA satria matahotra ny hiresaka mikasika izany ny olona, na koa tsy mankasitraka ny fomba fitondran-tena sasany amin'ny firaisana ara-nofo .

Voaresaka amin'ny antsipiriany ao amin'ny lohahevitra faha 5 ny mikasika ny lafiny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny SIDA sy ny tontolon'ny asa.

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Ny fanabeazana ataon'ny mpiara-miasa

Eken'ny ankamaroan'ny olona fa anisan'ny fomba mahomby amin'ny fanabeazana mikasika ny SIDA ho an'ny sokajin'olona atahorana hifindran'ny otrik'aretina ny fanabeazana ataon'ny mpiara miasa. Mpitarika avy amin'ny vondrona anaovana fanabeazana ny tompon'andraikitra amin'izany. Ohatra, raha natao ho an'ny hotely lehibe iray ny programa fanabeazana, dia omena fampiofanana mikasika izany ny mpiasa sasany ao amin'io hotely io. Ny fanabeazana ataon'ny mpiara miasa dia miainga amin'ny fiheverana fa mety hanampy bebe kokoa amin'ny fanovana ny fitondran-tena raha toa ka ny olona fantany sy atokisany no mandresy lahatra azy ireo.

Any Thailand, dia nisy programam-panjakana natsangana hanome fampiofanana olona 6 avy amin'ny Departemanta tsirairay amin'ny ambaratonga rehetra, izay natao ho tompon'andraikitra amin'ny fampiofanana amin'ny SIDA. Nomena alalana izy ireo hanao fampahafantarana sy adihevitra ho an'ny mpira mias aminy mandritry ny ora fiasana . Namolavola programa fanabeazana ataon'ny mpiara miasa ny COSATU, izay foiben'ny sendika lehibe indrindra any Afrika Atsimo, ary namporisika ny sendika miara miasa aminy hanao torak'izany.

Ny fanabeazana ataon'ny mpiara miasa dia :

- Tsy andaniam-bola ary ahafahana misahana olona maro
- Manamafy ny fitarihana sy ny fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiaraha-monina
- Ahafahana miaro ny tsiambaratelo
- Anisan'ny fomba mahomby indrindra amin'ny fampitana hafatra ho an'ny sokajy iray izay kendrena manokana
- Ahafahana manova ny fitondran-tena

Ny fisafidianana sy ny fampiofanana ny mpiara miasa miandraikitra ny fanabeazana dia anisan'ny lafiny manan-danja amin'ny programa fampiofanana eo amin'ny tontolon'ny asa. Tokony hifarimbona ny mpitantana sy ny mpiasa mba hananana mpampiofana isaky ny toeram-piasana. Ary hampiofanana Voalaza ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana fa tokony homena fampiofanana manokana ny olona voatendry amin'ny fanabeazana ataon'ny mpiara miasa mba:

*Hahafantarana misimisy kokoa mikasika ny votoatiny sy ny fomba entina misoroka ny SIDA ahazoany mampita ny torohevitra sy ny programam-panabeazana rehetra na ampahany ho an'ny mpiasa*
*Hijerena sy hitandremana bebe kokoa amin'ny lafiny firazanana, fomba fitondran-tena amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo, ny fifandraisana sy fitoviana amin'ny vehivavy amin'ny fanatanterahana ny fampiofanana*
*Hifandraisana sy hisintonana lesona amin'ny politika amin'ny toeram-piasana hafa, ohatra mikasika ny faneriterena amin'ny firaisana ara-nofo*
*Hanampiana ny mpiara miasa hamantatra ny lafiny mety hanamora ny fifindran'ny otrik'aretina amin'ny fomba fiainany, ary hahafahana manome torohevitra ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA*

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

# LOHAHEVITRA 6

Araka izay azo atao, dia tokony hatao amin'ny toerana akaikin'ny toeram-piasana ny fampiofanana. Ny tompon'andraikitra amin'ny fanabeazana ao amin'ny sendika, ny mpiasa ao amin'ny sampan-draharaha misahana ny fitantanana ny mpiasa sy ny fanofanana, ny tompon'andraikitra amin'ny fisorohana ny loza sy ny fahasalamana dia tokony handray anjara amin'ny fampiofanana ny mpampiofana mba hahafahan'izy ireo misafidy, mampiofana sy manampy ny mpiara miasa tompon'andraikitra amin'ny fampiofanana. Tokony hatao ho an'ny tompon'andraikitra amin'ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, ny Ministeran'ny asa, sy ireo avy amin'ny tompon'nadraikitra iraisam-pirenena misahana ny asa ny fampiofanana ny mpampiofana, ary angatahana fanampiana avy amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, raha toa ka ilaina izany.

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA

Ny mpiasa nifindran'ny otrik'aretina izay manam-paniriana handray anjara amin'ny asa fanabeazana sy fampiofanana dia manana andraikitra goavana amin'ny fahombiazan'ny tetik'asa, sy ny fandraisan'ny olona ny hafatra tiana hampitaina. Nifantoka tamin'ny fampandraisan'ny olona olona miaina miaraka amin'ny SIDA anjara ny ezaka nataon'ny fikambanana ao anatin'ny firenena mikambana, ary nahitam-bokatra izany. Mandray anjara amin'ny famolavolana ny politika ampiharina, amin'ny fanentanana, fanabeazana sy fanomezana torohevitra ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA izy ireo . Misy lahatsoratra izay ahitana ny fomba fiasa amin'izany amin'ny faran'ity lohahevitra ity.

## Fampifandraisana amin'ny programa mikasika ny fahasalamana amin'ny ankapobeny

Tokony ampifandraisina amin'ny programa fanabeazana mikasika ny fahasalamana amin'ny ankapobeny eo anivon'ny toeram-piasana ny programa fanabeazana mikasika ny SIDA. Mety mahasahana ireto lafiny ireto ireo programa ireo:

- Ny fahasalamana mikasika ny fananahana sy ny fiatrehana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo
- Ny sakafo ara-pahasalamana
- Ny fandraisana zava-mahadomelina sy ny fisotroana toaka
- Ny fikorontanan-tsaina
- Ny tazo mahery
- Ny aretina mifandray amin'ny rà
- Ny fisorohana sy ny fitsaboana ny raboka

Amin'ny toerana isian'izany programa mikasika ny fahasalamana izany, dia ilaina ny fampidirana ny fanabeazana mikasika ny SIDA. Ny programa SOLVE izay novolavolain'ny fikambanana iraisam-pirenenan misahana ny asa dia mikendry izany fampifandraisana izany, ary mety ho ilaina amin'ny toeram-piasana sasany amin'ny firenena misy anao.

Tafiditra amin'izany fampifandraisana izany ihany koa ny programa mikasika ny fahasalamana sy ny fisorohana ny loza. Ny komity misahana ny fahasalamana sy ny fisorohana ny loza isaky ny toeram-piasana no tokony hisahana ny programa mikasika ny SIDA, indrindra amin'ny toeram-piasana izay tsy manana komity manokana misahana ny SIDA, ary tokony homena fampiofanana ny mpikambana ao aminy mba hanampiana azy ireo amin'ny fanatanterahana ny politika mikasika ny SIDA sy ny fanatanterahana ny fampiofanana sy ny fanabeazana.

## Ny fisorohana eo anivon'ny fiaraha-monina

Tokony ampandraisin'ny mpitantana sy ny sendika anjara amin'ny famolavolana ny programa ny fianakaviana sy ny mpiara monina, ary amporisihan'ny fitsipi-pifampifehezana izany.

*6.6.Programa mahenika ny mpiara monina*
*Ny mpampiasa,ny mpiasa sy ny solontenan'izy ireo dia tokony hamporisika ny fanaovana asa fampahafantarana sy fanabeazana eo anivon'ny fiaraha-monina, indrindra amin'ny sekoly izay ianaran'ny zanaky ny mpiasa. Tokony hatao ny fanatanterahana ny programa mahenika ny mpiara monina mba hahafahan'ny olona maneho ny tahotra sy mampihena ny fitokana-monina mianjady amin'ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA. Tokony atao miaraka amin'ny fikambanana misy eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo an-toerana ny fanatanterahana izany programa izany.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Tokony hanana fifandraisana tsara amin 'ny mpiara monina ny orinasa lehibe izay manome fanampiana ho an'ny fikambanana misahana ny fanabeazana sy ny fahasalamana. Azo ampidirina amin'ny programa mifandraika amin'izany ny olana mikasika ny SIDA. Ho amin'ny tombontsoan'ny orinasa rehetra izany, satria loharano ipoiran'ny mpiasa ny fiaraha-monina, ary misy fiantraikany amin'ny fitondran-tena sy ny toe-panahy. Manome fanampiana amin'ny fanatanterahana ny fanabeazana mikasika ny SIDA amin'ny sekoly manodidina ny orinasa FORD any Afrika Atsimo.

## Fampiofanana

Zava-dehibe amin'ny ambaratonga rehetra ao amin'ny toeram-piasana ny fampiofanana mba hahafahan'ny mpitantana mahafantatra ny antony ilana ny famolavolana politika sy programa mikasika ny SIDA, ary mba hahafahan'ny sokajy rehetra manatanteraka izany am-pahombiazana. Voalaza ao amin'ny fizarana faha 7 ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana fa:

*Tokony atao mifanaraka amin'izay mety ho an'ny sokajy isan-tokony ny fampiofanana . Tokony hatao izay hampiasana ny fomba fampianarana vaovao mba hampihenana ny fandaniana. Ohatra ny orinasa dia afaka mitady fanampiana avy any ivelany avy amin'ireo programam-pirenena mikasika ny SIDA na fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana (ONG) amin'ny alalan'ny mpanofana na izay olony nahazo fiofanana. Karazany maro ireo fitaovam-piofanana azo ampiasaina arakaraky ny ho enti-manana ananana. Azo ampifandrindrana amin'ny fomba amam-panao eo an-toerana, amin'ny tranga samihaf²a mikasika ny fiainan'ny vavy sy ny lahy izany . Tokony ihany omena fampiofanana amin'ny fiatrehana ny foto-pisainana miteraka voka-dratsy ho an'ireo vitsy anisa, indrindra indrindra izay mahakasika fihaviana na fomba fifandraisan'ny lehilahy sy ny vehivavy.Tokony hahay handinika toe-javatra nianinan'ny olona sy hampiasa ny fitaovana mahomby izay misy koa izy ireo. Matetika dia ireo tompon'andraikitra ihany no mpanofana tena mahomby ary izany no amporisihina ny fanabeazany ataon'ny mpiara-miasa eo amin'ny ambaratonga rehetra.Izany dia tokony ho tafiditra anatin'ny drafi-piofanana isan-taona eo anivon'ny orinasa izay tsy maintsy hatevenenina amin'ny alalan'ny fiaraha-midinika miaraka amin'ny solontenan'ny mpiasa.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

Ny fitsipi-pifampifehezana dia mamaritra ireto sokajin'olona manaraka ireto izay mila fampiofanana ary koa manome torohevitra mikasika izay endriky ny fiofanana sahaza ny vondrona isanisany.

- Mpitantana, mpanara-maso ary ireo tompon'andraikitry ny mpiasa
- Solontenan'ny mpiasa
- Tompon'andraikitra misahana ny fahasalamana sy ny aro loza
- Mpanara-masom-panjakana sy ny eo anivon'ny orinasa
- Mpiasa mety mikirakira fitaovana mahakasika rà na ranon-javatra hafa.

# Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA

LOHAHEVITRA 6

## Fiarovana ny tanora

Araka ny fanadihadiana nataon'ny firenena mikambana, ny maro an'isa eo amin'ny tanora manerana izao tontolo izao dia tsy mahafantatra akory ny fomba fifindran'ny aretina SIDA na koa izay fiarovany nyt tenany tsy ho tratry ny aretina. Tsapa anefa fa ny hatanorana no vanim-potoana mampavitrika ny olona hisantatra firaisana ara-nofo. Izany no antony iray hitohizan'ny fihanaky ny otrik'aretina haingana dia haingana

*Misy antony roa tena goavana mifandray miteraka ny krizin'ny SIDA*
*Voalohany dia ny firaisana ara-nofo ataon'ny tanora izay tarehin-javatra tokony ho tsapan'izao tontolo izao fa fepetra mialoha entina mandrafitra fandaharan'asa marim-pototra hisorohana ny aretina.*
*Faharoa: ny tanora dia tsapa tokoa fa tsy manana fahalalana ilaina ahafahany miaro ny tenany. Ny voka-dratsy izany dia maro amin'izy ireo no tafahitsoka anatin'ny vovon'ny otrik'aretina.*
Carol Bellany, Tale Mpanatanteraka ao anivon'ny UNICEF

Eo anivon'ny tany sasantsasany izay mety tsy ho tratry ny fihanaky ny aretina be loatra, ny salan'isan'ireo tanora izay manana fahalalana ampy hiarovany ny tenany dia tsy latsaky ny 20% eo ho eo; vokatr'izany, ny antsasaky ny fifindran'ny otrik'aretina ankehitriny dia hita eo amin'ny mponina anelanelan'ny 15 sy 24 taona. Ny tombatombana farany nataon'ny UNICEF tany Eoropa Atsinanana dia manambara fa ny ankamaroan'ny olona mitondra ny otrik'aretina SIDA dia latsaky ny 30 taona. Tena mahonena tokoa fa ny vehivavy ifindran'ny aretina dia tanora kokoa mihoatra ny lehilahy. Lehilahly lehibe matetika no miaraka aminy, vokatry ny faneriterena.

Eo anivon'ny tany ahitana fa ny fihanaky ny otrik'aretina SIDA dia miadam-pandeha na koa mitotongana, dia vokatry ny fanomezana ireo tanora lahy sy vavy fahalalana, fitaovana ary fikarakarana mba hananany fitondran-tena mendrika. Mampiseho fa misy fifandraisana lehibe eo amin'ny fahalalana ananan'ny tanora miaraka amin'ny fomba fanaony sy ny tontolo ianana azo antoka sy voaaro tsara izay zava-dehibe tokoa ho an'izy ireo mba hanatsarany ny haitao ilaina enti-misoroka ny fifindran'ny aretina. Ambonin'izany dia ilaina ny manao ezaka manokana mahenika indrindra indrindra ireo tanora mora andairan'izany toy ny mpitsindrona zava-mahadomelina.

Misy zavatra roa izay azon'ny toeram-piasana atao mba ahazoany antoka fa mifandraika amin'ny zava-misy tokoa ny programa fampiofanana novolavolainy .

Voalohany, ny mpiasa tanora dia mila hafatra manokana, maty paika, ary ampitaina amin'ny teny voalanjalanja ary manandrify aminy . Azo antoka ny fahatakarana bebe kokoa ny fampahalalana ny otrik'aretina SIDA raha tanora no misahana izany. Tokony ahitana tanora ireo mpampiofana avy any ivelany toy ny fikambanana tsy miankina (ONG) sy ireo tompon'andraikitra amin'ny fampiofanana ao amin'ny toeram-piasana. Mety hanan-janaka , zafikely na iraitampo tanora ny mpiasa ka tokony resy lahatra amin'ny ilàna dinidinika momba ny otrik'aretina izy ireo. Ny fanabeazana anivon'ny toeram-piasana izany dia tokony hiompana amin'izay lafiny izay. Toetra voajanahary tokoa ho an'ny ray aman-dreny ny faniriana hiaro ny zanany, kanefa matetika io fiarovana io no mahatonga fidifiana ny firesahana ny firaisana ara-nofo sy ny fandraisana zava-mahadomelina.

# LOHAHEVITRA 6

# *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Ny famindrana ny aretina avy any amin'ny reny mankany amin'ny zaza

Ny famindrana ny aretina avy amin'ny reny mitondra ny otrik'aretina makany amin'ny zaza dia iray amin'ireo fomba telo lehibe isehoan'ny fifindran'ny otrik'aretina. Mety hiseho mialoha na mandritry ny fotoana iterahana izany – eo amin'ny ka hatramin'ny 5 sy ny 15%n'ireo zaza nateraky ny reny mitondra otrik'aretina no ifindran'ny otrik'aretina amin'izay fotoana izay. Ny aretina vokatry ny firaisana ara nofo tsy voatsabo na koa areti-mifindra hafa dia mampitombo ny mety ny famindrana.ny otrikaretina Sokajy iray hafa misy 10 ka hatramin'ny 20%n'ny zaza no ifindran'ny aretina vokatry ny fampinonoana. Anelanelan'ny ¼ sy ny ½n'ny zazakely nateraky ny reny mitondra ny otrik'aretina SIDA no mety hifindran'ny otrik'aretina amin'io fomba io.

Ny famindrana ny otrik'aretina avy amin'ny reny makany amin'ny zaza dia miteraka olana amin'ny toeram-piasana satria ny mpiasa bevohoka na ny vadin'ireo mpiasa dia mety hifindran'ny aretina. Mila mandray andraikitra amin'ny fisorohana izany ny toeram-piasana.

Marim-pototra ary ahafahana miainga amin'ny fanampiana ny mpiasa amin'ny fahatakarana ny fomba fifindran'ny aretina , ary ahafahana manohanana ny vehivavy sy ireo miaraka aminy mba hahafahany maka fanapahan-kevitra sarotra mikasika ny fampinonoan'ny reny. Ny politika mikasika ny fiantoana amin'ny amin'ny fiterahana dia manome vahana ihany koa ny fandraisana andraikitra. Tokony hametraka amin'ny toerany ny pôlitika mikasika ny fiatoana amin'ny asa ny toeram-piasana . Mety ilàna fanamboarana hampidirana izay zavatra ilain'ny mpiasa bevohoka mitondra ny otrik'aretina. Izany
Farany, azon'ny orinasa atao ny mizara fanafody fanalehana ny fihombon'ny aretina na manome fitsaboana iantohan'ny fanjakana.

### Fiarovana eo amin'ny fiterahana

Ny fivoriana iraisam-pirenena mikasika ny asa tamin'ny taona 2000 dia nankatoa ny fifanarahana mikasika ny fiarovana eo amin'ny fiterahana (183) izay momba ny fanomezana fiatoana amin'ny asa noho ny fiterahana, tombon-tsoa ara-bola ary fanampiana hafa. Ny andininy faha 3 dia milaza fa ireo bevohoka sy ireo reny mampinono dia tsy tokony hanao asa mety hitera-doza ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza na koa voaporofo amin'ny alalan'ny fisafoana ny mety ho mampitera-doza ilay asa.

Ny tsy fahafantaran'ny vehivavy iray fa mitondra ny otrik'aretina izy dia tsy ahafahana manao asa fisorohana velively. Eo anivon'ny toeram-piasana izay manome lanjany lehibe ny toro-làlana sy ny fitiliana an-tsitrapo, (TFA) ny mpiasa dia mety efa nahavita fitiliana ka mahafantatra ny fisian'ny otrik'aretina ao aminy. Ny TFA sy ny fitiliana an-tsitrapo dia mety hampiharina ihany koa amin'ny fianakavian'ny mpiasa.
Raha toa ka nisy fitiliana natao teo am-piandohan'ny fitondrana vohoka ka voatsikaritra fa nisy ny otrik'aretina dia ilain'ilay vehivavy ny fanohanana mitohy, mandritry ny fotoana maha-bevohoka, eo amin'ny fotoana iterahana sy ny manaraka. Ny fandraisana fanafody amin'ny fatrany voafetra dia afaka hanalefaka ny herin'ny otrik'aretina ka hampihena 40 ka hatramin'ny

50% ny mety hisian'ny famindrana ny otrik'aretina . Ny orinasa dia tokony hahatsapa fa ny fanampiana omeny dia ahafahana manatanteraka fitsaboana manara-penitra.

Rehefa miverina miasa ny vehivavy aorian'ny nahaterahany – ary raha misy koa anefa ireo tera-bao eo anivon'ny ankohonan'ny mpiasa na ireo manana fifandraisana amin'ny orinasa dia ilaina ny fampiharana an-tsakany sy an-davany ny toro-làlana mikasika ny fanomezan-tsakafo ny zaza avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenenena misahana ny fahasalamana. Raha fintinina dia toy izao izany:

- Ny fanomezana ny nonon'ny reny dia tokony ho tandrovana, amporisihana ary tohanana ao anatin'ny enim-bolana .Natao ho an'ny vehivavy fantatra fa tsy mitondra ny otrik'aretina SIDA izany fepetra izany dia ary koa ho an'ireo izay tsy mbola fantatra mazava tsara ny toe-pahasalamany.

- Azon'ireo reny mitondra ny otrik'aretina SIDA ny tsy mampinono raha toa ka ara-dalàna, tsy misy olana, mora hita, maharitra, ary azo antoka izay ho solon-tsakafo; raha tsy izany dia tokony ho atao mandritry ny volana vitsivitsy tao aorinan'ny nahaterahana ny fanomezana ny nonon'ny reny.

- Mba hampihenana ny voka-dratsin'ny otrik'aretina dia tokony hatsahatra haingana araka izay azo atao ny fanomezana ny nonon'ny reny, izany dia miaraka amin'ny fandinihana ny zava-misy eo an-toerana, ny toerana misy ilay vehivavy sy ny voka-dratsy mety ateraky ny fanomezana solon-tsakafo (anatin'izany ny areti-mifindra hafa ankoatry ny otrik'aretina SIDA sy ny tsy fahampian-tsakafo).

- Ny vehivavy mitondra ny otrik'aretina dia tokony ho afaka omena fampahafantarana , anaovana fanaraha-maso ara-pahasalamana sy fanohanana, ary anisan'izany ny fanabeazana aizana sy ny fanohanana ara-tsakafo.

# LOHAHEVITRA 6 *Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA*

## Programa eo anivon'ny toeram-piasana: Fandinihana toe-javatra niainan'ny olona

Tsy mitsaha-mitombo isa ireo orinasa manana programa fisorohana ny aretina SIDA, ireto misy ohatra mikasika izany:
Miainga amin'ny fanentanana miompana amin'ny fanabeazana, fitsaboana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara nofo sy ny fizarana kapaoty. Raha antoka lehibe amin'ny fahombiazana ny fiaraha-mientan'ireo mpifarimbona ara-sosialy dia afaka mitondra fanohanana ara-teknika ihany koa mpiray antoka hafa toy ny fikambanana tsy miankina (ONG) izay manana traikefa eo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fampiofanana mikasika ny SIDA.

### Ny tetik'asa Lesedi ao Afrika Atsimo

Lesedi dia midika hoe "Hitanay ny mazava" ary anarana nomena fandaharan'asa madinika iray misahana asa fanadihadiana sy fanaraha-maso izay manana ny fiobeny ao Harmony Mine, Fanjakana Mizaka tenan'i Orange, ao Afrika Atsimo. Tamin'ny taona 1996 no niatombohan'ny fanadihadiana niarahana tamin'ireo mpiray antoka toa an'ny orinasa Harmony Gold Mining, Fivondronana Nasionalin'ny sendika Mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, ny Ivo toerana Nasionaly Misahana ny Fanaraha-maso ny areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ary ny fikambanana iraisam-pirenena mikasika ny fahasalamana ary koa niarahana tamin'ireo sampan-draharaha misahana ny fahasalamana eo an-toerana. Mpitrandraka harena an-kibon'ny tany ny ankamaroan'ireo mpiasan'ny orinasa Harmony , izay avy amin'ny faritra hafa ao Afrika Atsimo na avy amin'ireo tany mifanolobodirindrina ary mipetraka amin'ny hotely. Noho ny tsy fahampiana ara-bola, dia maro ireo vehivavy ao an-toerana no mivaro-tena amin'ny mpiasan'ny orinasa mitrandraka ny harena an-kibon'ny tany mba azahoam-bola na fitaovana ilaina amin'ny an-davan'andro.

Nisy famakafakana iray natao, izay nampivoitra fa ny ankamaroan'ny famindrana ny aretina vokatry ny firaisana dia hita eo amin'ireo mpiasa mpitrandraka sy amin'ireo mpivaro-tena matianina sy ireo mpanao asa tselika vitsivitsy. Navoitry ny fanadihadiana ihany koa fa ireo mpiasa mpitrandraka dia afaka manaraka tsara fampahalalam-baovao sy mahafantatra ny fisian'ny kapaoty na ny fitsaboana ny areti-mifindra saingy nanamaivana ny mety ho voka-dratsin'ny fifindran'ny otrik'aretina SIDA
Ny famakafakana ny zava-misy dia manambara fa ny fahafahana manaraha-maso ny famindrana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana sy ny otrik'aretina SIDA dia miankina amin'ny fitaran'ny sehatra fikarakarana sahaza ny vehivavy. Izany dia notanterahana tamin'ny alalan'ny fitsaboana sy fanomezana fanafody fanefitry ny mikraoba (antibiotique) isam-bolana.
Vokatry ny asa natao dia nihena ny salan'isan'ireo voan'ny areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana teo anivon'ny roa tonta dia ny mpiasa mpitrandraka sy ny vehivavy izay mety ho tratrin'ny aretina. Ny tombatombana avy amin'ny jery todika tsy nitaky fandaniam-bola firy dia nampivoitra fa vehivavy 250 no hita porofo fa voan'ny areti-mifindra izany hoe 40% eo no ho eo ny fihenana. Ny tombatombana lavitrezaka dia namoaka tarehimarika 540 000 $ azon'ny orinasa ao amin'ny faritra atao tahiry.
Taorian'ny fanadihadiana nanitarana ny tetik'asa – teo anivon'ny orinasa 3 tany am-boalohany izay niafara tamin'ny orinasa rehetra manerana ny faritra

# Programa eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fisorohana ny SIDA

LOHAHEVITRA 6

. Araky ny fomba fijerin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana:

> "N*ikaroka ny fomba hampandraisana anjara ny ankolafiny rehetyra ny tetik'asa hatrany amboalohany Zava-dehibe tokoa ny fandraisan'ny sendika anjara amin'ny fiahiana. Ireo mpitarika sendikaly dia nanazava ny tanjon'ny hetsika hatao tamin'ireo mpiasa izay nanaiky hanome tànana amin'ny fiaraha-miasa sy ny fanohana. Ny fanohanan'ny sendika koa dia nanampy teo amin'ny fanomezana laza tsara ny tetik'asa ary niaro ireo vehivavy voakasiky ny fanadihadiana tsy handairan'ny fanavakavahana.*

## Ny orinasa Larsen sy Toubro Limited, any Inde

Larsen sy Toubro dia iray amin'ireo orinasa tsy miankina goavana indrindra any Inde misahana ny fanamboarana milina , ny fananganana sy fampitaovana orinasa. Izy ity dia ozinina mpanamboatra fitaovana manerana faritra 20 any Inde.

Manana ny tantarany eo amin'ny vahaolana enti-miady amin'ny otrik'aretina SIDA i Larsen sy Toubro hatramin'ny 1985 raha nanomboka programa fampielezan-kevitra sy fanairana voalohany. Ireto no zavatra tontosainy amin'izany:

**Programa fampianarana** – Izany dia nahakasika fanofanana mpampiofana miisa 85 sy mpiasa ara-sosialy tamin'ny alalan'ny programam-piofanana 200 izay nahahenika mpiasa 10000, fianakaviana mpikambana 4500 ary ankizy mpianatra 1500. Niantefa manokana tamin'ny tanora ny programa ary tafiditra anatin'izany ny mpiana-draharaha, ny mpiofana manana mari-pahaizana, ny zanaky ny mpiasa ary ny sekoly monisipaly ao an-toerana.

**Fitsaboana sy fiahiana** – Ezaka lehibe no ataon'ny orinasa mikasika ny hamongorana ny fanavakavahana ary koa ny fiahiana ireo olona mitondra ny otrik'aretina SIDA. Ny orinasa izay miara-mosalahy amin'ny governemanta sy ny fikambanana tsy miankina (ONG) dia manoro hevitra sy miahy ireo marary. Ny fanabeazana ataon'ny mpiara-miasa no ampiharina mba hampihenana ny fanenjehana sy hanamafy ny fanekena ny mpiasa tratrin'ny otrik'aretina SIDA.

**Fampielezana ny hafatra** – Larsen sy Toubro dia nanampy teo amin'ny fitadiavana vahaolana iatrehana ny SIDA eo anivon'ny orinasa, fivondronan'ny tompon'andraikitra ambony avy amin'ny orinasa 13 ao Mombay. Ny orinasa dia nandray anjara ihany koa teo amin'ny famolavolana toro-làlana politika ho an'ny indostria any Inde ary manandrana mizara ny programany sy ny fahaizany amin'ny orinasa hafa.

Ireto misy lesona vitsivitsy notsoahina avy amin'ny traikefany nandritry ny fotoana maharitra:

1. Vahaolana amin'ny endriny samihafa no ilaina eo amin'ny orinasa vaventy manana ozinina maro

2. Ilaina ny mampiditra ny fanabeazana sy ny fisorohana ao anatin'ny terik'ady ho an'ny fampiofanana eo amin'ny orinasa.

3. Zava-dehibe ny fampandraisana anjara ny sendika amin'ny famolavolana sy fampiharana ny programa.
4. Ny mpandray anjara eo amin'ny fanabeazana ataon'ny mpiara-miasa dia mandray andraikitra goavana eo amin'ny lafiny fisorohana sy fitsaboana.
5. Tokony hahasahana sehatra koltoraly maro ny lohahevitra , atao amin'ny fiteny samihafa ary koa tokony hiantefa mivantana amin'ireo vondron'olona notsongaina manokana.
6. Ny departemanta misahana ny fampiharana ny programa dia tokony hijoro ho matianina, tsy momba ny atsy na ny aroa ary tsy natao ho fitaovana fampatahorana.

## Côte d'Ivoire Electricité

Ny orinasa Ivoirianina mpitrandraka herin'aratra, CIE, manana toeram-piasana mandàla programa hiadiana amin'ny SIDA izay manao fizarana kapaoty, fitsaboana amin'ny alalan'ny fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina dia heverina ho modely ho an'ny faritra ary azo apetraka ho fototra natao ho tahafin'ny orinasa afrikanina hafa. Matetika ny CIE no mizara kapaoty ho an'ny mpiasa ao aminy ary manome fanabeazana ho an'ny mponina akaikin'ny toera-mpiasana indrindra indrindra amin'ireo toerana ahitana mpivaro-tena maro. Ireo mpiasa mitondra ny otrik'aretina SIDA dia nahazo antoka avy amin'ny orinasa fa tsy iharan'ny sazy noho ny fitondrana izany otrik'aretina izany. Mbola iantohan'ny orinasa ihany koa ny fahasalamana sy ny fitsaboana mifono tsiambaratelo mpiasa miisa 13000 miaraka amin'ny ankohonany. Ny fanomezana fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina dia iantohan'ny tahirim-bolan'ny orinasa izay androtsahan'ny mpiasa ampahany. Ny pôlitikan'ny orinasa iadiana amin'ny fandraisana zava-mahadomelina dia miavaka tanteraka amin'ny hafa.

Angelique Wilson, lehiben'ny sampan-draharaha misahana ny ara-sosialy dia nanambara fa ny ezaka ataon'ny orinasa entina miady amin'ny aretina SIDA dia mampiseho " tarehimarika mazava midika fahombiazana". Nomarihany fa hatramin'ny niatombohan'ny programa dia nihena ho 65% ny tahan'ny areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana eo amin'ireo mpiasa. Hatramin'ny nisian'ny sampan-draharaha mikarakara eo amin'ireo mpampiasa marobe amin'ny faritr'i Côte d'Ivoire, dia azo alaina ho ohatra manan-danja manokana ny ezaka ataon'ny CIE (…). Manakaiky ny 10%n'ny mponina 15 ka hatramin'ny 49 taona no heverina fa mitondra ny otrik'aretina SIDA andrefana. i Côte d'Ivroire no mitàna ny taha avo indrindra mikasika ny areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana amin'iny faritra iny.

# LOHAHEVITRA 6

# *ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 1

### Ny tokony hatao

**TANJONA**: Hanampy anao hieritreritra momba ny fisorohana

**ASA ATAO**: Mpiandraikitra ny fitantanana ny mpiasa eo anivon'ny orinasa mpanao taozavatra iray ianao. Mampanahy ny firongatry ny otrik'aretina SIDA izay tsy mitsaha-mitombo eo amin'ny tany ama-monina ary ny hery mpamokatra dia mety ho mora andairan'izany nohon'ny salan-taona manodidina ny 30 eo ho eo sy noho ny fisian'ny toeram-piasana izay mahasarika vatan-dehilahy maro avy eny ambanivohitra manodidina ka monina lavitry ny toerana nihaviany.Nangatahina ianao mba hanomana tahirin-kevitra atolotra mikasika izay tokony ataon'ny orinasa mba hiarovana ny hery mpamokatra sy ny ho enti-manana eo amin'ny sehatra fampiroboroboana ny fampiofanana ireo tompon'andraikitry ny orinasa.

Manomàna tahirin-kevitra fohy mikasika ny fepetra azon'ny orinasa raisina mba hisorohana ny fihanaky ny otrik'aretina SIDA ary tokony ho voafaritra ao anatin'izany ireo toerana sy ireo zava-dehibe tsara hifantohana. Mariho ao anatin'ny zavatra atolotrao izay mety ho fandraisana anjara ho fanampiana avy amin'ny governemanta, ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa sy ny fikambanana tsy miankina na vondrona iombonana.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 6

## FAMPIANARANA 2

### Ny tokony hatao

**TANJONA**: Hanampy anao hzndinika momba ny fisorohana

**ASA ATAO**: Eo anivon'ny tarika misy anao, saintsaino ity toe-javatra niainana ity ka manomàna tatitra:
Sendika misolo tena ny orinasa ianareo . Mampanahy ny fihanaky ny otrik'aretina SIDA eo anivon'ny tany amamonina. Ny ankamaroan'ny orinasa izay nifampiraharaha taminao dia efa samy nanao hetsika fanairana hatrany amin'ny fototra mikasika ny zava-misy ary maro amin'izy ireo no manana pôlitika hiatrehana ny fisian'ny otrik'aretina SIDA. Mieritreritra anefa ianao fa mbola betsaka zavatra tokony hataony.
Manomàna tahirin-kevitra ho entinao mivory miaraka amin'ny antenimieran'ny varotra, toerana izay irinao handresen-dahatra ireo orinasa mba hanitarany sy hanamafisany ny vahaolana arosony. Eritrereto izay hetsika tianao iarahana aminy sy izay soso-kevitra tianao ampitaina.

## FAMPIANARANA 3

### Fampitana ny hafatra

TANJONA: Hanampy anao amin'ny fitadiavana izay fomba amoahana ireo hevi-baventy fonosin'ny hafatra ampitaina amin'ny mpiasa

ASA ATAO: Eo anivon'ny tarika misy anao, saintsaino ny zavatra voasongadina etsy ambany ary manomàna tatitra ianao no tompon'andraikitry ny departemanta misahana ny mpiasa ao amin'ny ivo-toerana fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ao Afrika Atsimo. Nisy vondron'ny mpiasa nangataka fivoriam-be iarahana amin'ny sampan-draharaha. Nahatezitra azy ireo ny fanitarana tetik'asa iray miaraka amin'ny oniversite eo an-toerana ary koa ny famotopotorana mpivaro-tena tsy ara-dalàna nataon'ny mpikaroka vitsivitsy izay nanizingizina ny tokony handresen'ireo mpivaro-tena lahatra ny mpanao firaisana miaraka aminy ny amin'ny hampiasana kapaoty. Ireo mpikaroka dia nangataka ny hihaona amin'ireo mpiasa mba handresy lahatra azy ireo ny tokony tsy hisotroana toaka be loatra sy ny tokony hampiasana kapaoty. Nihevitra ireo mpiasa fa fitsabatsabahana amin'ny fiainany manokana izany. Efa maro hoy izy ireo ny zavatra mahatrotraka amin'ny asa ka izay ataony miaraka amin'ny sakaizam-baviny dia raharahan'izy ireo manokana. Ahoana no fomba hanomoranao ny fivoriana ary inona avy ireo tsanga-kevitra ho entinao handresy lahatra?

**Fanamarihina**: Ity dia azo ampiharina eo amin'ny sehatry ny sampan-draharaha mpanatanteraky ny sendika.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 6

## FAMPIANARANA 4

### Tahotra, hatezerana sy fampahalalam-baovao

**TANJONA**: Hanampy anao amin'ny fitadiavana ny fomba hamoahana ireo hevi-baventy fonosin'ny hafatra ampitaina amin'ny mpikambana sendikaly.

**ASA ATAO**: Eo amin'ny tarika misy anao, saintsaino ity toe-javatra iainana ity sy ny vahaolana arosonao.
Ianareo dia mpanabe ao amin'ny orinasa iray mpamboly hazo ao Afrika Atsinanana. Nahatonga filazana ny tarika vehivavy iray izay manahy mafy ny fitombon'ny fiatraikan'ny aretina eo amin'ny toeram-pambolen-kazo. Tovovavy iray no naolan'ny lehilahy iray monina ao an-toerana tsy nahazoana vaovao marim-pototra firy ny zava-nitranga ary ny mponina rahateo koa moa dia tsy manana fari-pahaizana avo lenta sy tsy afaka manara-baovao. Amin'ny fomba ahoana no hanomoranao ny fivoriana sy koa hifehezanao ny hatezerana sy ny tahotry ny vehivavy mba hivadihan'izany ho ainga mba:
a) hampitombo ny fahatsapana ny olana
b) hanatsarana ny rivotra iainana.
Manokàna 20 ka hatramin'ny 30 minitra enti-manomana ny tatitra ho an'ny tarika misy anao.

## FAMPIANARANA 5

### Fepetra fitandremana iraisan'izao tontolo izao

**TANJONA**: Hanampy anao ho amin'ny fahatakarana sy fampiharana ireo fepetra iraisan'izao tontolo izao.

**ASA ATAO**: Vakio amin'ny tarika misy anao ny fepetra iraisan'izao tontolo izao (jereo ny takila farany mikasika an'io izay voafintina ary koa ny andininy faharoa amin'ny lalàna fampiharana). Tsarovy fa izy ireny dia natao ho ampiharina eny anivon'ny hopitaly sy toeram-pitsaboana mba hiarovana ireo mpiasan'ny fahasalamana amin'ny loza mety ateraky ny fifidran'ny aretina.

Eo am-pamakafakana ny fepetra iraisan'izao tontolo izao io dia mariho izay andalana ilanao fanazavana misimisy kokoa. Mandraisa ihany koa fanapahan-kevitra raha tsapanao fa ilaina ny fampiharana ny sasantsasany amin'ny fepetra fiarovana eo anivon'ny toeram-piasana ho an'ny sampan-draharaha na vondron'ny mpiasa.

## FAMPIANARANA 6

### Fanatsarana ny rafitra fampiofanana

**TANJONA**: Hanampy anao amin'ny fanatsarana ny drafim-piofanana ho an'ny toeram-piasanao.

**ASA ATAO**: Hatsarao ny volavola-drafi-piofanana ho an'ny fikambanana misy anao amin'ny alalan'ny fiarahamiasa ao anatin'ny tarika misy anao. Zava-kinendrin'ny drafi-piofanana ny fiantohana eo amin'ny ambaratongam-pitantanana rehetra ny fahatakarana ny olana ateraky ny otrik'aretina SIDA, ny fahalalana ny pôlitikan'ny orinasa sy ny fomba fampiharana izany. Tokony ho hita ao anaty drafitra:

- Ireo tarika mila fampiofanana,
- Inona no zavatra mahasahana ny tarika samihafa ary amin'nyfomba ahoana no anatanterahanao ny vinavina ny fampiofanana.

Eo am-panomanana ny drafitra dia mety ho hitanao fa ilaina ny tabilao etsy ambany. Tokony hanovo hevitra avy amin'ny sampana fahafiton'ny lalàna fampiharana ianao.

| Sokajin'olona tiliana manokana | Endriky ny fampiofanana | Hevitra misongadina | Ahoana ny fomba ho entinao hanombatombanana |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

## FAMPIANARANA 7

### Firesahana ny loza mety hitranga

**TANJONA**: Hanampy anao hisaintsaina ny loza mety hitranga.

**ASA ATAO**: **Dingana 1**

Tapaho ny hevitra mikasika izay hokasainao hatao sy/na ambara momba ireto fisehoan-javatra manaraka ireto:

**1.** Anisan'ireo anatin'ny tariky ny delege sendikaly izay nisotrosotro ianao taorian'ny fivoriana, maro tamin'ireo namanao no nijerijery andian-tovovavy. Hoy ny iray taminareo: "Andeha isika haka ireo vehivavy ireo. Tsy manery antsika hampiasa kapaoty ry zareo ireo.

**2.** Anisan'iray ao amin'ireo tarika tompon'andraikitra mpitantana nanatontosa fampiofanana tany ivelan'ny toeram-piasana ianao. Nisy iray taminareo najombonjombon-tava, nanontanianao azy ny anton'izany, namaly izy ka nanao hoe: "Nahita vehivavy aho ka niaraka nivoaka izahay omaly alina. Manana sakaiza raikitra aho any an-trano ary samy malina izahay amin'ny fiarovan-tena. Omaly alina anefa aho dia tsy nampiasa kapaoty."

**3**. Nitafatafa mikasika ny SIDA tamin'ny lehibenao ianao izao no nambarany: "Raha mararin'ny SIDA ianao dia aza miahiahy ny momba izany, manana namana mpampianatra iray aho izay afaka manome anao tovovavy iray avy amin'ny sekoly iadidiany. Raha matory miaraka amin'ny virjiny ianao dia ho sitrana amin'ny aretina SIDA.

4. Niray latabatra tamin'ny olona ianao tao amin'ny toeram-pisakafoanan'ny orinasa (cantine). Nisy mpiara-miasa iray niteny tamin'ny namany hoe: "Ny vadiko dia mitady ny hampiasako kapaoty rehefa miaraka izahay. Nambarako azy fa tsy misy ilako izany, tsy tiako ny fofon'ireny." Fantatrao fa manambady io lehilahy io nefa dia mbola manao firaisana an-tselika amin'ny tovovavy any amin'ny trano fisotroana.

Avereno ao amin'ny fivoriana ireo fisehon-javatra ireo.

**Dingana 2**

Rehefa avy nidinidinika momba ireo fisehon-javatra ireo ianareo dia mifidiana iray amin'izany mba atao fitaovana fampianarana. Mizarà tarika roa izay ahitana olona olona efatra avy. Ny roa afaka maka toeran'ny mpilalao ary ny roa tokony ho mpanara-maso ny fizotry ny dinidinika atao.

**Mpanara-maso**: araho tsara ny fizotry ny tantara. Hatraiza no mampitombina ny fandresen-dahatra ary ny mifanohitra amin'izany? Rehefa vita izany dia mifamadiha toerana indray. Ireo mpanara-maso indray no tokony handray anjara. Avy eo dia fintino izay zavatra nivoitra teo amin'ny tarika nisy anareo mialohan'ny hanaovana tatitra ho an'ny sehatra manontolo.

## FAMPIANARANA 8

### Fiatombohan'ny fiatrehana ny loza mety hitranga

**TANJONA**: Hisaintsainana ny fomba enti-mandrisika ny fiovam-pitondran-tena eo amin'ny toeram-piasana.

**ASA ATAO**: Jereo ny andininy 1, fizarana 6.2. ao amin'ny lalàna

> *Ny asa atao hanampiana ny olona handanjalanja izay mety ho voka-dratsy manoloana ny tsirairay (amin'ny maha-olombelona sy amin'ny maha-mpikambana) ka ahafahana mampihena izany amin'ny alalan'ny fandraisana fanapahan-kevitra, fanaovana fampiraharahana ary fampiasana ny haitao momba ny fampahalalam-baovao na koa amin'ny alalan'ny programa fanabeazana, fisorohana sy fanomezana toro-hevitra.*

Ahoana no fomba anatanterahana izany ao amin'ny toeram-piasanao? Ahoana no fomba azo anampiana ny delege sendikaly, ny mpanara-maso, ny tompon'andraikitra mpitantana, ny mpiara-miasa ao anatin'ny fanabeazana sy ny mpampiofana eo amin'ny fiatrehany ny asa entina mifanandrina amin'ireo mety ho karazam-pitondran-tena mandoza voaresaka tany aloha.

## FAMPIANARANA 9

### Ny mpiasa an-tselika

TANJONA: Hisaintsainana ny fomba enti-miahy ireo mpiasa eo amin'ny fiatrehana faneriterena mivantana na an-kolaka mikasika ny firaisana ara-nofo.

ASA ATAO: Solontenan'ny mpiasa ao amin'ny toeram-piasana ianao ary nanatona an'i Jane izay mpiasa an-tselika mandritry ny 3 volana ary nangataka azy hiditra ho mpikambana. Tsy nisy olon-kafa nanodidina anareo, izao no nambarany: "Inona no fomba ahazoan'ny sendika manampy ahy? Fifanarahana arak'asa voafetra ihany ny ahy. Niezaka mafy mihitsy aho teo amin'ny fianarana mba ahazoana mari-pahaizana mifanandrify amin'ity asa ity ary amin'izao fotoana izao dia ny tenako no tsy maintsy miahy ny fianakaviako. Nangataka tamin'ny tompon'andraikitra mpanara-maso aho amin'izay mety hametrahana ahy ho mpiasa raikitra. Nilaza izy fa azony amboarina izany raha toa ka manaiky hanao firaisana ara-nofo aminy ny tenako. Tsy mbola nanana sakaiza mihitsy aho hatramin'izay; izany no nahazoako nifantoka tanteraka tamin'ny fianarana. Na dia idifiako aza izy dia mbola miziriziry amin'ny tokony anomezako valiny maika.

Inona no azonao ambara?

**Fanamarihana**: Jereo lohahevitra 5

## FAMPIANARANA 10

### Fanangonam-baovao sy fiahiana

**TANJONA**: Hanampy anao hitady izay fomba ahazoana vaovao sy fiahiana ho an'ny programa fisorohana.

**ASA ATAO**: Atao lisitra ireo olona na fikambanana mety hanampy anao hampiroborobo ny hetsika natombok'ireo orinasa vitsivitsy mikasika ny fisorohana ny fifindran'ny otrik'aretina SIDA eo anivon'ny toeram-piasana. Ianao dia mila mieritreritra tetik'ady hampivoitra ny fomba amam-panao mendrika manoloana ny zava-misy iainanao manokana. Eo am-panaovana ny lisitra no mety hahitanao fa ilaina ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Ahoana no hampisongadinanao ireo fomba amam-panao mendrika?

2. Inona no fomba ho entinao mamantatra ny fomba amam-panao tsara eo anivon'ny orinasa?

3. Inona no ataonao mba ho enti-mamantatra izay fanampiana azon'ny governemanta sy ny manam-pahefana eo an-toerana omena?

4. Ahoana no ahafantaranao izay karazam-pikambanana tsy miankina sy izay vondrona iraisana mety hanampy anao eo amin'ny fanamafisana ny hetsika sahaza?

5. Ahoana no fomba ahatokisanao fa tafiditra tsara anatin'ny hetsika rehetra mikasika ny fisorohana sy ny fitsaboana ny tolo-kevitra izay omena ireo mitondra ny otrik'aretina SIDA.

## FAMPIANARANA 11

### Fisorohana eo anivon'ny fiaraha-monina

TANJONA: Hisaintsainana ny fomba hampielezana ny hafatra eo amin'ny fiaraha-monina

ASA ATAO: Matin'ny SIDA vao tsy ela akory i Gerry niasa an-taonany maro tao amin'ny orinasa. Mpiasa nahafatra-po ary mpikambana navitrika tao amin'ny komitin'ny delege sendikaly. To-teny tokoa izy teo amin'ireo tompon'andraikitry nyfifanarahana.

Niaiky ny vokatry ny valin'ny fizahana natao taminy izy ary nandritry nyfivoriana farany mialohan'ny nitsaharany tamin'ny asany dia nanery ny sendika sy ny mpitantana izy ny amin'ny tokony hanaovana hetsika ho an'ny fiaraha-monina mikasika ny aretina.

Naroso ny soso-kevitra ny amin'ny andehanan'ny delegasiona iray avy amin'ny orinasa hitsidika sekoly ambony iray ao an-toerana mba hitadiavana fanampiana enti-manomboka fampielezan-kevitra mikasika ny SIDA.

Makà fanapahan-kevitra:

1. Karazana hafatra mifono hevi-baventy toy inona no tokony hampitaina?

2. Ahoana no fomba entin'ny delegasiona haneho ireo hafatra?

3. Misy lafin-javatra tokony hifantohana manokana ve?

4. Ahoana ny mikasika ny zanak'i Gerry? Ho tonga amin'ny fivoriana ve izy ireo? Raha izany, mety hanelingelina ny fanehoanao ny tianao ambara ve ny fahatongavany?

5. Inona no mety ho tohin'ny fitrangan-javatra?

## FAMPIANARANA 12

### Fakana lesona avy amin'ny zavatra niainana

**TANJONA**: Hanampy anao amin'ny fakana lesona avy amin'ny orinasa hafa

**ASA ATAO**: Miara-miasa ao anatin'ny vondrona kely ianareo izay anomezana anareo endri-javatra niainana mila saintsainina. Fakafakao tsara io endri-javatra io avy eo ary manaova dinidinika mikasika izay lesona azo tsoahina. Manomàna tatitra fohy momba izay lesona mifandraika amin'ny fandinihana toe-javatra niainanareo mahakasika ny fisorohana ny fifindran'ny otrik'aretina SIDA.

Ireo fandinihana toe-javatra niainan'ny olona ireo dia azo tsoahina avy amin'ity lohahevitra ity na avy amin'izay hafa anananareo. Ny ohatra miainga avy ao amin'ny tany na faritra misy anareo matetika no tsaratsara kokoa.

## FAMPIANARANA 13

### Fifanabeazana ataon'ny mpiara miasa

**TANJONA**: Hanampy anao mikasika izay fomba hamantarana izay ho mpiara-miasa ao amin'ny fanabeazana eo amin'ny toeram-piasana.

**ASA ATAO**: **1**. Ao amin'ny tarika misy anao, manomàna tatitra mampiseho:

- Ny karazana tompon'andraikitra/mpiasa mety ho tonga mpiara-miasa ao amin'ny fanabeazana mahafatra-po.
- Ahoana ny fomba hifantenana ireo mpiara-miasa ao amin'ny fanabeazana?
- Tolo-kevitra mikasika izay fampiofanana ireo mpiara-miasa ao amin'ny fanabeazana.
- Ny amin'ny tokony anomezana na tsia karama azy ireo
- Na ny tokony hanaovana jery todika matetika ny asan'izy ireo.

**2**. Manaova filazana an-tsoratra aely manontany ireo izay maniry hiatrika fiofanana ho tonga mpiara-miasa ao amin'ny fanabeazana eo amin'ny sehatry ny aretina SIDA. Ny filazana an-tsoratra dia tokony hanazava ny zavatra ataony, aza adino fa ny zava-kendrena dia ny hamporisihina ny olona hilatsaka an-tsitrapo.

**I.Ny programa GIPA : Firotsahan'ny olona bebe kokoa amin'ny ady atao amin'ny SIDA**

**II. Ny programa SOLVE**

**III Fepetra fiarovana iraisam-pirenena**

## I- Ny programa GIPA: Firotsahan'ny olona bebe kokoa amin'ny ady atao amin'ny SIDA

Ny programa GIPA izay nanomboka tany Afrika Atsimo tamin'ny taona 1997, dia nanaraka dingana telo mba hiadiana amin'ny tsy fahasahiana miresaka ny SIDA sy ny hevi-diso amin'izany, ary koa hanampiana ny orinasa amin'ny famolavolana tetika. Dingana voalohany : Mametraka ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA amin'ny toeram-piasana lehibe . Dingana faharoa. Mampahafantra ny mpiasa ny fijoroan'izy ireo amin'ny alalan'ny atrik'asa sy ny fijoroana eny an-dalambe. Dingana fahatelo. Manpandray anjara lehibe azy ireo amin'ny fandrafetana ny teik'asan'ny orinasa.

**Manome lanja ny SIDA amin'ny maha aretina mahazo ny olombelona azy**

Olona miisa 11 no nifanantona hatramin'ny nanombohan'ny programa GIPA. Roa amin'izy ireo no maty. Ohatra amin'ny fiainana ny SIDA tsy am-pahakiviana ny fiainan'ireo 9 sisa velona. Napetraka amin'ny toerana famokarana sahala amin'ny orianasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, ny orinasa tantanan'ny fanjakana sy ny Departemantan'ny firenena mikambana izy ireo

Nisy andian'ambasadaoron'ny SIDA ihany koa napetraka tamin'ny fotoana nanoratana ity ., ary anisan'ny andraikitra napetraka taminy ny ady amin'ny ankinafinafina sy ny misitery manodidina ny SIDA, mba hahafantaran'ny olona tsotra izay mety ho atrehiny amin'izany. Ahafahana miady amin'ny hevi-diso mikasika ny SIDA ny fametrahana olona mitondra ny otrik'aretina izay afaka miresaka, ary mbola salama amin'ny toeram-piasana .

Folo taona aorian'ny nisian'ny valan'aretina, dia mbola heverina ho aretina maizina , tsy mahavoa ny olona tsotra ny SIDA. . Noheverina ihany koa fa mamono avy hatrany ny SIDA. I Martin Vosllo, iray amin'ny mpandray anjara amin'ny programa, dia mahafantatra tsara fa afaka anovana ny hevi-diso ny fijoroany .Napetraka tamin'ny toeram-piasana iray antsoina hoe Eskom izy mba hiasa miaraka amin'ny mpanao trano, ary nipetraka mandritry ny volana maromaro tao amin'ny Foiben'ny orinasa tao Johanesburg ihany koa izy

' Tany am- boalohany, dia sahala amin'ny fitaovana anaovana fampisehoana aho ' ' Izaho ilay olona miaina miaraka amin'ny SIDA, ary manantona ny mpiasa hafa mba hijery ahy. Nitety toerana maro izay nanaovany fanentanana mikasika ny SIDA sy ny fanaovana firaisana ara-nofo tsy atahorana hamindra aretina . Nanome torohevitra sy fanampiana ho an'ny mpiasa hafa izay mitondra ny

otrik'aretina koa izy. ' Tsy mety mino ny mpiasa hafa fa mitondra ny otrik'aretina aho satria fotsy hoditra. . Milanja 130 kilao aho, ary salama tsara

Anisan'ny fitaovana nahafahana nampita hafatra ny fijoroan'I Martin Vosloo. Nifindran'ny otrik'aretina izy tamin'ny fotoana nananany fomba fitondran-tena maditra, misotro toaka – izay tantarainy amin'ny mpiasa mpifindra monina rehefa mandresy lahatra azy ireo izy amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo ombieny ombieny

## Miady amin'ny hevi-diso sy ny fanenjehana ao amin'ny toeram-piasana

I Maria Ndovu, izay mpitantana lefitra amin'ny tetik'asa mikasika ny SIDA amin'ny Fikambanana tantanan'ny fanjakana dia miasa amin'ny fandresena ny hevi-diso mikasika ny SIDA. Nomena lanja manokana io asa io noho ny toe-javatra niainany. ' Nnairy mafy ny hireasaka amin'ny olona mitondra ny otrik'aretina aho. , fa nangina izy ireo, ary malahelo. Mampiseho fihetsika misitaka ny fotsy hoditra, sahala amin'ny fihetsiky ny olona tsy mitondra ny otrik'aretina izy ireo , ary tsy te heady hevitra ny mainty hoditra

Namela an'I Maria sy ny mpandray anjrara hafa hiteny mba handresena ny hevi-diso eo amin'ny toeram-piasana ny programa GIPA. Zava-dehibe izany, satria ny fatahorana ny ho very asa no antony tsy iresahana mikasika ny SIDA. Ny fandroahana azy tamin'ny asany matetika noho ny SIDA no antony nandraisan'I Maria anjara amin'ny programa SIDA

Mnadritry ny roa taona izay niasany tao amin'ny orinasa Transnet, dia nandray anajra feno tamin'ny ady amin'ny valan'aretina izy. Nampiasany ny gazetin'ny orinasa mba hampahafantarana ny fisiany , ary nandray anjara tamin'ny atrik'asa izay natao isan-kerinandro izy. Noraisina sahala amin'ny mpisahana manokan ny asa fanomezana torohevitra ho an'ny mpiara- miasa ny mpandray anjara amin'ny programa GIPA. Anisan'ny ohatra amin'ny fanampiana ny hafa hahafantatra ny toe-pahasalamany eo anatrehan'ny SIDA izany

Misy mpiasa iray izay nanantona an'I Maria ary niresaka taminy fa marary mafy ny zanany vavy. . Matin'ny SIDA ny olona niaraka taminy, ary tsy manaiky izany izy. Namangy azy tany an-tranony I Maria , ary nanambara ilay zanany fa nataon'ny olona an-keriny izy tamin'ny taona 1996, ary ny ftitliana izay natao rehefa avy eo dia manamarina fa mitondra ny otrik'aretina izy. Nanala ny vesatra tamin'ny reniny izay nanaiky hikarakara azy ny fanekeny izany .

## Ny vidin'ny SIDA eo amin'ny sehatry ny asa

Mihevitra ny mpikambana ao amin'ny GIPA fa ny olona mitondra ny otrik'aretina no afaka manampy bebe kokoa amin'ny vaha olana amin'izany. Tamin'ny fihaonam-be natao tany Paris tamin'ny taona 1993, dia nekena anisan'ny fikambanana mitondra anjara birirky lehibe indrindra amin'ny ady atao amin'ny SIDA ny GIPA

Nanapa-kevitra ny ONUSIDA tany Afrika Atsimo fa hanatanteraka asa modely eo amin'ny toeram-piasana , taorian'ny antso izay nataon'ny Filoha Thabo Beki mikasika ny fiaraha-mias amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

Mitombina ny safidy amin'ny fanaovana izany ao amin'ny toeram-piasana , satria ny fikarohana natao dia nampiseho fa ainsan'ny sehtra voatohina mafy ny famokarana , noho ny vola lany vokatry ny tsy fiasana, ny fahaverezana mpiasa manana traikefa, ny tsy fahafahana mamokatra araka ny tokony ho izy . Na dia samihafa aza ny fomba entin'ny tsirairay mamolavola ny programa, dia misy traikefa itambarana. Ny fisian'izy ireo dia ahafahan'ny olona mahatsapa ny antony ilana ny politika mikasika ny SIDA , ary mamporisika amin'ny fifandraisana malalaka amin'ny olona mitondra ny otrik'aretina

## II - Ny Programa SOLVE sahanin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa

Ny fahasahiranan-tsaina, toaka sy zava-mahadomelina sy ny sigara dia miteraka olana ara-pahasalamana ho an'ny mpiasa ary mampihena ny fahafahana mamokatra. Miteraka loza, aretina sy fanapahana amin'ny asa amin'ny tany mandroso sy amin'ny tany an-dalampandrosoana izy ireo. izy ireo

Mba hahafahan miatrika ireo olana ireo eo amin'ny toeram-piasana, dia tokony atao ny fampharana ny politika mivelatra kokoa raha oharina amin'ny pollitika mahazatra , izay nifantoka tamin'ny fisorohana ny loza amin'ny asa.

Mijery akaiky ny olana amin'ny lafiny ara toe-tsaina amin'ny politikan'ny teoram-piasana ny hevitra fototra iaingan'ny programa SOLVE.

## III – Fepetra fitandremana iraisam-pirenena

Ny Foibe marikanina misahana ny fanaraha-maso sy fisorohana ny aretina no namaritra voalohany ny fepetra fitandremana mikasika ny ra , noho ny otrik'aretina SIDA sy ny maha zava-dehibe ny fandraisana fepetra hiarovana ny mpiasa amin'ny hotitaly amin'ny otrik'aretina mifindra amin'ny alalan'ny ra.

Ireto voalaza manaraka ireto ny fepetra fitandremana iraisam-pirenenana

- Fitandremana amin'ny fampiasana fanjaitra
- Fanasana tanana mialoha sy aorian'ny fanaovana asa iray
- Fampiasana fitaovana fiarovana sahala amin'ny fonon-tanana, solomaso, saron-tava
- Fanriana ny maloto izay misy ra
- Fandiovana ny fitaovana ampiasaina

LOHAHEVITRA 7

*Fitsaboana sy fiahiana*

# Votoatiny


| | |
|---|---|
| Fampidirana | 1 |
| Fitantarana fahombiazana tamin'ny Toerana hafa | 2 |
| Fitsaboana sy fiahiana amin'ny Toeram-piasana | 4 |
| Fitsaboana sy fiahiana ny zaza kamboty | 12 |
| Fiarovana ara sosialy | 14 |
| Programa eo amin'ny toeram-piasana: Fandinihana programa nampiharina Tamin'ny firenena sasany | 15 |
| Fampianarana | 17 |
| Loharanon-kevitra | 24 |

# LOHAHEVITRA 7 *Fitsaboana sy fiahiana*

## Fampidirana

Mampivoitra ny maha-zon'olombelona ny fitsaboana ny fiarahana mahatsapa ny maha-zava-dehibe izany . Voafintin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana ao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe "Ny lafiny lehibe indrindra mikasika ny fitsaboana ny SIDA sy ny olana misy amin'izany".

Manampy amin'ny fisorohana ny fifindran'ny otrik'aretina ny fanaovana fitsaboana sy fiahiana, ary mamporisika amin'ny fangatahana torohevitra sy fanaovana fitiliana izay anajana ny tsiambaratelo ara-pahasalamana. Ahafahana miady hevitra amin'ny olona voan'ny otrik'aretina, sy ny fianakaviany mikasika ny fisorohana ny fifindran'ny otrik'aretina izany, ary koa ahafahana manohana azy ireo amin'ny safidy ataony, ohatra ny fiarovana amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo, na koa ny fitsaboan-tena mba hampihena ny fifindran'ny otrik'aretina avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza.

Mampihena ny fifindran'ny areti-mifindra, indrindra ny raboka sy ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo ny fitsaboana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA.

Mampihena ny tahotry ny mpiara monina sy ny fanilihana sy fanenjehana ny olona voan'ny SIDA ny fanomezana fitsaboana.

Misy tombontsoa ara toe-karena sy ara sosialy azon'ny fianakaviany sy ny toeram-piasana ny fitsaboana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA, ary koa ho an'ny mpiara monina; ny fanampiana mba hahafahana miaina ela kokoa, dia ahafahana mampihemotra ny fijaliana amin'ny aretina sy ny fahaverezan'ny fidiram-bola. Mahazo tombontsoa amin'ny fitazonana ny mpiasa amin'ny asany ny orinasa sy ny toe-karena.

Mampitombo ny fahatokisana sy ny fanantenana koa izany fitsaboana izany: rehefa mihatsara ny toe-piainan'ny olona voan'ny SIDA, dia mitombo ny fanantenan'izy ireo, ny fanantenan'ny fianakaviana sy ny mpiara monina.

## Fitantarana fahombiazana hita tamin'ny firenena sasany

Ireto ohatra manaraka ireto dia mampiseho fa azo atao ary mahomby ny fitsaboana sy ny fiahiana ny olona voan'ny SIDA – na dia amin'ny firenena tsy dia manan-karena firy aza.

### Brazil

Vinavinaina ho 580,000 eo ho eo ny isan'ny olona mitondra ny otrik'aretina tamin'ny taona 2000. Roapolo taona mialoha, dia novinavinaina ho 1,2 tapitrisa ny olona mety hitondra ny otrik'aretina amin'ny taona 2000. Vokatry ny programan'ny fanjakana ny fihatsarana hita, izay nanaovana asa tamin'ny fisorohona mialoha ny fihanaky ny otrik'aretina sy ny fitsaboana.

Nametraka rafitra sy programa fizarana fanafody ny fanjakana tamin'ny 1992. Nitatra izany programa izany rehefa nanapa-kevitra hanamboatra fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina ny fanjakana, izay nitarika amin'ny fidinan'ny vidin'ny fanafody. Nihevitra ny manam-pahaizana maro fa mety tsy haha lavorary ny fizarana fanafody ny haratsian'ny tobim-pahasalamana, kanefa tsy izany no nitranga. Araka ny hevitr'i Stephen Buckley raha nanoratra tamin'ny gazety Washington Post izy:

> *Noho ny fanampiana mafonja avy amin'ny mpitsabo, dia toerana fanaovana fitiliana sy fanomezana torohevitra 133 sy koperativa fizarana fanafody no voatsangana, ary niavaka tamin'ny ezaka maro nataon'ny fanjakana izay tsy nahitam-pahombiazana amin'ny fikendrena ny mahantra sy ny mpiasa ity programa ity.*

### Uganda

Anisan'ny zava-dehibe amin'ny tetik'ady tany Uganda ny fanomezana torohevitra sy ny fanaovana asa fitiliana. Anisan'ny mampiavaka ity programa ity ny fahafantarana ny vokatry ny fitiliana amin'ny andro anaovana izany. An-tsitrapo ary anajana ny tsiambaratelo ara-pahasalamana ny fitiliana izay ataon'ny Foibe misahana ny fampahafantarana mikasika ny SIDA.

- Manomboka amin'ny fisoratana anarana izay anajana ny tsiambaratelo ny fizotran'ny fitiliana
- Manaraka izany ny fanomezana torohevitra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra hanao fitiliana
- Raha tapa-kevitra hanao izany ilay olona, dia atao ny fakana rà
- Manaraka izany ny fanomezana torohevitra mikasika ny fisorohana, izay mikasika ihany koa ny fisorohana ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo
- Manaraka izany ny fanomezana torohevitra mikasika ny vokatry ny fitiliana

- Omena torohevitra ny olona nanao firaisana ara-nofo tsy misy fiarovana mba hiverina hanao fitiliana afaka enim-bolana

- Alefa amin'ny tobm-pahjasalamana izay misy ny olona mitondra ny otrik'aretina

## Thailand Avaratra

Nihanaka tokoa ny otrik'aretina tamin'ny faritany enina any Avaratr'i Thailand. Tototry ny marary ny tobim-pahasalamana, ary nanandrana nanamafy ny fitsaboana eo anivon'ny fiaraha-monina sy any an-tokantrano ny fanjakana. Tao amin'ny tanànan'i BanDong Luang no nahitana fahombiazana voalohany amin'ny fisorohana eo anivon'ny fiaraha-monina tamin'ny taona 1992. Nampiofana mpitarika sy mpiandraikitra ny fiahiana 15 ny programa, ary nifandray tamin'ny dokotera amin'ny tobim-pahasalamana, ary ny dimy amin'ireo olona ireo dia nomena fiofanana hanao ny asan'ny mpanome torohevitra. Namporisika ny faneken'ny olona ny SIDA ny mpiasan'ny fahasalamana, ary tsapa fa nihena ny fanavakavahana. Ny tanànan'i Ban Dong Luang no nanangana fikambanana misahana ny SIDA voalohany izay nanao fanangonam-bola ho an'ny olona voan'ny SIDA.

## Fitsaboana sy fiahiana eo amin'ny toeram-piasana

Voafintina ao amin'ny fampidirana ny fizarana faha 9 amin'ny fitsipi-pifampifehezana ny fomba fijerin'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny fitsaboana sy ny fiahiana eo amin'ny toeram-piasana.

*Zava-dehibe amin'ny ady atao amin'ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana ny firaisan-kina, ny fiahiana sy ny fitsaboana. Tokony hisy fomba hamporisihana ny fanohanana, sy ny fanekena ny mpiasa izay manaiky hanambara ny toe-pahasalamany mikasika ny SIDA,ary koa mba tsy hanenjehana sy hanilihana azy ireo.Tokony hisy fitsaboana ara-dalàna atao amin'ny toeram-piasana izay manana toerana fitsaboana.Amin'ny toeram-piasana tsy manana izany, dia tokony hampahafantarina ny mpiasa ny toerana hahafahany mitsabo tena any ivelany, ary ahafahana manitatra ny fiahiana amin'ny fianakavian'ny mpiasa izany, indrindra ho an'ny ankizy Ahafahana mitsitsy vola sy manatanteraka asa mahomby ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny mpampiasa, ny fanjakana sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Fitsaboana feno

Asa maro no tafiditra amin'ny antsoina hoe fitsaboana feno, izay ahitana ny fitsaboana ny SIDA, ny fanohanana ara-tsaina sy ny fanampiana, ny fiarovana amin'ny fanilihana sy ny fanavakavahana. Ireto lafiny ireto no tokony ho tafiditra amin'izany:

- Fanaovana fitiliana an-tsitrapo izay anajana ny tsiambaratelo ara-pahasalamana, izay anombohana ny fisorohana sy ny fiahiana.
- Fitsaboana ny otrik'aretina sy ny areti-mifindra mifandray amin'izany. Tokony hampahafantarina ny fitsaboana misy any ivelan'ny toeram-piasana ny mpiasa; mety hisafidy ny fanampiana ny toeram-pitsaboana ao amin'ny orinasa ny tompon'andraikitra mikasika ny fahasalamana, raha toa ka tsy misy an'izany eo an-tanàna.
- Ny fisian'ny tontolo manodidina manaiky sy manohana ny mpiasa izay manambara ny toe-pahasalamany mikasika ny SIDA, sy fandraisana fepetra ara-dalàna amin'ny fanavakavahana.
- Fanohanana ara-tsaina sy fanomezana torohevitra ny olona mitondra ny otrik'aretina sy ny fianakaviany.
- Fanamboarana ny asa, fanovana ny asa atao sy ny fomba anatanterahana ny asa (tafiditra amin'izany ny ora fiasana sy ny fialan-tsasatra) mba hahafahan'ny olona voan'ny SIDA sy mitondra ny otrik'aretina manohy ny asany.
- Asa fanabeazana aizana
- Programa fanampiana ara-tsakafo
- Fanampiana ara-bola, fampiofanana sy asa mampidi-bola ho an'ny olona very asa noho ny SIDA sy ho an'ny fianakaviany.

- Fiarovana ara-sosialy, ary fanomezana ny fanampiana avy amin'ny fanjakana /na avy amin'ny mpampiasa.
- Fiahiana sy fanampiana ny fianakaviana aorian'ny fahafatesana'ny olona mampidi-bola.

### Fitiliana sy fanomezana torohevitra an-tsitrapo

Miorina amin'ny fanekena an-tsitrapo sy ny mahatsiambaratelo ny vokatr'izany ny fanaovana fitiliana sy fanomezana torohevitra an-tsitrapo. Tokony ho azon'ny olona ny fiantraikan'ny fanaovana fitiliana. Tsy vitan'ny fanambarana amin'ny olona voakasik'izany ny vokatry ny fitiliana ihany, fa tokony hatao ihany koa ny fanohanana azy, raha toa ka mitondra ny otrik'aretina izy. Tokony omena torohevitra ihany koa ny olona tsy mitondra ny otrik'aretina. Voalazan'ny fitsipi-pifampifehezana fa: : "ao amin'ny tobim-pahasalamana ao an-tanana no tokony hanaovana ny fitiliana an-tsitrapo, fa tsy ao amin'ny toeram-piasana

Amin'ny toerana isian'ny tobim-pahasalamana ahafahana manao izany, dia ilaina ny fangatahan'ny mpiasa sy ny fanekeny an-tsitrapo , izay akana torohevitra amin'ny solontenan'ny mpiasa. . Tokony olona manam-pahaizana manokana no miandraikitra izany, izay manaiky ny fanajana ny tsiambaratelo . Tokony manome lanja manokana ny fifandraisana sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ny fanomezana torohevitra, ary manamora ny fahazoana ny antony anaovana fitiliana, ny tombontsoa sy ny mety ho lafiratsiny , sy ny fiantraikan'ny valin'ny fitiliana amin'ny mpiasa ny fomafoma anatanterahana ny fitiliana

## Fampitoviana ny SIDA amin'ny aretina atahorana hafa

Ambaran'ny fitsipi-pifampifehezana fa tokony horaisina mitovy amin'ny aretina atahorana hafa ny SIDA, ary ekena fa misy fitsaboana manokana tokony hatao amin'izany, ohatra amin'ny alalan'ny fanomezana torohevitra sy fanampiana ara-tsakafo.

> 9.1*(a) Tokony mitovy amin'ny fitsaboana ny aretina atahorana hafa ny fitsaboana ny fomba fitsaboana ny SIDA eo amin'ny toeram-piasana*
> *(b) Tokony mitovy amin'ny fomba fitondrana ny aretina atahorana hafa ny fomba fitondrana ny olona voan'ny SIDA, indrindra mikasika ny tombontsoa tokony ho azony, sy ny fanamboarana ny fepetra iasany*
> *(c) Raha toa ka mbola afaka miasa izy ireo, dia tokony avela manohy ny asany, ary omena fisondrotana amin'ny asany raha toa ka mendrika izany izy ireo .*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Anisan'ny aretina mety hisy fiantraikany amin'ny asa ny diabeta, ny homamiadana, ny SIDA. Tokony mitovy ny fomba fiahiana ny mpiasa voan'ny iray amin'ireo aretina ireo amin'ny toeram-piasana iray, na dia tsy mitovy aza ny fomba fitsaboana azy ireo . Tsy tokony ho melohina amin'ny aretina mahazo azy ny mpiasa.

# Fitsaboana sy fiahiana

# LOHAHEVITRA 7

Afaka mampiseho ny firotsahany amin'ny fanomezana fitsaboana mitovy amin'ny alalan'ny famolavolana politika mikasika ny SIDA sy ny fanatanterahana izany ny mpampiasa. Tokony manome lanja ny fiahiana sy fitsaboana tsy anaovana fanavakavahana ny fampiofanana omena ny tompon'andraikitra misahana ny mpiasa, ny mpifehy ny mpiasa sy ny tompon'andraikitra ara-pahasalamana. Tokony manazava amin'ny mpiasa rehetra ny fanentanana ankapobeny atao fa tsy loza ho azy ireo ny olona mitondra ny otrik'aretina, ary mendrika fanajana izy ireo

## Fepetra sy fomba iasana

Ny orin'asa izay manome tombontsoa ny mpiasa, sahala amin'ny fanomezana karama na dia marary aza ny mpiasa iray, ny fiantohana amin'ny aretina, ny fanomezana fanampin-karama dia tokony hampiharina  amin'ny mpiasa rehetra. Tsy tokony avahana amin'izany ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina. Tokony hisy fanamaboarana amin'ny asa atao araky ny fivoaran'ny aretina, sahala amin'ny fanalavana ny fotoana tsy iasana noho ny aretina. Raha toa ka misy fanovana amin'ny fanomezana ireo tombontsoa ireo, dia tokony hisy fifampiraharahana sy fifampidinihana amin'ny mpampiasa sy ny sendika. Tokony alaina amin'izany koa ny hevitry ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA sy ny hevitry ny fikambanana hafa miasa eo anivon'ny firaha-monina, na eo anivon'ny orinasa.

## Fanamboarana ny asa

Tokony hisy fanamboarana amin'ny asa mba hanampiana ny mpiasa voan'ny aretina na manana fahasahiranana amin'ny fanaovana ny asany vokatry ny aretina. Ireto avy ny fepetra azo ampidirina amin'izany:

- Fampihenana na fanamboarana ny ora fiasana
- Fanovana ny asa atao
- Fanamboarana ny tontolo iasana
- Fanomezana fotoam-pialan-tsasatra lava kokoa
- Fanomezana torohevitra ny mpiasa

Fifanarahana amin'ny mpitantana ny orinasa sy ny solontenan'ny mpiasa na ny sendika no ahafahana mametra ny fanamboarana mety indrindra, ary tsy tokony ho raisin'ny mpiasa hafa ho fanomezana tombontsoa manokana izany.

Amin'ny firenena izay ahitana salam-piharan'ny otrik'aretina ambony, dia tokony hojerena akaiky sy amin'ny fomba fijery vaovao ny fampifanarahana ny filan'ny mpiasa voan'ny SIDA amin'ny zavatra angatahina amin'ny toeram-piasana mikasika ny fanamboarana tokony hatao.

## Faharetana amin'ny asa, fampisondrotana sy fampiofanana

Tsy tokony anaovana fanavakavahana amin'ny faharetany amin'ny asa sy fahafahana mahazo fampiofanana sy fisondrotana amin'ny asa ny olona mbola afaka manao ny asany. Mety ho salama mandritry ny taona maro ny olona mitondra ny otrik'aretina. Mety ifindran'ny otrik'aretina izy, kanefa mety ho tomady raha toa ka mahazo fitsaboana tsara., ary mety afaka miaina mandritry ny fotoana ela kokoa. Raha toa ka azo atao ny manao fitsaboana ny aretina ateraky ny otrik'aretina, miala sasatra sy mihinana sakafo ara-pahasalamana, dia mampitombo ny fotoana iainana izany, sy ny fahafahan'ny mpiasa mamokatra. Tsy ara-drariny ny fandrahonana amin'ny asa sy ny fandavana tsy hanome fampisondrotana amin'ny asa, ary manesotra mpiasa manana traikefa eo amin'ny toeram-piasana izay mbola afaka mandray anjara amin'ny asa mandritry ny taona maro ho avy.

## Fanajana ny tsiambaratelo sy fampahafantarana mikasika ny toe-pahasalamana

Fanapahan-kevitra raisin'ny tsirairay an-tsitrapo ny fampahafantarana ny toe-pahasalamana mikasika ny SIDA. Araka ny hita ao amin'ny lohahevitra faha 2, dia anisan'ny zon'olombelona ny fanajana ny tsiambaratelo mikasika ny tsirairay. Ny fanajana ny tsiambaratelo eo amin'ny toeram-piasana dia midika fa tompom-pahefana feno amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fampahafantarana ny toe-pahasalamany mikasika ny SIDA amin'ny mpiara miasa aminy ny olona mitondra ny otrik'aretina. Mirona kokoa amin'ny fanaovana izany ny mpiasa miaina amin'ny orinasa tsy misy fanavakavahana sy omena fanabeazana mikasika ny SIDA.

Ny fanadihadiana natao tany Etazonia tamin'ny olona 30 mikasika ny fiverenany amin'ny asany dia mampiseho ny olana misy amin'ny fanavakavahana sy ny fampahafantarana mikasika ny toe-pahasalamana. Ireto avy ny antony voalaza amin'ny tokony hiverenana miasa:

- Ny tombontsoa mety ho azo amin'ny lafiny fihetseham-po sy ara-tsaina
- Ny tombontsoa ara-bola
- Ny lafiny ara-piaraha-monina amin'ny asa

Ireto avy ny tahotra voalaza amin'izany:

- Ahiahy amin'ny lafiny ara-pahasalamana, indrindra ny amin'ny tokony hananana fahafahana bebe kokoa amin'ny ora fiasana
- Ny olana mikasika ny tombontsoa ara-pitsaboana, sy ny tahotra amin'ny mety hahavery izany tombontsoa izany raha toa ka miverina miasa

Nisedra fanavakavahana ny ankamaroan'ny mpandray anjara amin'ny fanadihadiana, ary tsy nieritreritra fa mety misy mpampiasa maro izay mety manana fomba fijery miahy ny olona voan'ny SIDA. Olana tamin'ny fanaovana dinidinika alohan'ny fandraisana mpisa ny firesahana mikasika ny

toe-pahasalamana. Nanamarika ny tokony hanambarana ny toe-pahasalamana hatrany am-boalohany ny toe-pahasalamana, mba hahafahan'ny roa tonta miatrika izany.

## Fanomezana torohevitra

Lafiny manan-danja amin'ny programa fitsaboana sy fiahiana ny olona mitondra ny otrik'aretina ny fanomezana torohevitra. Amporisihina ny solontenan'ny mpampiasa sy ny mpiasa mba hahafahana manome torohevitra eo amin'ny toeram-piasana, na tsaratsara kokoa ivelan'ny toeram-piasana. Tokony hatao ihany koa ny fampahafantarana mikasika ny fitsaboana misy, ny vondrona manome fanampiana amin'izany.

Ireto ny toromarika omen'ny fitsipi-pifampifehezana laharana faha 9.2:

*(a) Tokony mamporisika ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina ny mpampiasa mba hampiasa ny manam-pahaizana ivelan'ny toeram-piasana mikasika ny fanomezana torohevitra, na koa amin'ny fanantonana ny sampana miandraikitra ny fahasalamana ao amin'ny toeram-piasana, raha toa ka afaka manao izany asa izany manokana izy.*

*(b) Ireto avy no tokony hataon'ny mpampiasa mba hahafahany manao izany :*

- *Mitady manam-pahaizana manokana amin'izany, na fikambanana misahana ny fifampiahiana eo anivon'ny fiaraha-monina izay manana traikefa mikasika ny fanomezana torohevitra sy fitsaboana ny SIDA.*
- *Manome torohevitra ny mpiasa amin'ny tokony hanaovany fizahana ara-pahasalamana, na manampy azy ireo amin'ny fitadiavana dokotera.*
- *Fanomezana fotoana ampy ny mpiasa mba hahafahany manaraka ny fanomezana torohevitra sy fitsaboana araka ny fomba ekena fa tokony anaovana izany.*
- *Fanatanterahana izany tsy andoavam-bola, araka izay mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ny lehilahy sy ny vehivavy. Mety ilaina ny mifandray amin'ny fanjakana sy ny fikambanan'ny mpiasa amin'ny fanatanterahana izany.*

*(c) Tokony hanome fotoana ny mpiasa ny mpampiasa mba hahafahany manaraka ny fanpmezana torohevitra sy fitsaboana araka izay mifanaraka amin'ny fepetra manan-kery eo amin'ny firenena*

*(d) Tokony tsy andoavam-bola ny fanomezana torohevitra , ary atao mifanaraka amin'ny filan'ny lehilahy sy ny vehivavy . Mety ilaina ny fifandraisana amnin'ny fanjakana, ny mpiasa sy ny fikambanany ary koa amin'ny mpandray anjara hafa amin'ny fanomezana fanampiana*

*(e) Tokony manampy ny mpiasa mba hahafahany mandray anjara amin'ny fanomezana torohevitra ny solontenan'ny mpiasa.*

*(f) Atao ny fampahafantarana ny mpiasa ny zony sy ny tombontsoany mikasika ny programa fiarovana ara sosialy, na ny tombontsoa tokony ho azony amin'ny asany izay mety hanampy azy amin'ny fiatrehany ny SIDA.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Ekena ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana fa vitsy ny orinasa manana ny ho enti-manana hanatanterahana ny asa fanomezana torohevitra ho an'ny mpiasa., ary izany no antony anomezany lanja

ny fahazoan'ny mpampiasa sy ny solontenan'ny mpiasa ny maha zava-dehibe ny fisian'ny fanohanana eo anivon'ny fiaraha-monina.

## Fitsaboana eo anivon'ny toeram-piasana

Maro ny orinasa lehibe manana toerana fitsaboana ny mpiasa. Ambaran'ny fizarana faha 9.3 ao amin'ny fitsipi-pifampifehezana fa tokony itarina amin'ny fitsaboana ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA ny asa fitsaboana, ary anisan'izany ny fanafody manalefaka ny fihombon'ny aretina amin'ny toerana azo anaovana izany.

*(a) Misy mpampiasa izay afaka manampy ny mpiasa ao aminy amin'ny fanomezana fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina. Amin'ny toeram-piasana izay manana toeram-pitsaboana, dia tokony misahana ny aretina maromaro ny fitsaboana atao mba hahafahana manampy ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA.*
*(b) Tokony hatao ny fanomezana fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina, sy fampihenana ny fomba fisehon'ny SIDA, ny fanomezana torohevitra amin'ny fihinanana fanampin-tsakafo sy sakafo ara-pahasalamana, sy ny fampihenana ny fihanaky ny 'aretina ateraky ny SIDA sahala amin'ny raboka sy ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara nofo.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

## Fikambanana ifanohanana

Manana andraikitra lehibe amin'ny fiahiana sy ny fitsaboana amin 'ny firenena ihanahan'ny otrik'aretina ny fikambanana mifanohana eo anivon'ny fiaraha-monina.Voalazan'ny fitsipi-pifampifehezana fa :

*Amin'ny toerana mampety izany, dia tokony hanamora ny fananganana fikambanana ifanohanana eo anivon'ny toeram-piasana na eo anivon'ny fiaraha-monina ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny fikambanan'ny mpiasa.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Amin'ny toerana izay misy fikambanana ifanohanana izy manana ny ho enti-manana amin'ny fanatanterahana ny asa, dia anisan'ny vahaolana tsara ny fandefasana ny mpiasa amin'izy ireny. Tokony hijery izay fomba ahafahany manampy amin'ny fananganana an'izany ao anivon'ny orinasa ny sendika sy ny mpitantana ny orin'asa, raha toa ka mety ho vaha olana amin'ny fanampiana izany. Azo atao ihany koa ny fanampiana ara-bola ny fikambanana mijoro eo anivon'ny fiaraha-monina, sahala amin'izay misy any Molson- Canada.

## Programa fanampiana ny mpiasa sy ny fianakaviany

Ny antsoina hoe programa fanampiana ny mpiasa sy ny fianakaviany dia ireo programa izay anomezana torohevitra ho an'ny mpiasa mikasika ny olana atrehin'ny tsirairay, ny olana mikasika ny lalàna, sy ny fahasalamana. Miovaova araky ny firenena tsirairay izany, ary ahafahana mapifanaraka ny asa atao amin'ny zavatra tadiavin'ny mpiasa sy ny orinasa tsirairay ny tsy fisian'ny modely tokana amin'izany.

Tafiditra amin'ny programa fanampiana ny fianakaviana ny fomba fanampiana ny mpiasa mba hiatrehany ny aretina sy ny fiankinany loha.

*(a) Eo anatrehan'ny toetoetry ny otrik'aretina, dia mety ho ilaina ny fametrahana na fanitarana programa fanampiana ny mpiasa sy ny fianakaviany. Tokony anaovana fakan-kevitra amin'ny mpiasa sy ny solontenan'izy ireo izany, ary anaovana fiaraha-miasa amin'ny fanjakana sy ny mpandray anjara hafa araka izay mifanaraka amin'ny ho enti-manana sy ny filàna.*

*(b) Tokony ho ekena amin'izany fa anisan'ny mandray anjara goavana amin'ny fiahiana an'ireo izay voan'ny aretina mifandray amin'ny SIDA ny vehivavy, ary tokony hijery akaiky ny zavatra tadiavin'ny vehivavy mitondra vohoka. Mety any an-tokantrano, na any amin'ny toeram-piasana no anatanterahana ny programa, na mety anaovana fifanarahana amin'ny fikambanana iray ny fisahanana izany.*

*(c) Ireto avy ny lafiny azo ampidirina amin'izany programa izany*

- *Fitaonana handray anjara amin'ny asa fanabeazana sy fampahafantarana*
- *Fandefasana amin'ny fikambanana misahana ny fanohanana, ary anisan'izany ny fikambanana ifanohanana.*
- *Fanampiana ny fianakavian'ny mpiasa amin'ny fitadiavana asa hafa ho an'ny mpiasa na ny fianakaviany, raha toa ka tsy misy fiantraikany amin'ny fianaran'ny ankizy izany asa izany*
- *Fanampiana ara-bola mivantana na an-kolaka.*
- *Famahana ny olana ara-bola izay ateraky ny aretina sy famahana ny olana ara-bola izay mianjady amin'ny fianakaviana.*
- *Fampahafantarana mikasika ny lalàna, fanomezana torohevitra sy fanohanana*
- *Fanampiana amin'ny fampahafantarana ny fepetra misy amin'ny lalàna mikasika ny aretina sy ny fahafatesana; ny famahana ny olana ara-bola mikasika ny fitsaboana, ny fanomanana ny fandovana..*
- *Ny fanampiana ny fianakaviana mba hahazoany fanampiana avy amin'ny programa fiarovana ara sosialy.*
- *Ny fanampiana ny fianakaviana amin'ny fandefasana azy hanantona manam-pahefana mikasika ny lalàna sy ny fahasalamana.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

# LOHAHEVITRA 7 *Fitsaboana sy fiahiana*

Tsy vitan'ny mpampiasa anankiray ny fanaovana izany fanampiana ny fianakaviana izany, fa ilana fifanampiana amin'ny mpandray anjara maromaro, ary anisan'izany ny fikambanana miasa eo anivon'ny fiaraha-monina. Afaka mandinika ny fomba handraisany anjara amin'ny fanampiana ny fianakaviana sahirana ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, amin'ny alalan'ny fanitarana ny rafitra fiahiana misy eo amin'ny toeram-piasana amin'ny fiaraha-monina.

Iaraha-mahita ny vesatra mianjady amin'ny vehivavy mananontena any Inde vokatry ny SIDA, ary maro amin'izy ireny no voahiliky ny fianakaviam-badiny, na voahilika amin'ny tokantranony .Tsy ekena ny fanamboarana amin'ny asa amin'ny alalan'ny fisoloan'izy ireny ny vadiny amin'ny asany. Raha toa ka izany no zava-misy, dia ilaina ny fitadiavana asa sy fampiofanana azy ireny mba hahafahany mivelona. Manao asa fanitarana ny fitadiavam-bola ho an'ny vehivavy miatrika izany ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa any New-DELHI.

## Ny fiahiana ny zaza kamboty

Niteraka fisian'ny zaza kamboty maro ny SIDA. Raha 2 % ny salan'isan'ny zaza kamboty talohan'ny fihanaky ny valan'aretina, dia nitombo ho 15 ka hatramin'ny 17 % izany amin'ny tany teny mampisy ny otrik'aretina. Vinavinaina ho 12 tapitrisa ny isan'ny ankizy namoy ny rainy, na ny reniny, na izy ireo miaraka, ary mety hitombo 25 tapitrisa izany amin'ny taona 2010.

Mora ianjadian'ny fampiasana amin'ny fivarotan-tena ireny ankizy ireny. Ampiasaina amin'ny fitaizana ny ankizy ao amin'ny fianakaviana koa izy ireny. Voalaza ao amin'ny programan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny fanafoanana ny fampiasana ny ankizy fa anisan'ny antony manery ny ankizy hiasa ny SIDA.

Ny hamaroan'ny mpamboly matin'ny SIDA izay efa mahatratra 7 tapitrisa tamin'ny faran'ny taona 2001dia midika fa voatery misolo ny asan'ny ray aman-dreniny ny ankizy. Maro ny toeram-pambolena mampiasa ankizy any Afrika Atsimo mba hahafahana manampy amin'ny fiveloman'izy ireny. Anisan'ny zava-manahirana ny Sendika ny fiarovana ny zon'ny ankizy sy ny fanomezana asa ho an'ny mpiasa, na dia fantatra aza fa izany fanomezana asa azy ireo no mety hany fomba ahafahan'ny ankizy mivelona. Nandray fanapahan-kevitra mikasika ny fiatrehana ny SIDA ny Fivoriamben'ny sendikan'ny mpamboly (Jereo ny loharanon-kevitra).

Ny fitsipi-pifampifehezana dia mamporisika ny mpiasa handray andraikitra ho an'ny zaza kamboty mifandray amin'ny toeram-piasana sy ny orinasa.

*9.8 Ny mpiasa sy ny programa fanampiana ny fianakaviana*
*(b).Tokony mamaly ny filan'ny ankizy izay namoy ny ray aman-dreniny vokatry ny Sida , izay mety ho voatery miala amin'ny fianarany, na voatery miasa, ary mety ho voatery mivaron-tena . Mety ho ao an-tokantrano na any amin'ny toeram-piasana no anatanterahana ny programa, ary mety ho ny toeram-piasana no manome fanampiana amin'izany, na koa azony ampiandraiketina fikambanana mahaleotena hafa anaovany fifanarahana izany.*
*(c). Mety ahafahana mampiditra fepetra manokana mikasika fianarana asa ny programa fanampiana ny fianakaviana, mba hahafahana manampy ny ankizy sy ny tanora kamboty.*

■ Fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa Ny SIDA sy ny tontolon'ny asa

Noho ny hamaroan'ny zaza kamboty vokatry ny SIDA, dia tsy vahaolana intsony ny fiahiana mety hataon'ny fianakaviam-be. Misy renibe voatery mitaiza zafikely maro. Anisan'ny zava-manahirana ny sain'ny ray aman-dreny mitondra ny otrik'aretina ny mikasika ny fitaizana ny zanany rehefa maty izy.

Anisan'ny zavatra manan-danja amin'ny tetik'ady fisorohana ny SIDA ny fiahiana ny zaza kamboty. Raha toa ka matoky ny mpiasa fa misy olona hitaiza ny zanany aorian'ny fotoana ahafatesany, ary tsy ho enjehin'ny olona amin'izany izy ireo, dia mety hanamora ny fanapahany hevitra hanao fitiliana an-tsitrapo izany ay hanaiky ny toe-pahasalamany izany.

# LOHAHEVITRA 7 *Fitsaboana sy fiahiana*

Ny fiahian'ny havany ny zaza kamboty no vaha olana tsara indrindra, ary tokony hanao ezaka ny toeram-piasasana amin'ny fandoavana malaky ny vola tokony ho azon'ny fianakaviana aorian'ny fahafatesana mba hahafahana misahana ny fitaizana ny zaza kamboty. Afaka manome fanampiana amin'ny fianarana sy fahasalamana ihany koa ny orinasa, mba tsy hijanonan'ny zaza kamboty amin'ny fianarana sy tsy haha voatery azy ireo miasa. Mety azo eritreretina ny fiasan'izy ireo amin'ny toeram-piasana nisy ny ray aman-dreniny rehefa lehibe izy ireo.

Raha tsy misy havana afaka mitaiza ny ankizy, dia tsy maintsy any amin'ny toerana fitaizana ny zaza kamboty no asiana azy ireo. Afaka manome fanampiana ho an'ny toerana fitaizana zaza kamboty ny toeram-piasana.

## Fiarovana ara sosialy

Anisan'ny lafiny manan-danja amin'ny fitsaboana sy ny fiahiana ny fiarovana. Ny fitambarana amin'ny fiantohana ny lany ny hevitra fototra amin'izany. Raha toa ka fianakaviana iray na olona iray ihany no miantoka ny lany rehetra amin'ny fitsaboana a sy ny fahafatesana, dia tena vesatra ho azy ireo izany. Raha toa ka misy fitambarana amin'ny fiantohana ny lany amin'ny alalan'ny hetra sy ny aro loza, dia maivana kokoa izany.

Toa izao ny fomba amaritan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny fiarovana ara sosialy.

> *Tsy ny fiarovana ara sosialy sahanin'ny fanjakana fotsiny, fa tafiditra amin'izany ihany koa ny fiarovana sahanin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana, na ireo izay tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Izay tsy voafetran'ny lalànan'ny tsena tanteraka . Mety ho anisan'izany ny ny firaisankina misy eo amin'ny vondrona iray, ny fanampiana ara-bola omen'ny mpampiasa na omen'ny fanjakana.*

Mihoatry ny hevitra mahazatra amin'ny fiarovana ara sosialy izany. Misy fifanarahan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa izay ahitana ny fepetra mikasika ny fanampiana ara-bola amin'ny fiarovana ara sosialy, ohatra amin'izany ny fifanarahana N°102, sy ny fifanaraha N°183 mikasika ny fiarovana amin'ny fiterahana.

Vaoresaka ao amin'ny lohahevitra faha 4 mikasika ny fanjakana sy ny lohahevitra faha 8 mikasika ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ihany koa ny olana mikasika ny fiarovana ara sosialy.

## Programa eo anivon'ny toeram-piasana: Fandinihana toe-javatra niainan'ny olona

Mitady fomba hatrany hanitarana ny fitsaboana sy ny fiahiana ny orinasa .Ireto misy ohatra telo amin'izany:

### Volkswagen any Bresil

Namolavola programa mivelatra mikasika ny programa fisorohana sy fitsaboana manoloana ny fihanaky ny SIDA amin'ny mpiasa mpamokatra ny orinasa Wolkswagen. Mifantoka amin'ny fisorohana sy fitsaboana ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA ny programa. Ahitana famelabelarana sy fampahafantarana mikasika ny SIDA amin'ny alalan'ny radio, ny gazetin'ny orinasa sy ny video.

Anisan'ny lafiny iray amin'izany ny fametrahana rafitra mitovy amin'ny fitsaboana, na dia azo ampifanarahana amin'ny filan'ny tsirairay izany. Tafiditra amin'ny programa fitsaboana sy fanomezana torohevitra ny fitsaboana ataon'ny manam-pahaizana manokana mikasika ny areti-mifindra, ny fitsaboana ny mpiasa, ny fanampiana ara-tsakafo, ny fahasalamana ara-tsaina, sy ny fizahana any amin'ny tobim-pahasalamana. Omena fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina ihany koa ny mpiasa. Anisan'ny programan'ny orinasa ihany koa amin'ny ady amin'ny fanavakavahana ny fanampiana ny mpiasa amin'ny famerenana azy ireo eo anivon'ny fiaraha-monina sy eo anivon'ny toeram-piasana.

Tamin'ny faran'ny taona 1999, dia hita tamin'ny salan'isa azo tamin'ny fanaraha-maso nataon'ny orinasa fa:

- Nihena 90 % ny fidirana hopitaly
- Nihena 40 % ny vola lany amin'ny fividianana fanafody sy fitsaboana
- Afaka nanohy ny asany ny 90 isan-jaton'ny olona voakarakara tamin'ny fanatanterahana ny programa
- Nisy fihatsarana ny toe-piainan'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA

Nahitam-pahombiazana ny rafitra fitsaboana napetraka, ary nahafahana nampihena ny vola very amin'ny fanapahana amin'ny asa sy ny amin'ny fahafatesan'ny mpiasa manana traikefa.

### Jardine, Matheson, Thailand

Sampan'ny orinasa iraisam-pirenena Jardine Matheson izay manana ny foiben-teorany any Hong kong ny orinasa Jardine Matheson- Thailand, ary manao asa amin'ny sehatra ny hotely, famokarana, fitanterana entana amin'ny sambo, sy ny asa fikirakirana vola.

Nahatsapa ny maha zava-dehibe ny ady atao amin'ny SIDA io orinasa io, ary nifandray tamin'ny Fikambanana misahana ny ady atao amin'ny SIDA iarahan'ny mpampiasa any Thailand, izay nanome fampiofanana ho an'ny mpitantana ambony. Natsangana teo anivon'ny orinasa ny politika fanentanana. Nisy koa ny tahiry natsangana amin'izany, izay tohanana amin'ny alalan'ny asa fanangonam-bola, ary nanome fanampiana ho an'ny fikambanana maro izay misahana ny Fitsaboana.

## Molson, Canada

Anisan'ny orinasa iray lehibe mpamokatra labiera izay manana tombom-barotra mihoatry ny roa lavitrisa isan-taona ny orinasa Molson, ary mampiasa olona 3880. Efa nirotsaka ela amin'ny ady amin'ny SIDA io orinasa io, ary nanao fanohanana ho an'ny fikambanana miady amin'ny SIDA eo anivon'ny fiaraha-monina.

Tamin'ny taona 1996, dia nanome fanampiana ara-bola ho an'ny fikambanam-pirenena misahana ny fanentanana amin'ny SIDA ny orinasa Molson, ary nanao fifanarahana amin'ny orinasa mpanao dokam-barotra iray mba hikendrena olona miisa 18 tapitrisa. Hatramin'ny taona 1999, dia nahasahana tanàna miisa 110 ny fikambanana Walk Canada miady amin'ny SIDA, ary nanangona vola 10 tapitrisa dolara kanadianina ho entina manohana ny fitsaboana ny SIDA.

Nanome fanampiana ho an'ny fanaovana fampisehoana sy rindran-kira ihany koa io orinasa io, ary nisy mpanan-talenta nalaina amin'ny fanentanana mikasika ny sida amin'izany.

Neken'ny fanjakana kanadianina ny maha zava-dehibe ny firotsahan'ny orinasa amin'izany asa izany. Noheverina ho isan'ny lohalaharana amin'ny fanohanana ny ady atao amin'ny SIDA amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana ny orinasa, ary anisan'ny nampahomby ny fampitana ny hafatra ny fijoroany amin'izany.

# LOHAHEVITRA 7

***ASA FAMPIANARANA***

## FAMPIANARANA 1

### Fiahiana eo anivon'ny toeram-piasana

**TANJONA** : Manampy anao handinika ny atao hoe fitsaboana sy fiahiana eo anivon'ny toeram-piasana, sy ny fomba fanatanterahana izany

**ASA ATAO** : ao amin'ny tarika misy anao, diniho ny :

1) Ny mampiavaka ny toeram-piasana izay manohana ny olona voan'ny SIDA
2) Ny dingana tokony hatao mba hisian'ny tontolon'ny asa anohanana azy ireo, araka izay namaritanao azy

Fanamarihana: Natao ho an'ny sendika, ny mpitantana na iroe sokajy roa ireo miaraka ity fampianarana ity

# LOHAHEVITRA 7

***ASA FAMPIANARANA***

## FAMPIANARANA 2

### Inona no tokony hataon'ny mpampiasa ?

**TANJONA** Manampy anao hamolavola tetik'asa mikasika ny fitsaboana sy ny fiahiana mifanaraka amin'ny zava-misy.

**ASA ATAO** Diniho ao amin'ny tarika misy anao , amin'ny maha mpitantana anao, ny fomba amahanao ny olana voalaza manaraka

Tompon'andraikitra amin'ny fitantanana ny mpiasa ianao amin'ny birao foiben'ny banky iray any Afrika Atsimoianao; Mitombo ny isan'ny mpiasa ifindran'ny otrik'aretina, ary maray mafy ny sasany amin'izy ireny. Tsy marisika ny hiasa miaraka amin'izy ireo intsony ny mpiasa hafa, satria tsy tonga miasa matetika izy ireo
Amin'izany fotoana izany dia manantona anao ny vondron'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA, izay mihevitra fa tsy ampy ny asa ataon'ny Banky ho an'ny mpiasa, ary mitaky ny hanaovana asa bebe kokoa izy ireo

Manomana tatitra mikasika ny lafin-javatra tokony hojerenao akaiky amin'ny famahana ny olana mikasika ny fihetsiky ny mpiasa sy ny fanampiana tokony homenao ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA

# *ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 7

## FAMPIANARANA 3

### Inona no tokony hataon'ny Sendika

**TANJONA** Manampy anao hamolavola ny tetik'adfin'ny sendika amin'ny fiahiana sy ny fanampiana

**ASA ATAO** Ao amin'ny tarika misy anao, diniho izao toe-javatra voalaza manaraka izao ary manomana tatitra amin'izany

Solontenan'ny mpiasa ao amin'ny sendika amin'ny banky iray any Afrika Atsimo ianao ; Mitombo ny isan'ny mpikambana marary; Mahatsapa ianao fa tokony hanao ezaka bebe kokoa ny orinasa amin'ny fanamafisana ny fitsaboana sy ny fanampiana ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina

1) Tanisao ny asa azon'ny sendika atao hanampiana ny marary
2) Inona ny fepetra tokony horaisinao mba hanohanan'ny mpiara miasa ireo izay mitondra ny otrik'aretina ?

# *ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 7

## FAMPIANARANA 4

### Fanatsarana ny asa atao amin'izao fotoana izao

**TANJONA** Manampy anao handinika sy hanatsara ny asa atao amin'ny fiatrehana ny aretina atahorana ao amin'ny toeram-piasana

**ASA ATAO** Ao amin'ny tarika misy anao, ataovy ireto asa manaraka ireto mba handinihana ny fiahiana sy ny fanampiana ny mpiasa ianjadian'ny aretina atahorana ao amin'ny toeram-piasana misy anao

1. Tanisao ny fomba entin'ny orianasa misy anao manampy sy miahy ny mpiasa ianjadian'ny aretina atahorana
2. Raha toa ka misy mpiasa ifindran'ny otrik'aretina , inona no tokony hohatsaraina hahafahana miatrika izany- ?
3. Iza no tokony hakanao hevitra amnin'ny fanovana tokony hatao?

## FAMPIANARANA 5

### Fanamboarana mikasika ny fanatanterahana ny asa

**TANJONA** Manampy anao amin'ny fandraisana fepetra fanamboarana ny asa

**ASA ATAO** Sarintsarin'anjara andraikitra ity fampianarana ity. Zaraina amin'ny tarika roa ny mpnadray anjara ny sendika sy ny mpitantana ; Vakio ny toromarika voalaza manaraka alohan'ny hanombohana

**Toromarika ho an'ny mpitantana**

Sokajin'ny mpitarika ao amin'ny orinasa ianareo ao amin'ny faritra iray izay ahitana fihanaky ny valan'aretina ianareo ; Maro ny mpiasa marary;. Ary miteraka olana amin'ny famokarana sy amin'ny departemanta anankiray na roa izany. Nanatona anao ny sendika ary nangataka ny fanaovana fanamboarana mikasika ny asan'ny olona marary. Manaiky ny fanatanterahana izany ianao, kanefa mihevitra fa miteraka fandaniana sy fatiantoka amin'ny famokarana ny dikany malalaka omena ny fanamboarana amin'ny asa . Omeo ny hevitra entinao manamarina ny tsy fanekena ny fanamboarana takiana

**Toromarika ho an'ny sendika**

Sahiran-tsaina ianao raha mahita fa maro ny mpikambana amin'ny sendika mitondra ny otrik'aretina. Misy tsy fifankahazoan-kevitra amin'ny mpitantana amin'ny fanamboarana ny asa ataon'izy ireo. Misy fikambanana eo an-toerana izay nanome soso-kevitra amin'ny tokony hanaovana fifampiraharahana amin'ny mpitantana mikasika ny fanamboarana ny fomba iasan'izy ireo. Araky ny hevitra arosony, dia tokony tsy ho henjana loatra ny fepetra anatanterahan'ny mpiasa miaina miaraka amin'ny SIDA ny asany, mba hahafahan'izy ireo manalefaka ny fahasahiranan-tsaina mianjady aminy , ary koa manatanteraka izay zavatra ilainy. Omeo ny hevitra arosonao amin'ny fifanarahana

# LOHAHEVITRA 7

## FAMPIANARANA 6

### Fanaovana fifampiraharahana mikasika ny fitsaboana

TANJONA Manampy  anao amin'ny fandinihana ny olana mkasika ny fitsaboana

ASA ATAO Sarintsarin'anjara andraikitra ity fampianarahna ity. Mizara amin'ny tarika roa ny mpandray anjara. Vakio ny toromarika alohan'ny hanombohana

**Toromarika ho an'ny sendika**

Sendika misolo tena ny mpitatitra any Afrika Atsimo ianareo. Mitombo ny isan'ny mpikambana mitondra ny otrik'aretina; maro amin'izy ireo no marary ary misy anankiray na roa amin'izy ireo namoy ny ainy. Matahotra ianao sao mitombo izany isa izany. Nanapa-kevitra ianao fa tokony hanao fifampiraharahana amin'ny fanomezana fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina ho an'ny mpiasa sy ho an'ny fianakaviany. Nahafantatra ianao fa nisy fifanarahana mitovy amin'izany natao taminin'ny sehatry ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany

Omeo ny hevitra entinao mandresy lahatra ny mpitantana amin'ny tokony hanomezany fanampiana ara-bola amin'ny fanomezana fanafody

**Toromarika ho an'ny mpitantana**

Mandray anjara bebe kokoa amnin'ny hetsika amin'ny olana mikasika ny SIDA ny sendika. Misy fiantraikany amni'ny orinasa ny fanapahana amin'ny asa sy ny fahaverezana mpiasa manana traikefa. Mangataka ny fizaràna fanafody fanalefahana ny fihombon'ny aretina ny sendika, ary heverinao fa tsy ara-drariny izany, ary matahotra ianao fa tsy hahafahan'ny orinasa mifaninana amin'ny kompania hafa ny fanomezana izany fanafody lafo vidy izany

Omeo ny hevitra entinao mandà ny fangatahana ataon'ny sendika.

## Fampianarana 7

### Fanadihadiana mikasika ny fanomezana torohevitra

**TANJONA** Manampy anao hanatsarana ny fanomezana torohevitra

**ASA ATAO** Ao amin'ny tarika misy anao, ampiasao ny lisitra fanamarinana ny asa vita mba hijerena ny asa fanaraha-maso amin'ny toeram-piasana :

1 Manao asa fanomezana torohevitra ve ny toeram-piasana misy anao ?
2 Raha toa ka lanao izany izy, voahaja ve ny tsiambaratelo ara-pahasalamana
3 Raha toa ka tsy manao izany izy, hevrinao ve fa tokony hataony izany
4 Fantatry ny tompn'andraikitra amin'ny fitantanana ny mpiasa ve ny toerana tokony handefasana ny mpiasa tokony homena torohevitra mikasika ny SIDA
5 Efa nanandrana namantatra ny fahaizan'ny mpiasa ampiasain'ny fikambanana misahana ny fanomezana torohevitra ve ny orinasa misy anao ?
6 Mahafantatra ny votoatin'ny torohevitra omena ve ny tompon'andraikitra ao amin'ny orinasa misy anao?
7 Rehefa mandefa mpiasa amin'ny sampan'asa na fikambanana misahana ny fanomezana torohevitra ianoao, inona no fepetra raisinao mba hanohizan'ny kompania ny fanampiana ny mpiasa sy ny fifandraisana amn'ny sampan'asa voakasik'izany
8 Manome fotoana tsy iasana kanefa andraisana karama ve ny orinasa mba hahafahan'ny mpiasa manaraka ny fanomezana torohevitra ?

## FAMPIANARANA 8

### Fanomezana torohevitra ho an'ny fianakaviana ianjadian'ny SIDA

**TANJONA** Manampy anao handinika ny fomba ahafahana manampy ny fianakaviana ianjadian'ny SIDA

**ASA ATAO** Amin'ny tarika misy anao, diniho izay fomba ahafahan'ny sendika na koa ny ny orinasa manampy ny fianakaviana ianjadian'ny SIDA ; Vakio ny fizarana faha 9.8 amin'ny fitsipi-pifampifehezana mikasika ny programa fanampiana ny mpiasa sy ny fianakaviana, ary manomeza torohevitra amin'ny fanaovana izany. Diniho izay lafiny mampatanjaka ny fikambanana misy anao sy ny fomba fomba azo ampiasana izany mba hanampiana ny fianakaviana ; Tokony hanome soso-kevitra mazava ianao

# LOHAHEVITRA 7

# *ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 9

### Fiarovana ny zaza kamboty

**TANJONA**: Manampy anao handinika ny fiahiana ny zaza kamboty

**ASA ATAO**: Sarintsarin'anjara andraikitra ity fampianarana ity. Mizara tarika roa, ny iray maka ny andraikitry ny sendika, ary ny faharoa ny an'ny mpitantana

Mandinika ny politika mikasika ny fanampiana sy ny fiahiana ny fianakavian'ny mpiasa izay matin'ny SIDA sy ny aretina mifandraika amin'izany, indrindra ho an'ny zaza kamboty ny komity misahana ny SIDA ao amin'ny orinasa.

Misy solontena iray avy amin'ny mpitantana nanome torohevitra ny amin'ny tokony hanomezana asa ho an'ny zokiny indrindra amin'ny fianakaviana tsirairay izay misy mpiasa matin'ny SIDA, satria heveriny fa izany no fomba fanampiana mety indrindra, ary ny asa no programa iadiana amin'ny fahantrana mety indrindra. Ahafahan'ny fianakaviana mivelona amim-pahamendrehana izany, ary ahafahan'ny ankizy manohy ny fianarany

Ankasitrahan'ny sendika izany hevitra fanampiana ny kamboty izany, kanefa sahirana amin'ny olana mipetraka amin'ny fampiasana ankizy izy ireo

Atao ahoana ny famahana izany olana izany ? Diniho akaiky ny olana mety mipetraka, sy ny fomba hafa mety azo amahana ny olana

## Fanapapahan-kevitry ny Sendika iraisam-pirenenan'ny mpiasa amin'ny sehatry ny fambolena, ny hotely, ny famatsiana sakafo

Kongresy faha 24 natao tany Genève 14-17 may 2002

MANAMARIKA ny fandravana ateraky ny SIDA, indrindra amin'ny faritra atsimon'i Afrika. Mianjady amin'ny mpiasa an-tapitrisany sy amin'ny fianakaviany ny valan'aretina, mampitombo ny fahantrana ary mamela zaza kamboty maro

MANAMARIKA fa ny tatitra vaovao nataon'ny FAO (ny fiantraikan'ny SIDA sy ny fahavitan-tena ara-tsakafo any Afrika ) dia ahitana fa

- Amin'ny firenana 25 izay tena iantraikan'ny SIDA aty Afrika, dia 7 tapitrisa ny mpamboly matin'ny SIDA hatramin'ny taona 1985.
- Mety hahatratra 16 tapitrisa ny isan'ny maty ao anatin'ny roapolo taona manaraka.
- Misy fiantraikany mafy amin'ny famokarana sakafo noho ny fihenan'ny vokatra sy ny mpamokatra ny valan'aretina. Vokatr'izany dia nihena 50 % ny vokatra tany Zimbabwe tao anatin'ny 5 taona,. tena voadona amin'izany ny famokarana katsaka, hasy sy voanjo

MANAMARIKA fa mitombo ny isan'ny ankizy voatery miasa amin'ny fambolena, ary loza mitatao izany satria miaina fanambakana ireo ankizy ireo, ary mety hisy fiantraikany amin'ny fahasalamany izany

MANAMARIKA fa tsy ny fambolena ihany no sehatra isian'ny valan'aretina, fa atahorana mafy amin'izany koa ny sehatry ny hotely sy ny fizahan-tany. Tsy i Afrika irery no kontinanta voan'ny SIDA.

MANKASITRAKA ny asa nataon'ny sendika eo amin'ny sehatry ny faritra, ny firenena sy iraisam-pirenena amin'ny ady atao amin'ny SIDAsy amin'ny fanomezana fitsaboana sy fanafody tsy lafo vidy.

MANKASITRAKA ny fitsipi-pifampifehezana mikasika ny SIDA ao amin'ny tontolon'ny asa, amin'ny maha fepetra manan-danja izany amin'ny ady atao amin'ny SIDA amin'ny tontolon'ny asa mba hisorohana ny fanavakavahana ny mpiasa mitondra ny otrik'aretina.

MANAIKY ny andraikitra goavana tokony horaisin'ny fanjakana amin'ny fanitàrana sy fanatanterahana ny politika fisorohana.

MIANTSO ny sendikà mpikambana :

- Handray anjara amin'ny hetsika fanentanana amin'ny fisorohana ny SIDA sy amin'ny fanomezana fanafody amin'ny vidiny ara-drariny.
- Hiady hevitra mikasika ny SIDA amin'ny fanaovana fifampiraharahana faobe, sy amin'ny sehatra hafa iadian-kevitra amin'ny mpiasa mba hahafahana manome fampiofànana sy mandray fepetra fisorohana, ary koa tsy hanaovana fanavakavahana
- Hampiroborobo ny fitsipi-pifampifehezana ao amin'ny tontolon'ny asa
- Hiara miasa amin'ny fanjakana amin'ny fampiharana ny politika fisorohana

# LOHAHEVITRA 7

# *LOHARANON-KEVITRA*

MIANTSO ny Sekretarian'ny sendika:

- Hiara miasa amin'ny fikambanan'ny firenena mikambana indrindra ny BIT, FAO,OMS,ONUSIDA, amin'ny fanomezana ny ho enti-manana ho an'ny sendika izay misolo tena ny mpiasa mora voadona.
- Hijery akaiky ny sehatra ahafahana miara miasa amin'ny sampan-draharaham-panjakana, ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, ny mampiasa sy ny fikambanan'ny mpamboly, araka izay mety hialana an'izany.

**MORA TOY NY ABD NY ADY ATAO AMIN'NY SIDA**



**TSY FANAOVANA**

**FIRAISANA ARA-NOFO**



**AZA MIARAKA AFA TSY**

**AMIN'NY OLONA IRAY**




**MAMPIASA**
**KAPAOTY**




**RAHA TSY IZANY DIA**
**MATIN'NY SIDA IANAO**

**TETIKASA MKASIKA NY SIDA AO AMIN'NY TOERAM-PIASANA**

LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

## Votoatiny


| | |
|---|---|
| Fampidirana | 1 |
| Inona no atao hoe fiharian-karena Tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalana | 2 |
| Fampiharana ny fitsipi-pifampifehezana | 4 |
| Fiarovana ara sosialy | 11 |
| Atao izy hikendrena ny fiharian-karena Tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalana | 14 |
| Fandinihana toe-javatra niainan'ny olona | 16 |
| Fampianarana | 18 |

## LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

## Fampidirana

Azo ampiharina amin'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ve ny fitsipi-pifampifehezan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny SIDA? Eny, azo atao tsara izany amin'ny tontolon'ny asa amin'ny lafiny rehetra. Na dia izany aza, dia misy olana manokana amin'ny ady atao amin'ny SIDA amin'ny sehatry ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Tsy manam-pahalalàna ampy mikasika ny fiantraikan'ny valan'aretina amin'ny mpiasa amin'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ny mpamolavola politika sy tetik'asa. Sarotra ihany koa ny fampihàrana ny lalàna. Hafa ny fifandraisana amin'ny asa amin'ny orinasa madinika, ary tsy misy fikambanan'ny mpiasa amin'izy ireny

Voaresaka amin'ity lohahevitra ity ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna sy ny olana mikasika ny famolavolana tetik'asa hiatrehana izany. Hodinihina amin'ity lohahevitra ity ny mety ho fomba azo ampiharana ny fitsipi-pifampifehezana amin'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, sy fanaovana fanabeazana sy fanomezana fanampiana ho an'ny mpiasa sy ny mpampiasa. Natao ho an'ny mpiasa amin'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ity lohahevitra ity, ary anisan'izany ny orinasa madinika sy ny olona miasa ho an'ny tenany.

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

# LOHAHEVITRA 8

## Inona no atao hoe fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalana ?

Sarotra ny mamaritra ny atao hoe fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Tamin'ny taona 1970 no nampiasan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa izany voalohany. Tsy voafaritra amin'ny sehatra iray fotsiny izany fa mahasahana sehatra maro, hatramin'ny varotra ka hatramin'ny fambolena sy ny indostria. Ilaina ny fahafantarana ny fifandraisana misy amin'ny fiharian-karena amin'ny rafitra ara-dalàna sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'izany. Ohatra: ny fitaovana fandidiana izay amboarin'ny ankizy amin'ny firenena asiatika maro dia ampiasain'ny hopitaly maro any Eoropa sy Amerika Avaratra.

Ireto avy ny toetoetry ny asa sy ny mpiasa amin'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna:

- Tsy eken'ny lalàna manan-kery ny fisian'izy ireo
- Tsy azo antoka ary tsy ara-dalàna ny fifandraisana amin'ny asa sy ny karama
- Matetika dia tsy manana fandaminana izy ireny, ary matetika tsy afaka maneho ny heviny
- Tsy tafiditra amin'ny rafitra misy amin'ny fiarovana ara sosialy izy ireny
- Tsy mahazo tombontsoa amin'ny fampindramam-bola, fampahafantarana mikasika ny asa izy ireny
- Iharan'ny antso izay ataon'ny manam-pahefana izy ireny, satria heverina fa tsy ara-dalàna
- Tsy tafiditra amin'ny antontan'isa ofisialy ny vola ampidiriny, na dia mandray anjara betsaka amin'ny fiharin-karena aza izy ireny
- Mijanona amin'ny sehatra tsy ara-dalàna, satria andaniam-bola betsaka ny famadihana azy ireny amin'ny sehatra ara-dalàna, na koa sarotra, na mandany andro, na atahoran'ny olona ny fanaovana izany.

Tsy tafiditra amin'izany ny fiharian-karena miafina, sahala amin'ny varo-maizina

## Ny haben'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna

Anisan'ny sehatra goavana manome asa ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, ary mitombo hatrany izany. Voamariky ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa fa:

> *...malaky ny fitombon'ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna maneran-tany, na amin'ny firenenena mandroso aza. Tsy azo ho raisina ho ambinambin-javatra izany*

Eo anatrehan'ny krizin'ny trosa sy ny fanitsiana ara-drafitra, izay miteraka fahaverezana asa maro, dia ahafahan'ny olona maro mivelona io sehatra io. Any Afrika, dia vinavinaina ho 90 isan-jaton'ny asa vaovao izany, 80%n'ny asa fambolena, ary 60 isan-jaton'ny asa any an-drenivohitra.

# LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

Ho an'ny vehivavy any Afrika Atsimon'I Sahara, dia mahatratra 92%n'ny mety ho fahafahan'ny vehivavy miasa ivelan'ny sehatra fambolena izany (71% ho an'ny lehilahy), ary olona miasa ho an ny tenany ny ankamaroan'izy ireo. Mitovitovy amin'izany ny zava-misy amin'ny firenena maro any Azia; Any Inde, ohatra, dia 90 isan-jaton'ny vehivavy mpiasa no amin'ny sehatra tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna.

Mba hahafahany miditra bebe kokoa amin'ny sehatry ny fifaninanana sy hampihenana ny fandaniana, dia mihavitsy ny mpiasa amin'ny sehatra ara-dalàna ampiasain'ny orinasa, ary mitombo ny fampiasàna olona amin'ny rafitra an-tsisiny.

Mety manana fifandraisana amin'ny asa ara-dalàna ary mahazo ny tombontsoa amin'ny fiarovana amin'ny asa ny sasany amin'ireny mpiasa ireny, sahala amin'ireo izay manana fifanekena amin'ny asa voafetra na ireo mpiasa an-tselika.

Misy koa anefa ny asa anaovana fifanarahana amin'ny mpanatanteraka asa aty ivelany, sahala amin'ireo izay miasa any an-tranony, izay tsy manana fiarovana ara-dalàna na koa fiarovana ara sosialy. Miankina amin'ny olona manao fifanarahana amin'ny orinasa ny toeran'ny mpiasa amin'ireny sehatra ireny.

Maro ihany koa ny olona miasa ho an'ny tenany, satria tsy mahita asa amin'ny fiharian-karena amin'ny rafitra ara-dalàna. Miezaka manangana orinasa madinika izy ireny, sahala amin'ny fivarotana sakafo sy enta-madinika eny amin'ny arabe, na fitarihana posiposy, na fiarakaretsaka. Maro ny mpikambana amin'ny fianakaviana tafiditra amin'ireny asa ireny, ary misy ankizy izy tsy afaka manohy ny fianarany ara-dalàna amin'izany.

Na dia misy aza ny olona misafidy io sehatra io satria manantena izy ireo fa afaka hanangana orinasa lehibe kokoa rehefa avy eo, na koa heveriny fa mahazo vola bebe kokoa izy ireo amin'izany sehatra izany, dia ny tsy fisian'ny safidy hafa no manery ny ankamaroan'ny olona hiditra amin'izany lalana izany. Kely kokoa ny vola azo sy ny fiarovana azon'ny mpiasa amin'io sehatra io, raha oharina amin'ny fiharian-karena amin'ny rafitra ara-dalàna., ary misy ny olona mihevitra fa sakana amin'ny fampandrosoana ny fisian'io sehatra io, izay ahitana fanambakana .Heverin'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa fa tokony hanaovana ezaka ny fanomezana asa mendrika amin'ny sehatra rehetra.

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

LOHAHEVITRA 8

## Ny fiharian-karena tsy ara-dalàna sy ny SIDA

Tsy sehatra iray manokana ny fiharian-karena amin'ny rafitra tsy ara-dalàna, ary tsy mitovy ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny mpiasa tsirairay. Noho izany dia tsy misy fomba fiatrehana ny aretina amin'ny fomba iray manokana.

Nohazavaina tao amin'ny lohahevitra voalohany fa mampitombo ny fiantraikan'ny SIDA ny fahantrana, ary misy fiantraikany amin'ny fitombon'ny fahantrana ihany koa ny SIDA .Mitombina koa izany amin'ny sehatry ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna.

- Manamora ny fihanaky ny SIDA ny zava-misy amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna.

- Mety ho mafy kokoa ny fiantraikan'ny SIDA amin'ny tsirairay, ny ankohonana sy ny toeram-piasàna , ary mety hitarika amin'ny fitombon'ny fahantrana.

Misy antony telo mahatonga izany:

- Tsy mahazo fitsaboana sy fiarovana ara sosialy ny mpiasa amin'io sehatra io.

- Tsy azo antoka ny fidiram-bolan'izy ireo, izay mahatonga azy ireo tsy ampy tahiry. Fanampin'izany dia tsy mahazo tombontsoa amin'ny fampisamboram-bola izy ireo.

- Noho ny tsy maha-raikitra ny asa atao, dia mahavery asa ny tsy fahatongavana miasa mandritry ny andro vitsivitsy.

**Ny fahazoana tombontsoa amin'ny fanampiana**

Tsy ampy ny tombontsoa azon'ny mpiasa amin'io sehatra io amin'ny fanampiana isan-karazany, ary matetika dia tsy voajerin'ny fikambanana misahana ny fanampiana sy ny fanomezana torohevitra izy ireo. Ohatra, ny fizarana kapaoty dia isan'ny zava-dehibe amin'ny hetsika fanentanana amin'ny ady atao amin'ny SIDA, ary misy orinasa nahitana fahombiazana amin'izany. Tsy voakendry amin'izany ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Anisan'ny mampiavaka io sehatra io ny tsy fisian'ny fiarovana ara sosialy. Tsy ahafahana manao vinavina amin'ny fanokanana vola amin'ny ho avy ny fitadiavana ny hohanina isan'andro. Izany no antony maha zava-dehibe ny fanitarana ny fiarovana ara sosialy, ary misy adihevitra mikasika izany amin'ny faran'ity lohahevitra ity.

# LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

**Fidiram-bola azo antoka**

Tsy afaka manao tahiry ara-bola firy ny olona miasa amin'io sehatra io, ary matetika dia tsy mahazo tombontsoa amin'ny fampisamboram-bola izy ireo. Mametra ny fahafahany mitrosa ny tsy fisian'ny fananana mipetraka, ary mety tsy ho eken'ny banky ny fanokafan'izy ireo kaonty. Raha tsy misy fikambanana misahana ny tahiry sy fampisamboram-bola iombonana, dia sarotra ny fanagonana sy ny fampiasam-bola. Làlana ahafahana mitsofoka amin'ny aro loza ihany koa ny rafitra misahana ny tahiry sy fampisamboram-bola.

**Ny asa tsy raikitra**

Mpivarotra eny an-dalambe, eny akaikin'ny toerana fanaovana fanatanjahan-tena ny na eny an-tsena ny ankamaroan'ny olona miasa amin'io sehatra io. Mety ho lasan'olona hafa ny toerana fivarotany raha toa ka tsy afaka miasa vokatry ny aretina izy ireo. Mety ho mora simba ihany koa ny vokatra amidin'izy ireo.

## Ny fiantraikany amin'ny orinasa madinika tsy tafiditra amin'ny fihariana ara-dalàna

Misy fiantraikany amin'ny orinasa tsy tafiditra amin'ny fihariana ara-dalàna sy ny orinasa lehibe kokoa ny SIDA sy ny aretina hafa mifandraika amin'izany, fa ny maha samihafa azy dia kely kokoa ny ho enti-manana eo am-pelatanan'ny orinasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy miankina ho entina miatrika ny tsy fahatongavana miasa, ny vola lany amin'ny fampiasana olona, ny fahaverezana mpiasa manana traikefa sy ny fialan'ny mpiasa.

Maro ny orinasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna no manana mpiasa vitsy. Diso ny fieritreretana fa maro ny mpiasa afaka misolo azy ireny. Misy koa ny mihevitra fa tsy henjana sahala amin'izay misy amin'ny rafitra ara-dalàna ny toe-javatra amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Mety ho marina izany, kanefa sarotra ho an'io sehatra io ny fiatrehana ny fifindran'ny aretina amin'ny tompon'ny orinasa sy ny mpiasa tena mandray andraikitra. Rehefa ny mpikambana ao amin'ny fianakaviana no mpamokatra, dia kapoka in-droa miantefa ny SIDA.

Matetika dia voafaritra eo an-toerana ny tsenan'ny entam-barotra, ary mapihena ny tinady ny SIDA, satria voatery ampiasain'ny olona amin'ny fitsaboana ny vola miditra aminy.

## Ny mpifindra monina sy ny mpiasa mifindra toerana matetika

Fahita matetika ny fifindra-monina, ary zava-misy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena izany. Mitombo ihany koa ny fifindra-monina eo an-toerana, indrindra ny fifindra-monina avy any ambanivohitra mankany an-drenivohitra. Anisan'ny mety manamora ny fifindran'ny aretina ny fisarahana ela na isaky ny vanim-potoana iray amin'ny fianakaviana, ary koa ny fomba iainana amin'ny toerana ifindrana.

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

# LOHAHEVITRA 8

Tsikaritra any Chine fa mifandray amin'ny fihanaky ny otrik'aretina any ambanivohitra ny fitombon'ny fifindra-monina any an-drenovohitra, ary koa ny fivezivezen'ny mpifindra monina tonga mamangy any ambanivohitra. Zava-dehibe ny fampahafantarana mikasika ny fomba fifindran'ny otrik'aretina sy ny fisorohana izany. Nanokana vola sy fitaovana maro ny fanjakana sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana mba hamokarana fitaovana ho entina mampita ny hafatra. Maro ihany koa ny toeram-piasana, mpampiasa sy fikambanan'ny mpiasa nandray andraikitra amin'ny firotsahana amin'ny asa fisorohana.

Na dia izany aza, dia natao ho an'ny mpiasa raikitra izay manana fari-pahaizana ambony kokoa izany fampahafantarana izany, ary matetika dia an-tsoratra no anaovana izany. Mety tsy ho hain'ny mpiasa tsy avy eo an-toerana ny fiteny ampitàna izany, na koa mety tsy mpiasa ara-dalàna izy ireny, ka manao izay hiafenana ny manam-pahefana.

## Ny lafiny mikasika ny fifandraisana sy fitovian'ny lahy sy ny vavy

Araka izay hita amin'ny tabilao eo ambany, dia miankina kokoa amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ny fitadiavam-bolan'ny vehivavy, raha oharina amin'ny an'ny lehilahy. Noho ny fanavakavahana mianjady amin'ny vehivavy amin'ny fanabeazana sy amin'ny asa, dia atokana ho an'ny lehilahy matetika ny asa amin'ny sehatry ny fihariana ara-dalàna. Fantatra ihany koa fa mora ifindran'ny otrik'aretina bebe kokoa ny vehivavy. Noho izany, dia tokony homen-danja manokana ny filan'ny vehivavy amin'ny fampiharana ny fitsipi-pifampifehezana.

Ny vehivavy ihany koa no mizàka ny vesatry ny andraikitra ao amin'ny fianakaviana, ankoatry ny asa atao any ivelany. Mety mampitombo ny asan'ny vehivavy ao an-tokantrano ny fiahiana ny olona voan'ny SIDA. Amin'ny faritra tena ahitàna fihanahan'ny aretina, dia voatery mampihena ny fotoana iasana ivelan'ny tokantrano ny vehivavy mba hahafahana mikarakara ny marary.

Raha toa ka mora voadona ny vehivavy, dia torak'izany ihany koa ny mianjady amin'ny olona miankina aminy.

# LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

**Ny fampiasana olona amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, araka ny maha lahy na maha vavy, (Tsy tafiditra amin'izany ny sehatry ny fambolena)**

| Faritra/Firenena | Isan-jaton'ny asa amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna | Isan-jaton'ny vehivavy miasa amin'io sehatra io | Isan-jaton'ny lehilahy amin'io sehatra io |
|---|---|---|---|
| **Afrika Avaratra** | **48** | **43** | **49** |
| Algeria | 43 | 41 | 43 |
| Maroc | 45 | 47 | 44 |
| Tonizia | 50 | 39 | 53 |
| Egipte | 55 | 46 | 57 |
| **Faritra Atsimon'i Afrika** | **72** | **84** | **63** |
| Benin | 93 | 97 | 87 |
| Tchad | 74 | 95 | 60 |
| Guinée | 72 | 87 | 66 |
| Kenya | 72 | 83 | 59 |
| Afrika Atsimo | 51 | 58 | 44 |
| **Amerika Latina** | **51** | **58** | **48** |
| Bolivia | 63 | 74 | 55 |
| Brezil | 60 | 67 | 55 |
| Chile | 36 | 44 | 31 |
| Colombie | 38 | 44 | 34 |
| Costa Rica | 44 | 48 | 42 |
| El Salvador | 57 | 69 | 46 |
| Guatemala | 56 | 69 | 47 |
| Honduras | 58 | 65 | 74 |
| Mexico | 55 | 55 | 54 |
| Repoblika Dominikana | 48 | 60 | 47 |
| Venezuela | 47 | 47 | 47 |
| **Azia** | **65** | **65** | **65** |
| Inde | 83 | 86 | 83 |
| Indonezia | 78 | 77 | 78 |
| Philippines | 72 | 73 | 71 |
| Thailand | 51 | 54 | 49 |
| Syrie | 42 | 35 | 43 |

*Loharano: Ny lehilahy sy ny vehivavy ao anatin'ny fiharian-karena tsy ara-dalàna (Fikambanana iraisam-pirenenena misahana ny asa, 2002)*

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

LOHAHEVITRA 8

## Ny mpivaro-tena

Anisan'ny sokajy tena mora ifindran'ny otrik'aretina ny mpivaron-tena. Na dia hita maneran-tany aza ny fivarotan-tena, dia matetika tsy ara-dalàna ary miafina izany. Ambony kokoa ny salam-piharan'ny fifindran'ny otrik'aretina amin'ny mpivaro-tena raha oharina amin'ny sokajy hafa. Maro ny tetik'asa izay nahitana fa manam-pahavononana handray anjara amin'ny programa fisorohana ny mpivaro-tena, ohatra amin'ny famporisihana amin'ny fampiasàna kapaoty. Sakana amin'izany ny tsy faharisihana amin'ny olona miaraka amin'izy ireo. Tokony omena fanampiana ny programa mifantoka amin'ny famporisihana ny mpivaro-tena amin'ny fampiasana kapaoty, ary koa ny programa fikarohana fidirambola hafa ho azy ireo.

Manahy ny adihevitra mikasika ny olana sasany amin'ny ny lohahevitra fahadimy. Ny tsara hosoritana dia mpiasa ny mpivaro-tena, ary mendrika fiarovana izy ireo amin'izany asany izany. Voatery manao io asa io ny vehivavy maro mba hahafahany mivelona, rehefa tsy nahitam-pahombiazana ny asa nataony amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, na koa rehefa maty ny olona miaraka aminy na ny ray aman-dreniny.

# LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

## Fampiharana ny fitsipi-pifampifehezana

Azo ampiharina amin'ny fihariana amin'ny rafitra ara-dalàna sy ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ny hevitra fototra amin'ny fitsipi-pifampifehezana. Tsy mitovy anefa ny fomba fampiharana izany. Azo ampifanarahana amin'ny fahasamihafan'ny toe-javatra iainana ny fitsipi-pifampifehezana, ary anisan'ny asa ataon'ny Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa amin'ny tetik'asa ho an'ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna any Ghana, Afrika Atsimo, Tanzania sy Uganda izany.

*4.1. Fanekena ny SIDA ho anisan'ny olana eo amin'ny toeram-piasana*

Mora infindran'ny otrik'aretina bebe kokoa ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, na dia ireo izay miasa any an-tokantranony aza. Zava-dehibe ny fanekena fa toeram-piasana avokoa ny toerana rehetra izay anaovana asam-pamokarana.

*4.2. Ny tsy fanavakavahana*

Manan-jo mitovy amin'ny mpiasa hafa rehetra ny mpiasa amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Mety ho sarotra ny fiarovana ireo zo ireo, ilaina kosa ny fomba fiasa fototra amin'ny fiarovan-kevitra, fanabeazana sy fanampiana amin'ny lalàna. Tokony hojerena ny fomba azo anampiana ny fikambanana miady amin'ny SIDA mba hanitatra ny asany amin'io sehatra io.

*4.3. Fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy*

Ambony ny salan'isan'ny vehivavy miasa amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, tsy ampy anefa ny fahefana ananan'izy ireo ary tsy ampy fanampiana amin'ny fifampiraharahana mikasika ny karamany. Mety tsy ho ampy hivelomana ny fidiram-bolany. Azo itaràfana ny fiankinany loha amin'ny lehilahy ny tsy fahafahany mitaky ny fanaovana firaisana ara-nofo amin'ny fomba tsy atahorana hamindra aretina. Sahala amin'izay iainana amin'ny fihariana amin'ny rafitra ara-dalàna, dia ianjadian'ny faneriterena amin'ny firaisana ara-nofo ihany koa ny vehivavy miasa amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, na dia ireo izay miasa ho an'ny tenany aza. Mety mampiasa ny fahefany amin'izy ireo ny mpanao fifanarahana amin'ny asa aminy, ny polisy sy mpiasam-panjakana (Jereo ny lohahevitra 5). Anisan'ny fomba ahafahana manamafy ny toerana misy azy ireo ny fikambanan'ny vehivavy, ary tokony itarina amin'izy ireo ny fiarovana  amin'ny lafiny lalàna.

*4.4. Tontolon'ny asa mahasalama*

Ambany dia ambany fisorohana ny loza amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Matetika dia manilika ny orinasa madinika ny lalàna mana-kery. Indraindray dia ny tokantrano no toerana iasana, ary voahilika amin'izany ihany koa ny mpiasa amin'io sehatra io. Misy ny fepetra tsy andaniam-bola maro azo raisina mba hisorohana ny loza sy hitandroana ny fahadiovana amin'ny toeram-piasana, ary mety hampitombo ny famokarana izany. Tokony antitranterina fa tsy mifindra amin'ny alalan'ny fifampikasohana tsotra ny SIDA, ary vitsy ny mpiasa ifindran'ny otrik'aretina ao amin'ny toeram-piasana, na amin'ny fihariana amin'ny rafitra ara-dalàna, na amin'ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna

*4.5. Fifanakalozan-kevitra ara sosialy*

Ao anatin'ny rafitra ara-dalàna sy amin'ny rafitry ny fikambanana'ny mpiasa sy ny mpampiasa no anaovana ny fifanankalozan-kevitra ara-sosialy ao amin'ny sehatry ny fiharian-karena tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Na dia tsy misy izany aza amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, dia maro ny fikambanana sahala amin'ny tahiry iombonana, kaoperativa izay ahafahana manao fifanakalozan-kevitra.

Ilaina ny mamolavola fifanakalozan-kevitra ara-sosialy vaovao mba hampidirana ireny fikambanana ireny. Eo amin'ny sehatry ny firenena na eo amin'ny sehatry ny faritra, dia afaka manainga ny fikambanana hafa handray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ny tompon'andraikitra amin'ny amin'ny sehatra nentim-paharazana. Ilaina fahaizana milefitra sy saina tia karokaroka izany, ary ahafahana manamafy sy manitatra ny fifanakalozan-kevitra amin'ny fomba netim-paharazana.

*4.6. Fitiliana atao hanilihana amin'ny asa*

Tsy dia takiana ny fanaovan'ny mpiasa amin'ny sehatra tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna fizahana ara-pahasalamana. Tsy afaka manao ny asany izy raha toa ka tsy salama, satria arakaraky ny vokatra no andoavana ny karamany, ary tsy azony ny karamany raha toa ka tsy vita ny asany. Tsy misy ihany koa antontan-taratasy mikasika ny mpiasa tsirairay tazonin'ny mpampiasa.
Noho izany, dia tsy dia ampoizina ny fanaovana fitiliana amin'ny mangataka asa, raha tsy hoe atao izany noho ny fahitana ny toe-batan'ilay mpiasa, na koa noho ny tsaho. Tsy azo ekena anefa ny fanaovana izany.

*4.7. Fanajana ny tsiambaratelo*

Sarotra ny fanajana ny tsiambaratelo amin'ny toeram-piasana madinika. Izany no zava-misy, indrindra raha toa ka mpifanolo-bodirindrina na mpihavana no miara miasa. Na dia izany aza dia ny fanajana ny tsiambaratelo no hevitra fototra.

*4.8 Fanohizana ny fifanekena amin'ny asa*

Tsy manaraka ny lalàna ny fifandraisana amin'ny asa, ary tsy mahazo tombontsoa amin'ny fiarovana ara-sosialy ny mpiasa. Tsy maintsy manolo ny mpiasa manapaka amin'ny asa ny toeram-piasana sasany mba hahafahany mamokatra, na dia andro vitsivitsy fotsiny aza izany.Tsy manana fidiram-bola ny olona miasa ho an'ny tenany raha toa ka manapaka amin'ny asany izy. Mety hisy mpampiasa manaiky ny hanome ny karaman'ny mpiasa iray na roa izay ianjadian'ny aretina amin'ny fotoana tsy maharitra. Tsy afaka manao izany anefa izy ireo mikasika ny aretina SIDA, ary izany manamafy ny antony ilàna ny fananganana tahiry iombonana ho an'ny fahasalamana.

*4.9. Fisorohana*

Tokony hatao ho an'ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ny programa fanabeazana, ny hetsika atao amin'ny fizarana kapaoty, ary afaka manao izany ny fanjakana na koa ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana.

*4.10. Fitsaboana sy fiahiana*

Nandray anjara betsaka tamin'ny fiahiana ny olona voan'ny SIDA ny fikambanana miaina eo anivon'ny fiaraha-monina, ary mitatra hatrany ny sehatra ilàna ny asan'izy ireo. Manohana ny hetsika fanitarana ny fiarovana ara sosialy amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa (Jereo ny fampahafantarana ny programa STEP).

# LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fihariankarena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

## Fiarovana ara sosialy

Voaresaka ao amin'ny lohahevitra 4 ny fiarovana ara sosialy araky ny lalàna.

> *Tsy ny fiarovana ara sosialy sahanin'ny fanjakana fotsiny, fa tafiditra amin'izany ihany koa ny fiarovana sahanin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana, na ireo izay tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Izay tsy voafetran'ny lalànan'ny tsena tanteraka. Mety ho anisan'izany ny ny firaisankina misy eo amin'ny vondrona iray, ny fanampiana ara-bola omen'ny mpampiasa na omen'ny fanjakana.*

Tsy mahazo tombontsoa amin'ny fiarovana ara sosialy ara-dalàna ny antsasaky ny mpiasa maneran-tany sy ny fianakaviany, ary tsy azo antoka ny fidiram-bolany. Lehibe kokoa ny olana mipetraka amin'ny tany an-dalam-pandrosoana. 10 isan-jaton'ny mpiasa ihany no mahazo izany tombontsoa izany any amin'ny firenena any Atsimon'i Afrika sy any Atsimon'i Azia. 50 ka hatramin'ny 90 isan-jatony ny salan'isan'ny mpiasa mahazo izany tombontsoa izany amin'ny tany an-dalam-pandrosoana hafa. Amin'ny firenena manana fidiram-bola antonony sy any amin'ny firenena mandroso, dia hita fa misy elanelana amin'ny fiarovana ara sosialy, indrindra ho an'ny olona miasa ho an'ny tenany, ny mpiasa an-tselika. Mitombo ny isan'ny olona miasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, izay mahatonga ny mpiasa tsy ho tafiditra amin'ny rafitra fiarovana misy.

### Tahiry iombonana ho an'ny fahasalamana

Mety ho laharam-pahamehana ho an'ny mpiasa tsy ampy fidiram-bola ny fitsaboana sy ny fananana fidiram-bola azo antoka, raha oharina amin'ny fisotroan-dronono. Maro ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna no nanao fandaminana mba hahazoana izany. Mipetraka ny fanontaniana, raha toa ka ahafahana miatrika ny krizin'ny SIDA izany fandaminana izany, indrindra amin'io sehatra io izay hita fa voadonan'ny SIDA mafy.

Misy ny hetsika natao izay enti-mameno ny fepetra noraisin'ny fanjakana. Fantatra amin'ny anarana hoe tahiry amin'ny aro loza izy ireny, izay hita fa mifanaraka amin'ny filàn'ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Izay tsy mahazo fanampiana avy amin'ny fanjakana sy avy amin'ny orinasa.

Ohatra amin'izany ny tahiry ho an'ny fahasalamana. Matetika dia sampana amin'ny fikambanana iray izay efa manao asa hafa izy io – Sendika fikambanan'ny mpiasa na fikambanan'ny mpivarotra. Toa izao no amaritan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa ny dikan'izany.

# LOHAHEVITRA 8

## *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

*Fikambanana tsy mikendry ny fahazoana tombombarotra ny tahiry iombonana ho an'ny fahasalamana, izay miorina amin'ny firaisankinan'ny mpikambana izay mirotsaka an-tsitrapo. Mifanampy sy manangana aro loza amin'ny alàlan'ny fandraisan'ny tsirairay anjara ny mpikambana, ary mampiseho firaisan-kina amin'ny aretina.*

Toy izao no ambaran'ny tatitry fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika io rafitra io amin'ny ankapobeny:

*"Tsy fomba famatsiam-bola ny fikarakarana ny fahasalamana fotsiny, fa fandaminanana ara-piaraha-monina… izay ahitana fandraisan'ny mpikambana mavitrika anjara."*

Amin'ny tahiry iombonana amin'ny fahasalamana, dia tsy maintsy atao ny fijerena akaiky ny fisorohana ny fandaniana ny ho enti-manana eo am-pelatanan'ny fikambanana raha toa ka misy mpikambana marary matetika. Mety hisy fiantraikany amin'ny toe-bolan'ny fikambanana ny fitsaboana aretina maharitra, ary ilaina ny fepetra amerana ny vola azo atokana ho an'ny mpikambana iray. Tokony mandray fanapahan-kevitra ny fikambanana amin'ny fanekena na tsia ny fandraisana olona mitondra ny otrik'aretina. Misy ny fikambanana izay manokana vola ho an'ny olona voan'ny SIDA, ary amin'izany dia voafetra araka ny tahiry ananana ny vola avoaka.

Mifameno amin'ny fepetra raisin'ny fanjakana sy ny mpampiasa izany, ary misy ny toromarika omen'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa mikasika ny fananganana izany.

## Inona no azon'ny mpifarimbona ara sosialy atao?

Manana andraikitra ny Fanjakana amin'ny fanamoràna ny fananganana tahiry amin'ny lafiny lalàna, hetra ara-drafitra. Tokony hisy rafitra politika mifanaraka amin'izay ilain'ny tahiry. Indraindray dia manome fanampiana fanampiana ho an'ny tahiry ny fanjakana any am-piandohana, mba ho mariky ny firaisan-kina, ohatra sahala amin'izay misy any Inde.
Afaka managana tahiry ihany koa ny fikambanan'ny mpiasa. Anisan'ny nahitam-pahombiazana ny tahiry natsangan'ny fikambanan'ny mpampianatra tany Ghana.

Afaka mifanampy amin'ny fananganana an'izany ihany koa ny fikambanan'ny mpampiasa, amin'ny alalan'ny fanangonana ny fandraisana anjara ara-bola amin'ny karama. Afaka mangataka ny fanampian'ny fanjakana amin'ny fananganana ny rafitra ilaina amin'izany ihany koa ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa.

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

# LOHAHEVITRA 8

## Ny programa STEP

Ny programa STEP (Tetik'ady sy fitaovana iadiana amin'ny fanilihana ara sosialy sy amin'ny fahantrana) dia programa fiarovana ara sosialy mikendry ny mpiasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Fitaovana amin'ny fanitarana ny aro loza amin'ny fahasalamana io programa io. Manome torohevitra ara teknika amin'ny fanatanterahana, ary manome fanampiana ho an'ny fikambanana maro io programa io, ary mijery izay fomba hampifanarahana ny asa atao amin'ny SIDA amin'izao fotoana izao. Anisan'ny laharam-pahamehana ny fijerena ny lafiny fitovian'ny lahy sy ny vavy.

LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

## Ezaka atao amin'ny fisahanana ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna

Ezaka tokony ataon'ny fanjakana, ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa ny fandinihana ny fomba ahafahana miara-miasa amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna miaraka amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana sy ny fikambanana miasa eo anivon'ny fiaraha-monina. Tokony hojerena izay fomba vaovao azo anaovana ny fampahafantarana sy ampitana ny hafatra mikasika ny SIDA.

Tokony eken'ireo izay manatanteraka izany fa voafetra ny fotoana azo atokana amin'ny fampiofanana sy fanabeazana. Tokony ampiarahina amin'ny programa hafa izay ahitan'ny mpiasa sy mpampiasa tombontsoa mivaingana izany, sahala amin'ny fampianarana asa, fanabeazana mikasika ny fahasalamana.

Azo eritreretina ihany koa fifandraisana misy amin'ny sehatry ny fihariana tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna, satria tsy misy ny fefy manasaraka an'izy ireo

## Ny olona avy any ivelany mifandray amin'ny mpiasa (mpamatsy-mpanjifa)

Misy sokajin'olona maro mifandray amin'ny orinasa lehibe, mpanjifa, mpamatsy na mpanatanteraka asa avy any ivelany, ary matetika dia orinasa madinika ny ankamaroan'izy ireny.

Ny tetik'asan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa any Inde dia manery ny mpampiasa hahafantatra ny mikasika ny orinasa madinika miara miasa aminy. Izany no atao dia mba hahafahana mandresy lahatra ny orinasa vaventy ny amin'ny tokony hanitarany ny programa fanabeazana sy fampahafantarana mikasika ny SIDA amin'ny orinasa madinika mifandray aminy.

Afaka mizara boky mikasika ny SIDA amin'izy ireny ny mpiasa mifandray aminy, na koa azo omena fampiofanana manokana izy ireny mba hahafahany miady hevitra amin'izany. Mety tsy mandray anjara amin'ny programa mikasika ny SIDA ny mpiasa ao amin'ny Departemantan'ny fivarotana sy fividianana entana, kanefa mety hisy fiantraikany lehibe ny firotsahan'izy ireo amin'izany, satria mifandray tsy tapaka amin'ny olona izy ireny, mahafantatra ny olana mianjady aminy ary atokisany bebe kokoa.

Azo atao ny miantso azy ireo handray anjara amin'ny fampiofanana sy fampahafantarana mikasika ny SIDA. Tsy dia mitarika fandaniam-bola firy izany, ary manamafy ny fifandraisana amin'ny asa.

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

# LOHAHEVITRA 8

Mety hisy ny ahiahy ny amin'ny firesahana ny SIDA amin'ny olona ivelan'ny toeram-piasàna izay mety hahatonga azy ireo hiereritreri-dratsy. Amin'izany indrindra no tokony hampisehoan'ny orinasa lehibe ny fahaizany mitarika, satria manamora ny fihanaky ny SIDA ny tsy firesahana izany.

## Mpifanolobodirindrina mahafatra-po

Matetika dia ahitana orinasa madinika manodidina ny orinasa lehibe. Ohatra amin'ireny ny mpivarotra. Mivezivezy miditra sy mivoaka ny mpiasa, ary afaka mandresy lahatra azy ireo amin'ny fampitàna ny hafatra mikasika ny SIDA.

Azo ampiharina amin'ny fikambanan'ny mpiasa ihany koa izany, satria afaka mitaona olona ivelan'ny sendikany izy ireo. Tamin'ny fampiofanana nataon'ny komitin'ny sendikan'ny vehivavy tany Guinea, dia nandray anjara daholo ny vehivavy teo an-tanàna rehetra, fa tsy ny mpikambana irery ihany akory.

## Ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanana amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna

Misy fikambanana isan-karazany sahala amin'ny fikambanan'ny mpiara monina, ny tahiry iombonana, ny kaoperativa. Afaka miara-miasa amin'izy ireo amin'ny fomba maro ny orinasa lehibe. Afaka manampy an'izy ireo amin'ny famolavolana programa ho an'ireny fikambanana ireny, na manao fifanarahana fiaraha-miasa mba hahafahan'izy ireo manatanteraka asa eo anivon'ny fiaraha-monina. Afaka manitatra ny asa ataony sasany sy manome ny ho enti-manana azy ireo ihany koa ho fanatanterahana ny tanjona iombonana ny fikambanan'ny mpiasa.

Misy ihany koa fikambananan'ny olona miaina miaraka amin'ny SIDA, izay tena afaka manampy amin'ny fanitarana ny programa fisorohana sy fitsaboana amin'ny toeram-piasana. Miara-miasa akaiky amin'ny fikambanan'ny olona mitondra ny otrik'aretina sy ny fikambanan'ny vehivavy mitondra ny otrik'aretina ny tetik'asan'ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny asa any Inde.

# LOHAHEVITRA 8

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

## Fandinihana toe-javatra niainana

### Ny fikambanan'ny vehivavy mifanampy, Ethiopia

Mafy ny fiantraikan'ny otrik'aretina any Ethiopia, ary mihoatry ny 2 tapitrisa ny isan'ny olona voan'izany. Vinavinain'ny ONUSIDA fa 80 isan-jatony ny sala-piharan'ny otrik'aretina amin'ny mpivaron-tena amin'ny tanan-dehibe, ary mafy ny fanenjehana ny olona mitondra ny otrik'aretina.

Mpivaro-tena vitsivitsy izay nanatrika programa fanentanana mikasika ny SIDA no namorona io fikambanana io. Nanangana tetik'asa mba hanatsarana ny asany sy hiarovany ny fahasalamany izy ireo. Karazan'asa telo no notanterahina:

**Asa mampidi-bola**

Asa mampidi-bola karazany telo no natao: trano fisakafoanana, toerana fivarotana ary famatsiana entana ho an'ny hotely.

Nomena anarana hoe tranon'ny SIDA ny hotely ary tsy nisy olona manana fidiram-bola ampy niditra tao. Nahatsapa ry zareo fa tokony hatao ny fanitarana ny asa, ary nanangana toerana fivarotana tao ihany izy ireo. Nifampiraharaha tamin'ny hotely teo amin'ny manodidina ihany koa izy ireo amin'ny famatsiana sakafo azy ireo, indrindra amin'ny famatsiana mofo. Na dia izany aza, noho ny tahotry ny olona amin'ny fahadiovana sy noho ny fanenjehana azy ireo, dia tsy dia afaka nanala fahasahiranana azy ireo firy ny asa natao.

**Asa mikasika ny fahasalamana**

Na dia tsy andoavam-bola aza ny fitsaboana any Ethiopia, dia tsy maintsy manana kara-panondro vao afaka mahazo tombontsoa amin'izany. Maro amin'ireo mpivaron-tena no tsy manana kara-panondro. Satria maro amin'ireo mpivaro-tena no tsy manana kara-panondro, dia vitsy amin'izy ireo no mahazo fitsaboana. Nanao fifanarahana ny tompon'andraikitra amin'ny tetik'asa sy ny sampan-draharaha misahana ny fahasalamana eo an-toerana amin'ny fanomezana taratasy fanomezana alalana hitsabo tena amin'ny hopitaly eo an-toerana.

Tsy ampy anefa ny isan'ny taratasy fanomezana alalana nomena. Satria tsy ampy ny fidiram-bola tamin'ny fanaovana hotely, dia voatery nanohy ny asa fivarotan-tena handoavana ny hofan-trano sy hamelomana ny fianakaviany ny ankamaroan'ny mpikambana. Maro ihany koa ny mpikambana voan'ny aretina raboka.

**Fanentanana**

Manao asa fanabeazana mikasika ny areti-mifindra vokatry ny firaisana ara-nofo sy ny SIDA ny tetik'asa amin'ny alalan'ny fampisehoana sy ny fifampitaizana. Ezaka amin'ny fampiovàna ny

# *Ny SIDA sy ny fiharian-karena tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna*

## LOHAHEVITRA 8

fitondran-tena mba hanampiana ny vehivavy mba hitandremany amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo no atao amin'izany sy hitandroana ny fahadiovana ary hampiasana kapaoty no atao amin'izany.

Na dia maro aza ny olana atrehina, dia anisan'ny ohatra amin'ny tetik'asa nataon'ny mpivaro-tena ity. Nomena fampiofanana ho mpampiofana ny mpivaro-tena namany ny mpikambana; nitombo ny fampiasana kapaoty sy ny fitiliana ny SIDA; ary voara-maso ny sala-ifindran'ny otrik'aretina.

*ASA FAMPIANARANA*

# LOHAHEVITRA 8

## FAMPIANARANA 1

### Fampiharana ny fitsipi-pifampifehezana

**TANJONA**: Manampy anao handinika mikasika ny olana mikasika ny SIDA

**ASA ATAO**: Mizàra amin'ny tarika

Vakio ny fizarana faha 4 amin'ny fitsipi-pifampifehezana. Ho an'ny hevitra fototra folo, diniho ny olana mety hipetraka amin'ny fampiharana azy ireo amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Soraty eo amin'ny tabilao ny hevitrao.

Ampifanakalozy amin'ny tarika hafa izay voasoratrao. Inona ny vahaolana mety azo aroso.

Tsy maninona raha toa ka tsy misy valiny omena.

## FAMPIANARANA 2

### Manao jery faobe ny fifandraisana amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna

TANJONA: Mijery ny fifandraisana misy amin'ny toeram-piasanao sy ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna

ASA ATAO: Mampiasà taratasy lehibe sy penina maromaro miloko, ary soraty eo afovoany ny anaran'ny toeram-piasanao. Manaova tsipika manondro ny entana miditra sy mivoaka ao amin'ny toeram-piasanao. Raha toa ka heverinao fa misy avy amin'ny sehatra tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna izy ireny, dia tsipiho amin'ny penina miloko mena.

Ampiasao ny penina miloko manga hanoratana ny asa fihariana hafa tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna manodidina ny toeram-piasanao.

Raha toa ka misy mpiasa hafa mivezivezy noho ny asany amin'ny fanaterana vokatra ao amin'ny orinasa, dia mampiasà sary hafa hampisehoana izany.

Apetaho eo amin'ny rindrina ny sary rehefa vita izany asa izany.

**Fanamarihana** : Natao ho an'ny orinasa lehibe ity fampianarana ity, ary manampy anao handinika ny fomba azon'ny orinasa anampiana ny orinasa madinika any ivelany. Tsara ny anaovana ity fampianarana ity ho an'ny solontenan'ny mpampiasa sy ny solontenan'ny sendika.

## FAMPIANARANA 3

### Adihevitra mikasika ny SIDA eo anivon'ny orinasa mpamatsy anao

TANJONA: Manampy anao hamantatra ny olana mikasika ny SIDA miaraka amin'ny orinasa mpamatsy ny kompania misy anao.

ASA ATAO: Sarintsarin'anjara andraikitra ity fampianarana ity. Mizara amin'ny tarika roa

**Tarika voalohany**: Orinasa kely mpamatsy ny kompania A ianao., ary mampiasa olona vitsy izay manana traikefa ary sarotra soloina.
Maro ny olana atrehinao. Mafy ny fifaninanana, ary mila tsy ho tafavoaka ianao.

Manana fifanarahana goavana amin'ny orinasa A ianao, ary misy solontena avy amin'ny kompania A izay nangataka ny hihaona aminao mba hiady hevitra mikasika ny SIDA. Tsy azonao an-tsaina ny horesahina amin'izany, fa miady hevitra ny fomba mety hiantraikan'ny SIDA amin'ny orinasa ianao.

**Tarika faharoa**: Avy amin'ny komity misahana ny SIDA amin'ny kompania A ianao. Nanapa-kevitra ny hanao famelabelarana mikasika ny programan'ny orinasanao mikasika ny SIDA amin'ny orinasa mpamatsy ny kompania ianao. Hihaona amin'ny olona vitsivitsy avy amin-dry zareo ianao. Alamino izay zavatra hoteneninao. Rehefa avy eo dia mihaona ny tarika roa. Alefao ny adihevitra.

## FAMPIANARANA 4

### Fampiharana ny fitsipi-pifampifehezana: fanitarana izany

**TANJONA**: Mandinika ny fomba ahafahan'ny mpifarimbona ara-sosialy mifandray amin'ny sehatry ny fihariana tsy miankina tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna.

**ASA ATAO**: Ny fizarana faha 5 amin'ny fitsipi-pifampifehezana mikasika ny zo ananana amin'ny ankapobeny sy ny andraikitra dia mitovitovy amin'izay voalaza mikasika ny mpifarimbona ara-sosialy rehetra ao amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna.

Vakio ireto fizarana manaraka ireto:

- Fanjakana: 5.1
- Mpampiasa: 5.2
- Mpiasa: 5.3

Vakio ny lisitra fanamarinana ny asa vita mikasika ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny politika ao amin'ny toeram-piasana.

Manaova adihevitra mikasika ny fampiharana ireo fepetra ireo amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Azo eritreretina ny fampiharana izany amin'ny orinasa madinika iray na amin'ny orinasa maromaro.

## FAMPIANARANA 5

### Fanampiana ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna

**TANJONA**: Manampy anao handinika ny fanampiana azo omena ny orinasa madinika

**ASA ATAO**: Inona avy ny fepetra ilaina mba hahafahan'ny orinasa madinika sy ny mpivarotra miatrika amin'ny fomba mahomby kokoa ny valan'aretina.

Diniho ny toe-javatra niainana tamin'ny orinasa sasany Misy azonao ampiasaina ao amin'ny orinasa na sehatra iasanao ve amin'izany? Inona ny fandaminana azo atao? Inona no fepetra tokony horaisina ho an'ny vehivavy?

**Fanamarihana**: Azo atao ho an'ny fikambanana misy amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna ny fizarana sasany amin'ity fampianarana ity.

# LOHAHEVITRA 8

# *ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 6

### Toe-javatra mety hitranga izany: Lesona azo sintonina avy amin'ny toe-javatra niainan'ny hafa

**TANJONA**: Misintona lesona avy amin'ny toe-javatra niainan'ny hafa.

**ASA ATAO**: Vakio ny fizarana mikasika ny asa nataon'ny fikambanana hafa mikasika ny SIDA amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna. Misy ohatra iray amin'izany voaresaka ato.

Inona no misongadina ? Inona no zavatra mitovitovy amin'izany azonao atao? amin'ny sehatra iasanao? Eo anivon'ny fiaraha-monina ?

# LOHAHEVITRA 8

# *ASA FAMPIANARANA*

## FAMPIANARANA 7

### Mamolavola drafitr'asa

**TANJONA**: Mandrafitra ny fanampiana azo omena ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna.

**ASA ATAO**: Mamolavola tetik'asa mba hanampiana fikambanana iray amin'ny sehatry ny fihariana tsy tafiditra amin'ny rafitra ara-dalàna amin'ny programa mikasika ny SIDA.

**Tetik'asa ho an'ny..............................................................................(Anaran'ny mpamatsy/mpanjifa)**

| Inona no tokony hatao hanampiana azy ireo hiatrika ny SIDA? | Iza no tokony ho tompon'andraikitra amin'izany? | Ahoana ny fandaharam-potoana | Inona ny fanampiana ilaina avy any ivelany? |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

# AIDS MANUAL



## for SAMWU Shopstewards

September 2000